

Abou Mikhnaf

Ny zava-niseho tao Karbala

*Ny fitantarana tranainy indrindra ny nahamaritiora an'i
Houssayn ibn 'Ali*



**Fikarohana nataon'i
Cheikh Mohammad Hadi al-Yousoufi al-Gharawi**



Ny zava-niseho tao Karbala
Abou Mikhnaf

Ny zava-niseho tao Karbala

Lohateny voalohany: Waq'at al-Taff (Ny zava-niseho tao Taff)

Mpanoratra: Abou Mikhnaf, Lout ibn Yahya (157H.)

Mpikaroka: Mohammad Hadi al-Yousoufi al-Gharawi

Mpandika teny: Ny ekipa Booky

Mpitory: Éditions Booky

Site internet: houssayn.fr

Fanontana voalohany, Desambra 2020

Endrika: 11 x 18 cm

ISBN: 978-2-37657-017-2

Éditions Booky

Antananarivo - Madagascar

Tel : +261 32 86 651 31

Email : contact@editionsbooky.com

الحمد لله رب العالمين



HOUSSAYN.FR

*Lazao hoe: « Raha mitia (marina) an'i Allah ianareo,
dia aoka hanarak'ahy,
amin'izay i Allah dia hitiaanareo
sy hamela anareo amin'ireo fahotanareo.
Fa i Allah dia Mpamela heloka sy Mpamindrafo. »
Lazao hoe: « Mankatoava ianareo an'i Allah sy ilay
Iraka (...) »
Ny Kor'âny masina 3:31-32*

FIZAHAN-TAKELAKA

SASIN-TENIN'ILAY MPAMOAKA BOKY	7
SASIN-TENIN'ILAY MPANDIKA TENY	9
TOKO VOALOHANY HOUSSAYN (AS) TAO MADINA	17
TOKO FAHAROA NY IMAM HOUSSAYN (AS) TAO LAMEKA.....	35
TOKO FAHATELO MOUSLIM B. 'AQIL TAO KOUFA	46
TOKO FAHEFATRA FIAINGAN'I HOUSSAYN (AS) NIALA TAO LAMEKA.....	118
TOKO FAHADIMY IREO TOERAM-PIJANONANA TENY AN-DALANA MANKANY KOUFA	131
TOKO FAHENINA IBN SA'D TONGA NIHAONA TAMIN'I HOUSSAYN	172
TOKO FAHAFITO IBN SA'D NANAFIKA [NY TOBIN'] I HOUSSAYN (AS).....	194
TOKO FAHAVALO IREO ZAVA-NITRANGA NY ALIN'NY ASHOURA.....	202
TOKO FAHASIVY NY MARAINAN'NY ASHOURA	215
TOKO FAHAFOLO NY ADY	235
TOKO FAHARAIIKA AMBIN'NY FOLO NY NAHAMARITIORA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS).....	282
TOKO FAHAROA AMBIN'NY FOLO IREO BABO TAORIAN'NY NAHAFATY MARITIORA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS).....	294
FANAMARIHAN'NY MPIKAROKA.....	318
LISITR'IREO BOKY NIANKINAN'ILAY MPIKAROKA	371
FIZAHAN-TAKELAKA AMIN'NY ANTISIPIRIANY	381

SASIN-TENIN'ILAY MPAMOAKA BOKY

Ny olona ankehitriny dia manana toetra mora voasintona amin'ireo teknolojia samihafa ka iray amin'ireo fanampiana mahasoa entiny dia ny fananana maharitra ny vaovao mitranga. Izy io dia miely hatraiza hatraiza, misy lalandava, tsy manam-pitsaharana, miely patrana tsy tambo isaina ary matetika aza dia voatarika ao anatin'ny foto-kevitra tokana.

Ankoatra ny fiampitampitana mandeha ho azy hamafisin'ireo mari-pifandraisana misy amin'izao fotoana, ny saina mahiratra dia mandanjalanja, azy, ny mahamarim-pototra ny vaovao be dia be nampitaina. Manomboka aloha izany amin'ny famakafakana ampihiahiana ka ny iray amin'ireo singa fototra ho dinihina dia ny loharanon'ny fampitam-baovao, izay hahafahana manamarina na manadiso izany vaovao izany.

Ao anatin'ny tanjona mba hitondra fijery iray mifototra avy amin'ireo loharanom-boky voamarina, ity boky ity dia maniry ny hampahafantatra ny zava-niseho tao Karbala, toerana maneho tantara ho an'ireo shiita maneran-tany.

Ireo ezaka nataon'ny mpandika teny dia mikendry ny mba hampita ny lahatsoratra ho takatry ny rehetra sy mora azon'ny daholobe izay maniry hanam-pahalalana mikasika ilay lohahevitra. Na izany aza anefa, ny tena kendrena voalohany dia ny hilazana ny marina sy ny hiarovana ny fahamarinan'ny lahatsoratra fototra. Atomboka izany amin'ny fahafahana manisy fitomboka ny boky manana ny lanjany ara-pahalalana ambony, matetika simbain'ny endriky ny tsy fahaizana loatra mandaha-teny an-tsoratra sy ny hevi-dravina. Ny mpamaky noho izany dia omena fitandremana mba tsy hosodoka'ireo endrika sasany voatokana amin'ny lafiny fahaizana mandaha-teny an-tsoratra, ary indrindra fa iangaviana hanokatra ny masony amin'ny fikarohana sy hampivelatra ny saham-pandrenesana nomena.

Famoaham-boky Booky
contact@editionsbooky.com

SASIN-TENIN'ILAY

MPANDIKA TENY

Ny fiainan'olombelona dia feno ireo tranga izay mamaritra ny ho aviny, ireo fisainany, ireo finoany, ny fitondrantenany, ary indrindra fa ireo toetra hafa mikasika ny maha-izy azy. Torak'izany koa, ny fiainan'olombelona dia ahitana ireo tranga izay hamaritra ny ho aviny rahampitso. Fianarana ny Tantara, dia fanorenana ny ho avy eo am-panatanterahana ny asa ankehitriny, aorian'ny nandinihana ny lasa. Am-pandinihana ny lasa, dia tsapa fa misy ireo trangan-javatra manana ny lanjany lehibe no nanova ny toetran'ny olombelona, toy ny fahatongavan'ireo finoana tahaka ny islamo, nentin'i Mohammad zanak'i 'Abdallah, Irak'i Allah farany.

Ny tantaran'ny finoana islamo dia nomarihin'ireo fisamboaravoaram-piainana sy olana manampotsampona izay nampizarazara ireo mpino silamo ho sampana sy antokompinoana maro. Ny fisian'ny tantaran'i Karbala (61 Hijra), izay tamin'izany i Houssayn zanak'i 'Ali (as) -zafikelin'ny Mpaminany Mohammad-nomaty niaraka tamin'ireo mpanaradiany, novonoin'ireo olon'ny khalifah omayyade Yazid

zanak'i Mo'awiyah tamin'ny habibiana, dia napetrak'ireo shiita ho toy ny tranga lehibe iray niseho sy kihon-dàlana iray amin'ny tantara islamika.

Ho an'ireo shiita maneran-tany -izay mankalaza isan-taona ny nahamaritiora ny lehiben'izy ireo ny Imam Houssayn (as) amin'ny andron'i ashoura- ity zava-niseho ity dia nahavita niaro ireo fampianarana sy ireo voninahitry ny finoana islamo, indrindra fa ny maha-izy azy an'ilay finoana. Izy ireo mino fatratra fa ity zava-niseho ity dia anisan'ireo izay nanova ny toetran'ny tantaran'ny olombelona.

NY BOKY « MAQTAL AL-HOUSSAYN » NOSORATAN'I ABOU MIKHNAF

Ny Nahamaritiora an'ny Imam Houssayn (as) dia notantarain'ireo mpahay tantara maro, ary ankehitriny, dia an-jatony ireo boky izay mitantara izany antsipiriany. Anisan'ireo mpahay tantara voalohany nanangona ao amin'ny boky iray, ireo fijoroana vavolombelona sy ny fitantaran'ireo vavolombelona nahita maso mivantana sy nanakaiky an'ity zava-niseho ity dia i Lout zanak'i Yahya zanak'i Sa'id zanak'i Mikhnaf zanak'i Solaym al-Azdi al-Ghamidi, fantatra amin'ny anarana hoe Abou Mikhnaf. Izy dia mpitantara malaza an'ireo tranga ara-tantara sy fakan-tahaka iray ho an'ireo mpahay tantara

rehetra izay nanarakaraka azy. Teraka teo ho eo amin'ny faha-60 ny Hijra izy tao Koufa (Irak), izy izay iray amin'ireo taranak'i Mikhnaf zanak'i Solaym, izay sakaizan'ny Mpaminany sy i 'Ali ibn Abi Talib. Mikhnaf zanak'i Solaym dia lehiben'ny fokon'ireo Azd tao Koufa ary nandray anjara teo akaikin'i 'Ali foana izy tamin'ireo adin'ny Jamal sy Siffine. Abou Mikhnaf (maty tamin'ny taona faha-157 ny hijra) dia manam-pahaizana manokana amin'ny fitantarana ireo tantara mikasika ireo fanafihana sy ady nataon'ireo silamo. Ireo fitantarany, izay noheverin'ireo manam-pahaizana sy mpahay tantara maro ho mendrika itokisana, dia notantaraina tamin'ny alalan'ny mpanelanelana, ny mpianany i Hisham al-Kalbi ao amin'ireo boky malaza fakan-tahaka ara-tantara islamika sahala amin'ny bokin'ny mpahay tantara malaza sy manam-pahaizana silamo i Tabari (maty tamin'ny faha-310H.)

Amin'izao androntsika izao, ny bokin'i Abou Mikhnaf voalohany, Kitab Maqtal al-Houssayn (boky ny nahamaritiora an'i Houssayn), dia tsy misy intsony ilay manana endrika boky feno fa ireo fitantarany no hita hatrany hatrany miely sy miparitaka amin'ireo loharanon'ireo tantara islamika. Ireo fitantaran'i Abou Mikhnaf mikasika ny tantaran'ny nahamaritiora an'i Houssayn ary indrindra ireo izay hita ao amin'ny

boky tantaran'i Tabari dia nangonina indray ka natao nanana endrika boky, mitondra ny anarana hoe *Waq'at al-Taff* (ny zava-niseho tao Taff), izay nosoratan'ilay mpikaroka sy mpahay tantara islamika, i Mohammad Hadi al-Yousoufi al-Gharawi.

FAMPAHAFANTARANA AN'ILAY MPIKAROKA

Mohammad Hadi dia teraka tamin'ny 1948 tao Najaf (Irak). Taorian'ny nahavitany ireo fianarany amin'ny lafiny fahalalana islamika nanomboka tamin'ny 1962, dia niatrika ny fianarana fikarohana momba ny lalàna islamika izy sy ireo loharanon'ny lalàna islamika tamin'ireo manam-pahaizana lehibe toa an'ny Ayatollah Sayyid al-Khoei sy Ayatollah Sayyid Imam al-Khomeyni. Tamin'ny 1972, izy dia nipetraka tao Qom (Iran) ka nanatrika ny fianarana fikarohana tamin'ny Ayatollah Sayyid Mohammad Sadiq al-Houssayni al-Rouhani sy Ayatollah Sayyid Kazim al-Haïri. Izy dia nandray anjara ihany koa tamin'ny fampianarana an'ireo fahalalana islamika isan-karazany sy tao amin'ireo tobim-pampianarana samihafa tao Najaf sy tao Qom. Amin'izao androntsika izao, ity manam-pahaizana ity dia malaza eo anivon'ny tobim-pampianarana islamika ao Qom (Iran) noho ireo asam-pikarohana eo amin'ny

lafiny tantara islamika nataony. Marihina fa izy no nanoratra ilay boky lehibe raki-pahalalana mikasika ny tantara islamika natonta ho boky miisa valo sady miresaka ihany koa ireo dinidinika maro.

NY FANDIKAN-TENIN'ILAY BOKY

Ity boky ity dia fandikana ny boky "*Waqat al-Taff*" nosoratan'ilay mpikaroka nolazaina tetsy aloha. Ankoatra ny hanavaozana indray ny tantaran'ireo tranga niseho mifamatotra amin'ny nahamaritiora an'i Houssayn niainga avy tamin'ireo fitantaran'i Abou Mikhnaf, ilay mpikaroka dia nampitombo ihany koa ny asa sorany tamin'ny alalan'ireo fanamarihana sy famelaran-kevitra maro entina ilazana ny marina hatrany momba ireo tantara amam-pahalalana.

Zava-dehibe tokoa ny nandikana an'ity boky ity sy ny nanaovana ireo fitantarana tranainy indrindra mikasika an'ity tantara ity mba ho azon'ireo mpamaky mampiasa teny malagasy vakiana. Mba hanandratana ho avo ny hasina ara-pahalalana sy ara-tantara ny lahatsoratra fototra, ny fandikan-teny dia natao manontolo sy niainga mivantana avy amin'ny teny arabo, izay teny nanoratana ny lahatsoratra sy ireo fitantarana voalohany.

Farany, dia tsara ny milaza mazava fa ity boky ity dia tsy mifono manontolo ireo fanamarihana sy famelaran-kevitry ny fikarohana nataon'ny Cheikh Mohammad Hadi al-Yousoufi al-Gharawi ao amin'ilay bokiny *Waq'at al-Taff*. Ilay mpandika teny dia nifantina ireo fanamarihana sy famelaran-kevitra heverina ho tsy maintsy ilaina mba hahazoana ny hevitra ny tantara ka navela any ireo izay heverina ho fandaminana ara-teknika fotsiny na izay heverina ho tsy dia ilaina loatra mba tsy hanasarotra ny fahazoana ny hevitra ny lahatsoratra.

Langaviana ny mpamaky mba hampitaha ny fanamarihan'ny mpikaroka eo amin'ny faran'ity boky ity mba hiheverany kokoa ny hasina arantantara ao amin'ity boky ity.

FANAMARIHANA VITSIVITSY

Misy ireo famelaran-kevitry ny mpikaroka sasantsasany no napetraka eo ambany pejy miaraka amin'ny filazana hoe « Fanamarihan'ny mpikaroka » ary ireo an'ny mpandika teny dia voalaza mazava hoe « Fanamarihana amin'ny fandikan-teny. »

Ao anatin'ny tanjona ny fanajana ny fahamarinan'ilay lahatsoratra natolotr'ilay mpikaroka sy hampiavaka ny lahatsoratra fototra amin'ireo izay nampiana: ireo fanazavana

nentin'ilay mpandika teny mba hisian'ny fahazoana tsara kokoa ny tantara dia natao anatin'ny fonosana toy izao [].

Ireo teny Ibn (zanakalahin'i) sy ny Bint (zanakavavin'i) dia nafahezina ka nosoloina ho (b.) fotsiny. Ohatra: 'Ali b. Houssayn dia midika hoe 'Ali zanak'i Houssayn.

Ny fanafohezan-teny (as) dia manambara ireo fehezanteny hoe « 'alayhi salam », « 'alayha salam » na « 'alayhim salam » izay midika amin'ny teny malagasy hoe « fiadanana anie ho azy (lehilahy) », « fiadanana anie ho azy (vehivavy) » na « fiadanana anie ho azy ireo »; ny fanafohezan-teny ihany no natao na dia voasoratra ao amin'ny lahatsoratra fototra aza izany.

Ny mpandika teny dia tsy nanaraka amin'ny fanoratana ireo anarana sy teny arabo araka ny akademika mahazatra. Naleony nampiasa ny fomba fanoratana amin'ny teny frantsay tsotra mba hisorohana ny mpamaky mampiasa teny frantsay amin'ny tsy fanajana loatra ny fanononana ny teny arabo. Marihina fa ilay famantarana (') misoratra eo alohan'ny teny arabo iray dia maneho ny fanononana ilay litera 'ayne (ع).

FISAORANA

Izaho dia maneho ny fankasitrahako ho an'izay olona rehetra nandray anjara mivantana na ankolaka tamin'ny fanatontosana an'ity boky ity. Tsy misy isalasalana, fa izy ity dia asa niarahana nanao sy vokatry ny ezaka niombonana.

Aoka anie i Allah hankasitraka an'ity asa ity.

Ny ekipa Booky

Desambra 2020

Antananarivo (Madagasikara)

TOKO VOALOHANY HOUSSAYN (AS) TAO MADINA

NY FARAHAFATR'I MO'AWIYAH

Tabari dia milaza ao amin'ny boky tantarany (v.5, p.322) hoe:

« Ary dia niatomboka ny taona faha-60 (...). Nandritra izany, ireo iraka solontena dia tonga teo anatrehan'i Mo'awiyah -[indrindra] moa fa ireo izay tonga teo anatrehany niaraka tamin'i 'Obaydollah b. Ziyad- mba hanao fanekem-pankatoavana an'i Yazid araka ny fiangaviany [Mo'awiyah] (...).

Ny farahafatra izay nataony taminy [Yazid] dia izao izay notantarain'i Hisham b. Mohammad avy tamin'i Abou Mikhnaf izao: "'Abd al-Malik b. Nawfal b. Mosahiq b. 'Abdallah b. Makhrama dia nitantara tamiko hoe:

"Mo'awiyah, tratran'aretina izay hahafaty azy [tsy ho ela], dia niantso an'i Yazid¹ zanany ka nilaza taminy hoe:

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Izy dia teraka tamin'ny 28 H. ary maty ny faha-14 Rabi'al-Awwal 64H. tamin'ny faha-36 taonany. Ny anaran-dreniny dia i Maysoun b. Kalbi. Tonga tamin'ny toerana naha-khalifah

“Ô ry zanako, izaho dia nanafaka anao tamin’ny fitetezana ireo halavirana, ireo hasarotana [izay mety ho tojo anao amin’ny fandimbiasana ahy], nataoko nangahiahy ireo fahavalo mba ho anao, nofeheziko ireo Arabo ary namorona fifanarahana teo amin’izy ireo aho. Izaho dia tsy manana ahiahy afa-tsy ny amin’ireo olona efatra, avy amin’ireo Korayshita ireo, izay afaka ny hanohitra anao dia tsy iza izany fa i Houssayn b. ‘Ali, sy i ‘Abdallah b. ‘Omar, sy i ‘Abdallah b. Zobayr ary i ‘Abd al-Rahman b. Abi Bakr¹.

Mikasika an’i ‘Abdallah b. ‘Omar, izy dia olona reraka an’ireo fanompoana, izy dia hanao fanekem-pankatoavana anao amin’ny fotoana tsy mampisy ny olona mpanohitra.

Momba an’i Houssayn b. ‘Ali; ireo mponin’Irak dia tsy hitsahatra ny hiantso azy mandra-pitaomany azy hikomy. Raha mikomy manohitra anao izy, dia aoka ianao hifehy azy sy hamindrafo aminy satria izy dia manana rohim-

azy izy tamin’ny faha-1 Rajab 60H. ary nijanona tamin’izany toerana izany nandritra ny 3 taona sy 8 volana.

¹ Fanamarihana amin’ny fandikan-teny: Misy milaza fa i ‘Abd al-Rahman b. Abi Bakr dia maty tamin’ny 55H. tao amin’ny toerana iray antsoina hoe Habashi, 16 km miala ao Lameka. Koa raha marina izany, dia tsy misy antony ilàna ny fitanisana azy ao amin’ilay farahafatra satria ny tenan’i Mo’awiyah dia maty tamin’ny 60H.

pihavanana tena akaiky [amin'ny Mpaminany] sy manan-jo lehibe.

Fa mikasika an'Ibn Abi Bakr kosa, izy dia hanaraka ny hevitr'ireo namany. Izy dia tsy mba manam-pitsiriritana loatra afa-tsy amin'ireo vehivavy sy ireo fahafinaretana.

Ny hany hiantsambotra eo amboninao toy ny liona, izay hanohitra anao an-kafetsena toy ny fosa sy izay hiantoraka eo aminafo raha vao mahazo vahana, dia ny tenan'Ibn Zobayr. Raha mikomy izy, dia montsamontsano izy ho potipotika." »

NY FAHAFATESAN'I MO'AWIYAH

Mo'awiyah dia maty tamin'ny fahatsinan'ny volana Rajab faha-60 taonan'ny Hijra. Nitsangana teo amin'ny polpitra i Dhahhaq b. Qays al-Fahri raha mbola namirapiratra teny ampelantanany ny lambamenan'i Mo'awiyah. Nanao fiderana an'i Allah izy sy nanome voninahitra Azy avy eo dia niteny hoe: « Mo'awiyah dia andry iankinan'ireo Arabo sy ilay mendrika, avy amin'ny alalany no nanafoanan'i Allah ireo disadisa, Izy no nanao azy ho lehiben'ireo mpanompony, izy no nahababo an'ady ireo faritra, ary ankehitriny izy dia maty.

Inty no lambamenany, hofonosintsika amin'ity izy, halevintsika ao am-pasany ary havelantsika irery izy sy ireo asa vitany. Avy eo izy dia ho any amin'ny tontolon'ny any ankoatra (barzakh) mandra-pahatongavan'ny Fitsanganana amin'ny maty. Izay te-hanatrika (amin'ny fandevenana azy), dia aoka izy ho tonga amin'ny mitataovovonana aorian'ny fanompoampivavaha voalohany. »

[Nialohan'izany,] izy dia nandefa iraka iray nankany amin'i Yazid mba hilaza aminy ny aretin'i Mo'awiyah. Namaly izany filazambaovao izany i Yazid [sady namaky andalantononkalo vitsivitsy hoe]:

« Tonga ilay iraka [mpitondra] ny taratarasy no sady maimaika

Ny fo dia nihorohoron'ny tahotra [teo ampahitana] ilay taratasiny

Hoy izahay taminy hoe: “Loza ho anao, inona no hambaranareo¹ ao amin'ilay taratasinareo?”

[Hoy izy ireo hoe: “Ilay khalifat dia mandamaka, marary”]

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Ao amin'ny lahatsoratra fototra, ny mpisolo anarana manondro olona tokana dia novaina ho mpisolo anarana manondro olona maro, izany no natao mba hanome fahalalahana tanteraka amin'ny hevi-teny ho an'ny mpamaky sy ny mpikaroka.

[Ny tany dia nangovitra na saika nampangovitra
anay]

[Tamin'izany] ny simenitry ny foto-panorenana
dia toa nirodana

Ilay, izay manana fanahy levona ao anatin'ny
fahamendrehana

Atahorana sao dia hianjera ireo fanalahidin'ny
fanahiny

Nony tonga izahay, dia nihidy ireo varavarana

Raiki-tahotra ny fo sy nitriatra [teo am-
pandrenesana] ireo fikiakiakan' [ny fitarainan'] i
Ramlah¹ »

NY TARATASIN'I YAZID HO AN'I WALID

Rehefa nandray ny fitondrana i Yazid tamin'ny fahatsinan'ny volana Rajab faha-60 taonan'ny Hijra, dia governora tao Madina i Walid b. 'Otbah b. Abi Soufyan, ny tao Lamaka dia i' Amr b. Sa'id b. al-'As, i No'man b. Bashir al-Ansari no tao Koufa ary i 'Obaydollah b. Ziyad no tao Bassorah.

Ny nanahirana an'i Yazid voalohany dia ny mba hahazoana ny fanekem-pankatoavan'ireo

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Izany moa dia toa an'i Ramlah, ilay zanakavavin'i Mo'awiyah.

olona izay nanohitra tamin'ny fahavelon'i Mo'awiyah rehefa ity farany no niangavy ireo vahoaka mba hanao fanekem-pankatoavana sy mba hanaiky an'i Yazid ho mpandimby azy. Te ho afaka amin'izany fahasahiranany izany anefa i Yazid. Koa dia nanoratra izao taratasy izao ho an'i Walid izy:

« Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay Be Indrafo.

Avy amin'i Yazid, Lehiben'ireo mpino, ho an'i Walid b. 'Otbah (...).

Mo'awiyah dia anisan'ireo mpanompon'i Allah izay nohasoaviny, Izy no nanao azy ho khalifa sy nanome azy harena sy fahefana. Izy dia niaina tao anatin'ny fotoana voafaritry sy maty tamin'ny fotoana voatondro. Enga anie i Allah hamindraho ho azy nohony fahafantarana azy fa niaina tao anatin'ny fiainana mendri-piderana ary matyamin'ny hatsaram-panahy sy fananam-pinoana. Ny fiadanana anie ho aminy. »

Nanoratra ho azy hafatra iray hafa izy, izay fohy, tamin'ny hoditr'ondry mitovy habe amin'ny ravin-tsofim-boalavo:

« Ampanantsoy i Houssayn, i 'Abdallah b. 'Omar sy i 'Abdallah b. Zobayr mba hanaovan'izy ireo fanekem-pankatoavana ahy. Ampiasao ny hery ary aza omena safidy mihitsy

izy ireo amin'ny fanehem-pankatoavana. Ny fiadanana anie ho amina. »

Rehefa ny vaovao mikasika ny fahafatesan'i Mo'awiyah no tonga [hatreny amin'i Walid], diatohina tamin'izany izy sady nalahelo. Koa dia nampiantso an'i Marwan b. Hakam izy tamin'ny alalan'ny iraka iray.

NY FAKANA NY HEVITR'I MARWAN

Taorian'ny namakiany ny voarakitr'ilay taratasy avy tamin'i Yazid, dia hoy izy hoe: « Marina dia marina fa isika dia an'i Allah, ary any Aminy no mbola hiverenantsika » ary nangataka tamin'i Allah izy mba handrotsaka aminy ny famindrampony.

Avy eo i Walid dia nangataka ny hevitr'i Marwan mikasika ilay raharaha, ka nanontany nanao hoe: « Inona no tetika mahomby tsara hataontsika? »

Namaly i Marwan hoe: « Araka ny hevitra, izao ankehitriny izao ianao dia tokony handefa iraka amin'io vondron'olona io ary hitaky amin'izy ireo mba hanao fanehem-pankatoavana sy mba hanaiky. Raha manao izany izy ireo, dia ankasitraho izany avy amin'izy ireo ka avelao am-pilaminana izy ireo. Nefa kosa, raha mandà izy ireo, dia sambory izy ireo ary vonoy avy hatrany mialohan'ny handrenesan'izy ireo ny

vaovaon'ny fahafatesan'i Mo'awiyah. Fa raha tsy izany, raha maheno izany izy ireo, ny tsirairay amin'izy ireo dia handeha haingana hizotra amin'ny lalana samihafa ary izany dia hiteraka disadisa sy fifandirana. Ny tsirairay dia hiantso ny vahoaka mba hiandany aminy. »

NY FANDEFASANA IRAKA

Nirahin'i Walid i 'Abdallah b. 'Amr b. 'Othman -izay mbola tanora izy tamin'izany vanim-potoana izany- teo amin'ireo olon-droa [i Houssayn b. 'Ali (as) sy i 'Abdallah b. Zobayr]. Izy roa mihitsy no hitan'i 'Abdallah, nipetrapetraka tao amin'ny moske, saingy tamin'ny fotoana tsy fandraisan'i Walid vahoaka intsony no nahatongavany. Ankoatr'izany, tsy nisy na iray amin'izy roa aza no nanana fahazarana nitsidika azy amin'ny fotoana tahak'izany. Niteny ihany izy hoe: « Aoka ianareo hanaiky ny fiantsoan'i governora. »

Namaly izy ireo hoe: « Afaka mankany ianao, avy eo izahay vao mandeha any. »

Nanatona ny namany ny anankiray, avy eo i 'Abdallah b. Zobayr nanontany an'i Houssayn (as) hoe: « Araka ny hevitrao, nahoana izy no nampiantso antsika amin'ny ora izay tsy famoriany vahoaka intsony? »

Namaly i Houssayn (as) hoe: « Mino aho fa maty ny mpanjakan'izy ireo tsy refesi-mandidy ka nampiantso antsika izy mba hahazoana ny fanekem-pankatoavantsika mialohan'ny hielezan'ny vaovao any amin'ny vahoaka. »

Niteny Ibn Zobayr hoe: « Tsy misy afa-tsy izay tokoa. Koa inona izao no eritreretinao hatao? »

Namaly i Houssayn (as) hoe: « Izao dieny izao aho dia handeha hamory ireo zatovoko ka handeha hihaona aminy. Rehefa tonga eo am-baravarana aho, dia hiangaviako izy ireo mba hihaino ahy ary dia hiditra aho. »

Nanapaka ny teniny Ibn Zobayr nilaza hoe: « Atahorako ny aminao raha toa ianao ka miditra. »

Namaly i Houssayn (as) hoe: « Tsy handeha hihaona aminy aho raha tsy afaka ny hanohitra amin'ny fanekem-pankatoavana. »

Navorin' [i Houssayn (as)] ireo mpanara-diany sy ireo olona ao amin'ny fianakaviany. Nandeha izy ireo hatreo amin'ny varavaran'i Walid. Nilaza tamin'ireo namany izy hoe: « Handeha hiditra aho, fa raha miantso anareo aho na raha henonareo ny feoko mihamafy, dia tongava daholo ianareo mamonjy ahy. Fa raha tsy izany, dia andrasanareo eto foana aho mandra-piverenako. »

HOUSSAYN (AS) TAO AMIN'I WALID

Niditra izy ary niarahaba an'i Walid sahala amin'ny fiarahaban'ny olona ny governora, tamin'izay fotoana izay i Marwan dia nipetraka teo akaikiny (ity farany moa dia efa tao amin'i Walid rahateo, araka ny voalaza teo aloha). Ary, mba tsy hampisy fisalasalana mikasika ny fahafatesan'i Mo'awiyah, dia niteny i Houssayn (as) hoe: « Ny mampitohy ireo fifandraisana no tsara kokoa noho ny manapaka izany. Enga anie i Allah hampifandray anareo indray. » Tsy nahitam-baliny avy tamin'izy ireo akory izany.

Nandroso i Houssayn (as) ary nipetraka. Avy eo, i Walid namaky ho azy ilay taratasin'i Yazid, manambara aminy ny fahafatesan'i Mo'awiyah sy miangavy azy mba hanao ny fanekem-pankatoavana. Niteny i Houssayn (as) hoe: « Eny, Marina dia marina fa isika dia an'i Allah, ary any Aminy no mbola hiverenantsika (...). Mikasika ny fangatahana ny fanekam-pankatoavana izay nataonao amiko, dia tsy azo heverina raha ny olona amin'ny toerako toy izao no hanao izany amin'ny mangingina. Ankoatr'izany, ianareo dia tsy ho afa-po amin'ny fanekem-pankatoavana ataoko raha tsy eo imasom-bahoaka no hanaovako izany. »

Niaiky izany i Walid ary nanohy ny teniny izy [i Houssayn (as)] hoe: « Rehefa ianao no handeha

hiseho vahoaka mba handray ny fanekem-pankatoavany, dia hantsoinao ihany koa izahay mba hanao izany indray mandeha ihany. »

Walid te-hanatsotra ny raharahan'i Houssayn (as) dia niteny hoe: « Amin'ny anaran'i Allah, mandehana àry fa miverena aty aminay amin'ny fotoana famoriam-bahoaka. »

Nilaza i Marwan hoe: « Ifantàna amin'i Allah, fa raha izy izao no mandeha mandao ireo faritany, sady tsy nanao ny fanekem-pankatoavana, dia tsy hahita fotoana mety toy izao mihitsy ianao raha tsy ao anatin'ny rà mandriaka eo aminy sy ianao. Sambory izy ary aoka tsy hivoaka eto raha tsy efa nanao ny fanekem-pankatoavana, fa raha tsy izany dia vonoy izy. »

Tamin'io fotoana io, i Houssayn (as) dia niant sambotra teo amin'ny toerany sady niteny hoe: « Ry zanak'i Zarqa, ianao ve no hamono ahy sa izy? Ifantàna amin'i Allah, fa mandainga ianao no sady manao fahotana. » Avy eo, izy dia nivoaka, nanatona an'ireo mpanara-diany ka dia niara-niainga izy ireo nody ho any an-tranony¹.

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: ny tohin'ny tantara dia izao: Niteny i Marwan tamin'i Walid hoe: « Ianao tsy nankato ahy. Ifantàna amin'i Allah, fa ianao dia tsy hahita fotoana mety tahak' izao intsony mba hifehezana azy. »

HOUSSAYN (AS) TAO AMIN'NY TRANO FIVAVAHANA TAO MADINA

Nialohan'ny handehanana hitady an'i Houssayn (as) [mba hahazoana ny valiteny], ireo miaramilan'i Walid dia niasa nitady an'i 'Abdallah b. Zobayr tamin'ny andro voalohany sy marainan'ny nialany tao Madina ary izany moa, dia mandra-paharivan'ny andro.

Ny harivan'ny faharoan'io andro io, izany hoe ny Sabotsy faha-28 Rajab, no nanirahan'i Walid ireo olony ho any amin'i Houssayn izay nilaza tamin'izy ireo nanao hoe: « Miverena ianareo rahampitso maraina fa handinika izany izahay. » Navelan'izy ireo am-pilaminana izy tamin'io alina faharoa io (izany hoe ny hariva hifohan'ny Alahady faha-29 Rajab) fa tsy nikiry taminy.

Namaly i Walid hoe: « Loza ho anao ry Marwan! Ianao dia nisafidy ny nanapa-kevitra teo amin'ny toerako mikasika ny zavatra izay mety hanimba ny fananam-pinoako. Ifantàna amin'i Allah, fa izaho dia tsy handray ireo harena rehetra eto amin'ity tany ity raha izany no hanaovana tompon'antoka amin'ny fahafatesan'i Houssayn. Voninahitra anie ho an'i Allah. Izaho ve dia tsy maintsy hamono an'i Houssayn noho ny filazany fotsiny hoe: “Izaho dia tsy hanao fanekem-pankatoavana”? Ifantàna amin'i Allah, inoako fa ny olona izay mibaby, any amin'ny Andro Fitsarana, ny andraikitra amin'ny fandatsahan-dràn'i Houssayn dia ho maivan-danja ireo asany eo anatrehan'i Allah. »

Namaly i Marwan hoe: « Raha izany no hevitrao, dia mety ny nataonao. » Niteny izany izy fa tsy nasiany fanohanana ny heviny.

Ny voalohany tamin'ireo andro roa ireo, i Houssayn dia nizotra nankany amin'ny trano fivavahana tao Madina niaraka tamin'ireo olondroa nitehenany, arak'izao notantarain'i Abou Sa'id al-Maqbori izao: « Tazako i Houssayn niditra tao amin'ny trano fivavahana tao Madina, izay namindra sady nitehina tamin'ireo olondroa, indraindray izy nitehina tamin'iray ary indraindray nitehina tamin'iray hafa, ka namerimberina ireo tenin'i Yazid b. al-Mofarragh al-Himyari hoe:

“[Aoka anie aho mba tsy ho velona amin'izao andro] izay nampandrosoako ireo rameva vao maraina sy iantsoana ahy amin'ny alalan'i Yazid [b. al-Mofarragh]

[Amin'izao andro izao,] ho solon'ny fanomezam-boninahitra dia nomena ahy ny fahambaniana

Nefa izaho dia afaka mihaona amin'ny fahafatesana tsy misy fahafambaraka”. »

Niteny izy [i Abou Sa'id al-Maqbori] hoe: « Izaho dia nilaza tao am-poko hoe: “Ifantàna amin'i Allah, fa izy [i Houssayn] dia azo antoka fa nanana ny hevitra tiany hambara tamin'ny famakiany an'ireo andàlan-tononkalo roa ireo.” Tsy nandalo akory ny roa andro dia henoko izy fa lasa nankany Lameka. »

NY FIHETSIK'I MOHAMMAD B. HANAFIYYAH

Nony naheno vaovao i Mohammad b. Hanafiyyah, dia tonga izy nihaona tamin'i Houssayn (as) rahalahiny ka niteny taminy nanao hoe:

« Ry rahalahiko, ianao no olona tena tiako sy tena sitrako. Tsy misy afa-tsy ianao no manan-jo indrindra hahazo ny torohevitra. Aoka ianao tsy hanao fanekem-pankatoavana an'i Yazid b. Mo'awiyah ary mitoera lavitra an'ireo tanàn-dehibe arak'izay azo atao. Avy eo, dia mandefasa ianao hafatra any amin'ireo vahoaka mba hiantso azy ireo hanohana anao. Raha izy ireo no manao fanekem-pankatoavana aminao, dia hanao ireo fankalazana an'i Allah aho. Fa raha izy ireo no mivondrona miaraka amin'ny olon-kafa ankoatra anao, dia tsy ataon'i Allah hampihena ny finoanao sy ireo fahaizanao akory izany ary tsy hampisy fiantraikany na amin'ny lazanao na amin'ny fahamendrehanao izany. Ny atahorako dia sao ianao ho tonga ao amin'ny tanàn-dehibe iray ka ho tojo vahoaka tsy mifanaraka amin'ny hevitrao ianao, ny sasany manohana anao fa ny hafa kosa dia manohitra. Ho raikitr'ady izy ireo ary ianao no ho lasibatr'izy ireo voalohany amin'izany. Vokatr'izany, ny rà'n'ilay olona mendrika indrindra amin'ity firenena ity, dia ilay

zanaky ny ray sy ny reny mendrika indrindra, no ho raraka tsotr'izao ary ny fianakaviany dia halaim-baraka. »

Namaly i Houssayn (as) hoe: « Handeha aho, ry rahalahiko. »

Hoy i Mohammad b. Hanafiyyah hoe: « Arak'izany, dia mandehana any Lameka. Raha hahazoanao ny fandriam-pahalemana io toerana io, dia vao mainka tsara. Fa raha miteraka olana ho anao kosa izany, dia mankanesa ianao any amin'ireo tany efitra manodidina na any antampon'ireo tendrombohitra, ka mifindrafindrà ianao avy amin'ny toerana iray mankany amin'ny toerana iray hafa mandrapahafantaranao ny fipetrak'ireo vahoaka. Ny hevitrao ihany anefa no hataonao, fa hanana ny marina kokoa ianao amin'ny fanapahan-kevitrao sy fahombiazana kokoa amin'ny asa ataonao rehefa ianao hiatrika ireo zava-hitranga. Izy ireo dia tsy hanohitra anao mihitsy, nefa kosa ny mifamadika amin'izany no hitranga raha toa ianao ka mitodi-damosina azy ireo. »

Namaly azy i Houssayn (as) hoe: « Ry rahalahiko, ianao dia tena nanome ahy ampitiavana torohevitra mahaso. Antenaiko fa io hevitrao io no marina sy mendrika. »

NY FIALAN'I HOUSSAYN (AS) TAO MADINA

Houssayn (as) dia efa nilaza tamin'i Walid hoe: « Avelao aho mandra-pieritreretanao sy hieritreretanao, mandra-panananao fanapahan-kevitra sy hanananayfanapahan-kevitra. »

Koa dia navelan'izy ireo i Houssayn (as), fa niasa nanenjika an'i 'Abdallah b. Zobayr izy ireotamin'ny andro voalohany sy tamin'ny andro nialany tao Madina ary izany moa, dia mandra-paharivan'ny andro. Tamin'ny firotsahan'ny alin'io andro faharoa io (ny Sabotsy faha-28 Rajab), no nanirahan'i Walid ireo olony ho any amin'i Houssayn izay nilaza tamin'izy ireo nanao hoe: « Aoka ianareo hiandry mandra-pahatonga ny maraina, mba hanananareo fanapahan-kevitra ary toy izany koa izahay. » Navelan'izy ireo ampilaminana izy tamin'io alina faharoa io (izany hoe ny hariva hifohan'ny Alahady faha-29 Rajab) fa tsy nikiry taminy.

Houssayn (as) dia nandao an'i Madina nandritra io alina io, tamin'izay dia tsy nisy afa-tsy roa andro ihany no sisa tamin'ny volana Rajab taona faha-60H. Niara-dia taminy ireo zanany, ireo rahalahiny, ireo zana-drahalahiny sy ny ankamaroan'ireo olona ao amin'ny fianakaviany, ankoatr'i Mohammad b. Hanafiyyah. Namaky an'ity andinin'ny Kor'âny ity izy [teo am-

pandaozana an'i Madina]: « {Nivoaka tao izy, matahotra sady mijerijery ny manodidina azy. Hoy izy: "Tompo ô, avoty amin'ireo vahoaka mpanao ny tsy rariny aho!" } »¹

Teo am-pidirana an'i Lameka izy, dia namaky izao andininy manaraka izao: « {Ary rehefa nandeha nankany Madyan izy, dia niteny hoe: "Mirary ny mba ho tarihin'ny Tompoko amin'ny lalana mahitsy aho" } »²

NY FIHETSIK'I 'ABDALLAH B. 'OMAR

Walid dia nandefa [iraka iray] tamin'i 'Abdallah b. 'Omar izay nilaza taminy hoe: « Manaova ianao fanekem-pankatoavana an'i Yazid. »

Hoy izy namaly azy hoe: « Rehefa ireo vahoaka no hanao fanekem-pankatoavana azy, dia hanao koa aho. »

Namalivaly azy ilay lehilahy nanao hoe: « Fa inona no manakana anao ny hanao izany [izao dia izao]?! Hita miharihary fa ireo vahoaka dia tianao hisaratsaraka, hifamono sy ho faty. Rehefa tonga izany loza izany, dia hiteny izy ireo hoe: "Miverena ianareo amin'i 'Abdallah b. 'Omar, fa

¹ Ny Kor'âny masina 28:21

² Ny Kor'âny masina 28:22

tsy misy tavela intsony afa-tsy izy, koa manaova ianareo fanekem-pankatoavana azy.” »

Namaly i ‘Abdallah hoe: « Izaho dia tsy mitia ny vahoaka hifamono, hisaratsaraka, sy ho faty. Fa kosa, raha ny vahoaka no manao fanekem-pankatoavana ka tsy misy olon-kafa tavela intsony, amin’izay fotoana izay aho dia hanao izany koa. »

Koa dia navelan’izy ireo am-pilaminana izy no sady tsy niahiahy azy intsony izy ireo.

TOKO FAHAROA NY IMAM HOUSSAYN (AS) TAO LAMEKA

HOUSSAYN (AS) TENY AN-DALANA HO ANY LAMEKA

‘Oqbah b. Sim’an dia nilaza hoe: « Niainga tao Madina izahay ary nanaraka ny lalan-dehibe. »

Olona iray avy amin’ny fianakavian’ny Imam Houssayn (as) no nanome soson-kevitra azy hoe: « Nahoana moa ianao no tsy misoroka, miala amin’ny lalan-dehibe, sahala amin’ny nataon’Ibn Zobayr, amin’izay ireo mpanenjikatsy hahatratra anao?! »

Namaly izy hoe: « Ifantàna amin’i Allah fa, izaho dia tsy hiala aminy raha tsy i Allah nomanome ny hevinyarak’izay sitrany. »

[NY FIHAONANA TAMIN’I] ‘ABDALLAH B. MOUTI AL-‘ADAWI

Izahay dia nifanena tamin’i ‘Abdallah b. Mouti’ izay nanontany an’i Houssayn (as) nanao hoe: « Hafaiko ho anao anie ny aiko! Fa te-handeha aiza ianao? »

Namaly izy hoe: « Amin'izao fotoana izao aloha dia ho any Lameka, fa aorian'izay, izaho dia hangataka ny tso-dranon'i Allah. »

Nanoro hevitr'azy i 'Abdallah [b. Mouti'] nanao hoe: « Enga anie i Allah hisafidy ny lalana mendrika harahinao, ary hafoinay ho anao anie ny tenanay (...), nefa aorian'ny fahatongavanao any Lameka, dia aza mba mizotra mankany Koufa ianao, fa io dia tanàna fambara ratsy izay namonoana ny rainao, nandaozana ny rahalahinao sy nikapohana azy ka saika nahafaty azy. Aza mandao an'ilay trano masina ianao. Ianao no lehiben'ireo Arabo. Ifantàna amin'i Allah fa, tsy hisy amin'ireo mponina ao Hijaz no hanalavitra anao. Ireo olona rehetra na aiza na aiza dia hifampitaona mba hanaraka anao. Aza miala ao amin'ilay trano masina ianao, hamoy ny tenany ho anao anie ireo rahalahin-draiko sy anadahin-dreniko fa, ifantàna amin'i Allah, raha ianao no maty dia ho lasa andevo izahay any aorianao. »

HOUSSAYN (AS) TAO LAMEKA

Nanohy ny diany izy mandra-pahatongavany tao Lameka, ary niditra tao Lameka izy ny hariva hifoha ny Zoma [Alakamisy hariva] faha-3 Sha'ban. Nitoetra tao Lameka izy nandritra ireo volana Sha'ban, Ramadhan, Shawwal, Zoulqa'dah ka hatramin'ny faha-8 ny Zoulhijjah.

Ireo vahoakan'i Lameka dia tonga namangy azy toy izany koa ireo avy any lavitra sy ireo tonga nanatanteraka ny 'omrah.

Ibn Zobayr dia nitoby teo akaikin'ny Kaaba, teo izy no nanatontosa ireo fanompoampivavahany mandritra ny andro sy ireo fihodinana (tawaf) (...). Izy dia anisan'ireo izay namangy an'i Houssayn (as). Indraindray izy dia tonga mankany aminy ao anatin'ny roa andro mifampitohy, indraindray dia indray mandeha fotsiny isaky ny roa andro (...). Izy dia tsy diso anjara mihitsy nanome ny heviny tamin'i Houssayn (as). Ny fisian'i Houssayn (as) tao Lameka dia nanahirana an'Ibn Zobayr satria fantany fa ny vahoakan'i Hijaz dia tsy hanao fanekem-pankatoavana azy sady tsy hanaraka azy mihitsy raha i Houssayn (as) no mbola eo amin'izy ireo. Izany moa dia noho ny voninahitr'i Houssayn (as) izay tena ambony eo imason'ireo vahoaka ka izy no mendrika kokoa hanaovana ny fanekem-pankatoavana noho izy [Ibn Zobayr].

Ireo Taratasin'Ireo Mponina Tao Koufa

Rehefa ireo mponina tao Koufa no nahare ny vaovao mikasika ny fahafatesan'i Mo'awiyah, dia natahotra an'i Yazid ireo mponina tao Irak. Hoy izy ireo hoe: « Houssayn (as) sy Ibn Zobayr dia

nandà ny hanao fanekem-pankatoavana ka lasa nankany Lameka. »

Mohammad b. Bishr al-Hamdani dia nilaza hoe: « Izahay dia nivory tao an-tranon'i Solayman b. Sorad al-Khoza'i, izay nitenenan'ity farany taminay hoe: "Mo'awiyah dia maty tokoa ary i Houssayn (as) dia nandà ny hanao fanekem-pankatoavana ka lasa any Lameka. Ianareo no mpanara-diany sy mpanara-dian'ny rainy. Koa raha sahy ianareo fa afaka ny hanohana azy sy hiady amin'ireo fahavalony, dia manorata any aminy. Nefa kosa, raha tsy sahy ianareo na matahotra ny faharavana, dia aza mba fitahina izy amin'ny fanaovana vy very ny ainy manokana."

Namaly izy ireo hoe: "Tsia! Izahay dia hiady tsy am-pisalasalana mihitsy an'ireo fahavalony ary hafoinay ho azy ireo fiainanay."

Niteny izy: "Manorata ho azy àry ianareo!"

Koa dia nanoratra toy izao izy ireo:

"(Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay Be indrafo).

Ho an'i Houssayn b. 'Ali avy tamin'i Solayman b. Sorad, i Moussayyab b. Najabah, i Rifa'ah b. Shaddad, i Habib b. Mozahir sy ireo

mpino mpanara-diany ary ireo mpino silamon'i Koufa.

Fiadanana anie ho anao. Izahay dia manao ny fiderana an'i Allah eo akaikinao, fa ankoatr'Azy dia tsy misy Andriamanitra hafa. Dera ho an'i Allah izay namotika ny fahavalonao, ilay mpanageja mafy hatoka izay nanjakazaka teo amin'ny vahoaka, izay nandray an-keriny ny fahefany, izay naka tsy ara-drariny ireo fananany sy nandray ny fifehezana tsy tamimpaneken'ireo vahoaka akory. Avy eo, izy dia namono ireo tsara fa niaro ny ratsy. Izy dia nampielay ireo harenan'i Allah tamin'ireo ratsy fanahy sy ireo mpanan-karena. Ny ozona anie ho aminy sahala amin'ny nanjo ny vahoakan'i Thamoud!

Izahay dia tsy manana Imam na iray aza. Noho izany, dia tongava ianao, angamba amin'ny alalanao, no hampivondronan'i Allah anay eo ambany fanevan'ny fahamarinana. Izahay dia tsy hanaraka an'i No'man b. Bashir (mitoetra ao amin'ny lapan'ny governora) eo amin'ny fanompoam-pivavahana amin'ny andro Zoma sy amin'ireo Aïd. Vantany vao fantatray fa ianao dia manaiky ny ho avy aty aminay, dia horoahinay mankany Syria izy, raha sitrak'i Allah.

Fiadanana sy Famindrampon'i Allah anie ho aminao."

Avy eo izahay dia nampitondra io taratasy io an'i 'Abdallah b. Sabo' al-Hamdani sy i 'Abdallah b. Wal al-Tamimi. Izy roalahy ireto dia nanafaingana ny dia mandra-pahatongavana teo amin'i Houssayn (as) tao Lameka, ny faha-10 Ramadhan.

Roa andro taty aoriana, izahay dia naniraka an'i Qays b. Mouss-hir al-Saydawi sy i 'Abd al-Rahman b. 'Abdallah b. al-Kadin al-Arhabi ary i 'Omarah b. 'Obayd al-Salouli, izay nitondra taratasy miisa 150 eo ho eo, ny tsirairay amin'izany dia nosoratan'ny olona iray na vondron'olona roa na olona efatra. »

Niteny izy [i Mohammad b. Bishr al-Hamdani] hoe: « Roa andro hafa taorian'izany, izahay dia nampitondra ho azy (Houssayn) taratasy iray hafa an'i Hani b. Hani al-Sobay'i sy Sa'id b. 'Abdallah al-Hanafi izay misoratra toy izao:

"Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay Be Indrafo.

Ho an'i Houssayn b. 'Ali avy tamin'ireo mpanara-diany amin'ireo mpino silamo sy ireo mpanara-dia ny finoana islamo. Tongava haingana ianao hiaraka aminay, ireo vahoaka dia

miandry anao sady tsy vonona handray olon-
kafa ankoatra anao. Tongava aty aminay
haingana ianao! Avia haingana! Ny fiadanana
anie ho aminao.”

Shabath b. Rib'i, i Hajjar b. Abjar, i Yazid b. al-
Harith b. Yazid b. Rowaym, i 'Azarah b. Qays, i
'Amr b. Hajjaj al-Zobaydi sy i Mohammad b.
'Omr al-Tamimi dia nanoratra toy izao:

“Ireo zaridaina dia maitso, ireo voankazo dia
mihamasaka ary ireo lava-drano dia tondraka.
Raha tianao izany, dia avia hiaraka amin'ny
tafika vonona sy tsara fiomanana. Ny fiadanana
anie ho aminao.” »

NY VALINTENIN'NY IMAM HOUSSAYN

Ireo iraka ireo dia tafahaona avokoa teo
akaikin'i Houssayn (as) izay namaky ireo
taratasy sy nanontany azy ireo mikasika ny toetra
(sy ny fipetrak') ireo vahoaka. Avy eo, izy namaly
tamin'ny alalan'i Hani b. Hani al-Sobay'i sy i
Sa'id b. 'Abdallah al-Hanafi, izay farany
tamin'ireo iraka (tonga) toy izao:

« Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana,
Ilay Be Indrafo.

Avy amin'i Houssayn b. 'Ali ho an'ireo
loholona amin'ireo mpino silamo sy ireo
mpanara-dia ny finoana islamo.

Hani sy i Sa'id dia nitondra ho ahy tokoa ireo taratasinareo ary izy ireo no iraka roa farany avy taminareo tonga tamiko. Azoko avokoa izay rehetra nosoratanareo sy nolazainareo. Ny ankamaroan'ireo taratasy dia milaza manokana hoe: "Tsy misy Imam eo aminay, avia ianao amin'izay noho ny fisianao i Allah dia hampivondrona anay ao anatin'ny fahitsiana sy ny fahamarinana."

Alefako ho anareo ny rahalahiko sady zanaky ny rahalahin-draiko (i Mouslim b. 'Aqil), izay olona ananako fahatokisana amin'ireo havako akaiky. Nomeko andraikitra izy mba hilaza amiko mikasika ny fahavononareo, ireo fepetranareo sy ny toerana misy anareo.

Raha izy no mampilaza amiko fa ireo loholona eo aminareo sy ireo tsara fanahy ary ireo manampahendrena no miombon-kevitra araka ny voalazan'ireo iraka nalefanareo ireo sy arak'izay novakian'ny tenako mihitsy tao amin'ireo taratasinareo ireo, dia ho avy aty aminareo haingana aho, raha sitrak'i Allah. Mianiana aho fa ny Imam dia izay afaka mitondra arak'ilay Boky (Kor'any), manao ny ara-drariny, mitory ny finoana marina sy mahafoy ny tenany ho an'i Allah. Ny fiadanana anie ho aminareo. »

NY FIAINGAN'I MOUSLIM B. 'AQIL

Houssayn (as) dia niantso an'i Mouslim b. 'Aqil ka nandefa azy niaraka tamin'i Qays b. Mouss-hir al-Saydawi sy i 'Omarah b. 'Obayd al-Salouli ary i 'Abd al-Rahman b. 'Abdallah b. al-Kadin al-Arhabi [ho any amin'ireo vahoakan'i Koufa] niaraka tamin'ireo torohevitra mba hanana fitiavam-bavaka, mba hitandrina sy ho mailo ary mba handray ireo vahoaka ampahendrena sy am-pitiavana. Nanafatra an'ilay irany izy mba hilaza vaovao avy hatrany aorian'ny fahatsapana fa ireo vahoaka dia miray hina tokoa [amin'ny teny nolazain'izy ireo sy ny fanohanana azy].

Niainga i Mouslim ka tonga tao Madina, izay nanaovany fanompoam-pivavahana tao amin'ny trano fivavahan'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) no sady nanaovany veloma tamin'ireo havana malalany akaiky avy amin'ny fianakaviana. Avy eo, izy naka mpitari-dalana anankiroa avy amin'ireo fokon'i Qays ary dia niainga izy ireo. Ireo mpitari-dalana roa ireo anefa dia tafavily amin'ny lalana tsy tokony hizorana ka dia very lalana. Saingy tratran'ny hetaheta mafy avokoa izy roa. Ireo mpitari-dalana anankiroa ireo dia nanambara tamin'i Mouslim nanao hoe: « Mizora amin'ity lalana ity

mandra-pahatongavana amin'ny vovon-drano (...). » Ity tantara fanampiny ity moa dia tonga hatrany Madhiq ao an-dohasahan'i Khoubayt.

NY TARATASIN'I MOUSLIM HO AN'NY IMAM (AS) MIKASIKA NY LALANA NIZORANY HATRAMIN'NY NIAINGANY

Mouslim b. 'Aqil dia nanoratra sy nampitondra taratasy iray ho an'i Houssayn (as) an'i Qays b. Mouss-hir al-Saydawi:

« Izaho dia nandao an'i Madina niaraka tamin'ireo mpitari-dalana anankiroa kanefa izy ireo dia diso lalana nizorana koa dia very lalana. Izahay dia niharan'ny hetaheta ka izany no nahafaty an'ireo mpitari-dalana anankiroa. Nanohy ny dianay izahay mandra-pahitanay toerana misy rano. Avotra tamin'ilay fahafatesana izay efa nanangatsanga izahay. Ity toerana misy rano ity dia antsoina hoe Madhiq ao amin'ny lohasahan'i Khoubayt. Noraisiko ho fambara ratsy izany. Raha voadinikao tsara izany, dia azonao atao ny manaisotra amiko ity fanirahana ity sy mandefa olon-kafa hisolo ahy. Ny fiadanana anie ho aminao. »

NY VALINTENIN'NY IMAM (AS) TAMIN'I MOUSLIM B. 'AQIL

Houssayn (as) dia namaly azy hoe:

« Manahy aho sao dia ny faniriana
mangataka amiko ny hamotsorako anao amin'ity
fanirahana, izay efa nanendreko anao ity, dia
noho ny antony tsy fahampian'ny herim-po
fotsiny. Tohizo ilay iraka izay nankiniko taminao.
Ny fiadanana anie ho amina. »

Rehefa avy namaky ilay taratasy i Mouslim
dia niteny hoe: « Tsy mba ny aiko akory no
atahorako. » Lasa nanohy ny fandehanany izy
(...) mandra-pahatongavany teo amin'ny
loharano an'ireo fokon'i Taïy izay toerana
nialany sasatra. Avy eo, izy dia nanohy ny lalany
ary tamin'izay, no nahitany lehilahy iray (...) mihaza sy mamono biby iray, ka hoy i Mouslim
hoe: « Ireo fahavalonay dia hovanoina
tahak'izao, raha sitrak'i Allah. »

TOKO FAHATELO

MOUSLIM B. 'AQIL TAO KOUFA

MOUSLIM B. 'AQIL TONGA TAO KOUFA

Nanohy ny diany i Mouslim mandrapahatongavany tao Koufa niaraka tamin'ireo namany telo, dia i Qays b. Mouss-hir al-Saydawi, i 'Omarah b. 'Obayd al-Salouli sy i 'Abd al-Rahman b. 'Abdallah b. al-Kadin al-Arhabi. Nivantana tao an-tranon'i Moukhtar b. Abi 'Obayd [al-Thaqafi] izy. Ireo shiita dia tonga hatrany mitsidika an'i Mouslim ary isaky ny iray amin'ireo vondron'izy ireo no mivory eo aminy, dia ampamakiany azy ireo ilay taratasy avy amin'i Houssayn b. 'Ali (as), izay nahatonga azy ireo latsa-dranomaso.

[NY FANEKEM-PANKATOAVANA NATAON'IREO MPONINA TAO KOUFA]

Nitsangana i 'Abiss b. Abi Shabib al-Shakiri [mba handray fitenenana]. Nidera sy nanome voninahitra an'i Allah aloha izy vao niteny hoe: « Izaho dia tsy mahalala ny eritreritr'ireo olona, sady tsy afaka hahalala ny ao am-pon'izy ireo, ary koa tsy te hamitaka anareo ny momba azy ireo, fa kosa ifantàna amin'i Allah fa, izaho dia afaka hilaza aminareo ny amin'izay fanapahan-

kevitra avy amiko manokana. Ifantàna amin'i Allah fa, izaho dia hamaly anareo raha hiantso ahy ianareo, izaho dia hiady amin'ireo fahavalonareo eo anilanareo ka hoveleziko amin'ny sabatro izy ireo mba hiarovako anareo mandra-pihaonako amin'i Allah. Izaho dia tsy mila tambiny amin'izany afa-tsy ny fifalian'i Allah. »

Taorian'izany, dia nitsangana i Habib b. Mozahir al-Faq'oussi al-Assadi ary niteny hoe: « Hamindrafo anao anie i Allah. Ianao dia nanambara amin'ny teny fohy izay tao anatin'ny fonao » avy eo dia notohizany ny teniny nanao hoe: « Ny amiko indray, ifantàna amin'i Allah - izay ankoatr'Azy dia tsy misy Andriamanitra hafa- fa izaho dia mitovy hevitra aminy. »

Avy eo dia nitsangana i al-Hanafi ka nilaza ireo teny tahak'izany.

Ireo shiita dia nanohy hatrany ny fitsidihana an'i Mouslim ka nahatonga ny toerana nisy azy ho fantatry ny olona ary izany vaovao izany dia tonga tany amin'i No'man b. Bashir.

[NY HAFATR'I NO'MAN B. BASHIR]

(Teo ampandrenesana izany,) i No'man dia niakatra teo amin'ny polpitra ary rehefa avy nidera sy nanome voninahitra an'i Allah izy, dia nilaza hoe: « Ry mpanompon'i Allah, aoka mba

hanam-pinoana. Aza haingana mamorona korontana sy fifanoherana fa izany no fototry ny fahapotehan'ireo olona, ny rà mandriaka sy fandrobam-pananana (...). Mazava ho azy fa izaho dia tsy mba hiady amin'izay tsy miady amiko, tsy hanafika izay tsy manafika ahy, izaho dia tsy haniratsira hihatsy na hiahiahy anareo. Izaho dia tsy hanameloka ny fanendrikendrehana sy ny fiahiahiana na ireo fiampongana diso. Nefa kosa raha maneho ny tena endrikareo amiko ianareo, raha ianareo no mandà ny fanaovana fenekem-pankatoavana sy manohitra an'ny imam (Yazid), ifantana amin'i Allah -izay ankoatr'Azy dia tsy misy Andriamanitra hafa- dia ho kapohiko amin'ny sabatro ianareo mandra-pialan'ilay tahontsabatra eny an-tanako, eny fa na dia tsy hisy olona hanampy ahy aza. Manantena aho fa izay mandala ny fahamarinana no maro eo aminareo fa tsy ireo izay mirona mankany amin'ny fahadisoana. »

'Abdallah b. Mouslim b. Sa'id al-Hadhrami, izay mpiandany amin'ireo Bani Omayyah, no nitsangana ary niteny hoe: « Ity olana ity dia tsy voavaha raha tsy amin'ny alalan'ny heritsetra sy ny famoretana. Io toriteny izay nambaranao io mba hamahàna izany olana izay misy eo aminao sy ireo fahavalonao izany dia toritenin'olona malemy. »

Namaly i No'man b. Bashir hoe: « Aleoko ny heverina fa malemy ao anatin'ny fankatoavana an'i Allah toy izay ny heverina fa matanjaka ao anatin'ny fanoherana Azy. » Nidina teo amin'ny polpitra izy avy eo.

[YAZID NAMPITANDRINA NY TOE-DRAHARAH NISY TAO KOUFA]

'Abdallah b. Mouslim dia niala teo amin'ny fivoriana ka lasa nanoratra taratasy ho an'i Yazid b. Mo'awiyah toy izao:

« Mouslim b. 'Aqil dia tonga tao Koufa ary ireo shiita dia nanao fanekem-pankatoavana azy ho an'i Houssayn b. 'Ali. Raha ianao te hanohy ny fifehezana an'i Koufa, dia maniraha olona matanjaka ianao ho any mba hanatanteraka ireo baikonao sy hanao toy ny ataonao manoloana ny fahavalonao. Ny zava-misy manko dia olona malemy i No'man b. Bashir na mody miseho ho malemy. »

Avyeo, i 'Omarah b. 'Oqbah dia nanoratra zavatra tahak'izany, narahin'i 'Omar b. Sa'd b. Abi Waqqas¹.

¹ Fanamarihan'ny mpikaroka: ny tohin'ny tantara notantaraina, araka ny fiampitampitan'ny fitantarana azy, voaray avy tamin'i 'Ammar al-Dohni [izay notantarain'i] 'Abou Ja'far al-Baqir (as) dia toy izao:

« Rehefa nahavoaray taratasy maro i Yazid tao anatin'ny roa andro, dia nampanantsoiny i Sarjoun b. Mansour al-Roumi,

(ilay mpanompo, mpanoratra sy mpanara-mason'ny sakafon'i Mo'awiyah), ka nanontaniany nanao hoe: "Ahoana ireo hevitrao? Houssayn mizotra mankany Koufa amin'ny fotoana ahazoan'i Mouslim b. 'Aqil fanekem-pankatoavana ho azy. Nisy nitantara tamiko fa i No'man b. Bashir dia malemy sy manao toriteny tsy mahomby (...). Ahoana no mba hevitrao? Iza no afaka hotendreko ho governora ao Koufa?"

Tamin'izay i Yazid dia nankahala an'i 'Obaydollah b. Ziyad, ka hoy i Sarjoun hoe: "Raha mitsangana amin'ny maty i Mo'awiyah, dia ho raisinao ve ireo toroheviny?" Namaly izany am-panekena izy. Nasehon'i Sarjoun azy ilay taratasy (avy tamin'i Mo'awiyah) mikasika ny fanendrena an'i 'Obaydollah b. Ziyad ho governoran'i Koufa, avy eo izy dia niteny hoe: "Indro ny hevitr'i Mo'awiyah, izy dia maty nefa niangavy mba hampiharana an'ity taratasy ity. Izy dia nanambatra ireo tanàna anankiroa mba ho eo ambany fifehezan'i 'Obaydollah b. Ziyad."

Nanaiky i Yazid, avy eo dia nampanantsoiny i Mouslim b. 'Amr al-Bahili ka nirahiny nankany Bassorah ho any amin'i 'Obaydollah b. Ziyad miaraka amin'ilay taratasim-panendrena ary nanoratra ho azy toy izao: "Ireo mpiandany amiko, vahoakan'i Koufa, dia nanoratra tamiko, tamin'ny fanambarana ho ahy fa Ibn 'Aqil dia mamory (manodidina azy) ireo olona mba handrava ny firaisankinan'ireo silamo. Mankanesa any Koufa ianao raha vao maharay ny taratasiko ary karohy Ibn 'Aqil toy ny fikarohanao ny vatosoa, mandrapahitanao azy. Avy eo dia fatory izy, vonoy na roahy izy. Fiadanana anie ho anao."

Niainga i Mouslim b. 'Amr ho any amin'i 'Obaydollah b. Ziyad any Bassorah. Ity farany moa dia nanome baiko (ireo olony) amin'ny fiomanana mba hiainga ho any Koufa ny rahampitson'iny. »

NY TARATASIN'NY IMAM (AS) HO AN'IREO MPONINA TAO BASSORAH

Houssayn (as) dia nandefa taratasy, dikan-tsoratra iray ihany, tamin'ny alalan'ny mpanompony, antsoina hoe i Solayman, ho an'ireo lehiben'ireo fari-piadidiana dimy tao Bassorah sy ho an'ireo loholony: i Malik b. Mousmi' al-Bakri, i Ahnaf b. Qays, i Monzir b. al-Djaroud, i Mas'oud b. 'Amr, i Qays b. al-Haytham sy i 'Amr b. 'Obaydollah b. Mou'ammarr, toy izao:

« Allah dia nisafidy an'i Mohammad, ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany, tamin'ireo zava-boahary hafa rehetra. Izy dia nanavaka azy tamin'ny fanomezana azy ny voninahitry ny Mpaminany sy nanendry azy mba hampita ny hafany. [Taorian'ny nanomezany anatra an'ireo mpanompony sy nanampitana ny hafany,] dia noraisin'i Allah ny fanahiny. Izy dia tso-po teo amin'ireo mpanompony sy nampita ilay hafatra izay nankinina taminy.

Izahay no fianakaviany, havany akaiky, famelany hafatra, mpandovany sy manan-jo kokoa ny hanatontosa ireo asany manoloana ny vahoaka. Kanjo, noravain'nyolona ireo zonay ireo. Tsy nanohitra izahay satria tsy tianay ny hampisy ny fisaratsarahana ary izahay dia mila

ny hahasoa ny vahoaka hatrany. Fantatray tsara anefa fa izahay no manana fahaizana amin'ny fitazomana izany toerana izany toy izay ireo izay nandrava azy. Izy ireo dia nanatanteraka [ireo zavatra sasany] ampahitsiana, ara-dalàna sy mifanaraka amin'ny fahamarinana.¹

Nalefako aty aminareo ny irako miaraka amin'ity taratasy ity ary miantso anareo aho mba hanaraka ny Bokin'i Allah sy ny sounna an'ilay Mpaminaniny, fiadanana sy fahasoavana anie ho aminy. Ny sounna dia levona an-karihary fa ireo fomba vaovao noforonina kosa dia nahazo vahana ankehitriny. Koa raha mihaino sy mankato ahy ianareo, dia hotarihiko amin'ny lala-mahitsy. Ny fiadanana sy ny famindrampon'i Allah anie ho aminareo. »

Ireo loholona rehetra izay namaky ity taratasy ity dia nanafina azy [sy nametraka azy amin'ny mangingina] afa-tsy i Monzir b. al-Djaroud izay niahiahy -arak'izay noeritreretiny- ilay irak'i Houssayn (as), i Solayman, ho mpitsikilo nalefan'i 'Obaydollah. Arak'izany, dia nentiny niverina teo anatrehan'i 'Obaydollah ilay iraka ny harivan'ny hifoha maraina izay noheveriny

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Misy manjavona ao amin'ny fehezanteny farany amin'ity andalan-tsoratra ity araka ny efa nomarihin'ilay mpikaroka.

handehanany ho any Koufa ary nampamakiany ilay taratasy.

Nanatona an'ilay iraka i 'Obaydollah ka namono azy.

TORITENIN'I 'OBAYDOLLAH B. ZIYAD TAO BASSORAH

Nidera sy nanome voninahitra an'i Allah izy vao niteny hoe:

« Ifantàna amin'i Allah, fa tsy misy zava-tsarotra amiko no sady tsy misy ny atahorako. Izaho no tena marina ilay mpanapa-dohan'ireo fahavaloko, poizina mahafaty ho an'ireo izay miady amiko. Na iza na iza hifandona amin'ny fokon'ireo Qarrah dia manao ny tsy rariny amin'ny tenany ihany.¹

Ry vahoakan'i Bassorah, ny Lehiben'ireo mpino dia nanendry ahy ho governoran'i Koufa ary ho tonga any aho rahampitso vao maraina. Tendreko i 'Othman b. Ziyad b. Abi Soufyan mba ho governora amin'ny fotoana mbola tsy maha-eo ahy. Tandremo ianareo sao manohitra na

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Ibn Ziyad eto dia mamaky ny andalana tononkalo momba ny ady, nataon'ny olona iray ao amin'ny foko al-Qarrah izay tena havanana amin'ny fitifirana zana-tsipika tamin'ny vanim-potoan'ny Jahiliyyah. Angamba te hilaza Ibn Ziyad eto fa izay hiady amin'ireo Bani Omayyah, -izy ireo koa dia havanana amin'ny fitifirana zana-tsipika- dia ho levona.

maneho fiteny fikomiana! Ifantàna amin'Ilay tsy misy Andriamanitra hafa ankoatr'Azy, fa raha avy maheno aho fa ny iray aminareo no nanohitra azy, dia hovonoiko tsy misy fisalasalana izy, miaraka amin'ny mpiantoka sy mpiaro azy. Hofaiziko amin'ny alalan'ny sazy henjana ny heloka na dia kely aza amin'izay aho fantatra tsara sady amin'izay koa tsy hisy aminareo ny mpanohitra na mpikomy.

Izaho no zanak'i Ziyad, izay izy no tahafiko kokoa eo amin'ireo izay manorotoro ireo vatokilonjy fa tsy tahaka ny anadahin-dreny na ny zanaky ny rahalahin-dray¹. »

IBN ZIYAD NIDITRA TAO KOUFA

Ary dia nandao an'i Bassorah izy ary nankany Koufa niaraka tamin'i Mouslim b. 'Amr al-Bahili, i Sharik b. A'war al-Harithi, ny olona nanodidina azy ary ireo fianakaviany izay nahatratra [vondrona iray] miisa folo ka hatramin'ny roapolo olona. Nony niditra an'i Koufa Ibn Ziyad, dia nitafy fehiloha mainty sady

¹Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Izy dia manondro ny rainy izay nalaza tamin'ny halozany, hasiahany sy ny tsindrihazolenany, mifanohitra amin'ny anadahin-dreniny, tsy arabo, sy i Yazid zanaky ny rahalahin-drainy nalaza tamin'ny fandehanana mirenireny, ny lamoizika, ireo filibàna, ny fijangajangana, ny fihazana, ireo haitraitra sy ireo filalaovana.

nosaromany ny tarehiny. Ireo vahoaka izay naheno ny vaovao amin'ny hahatongavan'i Houssayn (as) ao Koufa dia niandry an'ity farany ary nihevitra azy ho izy tokoa tamin'ny nahatongavan'i 'Obaydollah. Rehefa ity farany no nandalo teo anatrehan'ireo vahoaka, dia hoy izy ireo niarahaba azy nanao hoe: « Tongasoa ianao, ry zanak'ilay Irak'i Allah! Ny fahatongavanao dia fahasoavana! »

Nanahirana an'i 'Obaydollah ny fifaliana nasehon'ireo vahoaka taminy, noho ny fiheveran'izy ireo azy ho i Houssayn (as) ary nampisafoaka azy ny teny henony. Hoy izy hoe: « Ireto olona ireto tena marina dia araka ny efa niheverako azy ireo! »

Teo ampahitana ireo vahoaka vao mainka nitangorona i Mouslim b. 'Amr al-Bahili dia nanambara nanao hoe: « Mihemora! Fa izy no governora, 'Obaydollah b. Ziyad. »

Nony niditra tao an-dapa izy ka fantatr'ireo olona amin'izay ny tena marina fa izy dia i 'Obaydollah b. Ziyad [fa tsy i Houssayn (as) akory], dia vonton'alahelo sy fahoriana lalina izy ireo.

TORITENY NATAON'IBN ZIYAD TEO AM-PAHATONGAVANY TAO KOUFA

Taorian'ny nahatongavany tao an-dapa sy natoriany tao nandritra ny alina, dia nisy nanao antso ho an'ny vavaka iombonana amin'ny maraina. Vory ireo vahoaka ary izy (i 'Obaydollah b. Ziyad) tonga niseho teo anatrehan'izy ireo ka nanomboka nanao fiderana sy nanome voninahitra an'i Allah, avy eo izy dia niteny hoe:

« Ilay Lehiben'ireo mpino -Allah anie hanasoa azy- dia nanankina tamiko ny tanàna-reo, (ny fiarovana) ny sisin-tany sy ny volam-panjakana. Nomeny andraikitra aho mba hampihatra ny rariny ho an'ireo voageja sy hanome ho an'ireo mahantra, ho tsara fanahy amin'ireo mpankato sy ireo mpanara-dalàna fa hosarotiny sy hohenjana amin'ireo mampiahiahy sy ireo mpanohitra. Hanaraka ireo toromarika mikasika anareo avy aminy aho ary hanatanteraka ireo baikony. Izaho dia ho tahaka ny ray tsara fanahy sy be fitiavana amin'ireo olon-tsara sy mpankato, fa kosa hanatsoaka ny karavasiko sy ny sabatro ho an'ireo izay tsy manaraka ireo didiko sy izay manohitra ny fahefako. Koa aoka ny tsirairay mba samy hitandrin-tena! Ny fahamarinana no hiaro (ny fiainanareo) fa tsy ny fiarovan-tena. »

Nidina (teo amin'ny polpitra) izy ary nitazona an'ireo 'arif ¹ sy ireo vahoaka tamin'ny fihetsika maherihery ka niteny hoe: « Sorato ho ahy ireo olona vao tonga, ireo izay voatarik'ilay Lehiben'ireo mpino, ireo izay mpanaraka an'ireo Harouriyah² eo aminareo sy ireo mpitarika ny fihetsika izay miteraka ny tsy fifanarahana sy fikorontanana. Na iza na iza miverina miaraka aminay dia hafahana madiodio amin'izay rehetra efa nataony. Fa ireo izay tsy hanoratra dia tsy maintsy manome antoka ho anay manoloana ny 'arif eo amin'izy ireo fa tsy hisy amin'izy ireo ny hanohitra na hikomy aminay. Na iza na iza mandà hanao izany, dia ho very ny zony amin'ny fiarovana, amin'ny ainy sy ireo fananany (sady tsy hisy dikany eo imasonay). Ny 'arif rehetra izay manao tsirambina amin'ny fiampangana ny mpanohitra an'ilay Lehiben'ireo mpino, izay eo ambany fiahiany, dia hohomboana eo amin'ny varavaran-tranony. Hofoanako ireo volampanjakana nomena manokana ho an'izany 'arif izany sy izay rehetra miaro azy dia horoahina any Oman. »

¹ Olona manana andraikitra amin'ny fizarana ireo fanampiana avy amin'ny Fanjakana sy tompon'andraikitra ny vondron'olona izay eo ambany fiahiany.

² Ireo Kharijites.

MOUSLIM B. 'AQIL NIALA TAO AN-TRANON'I MOKHTAR KA NIFINDRA TAO AMIN'I HANI

Mouslim b. 'Aqil dia nahavoaray vaovao mikasika ny fahatongavan'i 'Obaydollah, ny toriteny izay nolazainy sy ny fitaomana mampihorohoro nataony tamin'ireo 'arif sy ireo vahoaka. Koa dia niala tao an-tranon'i Mokhtar, izay efa fantatry ny olonaizy ka nifindra tao amin'i Hani b. 'Orwah al-Moradi. Niditra teo amin'ny varavarana izy ary niangavy [ny mpanompo iray] mba hiantso an'i Hani. Nivoaka i Hani kanefa nanenenany ny nahateo azy rehefa nahita azy izy.

Nilaza taminy i Mouslim hoe: « Tonga aty aminao aho mba hahazo ny fiarovanao sy mba ho vahininao. »

Namaly i Hani hoe: « Hamindrafo anao anie i Allah! Ianao eto dia mampitondra ahy entana tena mavesatra! Raha ianao tsy efa tafiditra an-trano ary raha tsy mahalala ny fahitsiana aho, dia naleoko kokoa -sy niangaviako ianao- mba handeha. Saingy manenjika ahy mafy ny eritreritro. Sady koa, ny olona tahaka ahy dia tsy afaka ny handao an-jambany ny olona tahaka anao. Mandrosoa! » Arak'izany dia nomeny fialofana izy.

Ireo shiita dia nanomboka nitsidika an'i Mouslim tao amin'i Hani b. 'Orwah.

Taorian'ny nifindran'i Mouslim tao an-tranon'i Hani b. 'Orwah, dia nahatratra valo arivo sy iray alina ireo olona nanao fanekem-pankatoavana taminy. Arak'izany, izy dia nampitondra taratasy iray ho an'i Houssayn (as) an'i 'Abiss b. Abi Shabib al-Shakiri: « Tsy misy fisalasalana, ny mpisava lalana dia tsy mandainga amin'ireo olony. Amin'ireo vahoakan'i Koufa dia valo arivo sy iray alina no tonga nanao fanekem-pankatoavana tamiko. Tongava haingana ianao aty raha vao maharay ny taratasiko. Ireo olon-drehetra dia miaraka aminao fa tsy mankasitraka ny fianakavian'i Mo'awiyah, no sady tsy mila azy ireo. Fiadanana anie ho aminao. »

MA'QIL, ILAY SYRIANA, MITSIKILO AN'I MOUSLIM

Ibn Ziyad nampiantso an'i Ma'qil mpanompony ary nilaza taminy nanao hoe: « Mandraisa telo arivo dirhams ka mandehana tadiavo i Moslim b. 'Aqil sy ireo namany. Omeo azy ireo ity telo arivo dirhams ity ka milazà amin'izy ireo hoe: "(Ity vola) ity dia hanampy anareo amin'ny tolona hanoheranareo ny fahavalonareo." Ampahafantaro azy ireo fa ianao dia miaraka amin'izy ireo. Noho ny fanomezanao

ho azy ireo ilay vola, dia hanana fo madio sy hatoky anao izy ireo, ka tsy hanafina aminao ireo zavatra mikasika azy ireo. Ny maraina ianao no mandeha mihaona amin'izy ireo. Andao àry! »

Ma'qil tonga nanatona an'i Mouslim b. 'Awsajah al-Assadi izay nivavaka tao amin'ilay trano fivavahana (moske) lehibe. Izy (i Ma'qil) dia nahare avy tamin'ny filazan'ireo olona fa io lehilahy io dia nanao fanekem-pankatoavana ho an'i Houssayn (as).

Nanakaiky azy izy, nipetraka, niandry ny fahavitan'ny fivavahany, avy eo hoy izy taminy: « Ry mpanompon'i Allah, izaho dia andevo avy any Syria ao amin'ny (fokon'ireo) Zou al-Kala'a. Allah dia nanome ahy fitiavana an'ity fianakavian' (ny Mpaminany) ity sy ny fitiavana an'izay mitia azy ireo. Inty misy telo arivo dirhams tiako homena ny olona ao amin'ity fianakaviana ity izay nisy nilaza tamiko fa tonga eto Koufa izy mba handray ireo fanekem-pankatoavana ho an'ilay zanaky ny Irak'i Allah, fiadanana sy fahasoavana anie ho azy sy ny fianakaviany. Te hihaona aminy aho nefa tsy mahita olona mba afaka hitarika ahy mankany aminy sady tsy fantatro rahateo koa moa ny toerana izay misy azy. Tamin'ny fipetrahaoko tao amin'ny trano fivavahana (moske), no nandrenesako avy tamin'ny vondron'olona

mpino iray nilaza fa io lehilahy io dia mahalala ny fianakavian' (ny Mpaminany). Izany no nanatonako anao mba hanome anao ity vola ity sy hikorakara ahy mba hihaona amin'ny lehibenao. Hevero ho tahak'ireo rahalahinao aho sy olona hatokisana. Raha tianao, dia afaka manao fanekem-pankatoavana azy aho mialohan'ny hihaonana aminy. »

Namaly i Mouslim b. 'Awsajah (ra) hoe: « Isaorako i Allah nampihaonantsika; mahafaly ahy ny mahalala fa ianao dia afaka hahazo izay irinao. Allah dia hanampy ny fianakavian' (ilay Mpaminany) amin'ny alalanao. Na izany aza anefa, ny fanananao fahalalana momba ahy mikasika ity raharaha ity mialohan'ny hisehoan'izany, dia mampatahotra ahy noho ny fisian'ity mpanageja ity sy ny hasiahany. » Nanao ny fanekem-pankatoavana i (Ma'qil) nialohan'ny niainga sy nanamafy ny teny napetrany izay noprofoiny tamin'ny alalan'ny fahatsorany sy ny fahamalinany. Nanome ireo antoka rehetra ho azy izy sady nanao ny fampanantenana rehetra tsy maintsy ilaina ho fandresen-dahatra azy.

Hoy i Mouslim b. 'Awsajah taminy hoe: « Mitoera ao amiko mandritra ny andro vitsivitsy, dia hahazo fahazoan-dalana ho anao aho mba hihaona amin'ny lehibenao. »

Nahazoany alalana izy (mba hihaona amin'i Mouslim b. 'Aqil) ary dia nanomboka nitsidika azy izy niaraka tamin'ireo olona (hafa).

FIVORIANA IRAY MBA HAMONOANA AN'IBN ZIYAD

Narary i Hani b. 'Orwah ary tonga namangy azy i 'Obaydollah b. Ziyad.

'Omarah b. 'Obayd al-Salouli dia nilaza tamin'i Hani hoe:

« Ny fikambanantsika dia mikasa ny famonoana an'ity olona mpanao jadona ity. Allah dia manome anao ny fahafahana hanao izany, ka vonoy izy. »

Namaly i Hani hoe: « Tsy tiako ny hamonoana azy ato an-tranoko. » Arak'izany, i 'Obaydollah dia tonga nitsidika an'i Hani sy lasa nandao [tsy nisy sampona].

Tsy tapitra akory ny herinandro iray no narary indray i Sharik b. A'wr al-Harithi. Ibn Ziyad sy ireo governora hafa dia nanome azy voninahitra ambony na dia [marina] aza fa olona shiita mafana fo izy.

Nandefa hafatra taminy i 'Obaydollah b. Ziyad hoe: « Ho avy hamangy anao aho amin'ny hariva. »

Nilaza i Sharik tamin'i Mouslim hoe: « Ity mpijangajanga ity dia ho avy hamangy ahy ny hariva. Rehefa avy mipetraka izy, dia manatona azy ianao ka vonoy izy. Aorian'izany, dia soloy toerana izy ao an-dapa, fa tsy hisy olona hanakana anao amin'izany. Rehefa sitrana aho amin'ireo andro manaraka, dia ho any Bassorah aho ary raisiko adidy ho anao ny toe-javatra misy any. »

Ny hariva, dia tonga i 'Obaydollah b. Ziyad hamangy an'i Sharik al-Harithi. Nitsangana i Mouslim b. 'Aqil mba hiditra ao [an'efitra].

Nilaza taminy i Sharik hoe: « Aza avela ho afaka mitsoaka izy rehefa tafapetraka. »

Nitsangana i Hani b. 'Orwah ary niteny tamin'i Mouslim hoe: « Tsy tiako ny hamonoana azy ato an-tranoko. » nanehoany ny tsy fankasitrahany mikasika io tetika io.

Tonga i 'Obaydollah b. Ziyad ary nipetraka. Nanadihady mikasika ny toe-pahasalaman'i Sharik izy hoe: « Fa inona no nanjo anao? » Ary nandany fotoana niresaka taminy izy.

Rehefa hitan'i Sharik fa tsy mbola nanao famelezana i Mouslim, dia natahotra izy sao very maina izao fotoana tsara izao ka dia nanomboka niteny noho izany izy nanao hoe: « Inona no andrasanareo mba hiarahabana an'i Salma?

Tanteraho ny hetahetako na dia iankinan'ny aiko aza izany! » Naveriny in-droa na in-telo izany.

Nanontany i 'Obaydollah hoe: « Fa misy inona? Hitanareo ve fa mirediredy izy? » Namaly i Hani hoe: « Eny. Hanasoa anao anie i Allah! Toy izao foana izy hatramin'ny maraina mangiran-dratsy ka hatramin'izao ora izao. »

Nitsangana i 'Obaydollah ary lasa nandeha.

Nivoaka i Mouslim [avy tao amin'ny fiafenany] ary nanontany azy i Sharik hoe: « Inona no nanakana anao tsy namono azy? »

Namaly izy hoe: « Noho ny antony anankiroa. Voalohany, dia satria i Hani tsy nankasitraka an'i 'Obaydollah hovanoina ao an-tranony. Ny antony hafa dia ny fisian'ny hadith iray notantarain'ireo olona avy tamin'ilay Mpaminany (fiadanana sy firarian-tsoa anie ho azy sy ny fianakaviany) hoe: "Ny fananam-pinoana dia manakana ny olona mba hamono ary ny mpino dia tsy tokony hanao izany famonoan'olona izany)". »

Niteny avy hatrany i Hani hoe: « Ifantàna amin'i Allah, fa raha namono azy ianao, dia nahafaty mpanota lehibe, olon-dratsy sy tsy mpino iray. Na izany aza anefa dia alako ny fikasana ny hamonoana azy ao amin'ny tranoko. »

MA'QIL NITSIDIKA AN'I MOUSLIM B. 'AQIL

Ma'qil dia tsy tapaka nifanerasera tamin'i Mouslim b. 'Awsajah nandritra ireo andro vitsivitsy amin'izay izy hampihaona azy amin'Ibn 'Aqil. Izy [Ibn 'Awsajah] dia nampiseho azy taminy [Ibn 'Aqil] sy nanambara ny momba azy. Nandray ny fanekeh-pankatoavana nataony i Mouslim b. 'Aqil ary niangavy an'i Abou Thamamah al-Saïdi mba handray ho fananany ilay vola izay nentin' [i Ma'qil]. [Nanomboka tamin'io fotoana io,] i Ma'qil dia tonga foana nitsidika azy ireo. Izy no voalohany tonga sy farany miala. Nihaino ireo vaovaon'izy ireo izy ary nahalala ireo tsiambaratelon'izy ireo, avy eo izy dia nitantara ny rehetra [antsipiriany] hatrany am-poto-tsofin'Ibn Ziyad.

IBN ZIYAD NANONTANY MOMBA AN'I HANI

Ibn Ziyad nanontany ny nanodidina azy hoe:
« Nahoana i Hani no tsy tonga nijery anay? »

Nisy namaly azy hoe: « Marary izy. »

'Obaydollah b. Ziyad dia niantso an'i Mohammad b. Ash'ath (b. Qays al-Kindi), i Asma b. Kharijah, i 'Amr b. Hajjaj. (Tsara ho fantatra fa) i Rowayha, zanakavavin'i 'Amr b. Hajjaj, dia nanambady an'i Hani.

Nanontany azy ireo i 'Obaydollah hoe: « Inona no nanakana an'i Hani b. 'Orwah mba hijery anay? »

Namaly izy ireo hoe: « Tsy fantatray, hosoavin'i Allah anie ianao! Nitaraina ho marary izy. »

Hoy izy: « Misy milaza amiko fa efa sitrana izy ary nipetraka teo antokonam-baravaran'ny tranony. Mandehana ianareo mamangy azy ka lazao aminy fa tsy maintsy manatontosa ny adidiny (eo anatrehanay) izy satria tsy tiako raha ny fifandraisako amin'ireo arabo fanta-daza tahak'azy, no simba. »

HANI NAMPANANTSOINA HO ANY AMIN'IBN ZIYAD

Lasa izy ireo nihaona tamin'i Hani tamin'ny takariva ary tamin'ny fotoana izy nipetraka teo antokonam-baravaran'ny tranony, no tonga izy ireo nanontany azy nanao hoe: « Inona no nanakana anao mba hitsidika ny governora? Niresaka momba anao izy ka nilaza hoe: "Raha fantatro fa narary izy, dia mba novangiako." »

Hoy i Hani hoe: « Ny aretina no nanakana ahy. »

Hoy izy ireo hoe: « Nisy nitantara taminy fa isaky ny hariva ianao dia mipetraka eo

antokonam-baravaran'ny tranonao, arak'izany ny fahitany anao dia tsy miraharaha. (Fantaro fa) ireo mpanjaka dia tsy mandefitra ny tsy fanahiana sy ny tsy fihontsinana (eo anatrehan'izy ireo). Noho izany dia miangavy anao izahay mba handeha hiaraka aminay. »

Naniraka olona izy mba haka ireo lambany, ary dia nitafy izy. Avy eo niangaviany mbaentina eo aminy ny ramolevaviny¹ ka izany no notaingenany mandra-pahatongavany teo akaiky ny lapa, izay nahatsapany fa hisy zavatra hitranga.

Nanontany an'i Hassaane b. Asma b. Kharijah izy hoe: « Ry zana-drahalahiko, ifantàna amin'i Allah fa, izaho dia matahotra an'io olona io! Koa ahoana ny hevitrao amin'izany? »

Namaly i Hassaane hoe: « Ry rahalahindraiko, ifantàna amin'i Allah fa, tsy misy na inona na inona atahorako ny momba anao! Nahoana moa ianao miampanga tena nefa hainao fa tsy meloka akory ianao! »

Niditra tao amin'Ibn Ziyad ilay vondron'olona ary niaraka tamin'izy ireo i Hani. Nampitraka ny lohany Ibn Ziyad ka niteny hoe:

¹ Ramolevavy: « Mule ».

« Ireo tongony ihany no nitondra an'ity adala ity taty! »

Hani raha nanatona an'Ibn Ziyad, izay nipetraka teo anilany ilay mpitsara Shorayh¹, Ibn Ziyad dia nitodika tany aminy (tamin'i Hani) sy namaky ireto andalana tononkalo manaraka ireto:

« Izaho dia maniry ny hamalisoa azy na dia te hamono ahy aza izy Iza no hamela ny helokao ho an'ny namanao avy amin'ny fokon'ireo Morad?² »

HANI TAO AMIN'IBN ZIYAD

Hoy i Hani taminy hoe: « Amin'inona no anaovanao fanoharana, ry governora? »

Namaly Ibn Ziyad hoe: « Eny, ry Hani b. 'Orwah! Inona daholo ireto teti-dratsy izay entinao hanoherana an-kafetsena ny governora sy ny ankamaroan'ireo mpanara-dia ny finoana islamo ireo nanomboka tao an-tranonao?! Ianao no nitondra an'i Mouslim b. 'Aqil ary mbola ianao no nanome fialofana azy tao an-tranonao.

¹ Shorayh b. al-Harith al-Kindi.

² Ireto andalana tononkalo ireto, ny namaky azy ireto voalohany dia i 'Amr b. Ma'd Yakrib al-Zobaydi. Ibn Ziyad dia namaky azy ireo ho fanoharana ny tantara nisy teo amin'i 'Amr b. Ma'd Yakrib sy i Obay (na i Qayss) al-Moradi izay fototra niavian'ireto tononkalo ireto.

Ianao dia nanangona fitaovam-piadiana sy vatan-dehilahy ho azy nanomboka tamin'ireo trano nanodidina. Mihevitra ve ianao fa ireny rehetra ireny dia hiafina eo amiko? »

Hoy i Hani hoe: « Tsy mba nanao izany akory aho ary i Mouslim dia tsy ao amiko. »

Hoy Ibn Ziyad: « Marina re fa nanao izany ianao! »

Namerina ihany i Hani hoe: « Tsia, tsy nanao izany aho. »

Hoy Ibn Ziyad: « Marina izany e! »

Rehefa nihamafy ny disadisa teo amin'izy roa ary hitany fa mitady ny handà sy hampandainga azy hatrany i Hani, dia nantsoin'Ibn Ziyad i Ma'qil, ilay mpitsikilo, izay tonga niseho teo anatrehany.

Nanontany azy Ibn Ziyad hoe: « Fantatrao ve ity lehilahy ity? »

Namaly izany am-panekena izy. Tamin'io fotoana io, dia tsapan'i Hani fa i Ma'qil dia olona nirahina mba hitsikilo azy ireo ary izy no nitantara taminy (tamin'i 'Obaydollah) ireo vaovao mikasika azy ireo.

Hoy izy hoe: « Henoy moa aho ary mba minoa re ireo teniko. Ifantàna amin'i Allah fa izaho dia

tsy handainga aminao. Ifantàna amin'i Allah - ankoatr' Azy dia tsy misy Andriamanitra hafa- fa tsy nampandroso azy tao an-tranoko aho sady tsy nahalala akory ny iraka ho tanterahiny hatramin'izyhitako nipetraka teo antokonam-baravarako. Izy dia nangataka fampiatranoana tamiko, izay nananako hena-maso ny handà izany. Izany no nahatonga ahy nanaiky ny hanome azy ny fiarovako. Noraisiko tao amiko izy ka nomeko trano itoerana sy ialofana. Hita àry izao fa ny fihetsiny dia mifanaraka amin'ny vaovao izay nampitaina taminao. Raha tianao dia afaka manao velirano sarobidy ho anao sy izay rehetra hanananao antoka, fa izaho dia tsy nikasa ny hanao ratsy na maniry ny hampidi-doza aminao. Raha tianao dia ametrahako antoka ianao mba hanananao fahatokisana fa mbola hiverina aminao aho. Ary handeha hijery azy aho sy handidy azy mba hiala ao an-tranoko mba ho any amin'izay hitany fa mety aminy ka amin'izay fotoana izay aho dia afaka adidy tamin'ny fanomezako azy ny fialofana sy fiarovana. »

Ibn Ziyad niteny taminy hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa tsia! Tsy miala eto mihitsy ianao raha tsy hoe hitondra azy eto amiko. »

Namaly i Hani hoe: « Tsia, ifantàna amin'i Allah! Tsy entiko aty aminao mihitsy izy! Mihevitra va ianao fa asaiko ho tonga eto

anatrehanao ny mpivahiny ao amiko mba hovanoinao?! »

Ibn Ziyad: « Ifantàna amin'i Allah fa ho entinao eto amiko izy. »

Hani: « Ifantàna amin'i Allah, fa tsy ho entiko eto aminao izy. »

Teo ampahitana ny feo niakatra teo amin'izy roa, dia nitsangana i Mouslim b. 'Amr al-Bahili ka niteny hoe: « Allah anie hanome fanambinana ho an'ny governora! Omeo fotoana irery aho mba ahafahako miresaka aminy samirery. »

Avy eo izy niteny tamin'i Hani hoe: « Avia aty amiko aty, mba hiresahako miaraka aminao! »

Nitsangana izy ary lasa izy roa nankany amin'ny zorony nanalavitra an'Ibn Ziyad, saingy nijanona eo amin'ny toerana tazan'ny masonry amin'izay raha mampiaka-peo izy roa, dia afaka henoiny ny resak'izy roa.

Mouslim b. 'Amr al-Bahili niteny tamin'i Hani hoe: « Ry Hani! Miangavy anao aho amin'ny Anaran'i Allah, mba tsy hihantsy ny fahafatesanao na ny loza ho an'ny vahoakanao sy ny fianakavianao. Ifantàna amin'i Allah! Miaro anao loatra aho noho ny fahitana anao manao izay hahafaty anao. Izany olona izany, (i Mouslim b. 'Aqil) dia zanak'olona mpirahalahy amin'ireto

vahoaka ireto (ireo Omeyyades), noho izany, izy ireo dia tsy hamono azy na hanao ratsy aminy akory. Arak'izany, dia ento aminy (amin'Ibn Ziyad) izy fa izany dia tsy heverina ho henatra na ho fahafaham-baraka satria ianao no nanolotra azy amin'ireo manam-pahefana. »

Namaly i Hani hoe: « Ifantàna amin'i Allah, tena marina fa izany dia ho henatra sy fahafaham-baraka. Ianao dia miangavy mba hanolorako ny olona izay eo ambany fiarovako sady mpivahiny ao amiko, kanefa izaho dia mbola velona, salama tsara, afaka mahita sy mahare, ary izaho dia manana namana maro, matanjaka sy mahery?! Ifantàna amin'i Allah, eny fa na dia irery aza aho sady tsy manana mpiaro, dia tsy atolotro izy, aleoko maty ho fiarovana azy. »

Nihevitra i Hani fa ny fokony dia hihetsika hiaro azy, koa dia nitalaho tamin'ny Anaran'i Allah sy niteny mafy izy nanao hoe: « Tsia, ifantàna amin'i Allah, tsy hanolotra azy aminy mihitsy aho! »

Ibn Ziyad nahare izany dia nanome baiko hoe: « Ampanatony ahy izy. » Ary dia nanatona azy izy roa.

Hoy izy tamin'i Hani: « Ifantàna amin'i Allah, ento aty amiko izy fa raha tsy izany dia hotapahiko ny tendanao. »

Namaly i Hani hoe: « Amin'izay fotoana izay, dia hisy varatra lehibe iray handrava ny tranonao (Kapoka lehibe amin'ny alalan'ireo sabatra no hifamely amin'ity toerana ity) » teo am-piheverana fa maheno azy ny fokony.

Ibn Ziyad namaly hoe: « Hanenenanao izany! Ianao ve mitady hampahatahotra ahy amin'ny alalan'ireo kapoka amin-tsabatra?! Ampanatony amiko akaiky kokoa izy. »

Nampanatonina akaiky izy, avy eo (Ibn Ziyad) dia nitoraka tehina teo amin'ny tarehiny sy nikapoka azy teo amin'ny orony, teo amin'ny handriny ary teo amin'ireo takolany ka nahavaky ny orony sy nampifantsitsitra ny rà niraraka teo amin'ny lambany. Ny nofon'ireo takolany sy ny handriny dia niendaka ka niraviravy teo amin'ny volom-bavany ary izany moa dia nitohy foana mandra-pahatapatapak'ilay tehina!

Hani dia nikasa ny hifarombaka ny sabatry ny iray tamin'ireo mpiambina nanatrika teo, fa saingy teo ampandraisany ilay tahon-tsabatra indrindra no voasinton'ilay mpiambina haingana izany ka tsy navelany mba ho azony.

Ibn Ziyad dia niantso mafy nanao hoe: « Ianao ve lasa Kharijite ankehitriny? Ianao ihany no manome alalana ho anay mba hamonoana anao. Ento izy ary ampidiro any amin'ireo efitry ny lapa, hidio ny varavarana ka ametraho mpiambina. » Notanterahina avy hatrany izany.

Nitsangana i Asma b. Kharijah ary nanohitra nanao hoe: « Moa ve isika lasa iraka mpamitaka ankehitriny? Ianao dia naniraka anay mba hitondra azy eo aminao (mba hihaona) kanefa raha vao nentinay izy ary natolotray anao, dia noratranao ny tarehiny, nararakao eo amin'ny volom-bavany ny ràny ary ampihorohoroinao ho faty izy! »

'Obaydollah namaly hoe: « Ianareo angaha mbola ao? » Nobaikony mba ho kapohina izy sy atositosika, avy eo dia nahiboka izy.

Mohammad b. Ash'ath nanambara hoe: « Izahay dia afa-po amin'ny didin'ny governora, na mahasoa anay izany na tsy mahasoa anay, satria ny governora dia tsy mitady afa-tsy ny fanarahana ny fitsipi-pifehezana. »

Nitsangana izy ary nanatona an'i 'Obaydollah b. Ziyad ka nifampiresaka taminy hoe: « Ianao dia mahafantatra tsara ny voninahitr'i Hani b. 'Orwah ao an-tanàna sy ny anjara toerany ao amin'ny fokony ary ireo vahoaka dia mahalala fa

izaho sy ny sakaizako no nitondra azy taty aminao. Arak'izany, amin'ny alalan'i Allah dia mitalaho aminao aho mba hanasoavanao ahy (amin'ny fanafahana azy) satria tsy tiako ny fokony hankahala ahy. Izy ireo dia tena manankaja eo anatrehan'ireo vahoaka ao an-tanàna sy ao amin'ny tanin'ireo Yemenita, sady koa nanambara tamintsika izy fa izy ireo dia hamalifaty ho azy. »

'Amr b. Hajjaj no naheno fa i Hani dia novonoina. Tamin'izay, dia tonga izy niaraka tamin'ireo andian'olona avy amin'ny fokon'ireo Maz-hij ka nihodidina ilay lapa izy ireo. Avy eo dia niantso mafy izy nanao hoe: « Izaho no 'Amr b. Hajjaj ary indreto ireo miaramila an-tsoavaly sy ireo loholona avy amin'ireo Maz-hij izay tsy nanao fahadisoana tamin'ny fankatoavan'izy ireo na izay tsy nikomy nanohitra ny mpitondra! Izy ireo dia naheno fa ny iray amin'ireo naman'izy ireo no novonoina ary izany dia tena raharaha sarotra! »

'Obaydollah b. Ziyad dia nampahafantarina ny zava-niseho: « Indro ireo Maz-hij eo ambavahady! » Nomeny baiko i Shorayh ilay mpitsara nanao hoe: « Mandehana jereo ilay olon'izy ireo, tazano izy, avy eo ianao mivoaha ka milaza amin'izy ireo fa velona izy fa tsy novonoina fa ianao dia nahita azy tsara. »

Nitantara i Shorayh hoe: « Nandeha nijery an'i Hani aho ary rehefa nahita ahy izy, dia niteny hoe: "Ry Allah! Ry mpanara-dia ny finoana islamo! Moa ve rava ny vahoakako? Aiza ireo olona mpandala ny finoana? Aiza ireo olona amin'ity tanàna ity? Nandositra daholo ve izy ireo?! Navelan'izy ireo irery ve aho eo anatrehan'ny fahavalon'izy ireo sy ny zanaky ny fahavalon'izy ireo?!" tamin'izay ny rà dia nikoriana teo amin'ny volom-bavany. Raha naheno ny feom-baravaran'ireo lapa izy, dia nivoaka aho fa nanaraka ahy izy sady niteny hoe: "Ry Shorayh! Noheveriko fa mba feon'ireo Maz-hij sy ireo mpanara-dia ny finoana islamo mpiandany amiko izany. Raha olona folo no tafiditra eto, dia afaka hahavotra ahy izy ireo. »

Nilaza i Shorayh hoe: « Niseho teo amin'izy ireo aho niaraka tamin'i Homayd b. Bokayr al-Ahmari izay nodidian'Ibn Ziyad mba hiaraka amiko no sady iray amin'ireo mpiambina akaiky azy. Rehefa tonga teo amin'izy ireo aho dia nilaza hoe: "Raha naheno ny fahatongavanareo ny governora sy nahalala ny ahiahinareo mikasika ilay olona namanareo, dia naniraka ahy mba hijery azy sy hanambara aminareo ny fahasalamany. Avy nijery azy aho teo ka milaza aminareo fa velona soa aman-tsara izy. Ny vaovao voarainareo mikasika ny fahafatesany dia diso. »

Hoy i 'Amr b. Hajjaj sy ireo namany hoe: « Koa satria tsy maty akory izy, dia Fisaorana anie ho an'i Allah », avy eo dia samy lasa niparitaka izy ireo.

LAHATENY NATAON'IBN ZIYAD TAORIAN'NY FIAZONANA AN'I HANI

'Obaydollah dia natahotra ny vahoaka sao hitroatra hanohitra azy. Nivoaka izy, notronin'ireo loholona, sy ny polisy ary ny manodidina azy [mba hiresaka amin'ny vahoaka maro]. Niakatra teo amin'ny polpitra izy ka taorian'ny niderany sy nanomezany voninahitra an'i Allah, dia hoy izy:

« Ry vahoaka, sorohy ny ratsy eo am-pankatoavana an'i Allah sy ireo filohanareo. Aza mitaona ho any amin'ny fisarahana na fizarazarana ianareo fa raha tsy izany ianareo dia ho rava, haetry, ho faty, ho potiky ny fahoriana sy ho resy. Ilay nilaza ny fahamarinana taminareo dia rahalahinareo. Ilay nampitandrina anareo dia nahavita ny adidiny. »

MOUSLIM B. 'AQIL NITROATRA

Mouslim b. 'Aqil dia naniraka an'i 'Abdallah b. Hazim nankany an-dapa mba hamantatra izay zava-nanjo an'i Hani.

'Abdallah dia nitantara hoe: « Rehefa izy (i Hani) no nokapohina sy nahiboka, dia nitaingina

ny soavaliko aho ary izaho no voalohany tamin'ireo vahoaka tao an-trano nanambara tamin'i Mouslim b. 'Aqil. Koa tamin'izay, ireo vehivavy avy amin'ny fokon'ireo Morad dia nivory sy niantsoantso hoe: "Ry fokonay ô! Indrisy anie izao loza izao!"

Ny toe-java-misy dia nambarako tamin'i Mouslim b. 'Aqil, izay nandidy ahy mba hamory ireo mpiandany aminy sy hanambara manakoako ilay tarigetra hoe "Ya Mansour Amit"¹. Ireo trano manodidina moa dia feno ireo olona mpiandany aminy. Nahatratra efatr'arivo ny isan'ireo lehilahy tao amin'ireo trano manodidina. Niantso mafy aho hoe "Ya Mansour Amit". Ireo vahoakan'i Koufa dia namerina ity tarigetra ity sady nivory nihodidina azy (Mouslim). »

Nankinin'i Mouslim b. 'Aqil ny fibaikoana ny fokon'ireo Kindah sy an'ireo Rabi'a tamin'i 'Abdallah b. 'Amr b. 'Aziz al-Kindi, sy niangavy azy hoe: « Mialohava ahy amin-tsoavaly ianao. » Avy eo, izy dia nanankina ny fokon'ireo Maz-hij sy ireo Assad tamin'i Mouslim b. 'Awsajah al-

¹ « Ya Mansour Amit » dia midika ara-bakiteny hoe « Ô ry Mpandresy, ravao! » Voalaza ao amin'ireo boky tantara sasany fa ity teny fanentanana ity dia tarigetrany Mpaminany (saw) sy ny miaramilany nandritra ny adin'i Ohod nanoherana an'ireo Korayshita.

Assadi ka niangavy azy hoe: « Mandehana miaraka amin'ireo miaramila mandeha tongotra. »Farany, dia nankininy ny fokon'ireo Tamim sy i Hamdan tamin'i Abou Thamamah al-Saïdi sy tamin'i 'Abbass b. Ja'adah al-Jodali ny fokon'i Madina. Mouslim, ny tenany kosa dia nandroso niaraka tamin'ireo vahoaka avy amin'ny fokon'ireo Morad.

NY FITANGORONAN'IREO LOHOLONA NANODIDINA AN'IBN ZIYAD

Ireo loholona (dia tonga tao an-dapa sy) niditra tao amin'Ibn Ziyad tamin'ny alalan'ny varavarana mifanila amin'ny tranon'ireo "Byzantins".

'Obaydollah b. Ziyad dia niantso an'i Kathir b. Shihab b. Houssayn al-Harithi ka naniraka azy hiaraka amin'ireo olona fokon'ireo Maz-hij izay nankato azy, ka hitety ny tanànan'i Koufa mba handresy lahatra ireo vahoaka handao an'Ibn 'Aqil, mba hampihorohoro azy ireo amin'ny alalan'ny ady sy handrahona azy ireo amin'ny alalan'ny sazy iray mangirifiry avy amin'ireo manam-pahefana.

Torak'izany koa, i Mohammad b. Ash'ath dia nirahina hiaraka amin'ireo olona fokon'ireo Kindah sy Hadhramawt ka hanangan-tsain'ny fandriampahalemana (eran'ireo araben'i Koufa)

ho toy ny antoka, toky sy fiarovana ho an'ireo izay manara-dia azy ireo.

Andraikitra mitovy amin'izany koa no nankinina tamin'i Qa'qaa'b. Shour al-Zohli, i Shabath b. Rib'i al-Tamimi, i Hajjar b. Abjar al-'Ijli sy i Shimr b. Zil-Jawshan al-'Amiri.

Nomeny an'i Shabath b. Rib'i ny saina faneva ka hoy izy hoe: « Mandehana mihaona amin'ireo vahoaka. Omeo fanantenana ireo izay hankato amin'ny alalan'ny fisondrotan' [ireo vola fanampiana] sy harena. Mifanohitra amin'izany kosa, ampitahory sy ampihorohoroy ireo mpikomy amin'ny alalan'ny tsy fanomezana (vola fanampiana) sy ny sazy mahery vaika ary ilazao mialoha ry zareo fa izy ireo dia hotafihin'ny tafika avy any Syria. »

NIVOAKA IREO LOHOLONA NIARAKA TAMIN'NY SAIN'NY FANDRIAMPAHALEMANA AMIN'IZAY IREO VAHOAKA MANDAO AN'I MOUSLIM

Ny voalohany nandray fitenenana dia i Kathir b. Shihab (...) izay niteny hoe: « Ry vahoaka! Miverena any amin'ny fianakavianareo fa aza mirona mankany amin'ny ratsy. Aza mitono-tena amin'ny fahafatesana ianareo, satria ny tafiky ny Lehiben'ireo mpino, i Yazid, dia ho avy! Ny

governora dia nametra-teny tamin'i Allah fa tsy hanome ireo fanampiana ho an'ireo zanakareo raha toa ianareo ka mbola manohy amin'ny fanoherana azy na raha mbola tsy miparitaka ianareo mandra-pilatsahan'ny alina. Izy no hanapatapaka ireo miaramilanareo amin'ny fanafihan'ny miaramilan'i Syria. Ireo olona tsy manan-tsiny dia hotazominy ho tompon'andraikitra amin'ireo (asan'ireo) olo-meloka ary ireo izay nanatrika teo no ho tompon'andraikitra amin'ireo izay tsy teo, hatramin'ny tsy hisian'ny mpamporisika na dia iray aza ka tsy hijinja ireo voka-dratsin'izay nafafin'ny tanan'izy ireo. »

Ireo loholona dia nanao izany lahateny izany ihany koa.

Rehefa ireo vahoaka no naheno ireo lahateny ireo, dia nanomboka niparitaka izy ireo (...). Ireo vehivavy dia nanatona an'ireo zananilahy sy ireo anadahiny ka nilaza hoe: « Mialà ianareo! Ireo olon-kafa ireo dia efa ampy. » Ireo ray dia tonga tamin'ireo zananilahy sy ireo rahalahiny, ary nilaza hoe: « Ny tafika syriana dia ho avy eto rahampitso. Koa inona moa no ho vitanareo eo anatrehan'ity ady sy loza ity?! Mialà ianareo! » Ary lasa izy ireo niala niaraka tamin'izy ireo.

Mohammad b. Ash'ath dia nivoaka ary nandeha hatrany amin'ireo tranon'ireo Bani

‘Omarah. Nahatsikaritra izy fa i ‘Omarah b. Salkhab al-Azdi, nirongo fiadiana, dia nitady ny hiaraka amin’Ibn ‘Aqil. Nosamboriny i ‘Omarah ary nalefany any amin’Ibn Ziyad, izay nampiditra azy am-ponja.

Mouslim b. ‘Aqil dia nandefa avy tao amin’ny trano fivavahana (moske) an’i ‘Abd al-Rahman b. Shorayh al-Shabami niaraka tamin’ny mpiantafika matanjaka iray mba hanohitra an’i Mohammad b. Ash’ath.

Qa’qaa’ b. Shour al-Zohli, izay mihaodihaody manodidina an’i Mouslim sy ireo olony, dia manaramaso azy ireo avy amin’ny toerana iray ao Koufa antsoina hoe al-‘Iraar. Nandefa hafatra tamin’i Mohammad b. Ash’ath izy hoe: « Izaho dia nanaramaso an’Ibn ‘Aqil hatreny al-‘Iraar. Noho izany dia aza mifanena amin’ny toerana misy azy. »

Shabath b. Rib’i dia nanomboka niady tamin’izy ireo saingy niova hevitra izy ary niteny hoe: « Miandrasa amin’ny firotsahan’ny alina, amin’izay miparitaka izy ireo. »

Qa’qaa’ b. Shour al-Zohli nanome hevitra azy hoe: « Ianao dia misakana ny lalana lalovan’ireo olona. Mialà amin’ity lalana ity ianao mba hahafahan’izy ireo mandeha manavotr’aina. »

MOUSLIM B. 'AQIL NILAOZANA

'Abbas al-Jodali dia nitantara hoe: « Tamin'izahay nitroatra niaraka tamin'Ibn 'Aqil, dia nahatratra efatra arivo olona izahay. Fa rehefa tonga teo akaikin'ny lapa izahay, dia niisa telojato. »

Nanohy niparitaka hatrany ireo vahoaka sady nanavotr'aina, ka mandra-paharivan'ny andro, Ibn 'Aqil dia tsy nisy afa-tsy lehilahy miisa telopolo ihany no nijanona teo aminy tao amin'ny trano fivavahana (moske). Telopolo olona no sisa nijanona niaraka nivavaka taorian'Ibn 'Aqil. Rehefa nahita ity toe-javatra ity izy, dia nanapakevitra ny hizotra mankany amin'ireo vavahadin'i Kindah fa nony tonga teo izy dia tsy nisy afa-tsy folo ihany no niaraka taminy. Rehefa nandalo teo am-bavahady izy, dia tsy nisy olona intsony niaraka taminy. Niherikerika nanodidina azy izy ary dia tsy nahatsikaritra fisian'ny olona na dia iray mba afaka hanoro lalana azy na hanatitra azy handroso amin'ny trano iray, na hiaro azy raha sendra misy ny fanafihan'ny fahavalo! Nirenireny eran'ireo araben'i Koufa izy, tsy nahalala ny toerana aleha, mandra-pihoarany ireo tranon'ireo Bani Jabalah fokon'ireo Kindah ary nanohy nandeha hatreo amin'ny varavaran-tranon'ny vehivavy iray

antsoina hoe Taw'ah, Oumm Walad¹. Taloha izy dia andevovavin'i Ash'ath b. Qays, fa nomeny fahafahana taty aoriana. Avy eo izy dia nanambady an'i Ossayd al-Hadhrami izay nahazoany zanaka lahy, i Bilal.

Nivoaka niaraka tamin'ireo lehilahy i Bilal ary dia niandry azy ny reniny. Ibn 'Aqil dia niarahaba an'ilay vehivavy izay namaly ny fiarahabany.

Hoy izy taminy: « Ry mpanompon'i Allah! Mba omeo rano aho. »

Lasa izy niditra tao an-trano sy naka rano ho azy. Nipetraka izy, fa ilay vehivavy kosa avy eo nampirina ilay kaopin-drano tao an-trano ary nivoaka niverina teo aminy.

Hoy izy taminy: « Ry mpanompon'i Allah! Moa tsy efa afaka hetaheta ve ianao? »

Namaly izy hoe: « Eny tokoa. »

Niteny ilay vehivavy hoe: « mandehana àry mody any amin'ny fianakavianao! » Avy eo niverina teo aminy indray ilay vehivavy no sady nilaza fanindroany ireo teny ireo.

Nitoetra tsy nahateny anefa izy.

¹Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: ara-bakiteny dia hoe « Renin'ny ankizy ».

Hoy indray ilay vehivavy hoe: « Aoka anie ianao ho olona mpino, ifantàna amin'i Allah, Ilay Lafatra Indrindra, ô ry mpanompon'i Allah! Modia any amin'ny fianakavianao, i Allah anie hiaro anao. Tsy mety mihitsy ny fipetrahanao manoloana ny varavarako eto ary tsy mamela anao amin'izany aho. »

Nitsangana izy sady niteny hoe: « Ry mpanompon'i Allah, tsy manana trano na fianakaviana eto amin'ity tanàna ity aho! Maniry ny hanao asa soa ve ianao, angamba afaka hanao tahak'izao aminao aho rahampitso? »

Nanontany azy ilay vehivavy hoe: « Ry mpanompon'i Allah, fa iza ianao? »

Namaly izy hoe: « Izaho no Mouslim b. 'Aqil, izay nandaingan'ireo vahoakasy izay nofitahin'izy ireo! »

Niteny ilay vehivavy hoe: « Ianao ve i Mouslim?! »

Namaly izy hoe: « Eny! »

Hoy ilay vehivavy: « Mandroso ianao. »

Notarihin'ilay vehivavy tao an-tranony, ao amin'ny efitra iray hafa ankoatra ny nipetrahan'izy. Namelarany lamba karipetra tao ary notolorany sakafo hariva izy fa tsy mety nihinana mihitsy.

Fotoana fohy no lasa nialohan'ny niverenan'ily zanany. Tsikariny ny fivezivezena tsy ankiato mankaoan'efitra ataon'ily reniny ka hoy izy hoe: « Ifantàna amin'i Allah, fa ianao dia mampiahiahy ahy noho ny fivezivezenao tsy ankijanona mankao amin'ity efitra ity amin'izao alina izao. Fa misy inona loatra? »

Namaly ilay reniny hoe: « Ry zanako, aza ataonao mampiasa saina izany. »

Hoy hatrany anefa izy hoe: « Ifantàna amin'i Allah, hamaly ny fanontaniako ve ianao?! »

Niangavy azy ilay reniny hoe: « Ireo raharahanao no eritrereto fa aza manontany ahy intsony. »

Nefa nikiry hatrany izy ka nahatonga ilay reniny niaiky nanao hoe: « Ô ry zanako, aza lazainao mihitsy na amin'iza na amin'iza izao zavatra hambarako anao izao. »

Nasain'ily reniny nianiana izy ary izy dia nampanantena izany taminy nialohan'ny fanambarany azy. Nandeha natory ilay zanaka tsy nilaza na inona na inona.

NY FIPETRAK'IBN ZIYAD

Hitan'Ibn Ziyad ho naharitra tokoa ny fotoana, ka rehefa tsy naheno intsony ireo horakorak'ireo mpiandany amin'Ibn 'Aqil izy tsy

toy ny nahenoany azy ireo teo aloha, dia niangavy ireo olony hoe: « Mivoaha ianareo ary mandehana jereo raha mbola mahatazana olona ianareo. » Nivoaka izy ireo fa tsy nahita olona intsony.

Avy eo izy dia nanome baiko azy ireo hoe: « Mandehana jereo tsara, angamba miafina izy ireo ka mitsikilo anareo ao amin'ny maizimaizina. »

Nandeha haingana izy ireo niditra tao antokotanin'ny trano fivavahana (moske) ary notsilovin'izy ireo tamin'ireo jiro mba hanamarinana sao dia mbola misy olona miafina ao anatin'ny haizina. Ireo jiro dia mazava araka tokony ho izy indraindray, fa indraindray koa dia tsy ampy ny fahazavany na tsy mazava araka ny hitiavan'izy ireo azy. Arak'izany, dia naka fanilo izy ireo ary nampirehetin'izy ireo afo ireo karazan-kazo voafatotra tady mba hanazavana hatramin'ny zoron-toerana faran'izay miafina sy ny karazan-toerana maizina rehetra (mikitroka, antonony sy malefaka). Nojeren'izy ireo avokoa hatrany amin'ny maizina ambanin'ny polpitra any, nony nahazo antoka izy ireo fa tsy misy akory ny olona mamitsaka ao amin'ny maizina, dia nolazain'izy ireo izany tamin'Ibn Ziyad.

Niangaviany i 'Amr b. Nafi' mpandika soratra mba hanambara hoe: « Tsy homena antoka

amin'ny fandriampahalemana ireo olona izay anisan'ireo polisy, ireo 'arif, ireo mpiandany na miaramila sy izay tsy tonga mamonjy ny fanompoam-pivavahana alina ao amin'ny trano fivavahana (moske). »

Afaka fotoana fohy monja no lasa dia feno olona maro ny tao amin'ny trano fivavahana (moske). Houssayn b. Tamim al-Tamimi, ilay lehiben'ireo mpitandro filaminana, dia niteny taminy nanao hoe: « Tariho ny fivavahana raha tianao izany na koa tendreo olon-kafa ankoatra anao satria isika dia tsy ao anatin'ny fiarovana raha misy iray amin'ireo fahavalonao no mamono anao! »

Nanome baiko azy Ibn Ziyad hoe: « Omeo baiko ireo mpiambina mba hitsangana ao aorinako araka ny fahaiza-manaon'izy ireo ary ianao dia manaramaso. »

Taorian'izany, ilay varavaran'ny Souddah miditra mankany amin'ny trano fivavahana (moske) dia nisokatra ary niditra izy niaraka tamin'ireo namany (...) mba hitarika ny fivavahana.

LAHATENY NATAON'IBN ZIYAD TAORIAN'NY NANDAOZANA AN'I MOUSLIM

Avy eo, Ibn Ziyad dia niakatra teo amin'ny polpitra, nidera sy nanome voninahitra an'i Allah izy. Avy eo izy niteny hoe: « Ibn 'Aqil, ilay tsy mahavita na inona na inona sy ilay adala, no saika nampisara-bazana sy nikomy, araka ny efa fantatrareo rehetra. Izahay dia tsy ho tompon'andraikitra intsony amin'ny fiainan'ny olona tompon'izay trano hahitantsika azy. Fa kosa, izay mitondra azy aty aminay dia homena valisoa mitentina ny vidin'ny ràny (diyyah).

Ry mpanompon'i Allah, matahora Azy ianareo ary hajao ny fampanantenana nataonareo amin'ny fankatoavana sy ny fanekep-pankatoavana nataonareo. Aza mitono tena amin'ny loza ianareo.

Ry Houssayn b. Tamim, ny reninao dia hitomany ny fatinao raha toa ka ny iray amin'ireo lalana fidirana eto Koufa no misy manokatra na izany lehilahy izany no afa-mandositra ka tsy mba nosamborinao ho ahy. Izaho dia manome anao fahefana amin'ireo tokantrano misy eto Koufa. Mandefasa ianao ireo mpitsikilo eny amin'ireo lalana sy ireo arabe. Rahampitso maraina, savao ireo trano ary jereo daholo ny

loadoaka izay hita mandra-pahasamboranao ho ahy izany lehilahy izany! »

Houssayn b. Nomayr, avy amin'ny fokon'ireo Bani Tamim, no lehiben'ireo mpitandro filaminana.

Avy eo, Ibn Ziyad niverina tao an-dapa. Natolony an'i 'Amr b. Horayth ny saina sy ny fahefana teo amin'ireo vahoaka.

IBN ZIYAD NANENJIKA AN'IBN 'AQIL

Avy eo izy dia nidina avy teo amin'ny polpitra ka niverina [tao an-dapa]. Nankininy tamin'i 'Amr b. Horayth ny saina faneva sy ny fahefana teo amin'ireo vahoaka, ary avy eo izy nanome baiko azy mba hamory azy ireo ao amin'ny trano fivavahana (moske).

Mokhtar b. Abi 'Obayd dia naheno vaovao mikasika ny fikomian'Ibn 'Aqil tamin'ny fotoana izy mbola tao an-tanànanany ao Khoutarniyah antsoina hoe Laqfa. Izy dia anisan'ireo vahoakan'i Koufa izay nanao fanekep-pankatoavana an'i Mouslim. Nanao izany amin'ny fo madio izy ary nitaona ireo olona izay nankato azy mba hiandany amin'i Mouslim. Nanaraka ny lalana mankany Koufa izy sy ireo namany mandra-pahatongavana teo amin'ny fidirana mankao « al-Fil » taorian'ny filentehan'ny masoandro. 'Obaydollah b. Ziyad

dia efa nanankina tamin'i 'Amr b. Horayth ny saina faneva [sy ny fahefana] teo amin'ny vahoaka rehetra.

Nony tonga teo am-pidiran'i « al-Fil » i Mokhtar, dia nandalo teo i Hani b. Abi Hayyah al-Wada'i. Nanontany azy i Mokhtar hoe: « Inona no ataonao aty? Ianao dia sady tsy miaraka amin'ireo olona, no tsy mitaingin-tsoavaly? »

Namaly izy hoe: « Izaho dia hanohitra noho ny fahadisoanareo. »

Namaly i Mokhtar hoe: « Inoako fa ianao dia mihantsy fatiantoka ho an'ny tenanao. »

Avy eo lasa i Hani nihaona amin'i 'Amr b. Horayth mba hilaza aminy ny vaovao [mikasika ny fahatongavan'i Mokhtar sy ireo namany].

NY FIPETRAK'I MOKHTAR

Nitantara i 'Abd al-Rahman b. Abi 'Omayr al-Thaqafi hoe: « Izaho dia nipetraka teo akaikin'i 'Amr b. Horayth tamin'ny fotoana nitantaran'i Hani b. Abi Hayyah ity vaovao mikasika an'i Mokhtar ity. Niteny tamiko Ibn Horayth hoe: "Mandehana mihaona amin'i rahalahin-drainao ary ilazao izy fa tsy fantatra aiza no misy an'ilay olony (i Mouslim b. 'Aqil). Noho izany, dia aoka izy mba tsy hidi-doza." Nitsangana aho ary lasa nankany aminy.

Zaïda b. Qodama b. Mas'oud niseho tampoka teo anatrehany [Ibn Horayth] ary nilaza taminy hoe: "Hiantoka ny ainy ve ianao raha tonga eo aminao izy?"

Namaly i 'Amr b. Horayth hoe: "Ny avy amiko, dia hitondra ny fiantohana ny ainy aho, ary misy mitantara zavatra any amin'ny governora 'Obaydollah b. Ziyad mikasika izany, dia hijoro vavolombelona eo anatrehany aho ho tombontsoany sy hanelanelana azy aho amin'ireo fomba mahomby."

Zaïda b. Qodama niteny taminy hoe: "Eo anatrehan'izany, dia hilamina ny zava-drehetra raha sitrak'i Allah." »

'Abd al-Rahman dia nitantara hoe: « Nivoaka niaraka tamin'i Zaïda aho, ka lasa izahay nandeha nijery an'i Mokhtar, nanazava azy ny toe-draharaha sy niangavy azy amin'ny Anaran'i Allah mba tsy hidi-doza.

Vokatr'izany, dia tonga teo amin'Ibn Horayth izy, niarahaba azy sy niditra teo ambany fanevany mandrapahatongan'ny maraina mangiran-dratsy.

Tetsy ankilany, i Kathir b. Shihab al-Harithi dia nahita lehilahy iray tao Bani Fityan -toerana iray ao Koufa- izay anisan'ny fokon'ireo Kalb, fantatra amin'ny anarana hoe 'Abd al-A'ala b.

Yazid. Ity farany moa dia mirongo fitaovampiadiana sady eo am-pitadiavana an'Ibn 'Aqil, saingy nosamborin'i Kathir izy, nentiny teo anatrehan'Ibn Ziyad izy ary nolazainy taminy ny fitondrantenany.

Ilay lehilahy avy amin'ny fokon'ireo Kalb dia niteny tamin'Ibn Ziyad hoe: "Ianao indrindra no tadiaviko [hiarahana]!"

Ibn Ziyad namaly azy [sady naneso azy] hoe: "[Eny, henoko tokoa izany!] Izany tokoa no nampanantenainao ahy!" Avy eo izy dia nanome baiko mba hanidina azy tsy hivoaka ao antrano. »

IBN ZIYAD NONY MARAINA NY ANDRO

Ny maraina, Ibn Ziyad naka toerana (tao amin'ny efitra fidirana tao an-dapa) ary nanome alalana ireo vahoaka mba ho tonga hihaona aminy. Mohammad b. Ash'ath tonga nanatona azy ka hoy Ibn Ziyad taminy hoe: « Tongasoa amin'ilay olona izay tsy mba miahiahy fisolokiana sy fitaka! » Niangaviany izy mba hipetraka teo akaikiny.

Ny maraina, i Bilal b. Ossayd, ilay zanak'ilay vehivavy efa zoki-olona izay nanome fialofana an'Ibn 'Aqil, no nanambara tamin'i 'Abd al-Rahman b. Mohammad b. Ash'ath, fa i Mouslim b. 'Aqil dia ao an-tranon-dreniny. 'Abd al-

Rahman nanatona an-drainy ka nanambara taminy am-pahamalinana kanefa izy dia niandany tamin'Ibn Ziyad.

Fa ity farany dia nanontany azy hoe: « Inona no nolazainy taminao? »

Namaly izy hoe: « Nilaza tamiko izy fa Ibn 'Aqil dia ao amin'iray amin'ireo tranonay. »

Nikapoka ny tehina teo akaikiny Ibn Ziyad ary nandidy azy nanao hoe: « Mitsangana ianao ka ento aty amiko izao dieny izao izy. »

NY FANAFAIHAN'IBN ASH'ATH MBA HIADIANA AMIN'I MOUSLIM B. 'AQIL

Ibn Ziyad dia nandefa iraka ho any amin'i 'Amr b. Horayth -ilay nomeny fahefana teo amin'ireo olona mikasika ny trano fivavahana -mba hiangavy aminy handefa olona miisa enim-polo na fitopolo avy amin'ny fokon'ireo Qays miaraka amin'Ibn Ash'ath. Nanana fisalasalana ihany izy amin'ny handefasana an'ireo olony manokana, satria fantany fa izy ireo dia hahita izany ho zava-mampalahelo ny tsy maintsy hiadiana amin'ny olona iray toa an'Ibn 'Aqil. Arak'izany, izy (i 'Amr b. Horayth) dia nandefa haingana olona enim-polo na fitopolo avy amin'ny fokon'ireo Qays niaraka tamin'i 'Amr b. 'Obaydollah b. 'Abbass al-Solami. Tonga tao amin'ny trano misy an'Ibn 'Aqil izy ireo.

MOUSLIM IBN 'AQIL NANDEHA NIVOAKA NIADY TAMIN'IBN ASH'ATH

Raha naheno ny fanenon'ny tongotr'ireo soavaly sy ny fitabataban'ireo lehilahy i Mouslim, dia fantany fa tonga manatona azy izy ireo. Rehefa nitangoronan'izy ireo ilay trano dia nivoaka niaraka tamin'ny sabany izy. Noveleziny tamin-kasahiana fatratra izy ireo izay nahatonga azy ireo tsy maintsy nanalavitra ilay trano. Saingy namely tamin'ny fanafihana izy ireo ary namaly tahak'izany koa i Mouslim.

Bokayr b. Hamran al-Ahmari al-Shami no namely an'i Mouslim teo amin'ny vava, ka tataka nihataka amin'ny molony ambony ny molony ambany no sady afaka ireo nifiny anankiroa teo anoloana. Valin'izany, i Mouslim dia tsy nihambahamba nikapoka azy amin'ny hery tsy fahita teo amin'ny lohany, avy eo dia namely fanindroany teo amin'ny taolam-panavy izay nahavoa azy teo ho eo amin'ny vavony.

ILAY FIANTOHAM-PIAROVANA

Rehefa nahita izany izy ireo dia nihodidina an'i Mouslim avy eny ambony trano, nitora-bato azy sy nampirehitra ireo fehezan-kazo ka nitorahan'izy ireo azy izany avy eny ambony trano.

Teo ampahitana izany, izy dia nivoaka teo amin'ny lalan-kely, nitazona ny sabatra mba hiady amin'izy ireo (...).

Mohammad b. Ash'ath nanatona azy sy nilaza taminy hoe: « Ry tovolahy! Ianao dia afaka hahazo antoka amin'ny fiarovana ny fiainanao. Aza mihazakazaka mankany amin'ny fahafatesana ianao! » Nanohy niady tamin'izy ireo hatrany i Mouslim no sady nanonona ireto andalana tononkalo manaraka ireto:

« Mianiana aho fa tsy ho faty raha tsy amin'ny
maha-olona afaka ahy,

Na dia hitako fa tsy mahafinaritra aza ny
fahafatesana,

Ny olona tsirairay indray andro dia tsy maintsy
hiatrika ny haratsiana

Ary ny hatsiaka hifangaro fatratra amin'ny
hafanana,

Tony ny fanahy aorian'ny fahatahorana.

Nefa matahotra ny ho voafitaka sy ho voasoloky
aho. »

MOUSLIM B. 'AQIL VOAFEHIN'NY FAMPANANTENANA SANDOKA

Mohammad b. Ash'ath niteny tamin'i Mouslim hoe: « Ianao dia tsy ho fitahina na ho

solokoina, na hambakaina. Ireto vahoaka ireto dia rahalahinao, tsy hamono anao izy ireo no sady tsy hanao ratsy aminao! »

Naratra noho ny tora-bato natao taminy i Mouslim sy reraky ny ady, arak'izany dia niankina teo amin'izany trano izany izy.

Mohammad b. Ash'ath namerina ny teniny hoe: « Ny fiarovana ny fiainanao dia iantohana (koa manolotra tena ianao). »

Nanontany azy i Mouslim hoe: « Ny fiainako ve ho voaaro? »

Tamin'izay indrindra, ireo lehilahy ireo no namaly hoe: « Eny, ny fiainanao dia harovana. »

Ibn 'Aqil nanambara hoe: « Raha ianareo no tsy miantoka ny fiarovana ny fiainako, dia tsy hifandray tanana aminareo aho. » Arak'izany, dia tsapan'ireo olona fa izy dia naneho ny tsy fiantohana ny fiarovana ny ainy.

Nisy nitondra ramolevavy¹ ka napetraka teo aminy izy, tamin'izay izy ireo dia nanodidina azy sy nanaisotra teny aminy ny sabany. Tamin'io fotoana io indrindra, izy no nahatsapa ny fibosesehan'ny hakiviana. Tamin'ny ranomaso no nilazany tamin'ny tenany hoe: « Ity no voalohan'ny asa famitahana. »

¹ « Mule »

Mohammad b. Ash'ath niteny hoe: « Manantena aho fa tsy misy loza hanjo anao intsony. »

Tohina ny fon'i Mouslim, ary nanontany izy hoe: « Izany dia fanantenana fotsiny. Nanao ahoana ireo antoka nolazainao? Isika dia an'i Allah ary any Aminy no hiverenantsika. » Ary dia nanomboka nitomany izy.

'Amr b. 'Obaydollah b. 'Abbass al-Solami -ilay lohalaharana tamin'ireo olona nirahina mba hisambotra an'i Mouslim- dia nilaza hoe: « Izay olona nitady izay notadiavinao dia tsy tokony hitomany rehefa izy tojo toe-javatra sahala amin'ny nahazo anao! »

Namaly i Mouslim hoe: « Ifantàna amin'i Allah! Izaho dia tsy mitomany ho an'ny tenako, na malahelo amin'ny fahafatesako, na dia tsy te ho faty aza aho, fa izaho dia mitomany ho an'ireo havako izay eny an-dalana mba hanaraka ahy sy mitomany ho an'i Houssayn (as) sy ny havany. »

NY TENY NAPETRAK'I MOUSLIM TAMIN'IBN ASH'ATH

Nanatona an'i Mohammad b. Ash'ath i Mouslim ka nilaza taminy hoe: « Ry mpanompon'i Allah, ifantàna amin'i Allah, fa hitako tsara ianao fa tsy afaka hanaja ny fiantoham-piarovana izay nomenao ahy. Nefa

izaho dia mba mangataka fitia avy aminao. Afaka ve ianao handefa hafatra avy amiko ho an'i Houssayn? Mino mantsy aho fa androany izy no niainga (tao Lameka) mba ho avy aty aminareo na koa izy sy ny fianakaviany hiainga (ao Lameka) rahampitso. Izay tsikaritrao amin'ny fihetseham-poko dia misy fifandraisany amin'io antony io.

Koa aoka izay ho iraka hilaza (aminy) hoe: "Ibn 'Aqil naniraka ahy mba hilaza aminao fa izy dia nogadrain'ireo mpitandro filaminana ary mino izy fa tsy handalo akory ny alina dia hovanoina izy." Aoka izy hilaza hoe: "Miverena ianao miaraka amin'ny fianakavianao fa aza hofitahin'ireo vahoakan'i Koufa! Izy ireo ihany koa no niandany tamin'ny rainao, izay naniry ny hisaraka tamin'izy ireo tamin'ny alalan'ny famoizany ny ainy na ny fanekenany ho vonoina! Ireo vahoakan'i Koufa dia nandainga amintsika, aminao sy amiko! Izay nahita faisana tamin'ny lainga dia tsy manan-kolazaina intsony!" »

Ibn Ash'ath namaly hoe: « Ifantàna amin'i Allah, eny tokoa, ho tanterahiko izany ary holazaiko ihany koa Ibn Ziyad fa izaho dia nandray andraikitra hiantohana ny fiarovana anao. »

MOUSLIM TEO AMIN'IREO VARAVARAN'NY LAPA

Tonga teo am-baravaran'ny lapa i Mohammad b. Ash'ath niaraka tamin'Ibn 'Aqil, tamin'ny fotoana nampangetaheta mafy an'ity farany. Teo am-baravaran'ny lapa, nipetraka niandry ny fahazoan-dalana miditra ireo olona, toa an'i 'Omarah b. 'Oqbah b. Abi Mou'yt, i 'Amr b. Horayth, i Mouslim b. 'Amr sy i Kathir b. Shihab.

Nahitana siny misy rano mangatsiatsiaka nipetraka teo. Nangataka izany i Mouslim hoe: « Moa ve ianareo afaka manala ny hetahetako avy amin'ity rano ity? »

Namaly izany anefa i Mouslim b. 'Amr al-Bahili nanao hoe: « Hitanao tsara akory ny fangatsiatsiahany! Ifantàna amin'i Allah, fa ianao dia tsy hanandrana na dia indray mitete aza avy amin'ity rano ity mandra-panandramanao ny rano mangotraky ny afon'ny helo (Gehena) »

Niteny Ibn 'Aqil hoe: « Loza ho anao! Fa iza moa ianao? »

Namaly izy hoe: « Izaho ilay mahalala ny marina raha ianao no nitsipaka izany, ilay itokisan'ny imam lehibeny raha ianao no nivadika taminy, ilay nankato azy raha ianao no nanohitra azy. Izaho no Mouslim b. 'Amr al-Bahili. »

Namaly Ibn 'Aqil hoe: « Aoka anie ny reninao hiory amin'ny vintan-dratsinao! Izany halozanao sy ny tsy fangoraham-ponao! Izany hamafin'ny fonao! Ianao mihitsy, ry olon'ny (fokon'ireo) Bahilah, no mendrika noho izaho hisotro ny rano mangotraka sy hitoetra mandrakizay ao amin'ny afon'ny helo! » Avy eo izy dia nipetraka niankin-drindrina.

'Amr b. Horayth al-Makhzoumi dia nanome baiko ny iray amin'ireo mpanompony, manana anarana hoe Soulayman mba hitondra sinindrano voarakotra lamba sy vera iray. Nanisy rano tao anatin'ilay vera i Soulayman ary natolony an'i Mouslim, nefa isaky ny mikasa ny hisotro izy, dia feno rà ilay vera. Namerina izany fihetsika izany foana izy fa nony farany, dia niraraka tao anatin'ilay vera ireo nifiny anankiroa teo anoloana. Hoy izy: « Dera ho an'i Allah! Raha ity rano ity no natokana ho ahy, dia hosotroiko izany. »

Mohammad b. Ash'ath dia nangata-dalana mba hiditra. Nekenana izany fangatahana izany ary i Mouslim dia nentina hatreny amin'Ibn Ziyad, saingy tsy nanome haja an'ilay governora izy. Niteny taminy ny mpiambina hoe: « Tsy hajainao ve ny governora? »

Namaly i Mouslim hoe: « Raha maniry ny hamono ahy izy, dia inona moa no antony ilàny

ireo fiarahabako azy? Fa raha tsy maniry ny hamono ahy kosa izy dia hiarahaba azy imbetsaka tokoa aho. »

Niteny Ibn Ziyad hoe: « Ifantàna amin'ny aiko, fa tena ho vonoina tokoa ianao. »

Hoy izy (Mouslim) hoe: « Tokoa ve izany? »

Namaly izy (Ibn Ziyad) hoe: « Eny. »

Hoy izy (Mouslim) hoe: « Avelao àry aho hilaza ny farahafatro amin'ireo olona sasany manodidina ahy. »

FARAHAFATR'I MOUSLIM TAMIN'I 'OMAR B. SA'D

Nalefan'i Mouslim tamin'ireo izay nipetraka teo akaikin'i 'Obaydollah ny fijeriny ary anisany nipetraka teo amin'izy ireo i 'Omar b. Sa'd. Niteny izy hoe: « Ry 'Omar! Eo amina sy amiko, dia misy fihavanana! Mila anao aho. Tena ilaiko ianao mba hanatontosa ny fangatahako fa kosa tsy maintsy hatao amin'ny mangingina izany. » Nandà ny hihaino an'i Mouslim anefa i 'Omar!

Niteny taminy i 'Obaydollah hoe: « Aza mandà ny hihaino ireo (faran'ny) fanirian'ny zanaky ny rahalahin-drainao! »

Tamin'izay, i 'Omar dia nitsangana niaraka taminy (Mouslim) ary nandeha nipetraka tamin'ny toerana izay tazan'ny mason'Ibn Ziyad.

Niteny i Mouslim hoe: « Manana trosa aho ao Koufa mitentina fiton-jato dirham izay nindramiko tamin'ny fotoana nahatongavako teto Koufa. Mba aloavy ho ahy izany. Raha misy mamono ahy, dia raiso eo amin'Ibn Ziyad ny fatiko ka aleveno. Farany, dia mandefasa iraka ianao mankany amin'i Houssayn mba hiviliany lâlana satria izaho dia efa nandefa taratasy nanambara taminy fa ireo vahoaka dia manohana azy. Inoako fa mizotra ho avy aty Koufa izy. »

MOUSLIM TEO ANATREHAN'IBN ZIYAD

Ibn Ziyad niteny tamin'i Mouslim nanao hoe: « Ry Ibn 'Aqil! Tamin'ny nahatongavanao, ireo vahoaka dia nivondrona sy niray hina tamin'ny hevitr'izy ireo, fa ianao no nampizarazara azy ireo, ianao no nandrava ny firaisan-kinan'izy ireo, ianao no nampifandrafy azy ireo. »

Hoy i Mouslim namaly hoe: « Tsia! Tsy noho ny tenako no nahatongavako teto, fa ireo mponin'ity tanàna ity indrindra aza no nilaza fa ny rainao no namono ireo olona manan-kajan'izy ireo sy nampandriaka ny ràn'izy ireo. Izy dia nanao toy ny nataon'i Chosroés¹ sy i César. Izany no antony nahatongavanay teto amin'izy ireo

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Emperora sassanide

mba hanandratana ny rariny sy hitaomana an'ireo vahoaka mba hanao araka ny voalazan'ilay Boky. »

Ibn Ziyad dia niantso mafy hoe: « Inona no fifandraisana misy eo aminy sy ianao, ry mpidoroka mpimamo?! Moa va izahay tsy nanao izany [fanandratana ny rariny sy ny fitaomana an'ireo vahoaka hanaraka ilay Boky] raha ianao kosa, tao Madina, ianao dia nisotro divay? »

Namaly i Mouslim hoe: « Izaho ve no nisotro divay? Ifantàna amin'i Allah, fa Izy no mahafantatra fa ianao dia mandainga sy manao filazana tsy amim-pahalalana. Izaho dia tsy mba toy izany voalazanao izany. Izay mendrika noho izaho mba (hendrikendrehana) ho mpisotro divay dia ilay mitsentsitra ny rà'n'ireo mpanaradia ny finoana islamo, ilay mamono olona izay voararan'i Allah mba tsy ho vonoina, izay mamono izay tsy mba namono olona akory, izay mandatsaka ny rà masina, izay mamono noho ny hatezerana, ny fankahalana sy ny ahiahy mandritra ny fialany voly sy filalaovany toy ny tsy nanao na inona na inona! »

Ibn Ziyad niteny an-katezerana nanao hoe: « Ry mpidoroka/mpimamo! Ny fanahinao dia hilaza amina fa i Allah dia nanakana anao ny hahita (ny fahamarinana) satria hitany ianao fa tsy mendrika (ny hahita ny fahamarinana). »

Nanontany i Mouslim hoe: « Iza indray àry no mendrika izany, ry Ibn Ziyad? »

Namaly izy hoe: « Ilay lehiben'ireo mpino, i Yazid. »

Hoy i Mouslim hoe: « Dera ho an'i Allah amin'ny zava-mitranga rehetra! Izahay dia faly fa i Allah no Mpitsara eo aminareo sy izahay. »

Hoy Ibn Ziyad hoe: « Mihevitra ve ianao fa manan-kolazaina mikasika izany? »

Namaly i Mouslim hoe: « Ifantàna amin'i Allah, izany dia tsy tombatombana akory fa zava-marina. »

Niteny mafy Ibn Ziyad hoe: « Aoka i Allah hamono ahy raha tsy izaho no hamono anao amin'ny fomba izay tsy mbola nisy olona novonoina toy izany ao amin'ny finoana islamo hatramin'izao. »

Mouslim namaly nanao hoe: « Mazava tsara fa ianao dia tsy hiala mihitsy amin'ny famonoan'olona mahamenatra, amin'ireo fampijaliana mampirifiry, amin'ireo fomba maharikoriko sy amin'ny fanaparam-pahefana. Tsy misy olona ankoatra anao no afaka manatanteraka izany. »

Avy eo, ilay zanak'i Somayyah (Ibn Ziyad) dia nanomboka nanevateva azy sy i Houssayn (as), i 'Ali (as) sy 'Aqil.

NAHAMARITIORA AN'I MOUSLIM

Niteny Ibn Ziyad hoe: « Ento eny amin'ny tafon'ny lapa izy ary tapaho ny tendany, avy eo dia alatsaho ny vatany aorian'ny nanipazana ny lohany. »

Hoy i Mouslim tamin'Ibn Ash'ath hoe: « Ry Ibn Ash'ath, ifantàna amin'i Allah, fa raha tsy niantoka ny mba hiaro ahy ianao, dia tsy mba nanolotena aho. Mitsangana ianao ary ampandihizo ny sabatrao mba hiaro ahy satria ny teny napetrakao dia tsy mba voahaja! »

Ibn Ash'ath nanatona an'Ibn Ziyad (...) ka nampahafantatra azy mikasika an'Ibn 'Aqil sy ilay kapok'i Bokayr b. Hamran al-Ahmari teo aminy. Nampahafantariny ihany koa fa izy dia nanome antoka amin'ny fiarovana azy.

'Obaydollah namaly izany avy hatrany nanao hoe: « Inona no homenao eo amin'ny fiantoham-piarovana! Sahala amin'ny hoe nirahinay ianao mba hiaro azy. Ny andraikitra nankininay taminao dia ny hitondranao azy aty aminay fotsiny. » Nangina tsy nahateny Ibn Ash'ath.

Ibn Ziyad nanohy ny teniny hoe: « Aiza ilay voakapok'Ibn 'Aqil teo amin'ny lohany? » Nandroso ity farany.

Nomeny baiko izy hoe: « Miakara ary aoka ianao no ilay hanapaka ny lohany. »

Niakatra tany ambony izy niaraka tamin'i Mouslim izay niteny hoe: « Allah no Lehibe », nangataka ny Famindrampony, nitso-drano an'ireo Anjelin'i Allah sy ireo Irany izy ary nilaza hoe: « Ry Allah! Tsarao izahay sy ity vahoaka ity izay nivadika taminay, nandainga sy nanala baraka. »

Nentin'izy ireo izy tamin'ny toerana iray somary avoavo dia ilay toerana mahatazana an'ireo mpivaro-kena tamin'ny vanimpotoananay¹. Notapahan-doha izy, avy eo dia nalatsaka any ambany ny vatany taorian'ny lohany.

Bokayr b. Hamran al-Ahmari, ilay mpanapadohan'Ibn 'Aqil, dia nidina, ary Ibn Ziyad nanontany azy hoe: « Novonoinao ve izy? »

Namaly izy hoe: « Eny. »

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: tamin'ny vanimpotoan'ny mpitantara.

Ibn Ziyad nanontany azy indray hoe: « Inona no nolazainy tamin'ny ianao nitondra azy teny ambony? »

Namaly izy hoe: « Izy niteny hoe “Allah no Lehibe, Allah no Lavarary”, nangataka ny Famindrampony izy. Ary rehefa nanatona aho mba hamono azy, dia hoy izy hoe: “Ry Allah! Tsarao izahay sy ity vahoaka ity izay nivadika taminay, nandainga sy nanala baraka ary namono.” Avy eo, dia nasaiko nanakaiky izy ary dia nampihariko taminy ny kapoka iray fa mbola tsy ampy, koa nampiaiko kapoka fanindroany ary dia matiko izy. » Avy eo ny lohany nentina taty amin'Ibn Ziyad.

'Omar b. Sa'd niteny tamin'Ibn Ziyad nanao hoe: « Fantatrao moa ny zavatra nolazainy tamiko? Izy dia nampahatsiahy ahy izao sy izao. »

Ibn Ziyad namaly nanao hoe: « Ilay mahatoky dia tsy mivadika amin'ny fahatokisanao. Fa indraindray ny mpamadika ny mendripitokisana ihany. Ny amin'ireo fanananao, dia anao izy ireo ary izahay dia tsy hanakana anao amin'izay tianao hatao. Ny amin'i Houssayn (as), noho izy tsy nanana sain-dratsy eo anatrehanay, dia tsy hanao ratsy aminy izahay. Nefa, raha mitady hanao ratsy aminay izy, dia tsy hahatazona ny tenanay izahay. Ny amin'ny

vatany, dia tsy raharahanay izay hanjo azy aorian'ny fahafatesany. »

NAHAMARITIORA AN'I HANI B. 'ORWAH

Raha ireo zava-nitranga nanodidina an'i Mouslim b. 'Aqil no nizotra tahak'izany, Ibn Ziyad dia nandà ny hanaja ny fampanantenany izay nataony tamin'i Mohammad b. Ash'ath mba hamela an'i Hani, amin'izay izy ity dia tsy afaka hanao valifaty avy amin'ny fokon'i Hani, satria izy no nitondra azy [tamin'Ibn Ziyad]. [Ho setrin'izany,] dia nanome baiko izy mba hitondràna an'i Hani, avy eo dia hoy izy hoe: « Ento eny an-tsena izy ary tapaho ny lohany! »

Nentina i Hani, ny tànana aman-tongony tamin'izany dia nofatorana, mandrapahatongavan'izy ireo teo amin'ny toerana iray tao an-tsena famarotana osy, izay toerana niantsoany mafy nanao hoe: « Ry Maz-hij! Moa ve tsy misy olona avy amin'ny fokon'ireo Maz-hij ankehitriny mba hanavotra ahy?! Ry Maz-hij! Ry Maz-hij! Aiza ireo Maz-hij mba hamonjy ahy?! »

Tamin'ny fotoana nahatsapany fa tsy misy olona mba hamonjy azy, dia nahavita nanafaka ireo tanany tamin'ireo fatotra izy ary niteny hoe: « Moa ve tsy misy kibay, antsy, vato na taolana mba ahafahan'ny olona miaro tena? »

Niantsambotra teo aminy izy ireo, namerina namatotra azy mafy sy niteny taminy hoe: « Atolory ny hatokao! »

Namaly i Hani hoe: « Tsy maha-andriana sy mampahalala-tanana ahy ny amin'izany ary izaho dia tsy hanampy anareo amin'ny fanesorana ny aiko. »

Mpanompon'i 'Obaydollah b. Ziyad iray avy any Torkia, antsoina hoe Rashid, no nikapoka azy tamin'ny sabatra fa tsy nahavaoa azy.

Niantso mafy i Hani hoe: « Any amin'i Allah no hiverenana. Ô Allah, any amin'ny Famindramponao sy ny Paradisanao (no alehako). »

Tamin'izay, dia nokapohin'i Rashid fanindroany izy ary dia nahafaty azy.

[Ny mpitantara:] « Ny Famindrampon'i Allah sy ny Fifaliany anie ho aminy. » Taorian'izany, ny lohany dia nentin'izy ireo tany amin'Ibn Ziyad.

IREO IZAY NOVONAINA TAORIAN'I MOUSLIM SY I HANI

Taorian'ny namonoana an'i Mouslim b. 'Aqil sy Hani b. 'Orwah, i 'Obaydollah b. Ziyad dia nampiantso an'i 'Abd al-A'ala al-Kalbi mba ho tonga, ity farany moa dia olona nosamborin'i Kathir b. Shihab tao Bani Fityan. Nentina izy ka

nanontany azy Ibn Ziyad hoe: « Ampahafantaro ahy ny aminao. »

Namaly izy hoe: « Hosoavin'i Allah anie ianao. Izaho dia nivoaka mba hijery izay nataon'ireo olona! Ary tamin'izay, i Kathir b. Shihab no nisambotra ahy. »

Niteny taminy izy hoe: « Ianao dia tokony hanao fianianana miaraka amin'ny fanomezana antoka fa ianao dia nivoaka fotsiny tokoa arak'izany voalazanao izany! » Saingy nandà ny hianiana izy.

Niteny i 'Obaydollah hoe: « Ento any am-pasan'i Sabi' izy ary tapaho any ny lohany! » Arak'izany, dia nentin'izy ireo izy ka novonoin'izy ireo.

Taorian'izany, dia nentina koa i 'Omarah b. Salkhab al-Azdi, izay olona nosamborina tamin'izy teo am-pitadiavana an'i Mouslim b. 'Aqil mba hanampy azy.

Izy dia naseho teo anatrehan'i 'Obaydollah izay niteny taminy hoe: « Iza ianao? »

Namaly izy hoe: « Avy amin'ny [fokon'ireo] Azd. »

Hoy izy hoe: « Ento eo anatrehan'ny fokony izy. » Arak'izany, izy dia notapahan-doha teo anatrehan'izy ireo.

FAMPIDIRANA AM-PONJA AN'I MOKHTAR

Rehefa nisandratra ny andro, ny varavaran'ilay lapan'i 'Obaydollah dia nisokatra ary ireo olona dia nomena alalana [hitsidika azy]. Mokhtar dia niaraka tamin'ireo izay niditra tao.

'Obaydollah niantso azy ka niteny taminy hoe: « Ianao ve ilay anisan'ny niaraka tamin'ny vondron'olona mba hanampy an'Ibn 'Aqil? »

Namaly izy hoe: « [Tsia], tsy nanao izany aho, fa mifanohitra amin'izany aza fa izaho dia nilahatra teo ambany fanevan'i 'Amr b. Horayth ka niaritory niaraka taminy nandritra ny alina hatramin'ny maraina. »

'Amr b. Horayth nanampy izany nanao hoe: « Marina no nolazainy. Hosoavin'i Allah anie ianao. »

Ibn Ziyad nandray ny tehiny ka nikapoka ny tarehin'i Mokhtar izay nahavao mafy teo amin'ny masonry sy nandrovitra azy [ny hodi-masonry]. Avy eo niteny izy hoe: « Mitandrema ianao! Ifantàna amin'i Allah fa, raha tsy nisy ny fijoroan'i 'Amr vavolombelona, dia notapahiko ny lohanao. Ento any am-ponja izy. »

Nentin'izy ireo tao am-ponja izy ary nahiboka tao mandra-pahamaritiora an'i Houssayn (as).

IREO LOHA TAPAKA NALEFA ANY AMIN'I YAZID

'Obaydollah b. Ziyad dia nandefa ireo lohan'[i Mouslim sy Hani] tany amin'i Yazid b. Mo'awiyah nampitondraina an'i Hani b. Abi Hayyah al-Wada'i al-Kalbi al-Hamdani sy Zobayr b. Arwah al-Tamimi ary niangaviany ny mpanorany, i 'Amr b. Nafi' mba hanoratra taratasy iray ho an'i Yazid b. Mo'awiyah mikasika ny zava-nitranga tamin'i Mouslim sy i Hani.

Nanoratra taratasy lava tokoa izy nefa raha vao notopazan'i 'Obaydollah maso izany, dia nisafoaka izy ary nilaza hoe: « Inona izany (soratra) lava izany no sady tsy mazava?! Aleo izao no soraty:

“Dera ho an'i Allah izay nanome ny fahefany ho an'ilay Lehiben'ireo mpino sy izay namonjy azy mba handresy ireo fahavalony. Izaho dia mampahafantatra an'ilay Lehiben'ireo mpino, Allah anie hamindrafo aminy, fa i Mouslim b. 'Aqil dia nialokaloka tao an-tranon'i Hani b. 'Orwah al-Moradi. Nandefa mpitsikilo sy mpitsongo dia aho mba ahafahako mahita azy ireo. Notahian'i Allah aho ka nahafehy azy ireo ary vokatr'izany dia nasaiko nosamborina izy ireo sy notapahan-doha. Alefako aty aminao ny lohan'izy ireo amin'ny alalan'i Hani b. Abi

Hayyah sy Zobayr b. Arwah al-Tamimi izay samy olona tsotra, matotra izy roa no sady namana mpankato. Aoka anie ny Lehiben'ireo mpino hanontany azy ireo arak'izay tiany mikasika ity raharaha ity, fa mahafantatra momba izany izy ireo, mpilaza ny marina, feno fahalalana sy madio fo. Fiadanana anie ho anao." »

[NY VALINTENIN'I YAZID]

Namaly azy tamin'ny alalan'ny taratasy i Yazid:

« Tsy nihoa-pefy akory ianao fa arak'izay nilàko anao! Nanao izany tamin-kasahiana tokoa ianao sy tao anatin'ny herim-po sy fitoniana. Nahavita ianao, ambony saina ianao ary nasehonao ny tiako ataonao sy ny hevitra momba anao. Nantsoiko ireo irakao mba hanontaniako azy ireo sy hiresahako miaraka amin'izy ireo. Hitako fa ireo filazan'izy ireo sy ny fahadiovam-po dia mifanaraka amin'izay nosoratanao. Ento amin'ny hatsaram-po izy ireo.

Nisy nampahafantatra ahy fa i Houssayn (as) dia niainga ho any Irak. Mametraka ianao toerana ho fanarahamaso sy fiarovana ara-tafika ary aoka ianao hitandrana mikasika an'ireo izay olona mampiahiahy. Sambory avy hatrany raha vao mampiahiahy anao nefa aza mamono afa-tsy

izay miady aminao ihany. Mandefasa taratasy amiko raha vao manam-baovao ianao. Ny fiadanana sy ny famindrampon'i Allah anie ho aminao. »

Ny fikomian'i Mouslim b. 'Aqil dia tamin'ny Talata faha-8 Zoulhijjah taona 60 (...). Fa i Houssayn (as), izy dia nandao an'i Lameka ny Talata, andron'ny Tarwiyyah, niaraka tamin'ny andro nikomian'i Mouslim.

[TONONKALO MIKASIKA NY NAHAMARITIORA AN'I MOUSLIM SY I HANI]

'Abdallah b. Zobayr al-Assadi dia nandrafitra tononkalo iray mikasika ny nahamaritiora an'i Mouslim b. 'Aqil sy i Hani b. 'Orwah al-Moradi. Nolazainy fa ireto tononkalo ireto dia avy tamin'i Farazdaq:

« Raha ianao no tsy mahay ny atao hoe
fahafatesana,

dia diniho

i Hani tao an-tsena toy izany koa Ibn 'Aqil

Ireo mahery fo, ny anankiray izay ny tarehiny
dia voafiran'ny sabatra

Ny anankiray hafa dia potipotika novonoina avy
eny ambony (ny lapa).

Izany moa dia didin'ny governora izay
 nahatonga
 ny fahapotehan'izy ireo
 Ary lasa lovan-tsofina ara-tantara izy ireo ho
 an'ireo izay mandehandeha manerana ny
 vazantany rehetra.
 Hitanao ny vatana iray izay manana endrika
 niova noho ny fahafatesana
 Sy noho ny fahaverezan-drà betsaka.
 Izy dia lehilahy tanora manana halemem-
 panahy lehibe,
 mihoatra ny vehivavy tanora saro-kenatra
 Fa na izany aza, dia mahery fo mihoatra ny lela
 maranitra ny sabatra
 Asma¹ ve mitsangatsangana an-tsoavaly
 mandeha
 miadana am-pilaminana
 Mandritra an'i Maz-hij manenjika azy mba
 hitady valifaty?
 Ireo Morad rehetra dia niodidina azy

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Izany hoe i Asma b. Kharijah al-Fazari, ilay nitondra an'i Hani teo anatrehan'i 'Obaydollah b. Ziyad.

Mpitandrina mpanontanitany izany foana na
anontaniana.

Raha ianareo no tsy mitady hamalifaty ireo
rahalahinareo anankiroa ireo

Dia mitoera àry ianareo ho tandapa, ataovy
mahafa-po anareo izany zavatra kely izany. »

TOKO FAHEFATRA FIAINGAN'I HOUSSAYN (AS) NIALA TAO LAMEKA

Hossayn (as) dia nandao an'i Madina ho any Lameka tamin'ny andro Alahady, roa andro nialohan'ny fiafaran'ny volana Rajab taona faha-60 H. Tonga tao Lameka izy ny hariva (hifoza) ny Zoma [izany hoe Alakamisy hariva] faha-3 Sha'ban. Nitoetra tao Lameka izy nandritra ny volana Sha'ban, Ramadhan, Shawwal, Zoulqad'a'ah ary niala tao tamin'ny Talata faha-8 Zoulhijjah, ilay andron'ny Tarwiyyah, izay nifanandrify tamin'ny andro izay nanaovan'i Mouslim b. 'Aqil fikomiana.

Nony tonga tao Lameka izy [i Houssayn], dia tonga nitsidika azy ireo mponina sy ireo avy any lavitra ary ireo izay avy nanatanteraka ny 'omrah.

NY FIPETRAK'IBN ZOBAYR MANOLOANA NY IMAM

Ibn Zobayr dia anisan'ireo izay nitsidika an'i Houssayn (as). Indraindray izy tonga ao anatin'ny roa andro mifampitohy, indraindray dia indray mandeha fotsiny isaky ny roa andro. Fantany fa ny vahoakan'i Hijaz dia tsy hanao

fanekem-pankatoavana azy, no sady tsy hanaraka azy raha mbola eo i Houssayn (as) miaraka amin'izy ireo. Izany tokoa satria ny voninahitr'i Houssayn (as) dia tena ambony indrindra eo anatrehan'ireo olona ka izy no mendrika kokoa hankatoavin'ny vahoaka.

Indray andro, izy dia nifampiresaka naharitra tamin'i Houssayn (as) ary hoy izy taminy hoe: « Tsy fantatro nahoana isika no nandao an'ireto olona ireto sy namela azy ireo am-pilaminana, kanefa isika dia taranak'ireo mpifindra monina (Mouhàjirine) sy ireo izay tokony hitazona ny fahefana fa tsy izy ireo akory! Ampahafantaro ahy izay tianao hatao. »

Namaly i Houssayn (as) hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, izaho dia mikasa ny ho any Koufa. Ireo mpanaraka ahy sy ireo loholona ao amin'ity tanàna ity dia nanoratra tamiko ary mangataka ny tsara indrindra amin'i Allah aho. »

Ibn Zobayr nilaza taminy hoe: « Raha izaho no nanana mpanara-dia maro toa anao, dia tsy mba nandà ny handeha ho any aho. »

Tamin'izay dia natahotra ny hananana ahiahy izy ka nilaza hoe: « Kanefa raha mijanona ao Hijaz ianao ary mikasa ny handray an-tanana ity raharaha ity dieny izao, dia tsy hisy olona

hanohitra anao raha sitrak'i Allah. » Avy eo izy dia nitsangana ary lasa nandeha.

Niteny i Houssayn (as) hoe: « Ny hany zavatra tokana izay tiany eto amin'ity tontolo ity dia ny mahita ahy mandao an'i Hijaz mba ho any Irak. Fantany tsara manko fa tsy hanam-bintana mihitsy izy ny hahazo fahefana raha mbola eto aho fa ireo olona dia tsy hitia azy akory eo anatrehako. Arak'izany, dia tiany ny hialako amin'ity toerana ity ka hamela azy eto! »

RESAKA NIFANAOVANA TAMIN'IBN 'ABBAS

Rehefa nanapa-kevitra izy [i Houssayn (as)] ny handeha any Koufa, dia tonga nihaona taminy i 'Abdallah b. 'Abbass ka niteny taminy hoe: « Ry rahalahiko, ireo olona dia mipararetra amin'ny fahalalana fa ianao dia ho any Irak. Hazavao amiko inona no tianao hatao? »

Namaly izy: « Nanapa-kevitra ny handeha aho afaka roa andro, raha sitrak'i Allah. »

Nanohy ny teniny i Ibn 'Abbass hoe: « Mangataka ny fiarovan'i Allah aho amin'izany. Aoka anie i Allah hamindrafo aminao, lazao amiko raha ianao no te ho any amin'ireo olona izay namono ny governoran'izy ireo, nandray ny fifehezana ny tanànan'izy ireo, nandroaka ny fahavalon'izy ireo? Raha izany no nataon'izy ireo

dia mandehana any amin'izy ireo ianao, fa kosa raha izy ireo no niantso anao mba ho tonga amin'izy ireo nefa ny governoran'izy ireo no mifehy azy ireo ary ireo olony dia manohy hatrany mitaky ireo hetra ao amin'ny faritra amin'izay fotoana izay, ny tena marina dia, niantso anao mba hiady izy ireo sy hifamono. Tena matahotra aho sao mamitaka anao, mandainga aminao, hanohitra anao sy handao anao izy ireo. Hiantso ampahibemaso izy ireo mba hiady aminao ary izy ireo dia olona farany ratsy hanohitra anao! »

Houssayn (as) namaly azy hoe: « Mivavaka ny tsara amin'i Allah aho ary ho hitako eo izay hitranga. »

RESAKA FANINDROANY NIFANAOVANA TAMIN'IBN 'ABBAS

Ny hariva na ny rahampitson'iny, dia tonga nihaona taminy i 'Abdallah b. 'Abbass ka niteny hoe: « Ry rahalahiko, izaho dia miezaka ny hanam-piaretana, kanefa tsy tanterako izany. Amin'ity safidy ity dia matahotra aho ny amin'ny fahafatesanao na fahapotehanao! Ny vahoakan'Irak dia olona mpihatsaravelatsihy. Aza mankany amin'izy ireo mihitsy anao! Mitoera eto amin'ity tanàna ity fa ianao no lehiben'ireo vahoakan'i Hijaz. Rahany vahoakan'Irak no mitady anao dia manorata any

amin'izy ireo sy iangavio izy ireo mba handroaka ny fahavalon'izy ireo, izay ianao vao mankany amin'izy ireo. Fa raha ianao no te handao tanteraka an'ity tanàna ity, dia mandraisa àry ny lalana mankany Yémen. Misy ala mikitroka sy tendrombohitra maro any sady tany tena malalaka sy midadasika. Ianao dia hampielany ireo olonao mba hitaona ireo olona [hanodidina anao] ary amin'izay, dia antenaiko fa ho tonga amin'izay irinao ianao am-pilaminana. »

Houssayn (as) namaly hoe: « Ry rahalahiko, aza matahotra ny amin'izany ianao, ifantàna amin'i Allah fa, fantatro ianao fa ianao dia olona tsotra sy manana fiantrana, kanefa izaho dia efa sahy sy tapa-kevitra amin'ity fandehanana ity. »

Ibn 'Abbass nilaza taminy ary nanao hoe: « Raha handeha àry ianao dia aza mitondra an'ireo vehivavy sy ireo ankizy. Ifantàna amin'i Allah fa, izaho dia matahotra tokoa sao hovanoina ianao (...). »

RESAKA NIFANAOVANA TAMIN'I 'OMAR B. 'ABD AL-RAHMAN AL- MAKHZOUMI

'Omar b. 'Abd al-Rahman b. Harith b. Hisham al-Makhzoumi dia nitantara toy izao: « Rehefa vonona i Houssayn (as) amin'ny fandehany ho any Irak, dia nihaona taminy aho, nandefa ireo

fiderana ho an'i Allah aho sy nanome voninahitra Azy, vao niteny taminy hoe: "Ry rahalahiko, tonga eto aminao aho mba hanome ho anao ny hevitra am-pahatsorana. Raha raisinao ny hevitra dia [tsara izany] fa raha tsy izany dia miandry aho amin'ny hanome azy anao."

Niteny i Houssayn (as) hoe: "Ifantàna amin'i Allah fa izaho dia tsy mihevitra anao ho manana sain-dratsy akory, na koa ianao manao zavatra na fihetsika manafintohina."

Hoy izy [i 'Omar] hoe: "Nisy nampanandre ahy fa ianao dia te hiainga ho any Irak. Ny fandehananao dia manahirana ahy tokoa satria ianao dia te ho any amin'ny tanàna voafehin'ireo lehibeny sy ireo manam-pahefanaizay mandrindra ny volam-bahoaka, eo anatrehan'ireo olona izay andevozin'ireo dirhams sy dinars. Manahy mafy aho fa sao dia izy ireto mihitsy izay mampanantena fa hanampy anao sy izay milaza fa tena mitia anao, no hitambatra mba hiady aminao."

Namaly i Houssayn (as) hoe: "Hamaly soa anao anie i Allah, ry rahalahiko. Ifantàna amin'i Allah fa, fantatro fa ianao dia nanome hevitra ahy am-pahatsorana ary ianao dia nteny am-pahendrena. Hitranga ihany ny efa nalahatr' [i Allah], na ho raisiko ny hevitrao na tsia, ianao eo

anatrehako dia ho mpanolo-tsaina mendripiderana sy tena tsotra.” »

RESAKA FARANY NIFANAOVAN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) SY IBN ZOBAYR

‘Abdallah b. Solaym al-Assadi sy Mozhri b. Moshma'all al-Assadi dia nitantara toy izao: « Izahay dia tonga tao Lameka tamin'ny andron'ny Tarwiyyah mba hanatanteraka ny fivahiniana masina (hadj). Tamin'io andro io, no nahitanay an'i Houssayn (as) sy i ‘Abdallah b. Zobayr tamin'ny fisasahan'ny maraina, nijoro teo anelanelan'ny Hijr (ilay vato mainty) sy ny varavaran'ny Kaaba.

Nanakaiky azy ireo izahay ary henonay Ibn Zobayr niteny tamin'i Houssayn (as) nanao hoe: “Raha tianao ny hijanona [ao Lameka] dia mijanona ao ary raiso ny fahefana. Izahay dia hanohana anao, hanampy anao, hankato anao ary hanao fanekem-pankatoavana anao.”

Namaly i Houssayn (as) hoe: “Nilaza tamiko ny raiko hoe: “[Ao Lameka] no ahitana ondrilahy iray [lehibe iray] ka ny faritra masina manodidina dia novetavetaina tamin'ny alalan'ny baikony.” Izaho dia tsy te ho izany ondrilahy izany!”

Niteny taminy Ibn Zobayr hoe: “Manatona ianao, ry zanak'i Fatima.” Izy [i Houssayn] dia

nihaino am-pitandremana tamin'izy [Ibn Zobayr] niresaka taminy amim-pahamalinana.

Avy eo i Houssayn (as) nitodika taminay ka niteny hoe: “fantatrareo ve izay nolazain'Ibn Zobayr tamiko?”

Namaly izahay hoe: “Tsy fantatray. Ataon'i Allah sorona ho anao anie izahay!”

Hoy izy: “Nilaza tamiko izy hoe: “Mitoera ianao ato amin'ity trano fivavahana (moske) ity fa izaho dia hamory ireo olona hanodidina anao.””

Avy eo i Houssayn (as) nanohy ny teniny hoe: “Ifantàna amin'i Allah fa, aleoko kokoa ny hamonoana ahy eo amin'ny iray zehy miala any ivelan' [ity tanàna masina ity] toy izay ny hamonoana ahy eo amin'ny iray zehy ao anatiny! Ifantàna amin'i Allah fa, na dia hita ao an-davaky ny iray amin'ireto bibikely ireto aza aho, dia hamongotra ahy avy ao izy ireo mba hanaovan'izy ireo izay sitrak'izy ireo amiko. Ifantàna amin'i Allah fa, izy ireo dia hametaveta ahy tanteraka sahala amin'ireo jiosy izay nametaveta [ny fahamasinan'] ny sabata.” »

NY FIPETRAK'I 'AMR B. SA'ID AL-ASHDAQ

Raha nivoaka tao Lameka i Houssayn (as), dia nanakatsakana ny lalany ireo olon'i 'Amr b. Sa'id al-'As, teo ambany fibaikon' i Yahya b. Sa'id.

Hoy izy ireo taminy hoe: « Aoka ianao hivily làlana! Ho aiza ianao? » Tsy nanaiky izany anefa izy.

Nifandona ireo vondrona roa ireo sy nifamely tamin'ny karavasy. Ary dia nanohy ny diany i Houssayn (as).

Niteny mafy izy ireo nanao hoe: « Ry Houssayn! Tsy matahotra an'i Allah angaha ianao! Ianao dia nisintaka niala tamin'ny daholobe sady mamboly fisaraham-bazana eo amin'ny oumma! »

Houssayn (as) dia namaly izany tamin'ny alalan'ny tenin'i Allah, Ilay Tsitoha sy Ilay Lehibe Indrindra nanao hoe:

« {Ahy ny asako, ary anareo ny asanareo. Tsy tompon'andraikitra amin'izay ataoko ianareo ary tsy tompon'andraikitra amin'izay ataonareo aho} »¹

¹ Ny Kor'âny masina 10: 41

‘Ali b. Houssayn (as) dia nitantara hoe: « Nony niala tao Lameka izahay, i ‘Abdallah b. Ja’far b. Abi Talib dia nanoratra taratasy iray ho an’i Housayn b. ‘Ali (as)nalefany niaraka tamin’ireo zanany roalahy: dia i ‘Awn sy i Mohammad:

« Izaho dia mangataka anao amin’ny alalan’i Allah mba handà (ity fandehanana ity) rehefa mamaky ny taratasiko. Izaho dia tena very hevitra amin’izao lalana izoranao izao satria izany dia mitarika any amin’ny fahafatesanao sy ny fianakavianao. Fa raha tonga aminao sahady ny fahafatesana ankehitriny, dia ho faty ny fahazavan’ity Tany ity fa ianao mantsy no fanevan’ireo mpitarika sy fanantenan’ireo mpino. Aza manafaingana ny famindranao (eny am-pandehanana) fa tsy ho ela akory aho dia ho tonga aorian’ity taratasy ity. Fiadanana anie ho aminao. »

‘Abdallah b. Ja’afar dia nandeha nijery an’i ‘Amr b. Sa’id b. al-‘As mba hiresaka aminy. Hoy izy taminy hoe: “Manorata ianao ho an’i Houssayn (as) taratasy izay hampanantenainao ny fandriam-pahalemana ho an’ny fiainany, hilaza aminy ianao fa izy dia ho raisina tsara ary ianao dia hanana fifandraisana tsara aminy, ary koa ianao dia hametraka ny teninao ho antoka ao amin’ny taratasinao. Iangavio izy mba hiverina [ao Lameka], miaraka amin’ny fampanantenana

fa izany no manome toky azy koa aoka izy hiverin-dàlana. Ampitondray an'i rahalahinao, i Yahya b. Sa'id izany satria misy fanantenana kokoa ny manome toky azy ary aoka ho fantany fa ianao dia matotra."

'Amr b. Sa'id namaly azy hoe: "Sorato izay tianao, avy eo dia ento aty amiko mba hasiako ny fitomboko."

'Abdallah b. Ja'far nanoratra toy izao:

"Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay Be Indrafo

Avy amin'i 'Amr b. Sa'id ho an'i Houssayn b. 'Ali

Izaho dia mangataka amin'i Allah mba hamerenany anao hiala amin'izay mitondra anao any amin'ny fahafatesanao sy mba hitarika anao any amin'izay hanambara aminao [ny lalan-kizorana]. Misy nilaza tamiko fa ianao dia nandray ny lalana mankany Irak. Miangavy anao aho mba tsy hampisy ny fisaratsarahana satria atahorako hahafaty anao izany. Nalefako any aminao i 'Abdallah. Ja'far sy i Yahya b. Sa'id. Tongava aty amiko ianao miaraka amin'izy ireo. Mampanantena anao aho fa ny fiainanao dia hilamina eo anatrehako, horaisina tsara ianao, hanana fifandraisana tsara isika ary homeko mpiara-monina tsara ianao. Allah no

vavolombelona, mpiantoka, mpiambina sy mpiaro ny teniko. Ny fiadanana anie ho aminao.”

Avy eo izy nankany amin'i 'Amr b. Sa'id ka niangavy azy hoe: “Asio ny fitombokao [eo amin'ny taratasy].” Dia nataony izany. Avy eo ilay taratasy dia nampitondrainy an'i 'Abdallah b. Ja'far sy i Yahya b. Sa'id izay namaky azy ho an'i Houssayn (as).

Houssayn (as) nanoratra ny valin'izany tahak'izao:

“Izay mitaona ireo olona ho any amin'i Allah, Ilay Tsitoha sy Avo Indrindra, izay manao asa soa ka milaza hoe “izaho dia anisan'ireo mpanara-dia ny finoana islamo” dia tsy misaraka amin'i Allah sy ilay Irany. Ianao dia nampanantena ahy ny hiaina am-pilaminana, ny horaisina tsara sy ny hifandray tsara amiko, nefa ny fiarovana mendrika kokoa dia ny an'i Allah, ary i Allah dia tsy hiaro amin'ny andro Fitsanganana amin'ny maty, izay tsy nanam-pahatahorana Azy teto antany. 'Andao isika hivavaka amin'i Allah mba hanomezany antsika ny fahatahorana avy Aminy eto an-tany amin'izay hahazoana ny fiarovana avy Aminy amin'ny andro Fitsanganana amin'ny maty.

Raha ianao no manam-pikasana marina ny handray ahy tsara sy hanana fifandraisana tsara

amiko ka nanoratra ho ahy, dia hahazo valisoa ianao eto an-tany sy any ankoatra. Ny fiadanana anie ho aminao.”

Niverina tamin’i ‘Amr b. Sa’id ireo iraka anankiroa ary nilaza taminy hoe: “Novakinay taminy ilay taratasy ary nanao izay azonay natao izahay.

Anisan’ireo fialan-tsininy izay narosony teo aminay dia izy nilaza hoe: “Izaho nahita an’ilay Irak’i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan’i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) tamin’ny alalan’ny nofy ka nanome ahy adidy iray izy izay ho tanterahiko, na izany miteraka voka-dratsy amiko na manome tombontsoa ho ahy.””

Izy ireo nanontany azy hoe: “Inona izany (adidy azonao tamin’ny) nofy izany?”

Houssayn (as) namaly hoe: “Izaho tsy hilaza izany amin’ny olona ary tsy hanao izany mandra-pihaonako amin’ny Tompoko.” »

TOKO FAHADIMY IREO TOERAM-PIJANONANA TENY AN-DALANA MANKANY KOUFA

TAN'IM

Houssayn (as) dia nanohy ny lalany mandrapahatongavany tao Tan'im, izay nahitany andiana mpandeha ho any amin'i Yazid b. Mo'awiyah nirahin'i Bahir b. Rayssan al-Himyari, governorany tao Yémen. Ilay andian'ny mpandeha dia nitondra tamotamo sy lamba ho an'i Yazid. Noraisin'i Houssayn (as) [ilay andian'ny mpandeha] ho fananany. Avy eo izy niteny tamin'ireo tompon'ireo rameva hoe: « Tsy hanery anareo aho. Mikasika an'ireo izay maniry ny hiaraka aminay ho any Irak, dia haloanay ny karaman'izy ireo [mba ho hofan'ireo rameva ireo] ary izahay dia tsara fanahy amin'izy ireo mandritra ny dianay. Fa ho an'ireo izay te handao anay eto amin'ity toerana ity kosa, dia homenay azy ireo ny tokony ho fandaniany amin'ny halavirana izay hizoran'izy ireo. »

Taorian'ny kajikajy natao, dia nomeny an'ireo izay handao azy ny tokony ho anjaran'izy ireo ary toy izany koa ny an'ireo izay te hanohy ny dia

miaraka aminy ka ireto farany moa dia nampitafian'i Houssayn (as) lamba ihany koa.

SIFAH

'Abdallah b. Solaym al-Assadi sy i Mozhri b. Moshma'all al-Assadi dia nitantara toy izao: « Nandeha izahay ka tonga tao Sifah izay nihaonanay tamin'i Farazdaq b. Ghalib, ilay poeta, izay nanatona an'i Houssayn (as), ary hoy izy taminy hoe: "Allah anie hankasitraka ireo fikasanao sy hanatanteraka ireo fanirianao."

Houssayn (as) namaly azy hoe: "Lazao amiko ireo olona [izay navelanao] tany aorianao."

Namaly i Farazdaq hoe: "Ianao dia nanontany an'ilay olona izay mahalala tsara ny toedraharaha. Ny fon'ireo olona dia miaraka aminao nefa ny sabatr'izy ireo dia miaraka amin'ireo Bani Omayyah. Ny didy dia avy any an-danitra ary i Allah dia hanao izay sitrany!"

Hoy i Houssayn (as) nanampy izany hoe: "Marina ny lazainao, i Allah no tompon'ny lahatra, ary Izy no hanao izay sitrany. Ary isan'andro ny Tompontsika dia amperin'asa. Koa raha ny didy avy any an-danitra no mifanaraka amin'izay irintsika, dia homentsika voninahitra i Allah amin'ireo fahasoavany ary Izy no italahoantsika ny fanampiana mba hisaorantsika Azy. Fa raha ny didin'Andriamanitra no

mifanohitra amin'ny fanantenana, izay manampikasana marina sy manana fitondrantena tsara [sy tia vavaka] dia tsy mba malahelo."

Avy eo i Houssayn (as) dia nanome baiko an'ilay andian'ny mpandeha mba hiainga ary niteny taminy hoe: "Ny fiandanana anie ho aminao" ary dia nifandao izy ireo. »

Rehefa fantatr'i Obaydollah b. Ziyad fa i Houssayn (as) dia nandao an'i Lameka mba ho any Koufa, dia nanome andraikitra an'i Houssayn b. Tamim al-Tamimi, ilay lehiben'ireo mpitandro filaminana izy, mba ho any Qadissiyyah ka mba handamina fatratra ny fanarahamaso amin'ny alalan'ny fametrahana ireo miaramila mpandeha an-tongotra eo anelanelan'i Qadissiyyah sy i Khaffane sy anelanelan'i Qadissiyyah, i Qoutqoutana ary i La'la'.

HAJIR

Houssayn (as) dia nanohy ny diany mandrapahatongavana tao Hajir manakaiky an'i Batn al-Roummah. Nony tonga tao izy, dia nandefa haingana an'i Qays b. Mouss-hir al-Saydawi nitondra taratasy ho an'ireo vahoakan'i Koufa. Toy izao no nosoratany ho azy ireo:

« Amin'ny Anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana,
Ilay Be Indrafo

Avy amin'i Houssayn b. 'Ali ho an'ireo rahalahiny mpino silamo sy mpanara-dia ny finoana islamo,

Fiadanana anie ho aminareo. Deraiko i Allah, fa ankoatr'Azy dia tsy misy Andriamanitra hafa. Voaraiko soa aman-tsara ilay taratasy nalefan'i Mouslim b. 'Aqil izay nanambara tamiko ny hevitrareo marina sy ny fiombonan-kevitry ireo vahoaka mba hanampy anay sy hiaro ny zonay. Mangataka amin'i Allah aho mba hizoran'izany noho ny fitiavana anay ary [Izy] no hamaly soa anareo amin'ny alalan'ny valisoa lehibe tokoa.

Mizotra mankany aminareo aho, niainga avy tao Lameka izay nilaozako tamin'ny Talata faha-08 Zoulhijjah, andron'ny Tarwiyyah. Rehefa tonga aty aminareo ilay irako dia aoka ianareo hahery fo sy ho tompon'andraikitra amin'ny adidinareo. Ho avy aty aminareo aho amin'ny andro manaraka raha sitrak'i Allah. Ny fiadanana, ny famindram-po sy ny tso-dranon'i Allah anie ho aminareo. »

Qays b. Mouss-hir, ilay nitondra taratasin'i Houssayn (as), dia nanohy ny diany nankany Koufa mandra-pahaongavany tao Qadissiyyah izay toerana nanakanan'i Houssayn b. Tamimi azy sy nitondrany azy nankany amin'i 'Obaydollah b. Ziyad. Ity farany dia nilaza hoe:

« Miakara eny ambony lapa ary vetavetao ilay mpandainga zanaky ny mpandainga. »

Niakatra izy ary niteny hoe: « Ry vahoaka, Houssayn b. 'Ali (as) no zava-boaharin'i Allah mendrika indrindra sy zanak'i Fatima (as), ilay zanakavavin'ny Irak'i Allah. Izaho no iraka nalefany aty aminareo. Nisaraka taminy tao Hajir aho. Aoka ianareo hamaly ny antsony. » Avy eo izy dia nanozona an'i 'O baydollah b. Ziyad sy ny rainy ary nitalaho famindram-po ho an'i 'Ali b. Abi Talib.

'Obaydollah dia nanome baiko mba handatsahana azy avy eny ambony lapa. Arak'izany, dia nalatsaka izy ka maty potipotika ny vatany.

VOVON-DRANON'IREO ARABO

Houssayn (as) dia nanohy ny diany mandrapahatongavany teo amin'ny vovon-drano iray anisan'ny an'ireo Arabo, izay nahitany an'i 'Abdallah b. Mouti' al-'Adawi nijanona tamin'io toerana io. Rehefa nahatazana an'i Houssayn (as) izy dia nanatona azy ary niteny hoe: « Hanao sorona ho anao anie ny ray aman-dreniko, ry zanak'ilay Irak'i Allah. Inona no hahatongavanao eto? »

Namaly i Houssayn (as) hoe: « Ireo vahoakan'Irak dia nanoratra tamiko niangavy ahy mba ho tonga any amin'izy ireo. »

'Abdallah b. Mouti' dia niteny hoe: « Miantso anao amin'ny alalan'i Allah aho, ry zanak'ilay Irak'i Allah, fa ny fahamasinan'ny finoana silamo dia ho voavetaveta! Miangavy mafy anao amin'ny alalan'i Allah aho ho an'ny voninahitr'ireo Korayshita. Miangavy mafy anao amin'ny alalan'i Allah aho ho an'ny fahamasinan'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany)! Miangavy mafy anao amin'ny alalan'i Allah aho ho an'ny voninahitr'ireo Arabo!

Ifantàna amin'i Allah, fa raha ianao no mitaky izay eo ampelan-tanan'ireo Bani Omayyah, dia hovanoin'izy ireo ianao. Ary raha mahafaty anao izy ireo, dia tsy hanana fahatahorana intsony mihitsy (amin'ny famonoana) na iza na iza. Ifantàna amin'i Allah, fa ny fahamasinan'ny finoana islamo no ho voavetaveta, ny voninahitr'ireo Korayshita sy an'ireo Arabo no halaina ankeriny. Aza manao toy izao ianao. Aza mankany Koufa ianao ary aza manao vy very ny ainao amin'ireo Bani Omayyah. » Nefa izy [i Houssayn (as)] dia nandà izany sy nikiry ny handeha hatrany.

TOERAM-PIJANONANA MIALOHAN'I ZAROUD: AL-KHOZAYMIYYAH

Houssayn (as) nanohy ny lalany mandrapahatongavana teo amin'ny vovon-drano iray ambonin'i Zaroud fantatra amin'ny anarana hoe al-Khozaymiyyah.

ZOHAYR B. QAYN NANARA-DIA AN'I HOUSSAYN (AS)

Olona iray avy amin'ireo Bani Fazarah dia nitantara hoe:

« Izahay dia tafara-dia tamin'i Zohayr b. Qayn al-Bajali nanomboka ny fialanay tao Lameka ary izahay dia niara-niainga tamin'ny fotoana niaingan'i Houssayn (as). Ary tsy misy zavatra mampisafoaka anay mihoatra ny fiarahanay nijanona tamin'ny toerana nijanonany. Arak'izany, rehefa i Houssayn (as) no niainga eny an-dalana, dia nijanona ela i Zohayr b. Qaynfa rehefa i Houssayn (as) no nijanona, dia niroso amin'ny diany i Zohayr, mandrapijanonany tamin'ny toeram-pijanonana iray izay tsy maintsy niarahanay nijanona.

Houssayn (as) nijanona tamin'ny faritra ilany ary izahay dia teo amin'ny faritra andaniny. Tamin'ny fotoana nipetrahanay sy nisakafoananay, dia indro ny irak'i Houssayn nanatona anay, niarahaba anay, ary niditra (tao

amin'ny tranolay) dia hoy izy hoe: "Ry Zohayr b. Qayn! Abou 'Abdillah Houssayn no naniraka ahy ho ety aminao mba hankanesanao any aminy."

[Teo ampandrenesana izany teny izany,] ny tsirairay taminay dia nahalatsaka izay zavatra teo an-tanany sahala amin'ny nisy vorona teo ambony lohanay!

Dalham b. 'Amr, vadin'i Zohayr b. Qayn dia nilaza hoe: "Izaho dia nilaza taminy [i Zohayr] hoe: Ny zanak'ilay Irak'i Allah no miangavy anao mba hijery azy nefa ianao tsy mba mankany aminy! Allah, Ilay Lavarary! Nahoana ianao no tsy mandeha mijery azy sy mihaino izay holazainy aminao, avy eo ianao miverina?"

Noho izany, i Zohayr b. Qayn dia nandeha nijery azy, ary afaka fotoana vitsy avy eo, dia niverina izy nanana fahavitrihana sy endrika miramirana.

Nasainy navalona ny tranolay, nampirimina ireo fitaovana ary nofatorana ireo entana. Izany no natao nialohan'ny nitaterana izany teo anatrehan'ny (mpiray dia amin'i) Houssayn (as).

Niteny tamin'ireo namany izy hoe: "Izay te hanaraka ahy [dia avia]! Fa raha tsy izany dia izao no farany hifankahitantsika! Hilaza aminareo tantara iray aho: izahay dia niady tao Balanjar. Nomen'i Allah fandresena izahay ary nahababo

harena.” Tamin’io fotoana io, i Salman al-Bahili dia niantso hoe: “Mahafaly anareo ve ilay fandresena izay nomen’i Allah anareo sy ireo harena babo azonareo?” Namaly izahay hoe: “Eny.” Avy eo izy (i Salman) nanohy ny teniny: “Raha ianareo no tonga miatrik’ady izay ataon’ireo tanora ao amin’ny fianakavian’ny [Mpaminany] Mohammad, dia aoka ianareo hifaly amin’ny ady ataonareo eo anilan’izy ireo mihoatra ny fahazoanareo [ankehitryny] ireo harena babonareo. Fa ny avy amiko kosa, dia ankiniko amin’i Allah ianareo!”

Avy eo izy niteny tamin’ny vadiny hoe: “Ianao dia malalaka izao (misaraka aminao aho). Modia any amin’ny fianakavianao fa tsy tiako hisy loza hanjo anao noho ny amiko. Izaho dia mirary ny hatsarana ho anao hatrany.” »

Teny an-dalana [mankany Koufa], i Houssayn (as) dia nanafaingana an’i ‘Abdallah b. Boqtor al-Himyari nankany amin’i Mouslim b. ‘Aqil, saingy voasambotr’ireo miaramilan’i Houssayn b. Tamim tao Qadissiyyah izy, izay nandefa azy tany amin’i ‘Obaydollah b. Ziyad. Ity farany moa dia niteny hoe: « Miakara any ambonin’ny lapa ary vetavetao ilay mpandainga zanaky ny mpandainga, avy eo dia midina ianao mba handraisako ny fanapaha-kevitra mikasika anao! »

Niakatra izy fa nony tonga teo anatrehan'ireo vahoaka izy dia niteny hoe: « Ry vahoaka, izaho no irak'i Houssayn zanak'i Fatima zanakavavin'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) mba hanohananareo azy sy hanampianareo azy hanohitra ny zanak'i Marjanah, ilay zanak'i Somayyah, ilay zazasary! »

'Obaydollah b. Ziyad dia nanome baiko [mba hamonoana azy]. Arak'izany, dia nalatsaka avy eny ambony lapa izy. Tapatapaka ireo taolany eny fa na dia mbola velona aza izy, i 'Abd al-Malik b. 'Omayr al-Lakhmi no nanapaka ny vozony.

ZAROUD

'Abdallah b. Solayman al-Assadi sy Mounzir b. Moshma'all al-Assadi dia nitantara toy izao:

« Taorian'ny nanatanterahana ny hadj, dia tsy nisy zava-dehibe teo aminay afa-tsy ny fanarahanay an'i Houssayn (as) teny an-dalana mba hijerenay izay zavatra hanjo azy. Noho izany, dia nanafaingana ny famindran'ireo ramevanay izahay mandra-pahatratrarany azy tao Zaroud. Rehefa nanatona azy izahay, dia nahatazana lehilahy iray avy any Koufa izay niova lalana raha vao nahita an'i Houssayn (as),

fa ity farany moa dia niato kely sahala amin'ny te hiresaka aminy. Nefa lasa nandeha nanohy ny lalany ihany izy. Tamin'izay indrindra no nisy iray taminay niteny tamin'iray hafa hoe: "Andao hakaikhezina izy mba hanontaniana raha manana vaovao avy any Koufa, amin'izay isika hilaza izany [amin'i Houssayn (as)]."

Natoninay izy ary hoy izahay hoe: "Fiadanana anie ho aminao."

Namaly izy hoe: "Ho aminareo anie ny fiadanana."

Nanontany izahay avy eo hoe: "Avy amin'ny foko inona ianao?"

Hoy izy namaly hoe: "Izaho dia Assadi (avy amin'ny fokon'ireo Assad)."

Hoy izahay hoe: "Izahay koa dia Assadi. Fa iza ianao?"

Namaly izy hoe: "Izaho dia i Bokayr b. al-Math'abah."

Nolazainay taminy ihany koa ny firazananay. Avy eo izahay nanontany azy hoe: "Lazao aminay ny mikasika ireo vahoaka (izay navelanao) any aorianao (any Koufa)."

Namaly izy hoe: "Efa niala tao Koufa aho taorian'ny namonoana an'i Mouslim b. 'Aqil sy i

Hani b. 'Orwah. Tena hitako izy ireo notaritarihina amin'ny tongotra teo antokontanin'ny tsena!" »

Izy ireo [i 'Abdallah b. Solaym sy i Mozhri b. Moshma'all] dia nanohy [ny fitantaran'izy ireo]: « Lasa nanohy (ny lalanay) izahay mandrapahatratranay an'i Houssayn (as), avy eo izahay dia niara-nanohy ny dianay hatramin'ny toerana niatoany. »

THA'LABIYYAH

['Abdallah b. Solayman al-Assadi sy i Mounzir b. Moshma'all al-Assadi dia nitantara toy izao:]

« Nijanona tao Tha'labiyyah izy nony takariva. Nandeha nijery azy tamin'ny toerana nijanonany izahay ary niarahaba azy. Namaly ny fiarahabanay izy, avy eo hoy izahay taminy hoe: "Hamindrafo aminao anie i Allah. Manambaovao tokoa izahay: raha sitrakao dia hambaranay ampahibemaso izany fa raha tianao holazainay amin'ny mangingina dia hataonay izany."

Nitodika nanopy maso ireo namany izy ary niteny hoe: "Tsy misy tsiambaratelo eo amintsika."

Nilaza taminy izahay hoe: “Tsaroanao ve ilay mpandeha izay nifanena taminao ny omaly hariva?”

Hoy izy hoe: “Eny, izaho dia te hanontany taminy (ireo vaovao).”

Hoy izahay hoe: “Izahay dia tsy namela anao hanontany azy vaovao sy nanafaka anao tamin’izany. Iny lehilahy iny dia (avy amin’ireo fokon’) ireo Assad, anisanay, olon-kendry, marina sy kingan-tsaina izy. Nolazainy taminay fa izy dia efa niala tao Koufa taorian’ny namonoana an’i Mouslim b. ‘Aqil sy i Hani b. ‘Orwah, ary hitany izy ireo izay notaritarihina tamin’ny tongotr’izy ireo teo an-tokontanin’ny tsena!”

Hoy izy hoe: “**{Marina fa isika dia an’i Allah, ary any Aminy no hiverenantsika,} ny famindrampon’i Allah anie ho amin’izy roa**” ary naverimberiny im-betsaka izany.

Hoy izahay taminy hoe: “Izahay dia mitalaho amin’i Allah ho anao sy ny fianakavianao, manomboka eto mihitsy, dia mijanona (amin’ny fanohizan-dalana), fa ianao dia tsy manana mpanohana sy namana ao Koufa. Matahotra aza izahay sao dia izy ireo indray no hanohitra anao!”

[Teo am-pandrenesana izany], ireo Bani ‘Aqil b. Abi Talib dia niantsambotra ka niteny hoe:

“Tsia, ifantàna amin’i Allah, fa izahay dia tsy hiverin-dalana raha tsy efa nahavalifaty na maty (maritiora) tahaka ny rahalahinay!” »

Nanohy ny fitantarany izy ireo (i ‘Abdallah b. Solaym sy Mozhri b. Moshm’all) nanao hoe:

« Nijery anay i Houssayn (as), avy eo niteny hoe: “Aorian’izy ireo (i Mouslim sy Hani), dia tsy misy dikany ny mbola hiainana.”

Arak’izany, dia mazava aminay fa ny fanapaha-keviny dia ny hanohy ny dia. Koa hoy izahay taminy hoe: “Allah anie hisafidy ny tsara kokoa ho anao.”

Namaly izy hoe: “Allah anie hamindrafo aminareo.”

Avy eo izy dia niandry mandra-maraina mangiran-dratsy ka niteny tamin’ireo zanany sy ireo mpanompony hoe: “Ataovy feno ny rano.” Noho izany izy ireo dia niala hetaheta sy nameno ny rano nialohan’ny niaingana. Nanohy ny dia izy ireo mandra-pahatongavana tao Zobalah.

ZOBALAH

[Tao Zobalah], nilatsaka ny vaovao mikasika ny nahamaritiora an’ny raharahiny amin’ny finonoana, i ‘Abdallah b. Boqtor. Namoaka taratasy iray izy izay novakiany amin’ny feo avo ho an’ireo olona ireo:

“Amin’ny anaran’i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay Be Indrafo. Ny vaovao mampalahelo momba ny famonoana an’i Mouslim b. ‘Aqil, i Hani b. ‘Orwah sy i ‘Abdallah b. Boqtor dia tonga amintsika. Ireo mpanara-dianay dia nandao anay, noho izany, izay te handeha aminareo dia avela malalaka, tsy hanananay trosa akory izy.”

Nanomboka nisavoritaka ireo olona ary niparitaka niankavanana sy niankavia, hany ka tsy misy olona nijanona intsony afa-tsy ireo izay niara-dia taminy nanomboka tany Madina.

Izany no nataony satria ireo arabo mpifindrafindra fonenana ireo izay nanaraka azy, dia nihevitra fa izy [i Houssayn (as)] dia ho any amin’ny tanàna azony tamin’ny ady ka ireo mponina dia hankato azy, nefa tiany ny mba hanohizan’izy ireo ny fanarahana azy sady mahafantatra ny fiafaran’ny dian’izy ireo. Fantany fa raha hazavainy amin’izy ireo [ny toe-java-misy], dia ireo izay vonona hanampy azy sy ho faty miaraka aminy ihany no sisa manarak’azy!

Nony tonga ny maraina, dia nanome baiko an’ireo mpiray dia aminy izy mba hiala hetaheta sy hivatsy rano betsaka, avy eo izy nanohy ny dia mandra-pahatongavana tao Batn al-‘Aqabah.

BATN AL-'AQABAH

Houssayn (as) dia niato tao, ary nisy lehilahy iray avy amin'ireo Bani 'Ikrimahno nilaza taminy hoe: "Miangavy anao amin'ny alalan'i Allah aho mba hamela (ny fanohizanao ny dia). Ifantàna amin'i Allah fa ianao dia tsy manao afa-tsy ny hiantoraka eo amin'ireo lohan-defona sy lelan-tsabatra. Raha ireo vahoaka izay nangataka anao (mba ho tonga amin'izy ireo) ireo no nanafaka anao amin'ny loza vokatry ny ady sy efa niomana amin'izany, dia rariny ny fandehananao any amin'izy ireo, fa araka ny toe-javatra misy izay nolazainao teo, dia tsy mamporisika anao amin'ny fanohizanao ny lalana aho!"

Hoy izy taminy hoe: "Ry mpanompon'i Allah! (Izany hevitra) izany dia tsy miafina amiko. Ny hevitra (marina) dia izany hevitrao izany nefa i Allah, Ilay Avo Indrindra, dia tsy mba azo toherina mihitsy amin'ny fanapahan-keviny." Avy eo izy dia lasa nandeha.

SHARAF

Houssayn (as) dia nanohy ny dia mandrapahatongavany tao Sharaf. Nony maraina, dia nanome baiko an'ireo [namany] izy mba hiala hetaheta sy hameno ny rano, avy eo izy dia niainga ary nizotra haingana teny an-dalana,

nanomboka ny maraina ka hatramin'ny atoandro.

Teny an-dalana, lehilahy iray no niteny mafy nanao hoe: « Allah no Lehibe Indrindra! »

Hoy i Houssayn (as) hoe: « Allah dia Lehibe Indrindra. Nahoana ianao no miteny mafy ny takbir? »

Namaly izy hoe: « Nahita ireo fototr'antrendry aho. »

Ireo olon-droa avy amin'ny fokon'ireo Assad (i 'Abdallah b. Solaym sy i Mozhri b. Moshma'all) dia nanambara hoe: « Izahay dia tsy nahita velively izany fototr'antrendry izany amin'ity toerana ity. »

Nanontany i Houssayn (as) hoe: « Fa inona no fiheveranareo ny hitanareo? »

Namaly izy ireo hoe: « Izahay dia mihevitra fa ireo dia lohan-tsoavaly. »

Dia hoy ilay lehilahy hoe: « Izaho koa, ifantàna amin'i Allah dia mihevitra toy izany. »

ZOU HOSSAM

Nilaza i Houssayn (as) hoe: « Ianareo ve mahafantatra toerana iray afaka ataontsika fiarovana, amin'ny fomba izay azo

hiankinantsika ka ireto olona ireto no lasa manatrika eo anoloantsika daholo? »

Namaly azy izahay ('Abdallah b. Solayman sy i Mounzir b. Moshma'ill) hoe: « Eny tokoa, ireo anilanao ireo i Zou Hossam. Aoka ianao hivily mankany an-kavianao, ary raha ianao no tonga alohan'izy ireo, dia ho (tsara toerana) arak'izay novinavinainao. »

Nizotra nankany an-kavia izy ary izahay dia nivily lalana niaraka taminy. Arak'izany, dia tonga teo amin'i Zou Hossam izahay nialoha azy ireo fa izahay no nandeha nialoha azy ireo. Rehefa tazan'izy ireo fa nivily lalana izahay, dia niova lalana nizotra nanatona anay izy ireo. Nijanona i Houssayn (as), niangavy mba hananganana ireo tranolay ka dia najoro izany.

Tsy ela akory ireo lohan-tsoavaly dia lasa tazana tsara ka ireo fanevan'izy ireo dia hita tahak'ireo elatry ny vorona. Nanatona hatrany ireo olona ireo, eo ho eo amin'ny miaramila mpitaingin-tsoavaly arivo no isan'izy ireo izay teo ambany fibaikoan'i Horr b. Yazid al-Tamimi, al-Yarbou'i mandra-pijanonan'ity farany, izy sy ny soavaliny teo anatrehan'i Houssayn (as), tao anatin'ny hafananan'ny andro mitatao vovonana. Houssayn (as) sy ireo mpiray dia aminy dia manao fehiloha, ny sabatr'izy ireo dia eo am-balahana.

Houssayn (as) niteny tamin'ireo olony hoe:
« Omeo rano ireto olona ireto, ataovy afaka
hetaheta izy ireo ary ampisotroy rano koa ireo
soavaly. »

Nitsangana ireo olony ka nampisotro rano ireo
miaramila mpitaingin-tsoavaly mandrapialan'ny
hetahetan'izy ireo. Nofenin'izy ireo rano ireo
lovia sy ireo siny, nampanatonina ireo soavaly,
ary rehefa nisotro in-telo, in'efatra na in-dimy
migoka lehibe amin'ny fitelemana indray
mandeha fotsiny ny soavaly tsirairay, dia
esorin'izy ireo mba hampisotroana ny hafa
manaraka indray ka toy izany hatrany mandra-
pisotroan'ireo soavaly rehetra.

Tonga ny fotoam-pivavahana amin'ny
mitatao vovonana (Zohr), koa tamin'izay i
Houssayn (as) dia niangavy an'i Hajjaj b.
Masrouq al-Jo'fi mba hanao ny antso ho an'ny
fanompoam-pivavahana ary tamin'ny fotoana
fanaovana ny iqamah, dia tonga i Houssayn (as)
nitafy lambabe, sy akanjo tsisy tanany ary kapa.

Nidera sy nanome voninahitra an'i Allah izy
ary niteny hoe:

« Ry vahoaka, indro ny porofoko eo
anatrehan'i Allah sy ireo vahoaka. Izaho dia tsy
nandeha aty aminareo raha tsy taorian'ny
nandraisako ireo taratasinareo sy ireo irakareo

niangavy tamiko hoe: “Tongava aty aminay fa tsy manana Imam izahay mba hampivondronan’i Allah anay ao anatin’ny fitarihana sy ny fahamarinana.” Raha ianareo no mbola vonona amin’izany toetra izany dia ity aho fa tonga aminareo. Raha mbola manome toky ahy ianareo fa hanaja ireo fampanantenana sy ireo fanekena nataonareo dia ho avy ao amin’ny tanànanareo aho, fa raha ianareo no tsy manao izany sy kianinareo ny fahatongavako dia hiverina any amin’izay niaviako aho. »

Nangina izy ireo avy eo dia niangavy ny mpanao azhan nanao hoe: « Ataovy ny iqamah », dia nataony izany.

Niteny tamin’i Horr i Houssayn (as) hoe: « Hivavaka miaraka amin’ireo miaramilanao ve ianao? »

Namaly izy hoe: « Tsia, tariho ny fivavahana fa izahay dia hivavaka miaraka amina. »

Houssayn b. ‘Ali (as) no nitarika ny fivavahana, avy eo izy dia niditra (tao an-tranolay) ary ireo namany nivory nanodidina azy.

Niverina teny amin’ny toerana nisy azy i Horr ary niditra tao amin’ny tranolay izay najoro ho azy. Vondrona iray amin’ireo miaramilany no nivory nanodidina azy, fa ireo sisa (amin’ireo

miaramilany) kosa dia niverina amin'ny laharan'ny tsirairay, avy eo ny isam-batan'olona dia nandray ireo tadin-tsoavaliny ka samy nipetraka teo amin'ny alony avy.

Tamin'ny fotoan'ny 'Asr (ny tola'andro), dia nanome baiko i Houssayn (as) mba hiomana amin'ny fiaingàna. Avy eo izy dia niangavy ny mpanao azhan mba hiantso ho amin'ny fivavahana 'Asr, ary nanao izany izy, avy eo nanao ny iqamah. Houssayn (as) dia nankeo aloha ary nitarika ny fivavahana. Ary taorian'ny fahavitan'izany, dia nitodika tamin'ireo vahoaka izy, nidera sy nanome voninahitra an'i Allah, ka niteny nanao hoe:

« Ry vahoaka! Marina fa, raha ianareo no matahotra an'i Allah sy mahalala ny zon'ireo izay mendrika izany, dia ho faly aminareo i Allah. Izahay no fianakavian'ny Mpaminany (Ahl al-Bayt), izahay no tena manan-jo hanam-pahefana (wilayat) amin'izao raharaha (ny khilafat) izao eo aminareo noho ireo izay mihevitra ho manana izany zo izay tsy azy ireo izany no sady mampihatra eo aminareo ny haratsiam-panahy sy ny fanagejana. Raha ianareo no mankahala anay sy tsy mahalala ny zonay ary raha ny hevitrareo no samy hafa amin'izay nolazainareo tao amin'ireo taratasinareo izay tonga tamiko sy amin'izay nolazain'ireo irakareo taty amiko,

amin'izay fotoana izay aho dia hanalavitra anareo! »

Horr niteny taminy hoe: « Ifantàna amin'i Allah, fa izahay dia tsy mahalala ny fisian'izany taratasy tanisainao izany! »

Namaly i Houssayn (as) nanao hoe: « Ry 'Oqbah b. Sim'an, ento ireo kitapo anankiroa izay misy ireo taratasy nalefan'izy ireo tamiko. » Dia nentiny ireo kitapo anankiroa feno taratasy ka naparitany teo anatrehan'izy ireo.

Namaly i Horr hoe: « Izahay dia tsy mba anisan'ireo izay nanoratra ireo taratasy ireo taminareo. Izahay dia voairaka fotsiny fa raha mifanena aminareo dia ny hitondra anareo any Koufa ho eny amin'i 'Obaydollah! »

Namaly i Houssayn (as) hoe: « Ianao dia ho faty tokoa alohan'ny hitrangan'ny zavatra iray toy izany. »

Avy eo dia niteny tamin'ireo mpiray dia aminy izy hoe: « Mitsangana ianareo ary miakara eo amin'ny soavalinareo. »

Ary dia niakatra (teo amin'ireo soavaliny avy) izy ireo sy niandry an'ireo vehivavy ho tafakatra (teo amin'ny biby fitaingenany avy). Raha vao nikasa ny hiainga anefa izy ireo, dia ireo miaramilan' (i Horr) no nanakana azy ireo.

Nanohitra izany i Houssayn (as) niteny hoe: « Aoka anie ny reninao halahelo mafy amin'izay hanjo anao! Fa inona no ilainao?! »

Namaly izy: “ifantàna amin'i Allah, raha olona arabo hafa ankoatranao no niteny ahy izany, ary izy dia amin'ny toerana tahaka ny misy anao izao, dia tsy nialasala aho namaly azy hoe, ny reninao dia halahelo mafy amin'izay hanjo anao, ho teneniko izany amin'ny olona n'iza n'iza. Sangy ifantana amin'i Allah, izaho dia tsy afaka ny hiteny ny reninao (toy izany), fa mifanohitra amin'izany aza, dia ny filazana tsara indrindra araka izay azoko atao!”

Hoy izy namaly hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, izaho mila hitondra anao any amin'ny governora 'Obaydollah b. Ziyad! »

Namaly i Houssayn (as) hoe: « Raha izany kosa aloha dia ifantàna amin'i Allah fa, tsy hanaraka anao aho! »

Niteny hatrany i Horr hoe: « Raha izany, dia ifantàna amin'i Allah fa, tsy havelako ianao! »

Rehefa niakatra ny feo teo amin'izy ireo, dia hoy i Horr hoe: « Izaho dia tsy nahazo baiko ny hiady amina fa ny toromarika voaraiko dia ny tsy handao anao mandra-pitondrasako anao any Koufa. Raha mandà (ny hanaraka ahy) ianao, dia mizora amin'ny lalan-kafa izay tsy mitondra

anao mankany Koufa no sady tsy mamerina anao mankany Madina. Fifanarahana tsara eo amintsika roa izany (atolotro anao izany) mandra-panoratako ho an'ny governora, fa ianao kosa etsy andaniny dia manoratra ho an'i Yazid na ho an'i 'Obaydollah. Antenaiko fa i Allah dia hanome tombontsoa ho ahy sy fahafahana ary mba tsy ho voan'ny fitsapana amin'ny raharahanao anie aho. Mizora amin'ity lalana ity ianao, mankaty, mivilia avy eo ankavian'ny lalan 'i 'Ozayb sy Qadissiyyah. »

Izany no nitranga, raha mbola tao Zou Hossam izy ireo ary halavirana valo ambin'ny telopolo maila (refi-kalavirana = 1,609m) no nanasaraka azy ireo an'i 'Ozayb. Niainga tamin'ny diany i Houssayn (as), fa i Horr kosa dia nanaraka azy [eo akaiky].

LAHATENY IRAY Hafa Teo ANATREHAN'TREO NAMANY

Tao amin'io toerana io, izy dia nanao lahateny iray hafa teo amin'ireo mpanara-diany. Nidera sy nanome voninahitra an'i Allah izy ary niteny tamin'izy ireo hoe: « Izy no nametraka anay ho tra-doza arak'izao hitanareo rehetra izao. Izao tontolo izao dia niova, nitsipaka sy nanome lamosina ny hatsaram-panahy izy. Tsy misy ny mifikitra amin'izany. Tsy misy intsony ny tavela amin'izany afatsy ny iray sisa toy ny sisan'ny

rano tafajanona anatin'ny zinga iray. Ny olona tsy manjary no mivelona ao aminy, tahaka ny tany ratsy fiandrasam-biby. Tsy hitanareo angaha fa ny fahamarinana dia tsy misy manaraka, ary ny ratsy dia tsy misy manakana, amin'izay ny mpino dia mba ho afaka hihaona amin'ny Tompony mifanaraka amin'ny fahamarinana? Na izany na tsy izany, izaho dia tsy mahita ny fahafatesana afa-tsy fanekena ary ny fahavelomana eo anivon'ireo ratsy fanahy afa-tsy fahoriana. »

BAYDHAH

Tao Baydhah, i Houssayn (as) dia nanao lahateny teo anatrehan'ireo mpanara-diany sy ireo an'i Horr. Nidera sy nanome voninahitra an'i Allah izy ary niteny hoe: « Ry vahoaka, ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) dia nilaza hoe: "Na iza na iza mahita mpanjaka mpanageja izay milaza ho azo atao ny zavatra voararan'i Allah, izay manapaka ny teny napetrany teo amin'i Allah, izay manohitra ny fomba amam-panao (sonna) an'ilay Mpaminan'i Allah (fiadanana sy ny tsodrano anie ho aminy sy ny fianakaviany), izay mitondra an'ireo mpanompon'i Allah amin'ny famoretana sy ny tsy rariny ka ireto farany dia tsy mba manohitra izany amin'ny alalan'ireo fihetsika na ireo teny, dia mendrika

amin'i Allah ny mampihatra izay tokony hihatra aminy". Ireto vahoaka ireto ve tsy efa tafalatsaka ao amin'ny fankatoavana ny satana noho ny tsy fankatoavana an'Ilay Be Indrafo? Moa ve izy ireo tsy manageja ampahibemaso? Moa ve tsy nofoanan'izy ireo ny famaizana ara-pinoana? Moa ve tsy izy ireo no mandray tsy ara-drariny ny harena babo? Moa ve tsy nataon'izy ireo ho azo atao ireo zavatra voararan'i Allah ary nataon'izy ireo ho voarara ireo zavatra azo atao? Arak'izany ny tenako, izaho no mendrika kokoa noho ny hafa na iza na iza.

Ireo taratasinareo dia tonga tamiko, toy izany koa ireo irakareo nitondra ny fanekep-pankatoavanareo tamin'ny fanomezan-toky fa tsy handao ahy sady tsy hamadika ahy. Raha ianareo no mitazona hatramin'ny farany ny toky nomenareo, dia aoka ianareo hanatanteraka izany mazava tsara.

Izaho no Houssayn b. 'Ali, ilay zanak'i Fatima, zanakavavin'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). Izaho dia miaraka aminareo ary ny fianakaviako dia miaraka amin'ireo fianakavianareo. Amin'ny alalako, ianareo dia nahita olona iray fakan-tahaka.

Ary raha tsy manatanteraka izany ianareo, fa manapaka ny toky napetrakareo sy manaisotra

ny fanehem-pankatoavana nataonareo, dia mianiana amin'ny fiainako aho fa izany dia tsy vao sambany nataonareo. Ianareo dia efa nanao toy izany tamin'ny raiko, ny rahalahiko sy i Mouslim zanaky ny rahalahin-draiko! Voafitaka tokoa ilay nofitahinareo. Arak'izany, ny vokatr'izany eo aminareo dia ny fatiantoka ho anareo ary ianareo dia mandanilany foana ny anjaranareo. **{Izay mandika ny fianianana, dia mandika izany ho an'ny tenany ihany.}**¹ Allah dia hanome valisoa ho ahy noho ianareo. Ny fiadanana sy ny famindram-po ary ny tso-dranon'i Allah anie ho aminareo. »

Nanatona i Horr [hatreo amin'i Houssayn (as)] ka nanohy ny dia teo anilany ary hoy izy taminy hoe: « Ry Houssayn, mivavaka amin'i Allah ho anao aho, milaza marina aminao aho fa raha miady ianao dia ho faty, ary araka ny hevitra, raha maty ianao dia miteraka fatiantoka ho anao izany! »

Tezitra i Houssayn (as) ka niteny hoe: « Amin'ny alalan'ny fahafatesana no mba ampitahoranao ahy! Ianareo izany handeha hamono ahy! Tsy fantatro inona no holazaiko aminao, nefa izaho dia hilaza aminao ihany izay nolazain'ity lehilahy iray avy amin'ny fokon'ireo

¹ Ny Kor'âny masina 48:10

Awss ity tamin'ny zanaky ny rahalahin-drainy rehefa izy nifanena tamin'ity farany izay vonona handeha hanampy an'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany), nanao hoe: "Ho aiza ianao? Ho faty ianao!"

Hoy izy namaly azy hoe:

"Hanohy ny lalako ihany aho, [satria] ny fahafatesana dia tsy mba henatra ho an'ny tovolahy iray

Rehefa mitady ny fahamarinana izy, ka miady amin'ny mahasilamo azy

[Rehefa] izy mankahery ireo olona madio fo [mba hanao sorona] ny fiainany

Ary nilaozany ny mpanota, mpamadika sy ratsy fitondrantena" »

Teo ampandrenesana ireo teny¹ ireo, i Horr dia nihataka. Nanohy ny diany niaraka tamn'ireo namany tetsy andaniny izy, fa i Houssayn (as) kosa dia nandroso eo ankilany, mandrapahatongavana tao 'Ozayb al-Hijanat.

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: « ity resaka ity dia notantarain'i Moufid aorian'ireo lahateny roa tao Zou Hossam, raha toa kosa ka nitantara izany i Tabari aorian'ny lahatenin'ilay Imam ahitana ny hadith avy amin'ilay Mpaminany ka notaperina teo, ho solon'ireo lahateny roa tao Zou Hossam. »

'OZAYB AL-HIJANAT

Tao 'Ozayb al-Hijanat, olona efatra nitaingin-tsoavaly no tonga ary, izy ireo dia nitondra soavaly an'olona iray antsoina hoe Nafi' b. Hilal. Izy ireo dia niaraka tamin'ny mpitari-dalana azy ireo antsoina hoe Tirimmah b. 'Adi [izy koa dia] nitaingina ny soavaliny. Rehefa tonga teo amin'i Houssayn (as) izy ireo, dia namaky ho azy ireto an-dalana [tononkalo] manaraka ireto:

« Ry ramevaviko, aza manam-pahatahorana
amin'ny fitondrako mafy

[Haingana ianao ary] ento miverina aho
alohan'ny hiposahan'ny maraina mangiran-
dratsy

[Mankany] amin'ireo mpitaingin-tsoavaly
mendrika sy ny dia lavitra tsara indrindra

Mandra-pankasitrahanao ahy ho ilay olona
manana firazanana ambony

Ilay malaza, ilay olon'afaka, ilay mahery fo
Izay nirahin'i Allah mba [hanatanteraka] ny
iraka tsara indrindra

Arak'izany, Izy dia niaro azy mandrakizay »

Niteny i Houssayn (as) hoe: « Ifantàna amin'i
Allah fa, mino aho fa Izy dia nanapa-kevitra ny

tsara indrindra ho anay, na ho faty izahay na handresy! »

Horr b. Yazid nanatona an'i Houssayn (as) ka nilaza hoe: « Ireto olona izay vahoakan'i Koufa ireto, dia tsy anisan'ireo izay tonga hiaraka aminao, ka noho izany, dia hosamboriko izy ireo na horoahiko. »

Namaly i Houssayn (as) hoe: « Izaho dia hiaro azy ireo mitovy lanja amin'ny fiarovako ny tenako. Izy ireo dia mpanara-dia amiko sy havako. Ianao dia efa nanome antoka fa tsy hanelingelina ahy mandra-panoratan'Ibn Ziyad aminao. »

Horr: « Eny [marina izany], saingy izy ireo dia tsy tonga niaraka taminao. »

Houssayn (as): « Namako izy ireo ary sahala amin'ireo izay tonga niaraka tamiko. Hajao izay fifanarahana nisy teo aminao sy teo amiko [mba tsy hisian'ny olana], fa raha tsy izany dia hiady aminao aho. »

Arak'izany, i Horr dia tsy nanelingelina azy ireo.

Avy eo izy [i Houssayn (as)] niteny tamin'izy ireo hoe: « Ampahafantaro ahy ireo olona [izay navelanareo ao] aorianareo [amin'ireo vahoakan'i Koufa]? »

Mojamma' b. 'Abdallah al-A'aïzi - izay iray amin'ireo olona efatra tonga nanarak'azy - no namaly azy hoe: « Raha ireo loholona, izy ireo dia simba tanteraka ary ireo kitapon'izy ireo dia tena feno tokoa. Ny fahatsoran'izy ireo dia nobaboina ary ny fahafoizantenan'izy ireo dia nampiasaina amin'ny tombontsoan'i [Ibn Ziyad]. Izy ireo [ankehitryny] dia mitambatra avokoa mba hanohitra anao! Fa ireo olona sisa kosa, dia momba anao ny fon'izy ireo, saingy ireo sabatr'izy ireo dia hijoro hanohitra anao rahampitso! »

Houssayn (as): « Lazao ahy, moa ve ilay irako tonga taminareo? »

Nanontany izy ireo hoe: « Iza izany? »

Namaly izy hoe: « Qays b. Mouss-hir al-Saydawi. »

Niteny izy ireo hoe: « Eny, saingy nalefan'i Houssayn b. Tamim izy tany amin'Ibn Ziyad. Ity farany dia nandidy azy mba hanompa ny rainao, nefa izy nandefa tso-drano ho anao sy ny rainao fa nanozona an'Ibn Ziyad sy ny rainy. Niantso [ireo olona] izy mba hanampy anao sy nanambara tamin'izy ireo ny fahatongavanao. Nanome baiko mba hamonoana azy Ibn Ziyad. Koa dia nalatsaka avy teny ambony lapa izy! »

Nanjombona ireo mason'i Houssayn (as), ary tsy nahatazona ireo ranomasony izy, avy eo dia hoy izy hoe: « **{Misy tamin'izy ireny no efa nahatratra ny tanjony, ary ny sasany kosa mbola miandry; ary tsy mbola niova mihitsy izy ireo.}**¹ Ô ry Allah, ekeo ho anay sy ekeo ho azy ireo ny Paradisa mba ho fonenana, avorio izahay ary angony ihany koa izy ireo ao amin'ny toeran'ny Famindram-ponao, omeo anay sy omeo azy ireo ny valisoa mendrika irina voatahiry [eo akaikinao]. »

Ary dia nanatona an'i Houssayn (as) i Tirimmah b. 'Adi ka nilaza taminy hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, raha mijery anao aho, dia tsy mahita mihitsy olona miaraka amina. Ary na dia olon-kafa ankoatr'ireo hitako ireo syireo izay manaraka anao [ny tafik'i Horr] no tsy hiady amina, dia ampy izy ireo [ny hiady amina]. Tamin'ny izaho niala tao Koufa nisy andro iray izay, dia nahita tao ambadik'i Koufa olona maro be izay mbola tsy nahita olona vory tahak'izany ireto masoko tamin'io toerana io. Nanontany ny momba azy ireo aho. Nisy namaly ahy fa izy ireo dia navory mba hotsapaina avy izy ireo dia alefa hiady amin'i Houssayn. Koa miangavy mafy anao aho noho izany, arak'izay azonao hatao, mba tsy hanakaiky azy ireo, na dia zehy iray

¹ Ny Kor'âny masina 33:23

fotsiny aza. Raha mety aminao, dia mandehana ianao any amin'ny tanàna izay hiarovan'i Allah anao mandra-pandraisanao fanapahan-kevitra sy hahazava kokoa aminao ny tokony hataonao. Araho aho mba hitarihako anao hialoka any antendrombohitra iray antsoina hoe "Aja" aorian'izay, dia hiaraka aminao aho mandra-panaterako anao any "al-Qorayyah". »

Namaly i Houssayn (as) hoe: « Allah anie hanome anao sy ireo olonao valisoa tsara tokoa! Misy fifanarahana teo amin'ireto olona ireto sy izahay, izay mitazona anay ka noho ny antony izany no tsy ahafahanay mandeha. Ary tsy fantatro ahoana ny fiafaran-javatra eo amin'izy ireo sy eo aminay! »

Tirimmah b. 'Adi dia nitantara hoe: « Nataoko veloma izy sy niteny taminy hoe: "Allah anie hiaro anao amin'ny ratsy ataon'ireo jiny sy ireo olombelona". »¹

¹ Fanamarihan'ny mpikaroka: Ny tohiny sy ny faran'ilay tantara dia toy izao:

[Hoy i Tirimmah hoe]: « Izaho dia nivatsy sakafo avy tao Koufa ary miaraka amiko aty ireo sakafon'ny fianakaviako. Andeha hanatitra izany amin'izy ireo aho fa avy eo aho miverina aminao raha sitrak'i Allah. Raha manaraka anao aho, dia ifantàna amin'i Allah fa, ho anisan'ireo mpanampy anao. »

QASR BANI MOQATIL

Houssayn (as) dia nanohy [ny lalany] mandrapahatongavana tao Qasr Bani Moqatil¹.

Nijanona tao izy ary tranolay iray lehibe no natsangana teo.

Nanontany izy hoe: « An'iza ity tranolay lehibe ity? »

Nisy namaly azy hoe: « An'i 'Obaydollah b. Horr al-Jo'fi. »

Hoy izy: « Antsoy izy. » Noho izany dia nandefa iraka tany aminy izy.

Rehefa tonga teo aminy ilay iraka, dia hoy izy taminy: « Houssayn b. 'Ali miangavy anao mba ho tonga any aminy. »

Houssayn (as) namaly hoe: « Raha tapa-kevitra [hanao izany] ianao dia mandehana haingana, i Allah anie hamindrafo aminao. »

Hoy izy nitantara: « Nony tonga tao amin'ny fianakaviako aho, dia napetrako teo amin'izy ireo izay tokony ilain'izy ireo, nolazaiko tamin'izy ireo ny faniriako ary nazavaiko izay tiako hatao. Avy eo dia niainga aho mandra-pahatongavako manakaiky an'i 'Ozayb al-Hijanat, tao i Sama'ah b. Badr no nitsena ahy sy nanambara tamiko ny fahafatesany (i Houssayn). Noho izany dia niverin-dalana aho. »

¹ Fanamarihan'ny mpikaroka: Ao amin'ny Mo'jam dia nolazaina fa ity toerana ity dia hita eo anelanelan'i al-Qorrayyat, al-Qotqotana sy 'Ayn al-Tamr.

Namaly i 'Obaydollah b. Horr hoe: « Marina fa isika dia an'i Allah, ary any Aminy no hiverenantsika! Ifantàna amin'i Allah fa, izaho irery no nandao an'i Koufa noho ny fandavana an'i Houssayn (as) hiditra any ka izany no antony maha-eto ahy izao. Ifantàna amin'i Allah fa, izaho tena marina dia tsy maniry ny hahita azy na izy no hahita ahy! »

Niverina [tany amin'i Houssayn (as)] ilay iraka ary nampahafantatra azy ny vaovao. Nandray ireo kapany i Houssayn (as), notafiany izany, avy eo dia nitsangana ka lasa nijery azy. Niditra [tao amin'ilay tranolay] izy, niarahaba azy, nipetraka, ary dia niangavy azy mba hitsangana handeha hiaraka aminy. Nefa Ibn Horr dia namaly tamin'ny alalan'ireo teny ireo ihany!

Niteny i Houssayn (as) hoe: « Raha ianao no tsy te-hanampy anay tokoa, dia mba matahora an'i Allah ary aoka mba tsy hiaraka amin'ireo izay miady aminay. Ifantàna amin'i Allah fa, izay mahare ny antsoantsonay nefa izy tsy tonga mba hanampy anay dia ho levona. » Avy eo dia nitsangana izy ka lasa nandeha.

'Oqbah b. Sim'an dia nitantara hoe: « Tamin'ny faran'ny alina, i Houssayn (as) dia nanome baiko mba hameno rano, sy niangavy

anay mba hanainga ny dia. Dia notanterahina izany.

Rehefa izahay no niala tao Qasr Bani Moqatil sy nandroso kelikely, dia rendremana i Houssayn (as) ary dia nitolefika moramora ny lohany noho izany harendremany izany, avy eo dia taitra izy ka niteny hoe: “Marina fa isika dia an’i Allah ary any Aminy no hiverenantsika. Dera ho an’i Allah, Tompon’izao tontolo rehetra izao.” Naverimberiny in-droa na in-telo izany.

Ilay zanany, i ‘Ali b. Houssayn (as) dia niroso haingana eo ambony soavaly hatreo aminy sy nanontany azy nanao hoe: “Marina fa isika dia an’i Allah ary any Aminy no hiverenantsika. Dera ho an’i Allah, Tompon’izao tontolo rehetra izao. Ry raiko, ataoko sorona ho anao anie ny tenako, ahoana ianao no nidera ny Tompo sy niteny hoe “Marina fa isika dia an’i Allah ary any Aminy no hiverenantsika”?”

Hoy izy hoe: “Ry zanako, ny lohako dia nitolefika moramora noho ny harendremana, miaramila an-tsoavaly iray niseho tamiko ka nilaza hoe: “Ireto olona ireto dia miroso hatrany nefa ny fahafatesana dia manatona azy ireo.” Mazava amiko tamin’izay fotoana izay fa izy dia manambara amintsika ny fahafatesantsika marina.”

Hoy izy [i 'Ali b. Houssayn (as)] taminy hoe: "Ry raiko-ho voaaro amin'ny haratsiana anie ianao-, moa ve isika tsy ao anatin'ny fahamarinana?!"

Namaly izy hoe: "Eny tokoa moa izany, [mianiana aho] amin'ilay any Aminy no hiverenan'ireo mpanompo."

Hoy izy [i 'Ali b. Houssayn (as)] hoe: "Ry raiko, amin'izay fotoana izay, dia tsy misy ny mampiahiahy antsika. Isika dia ho faty ao anatin'ny fahamarinana."

Hoy izy taminy: "Allah anie hanome anao valisoa tsara indrindra izay omeny ny zanaka mendrika mba [ho tombontsoan'] ny rainy."

Rehefa niposaka ny maraina mangirandratsy, dia nijanona izy ary nanatanteraka ny vavaka maraina. Niverina niakatra haingana [teo ambony soavaliny] izy ary nanohy ny diany niaraka tamin'ireo namany mba hanalavitra [an'ireo miaramilan'i Horr]. Nefa i Horr b. Yazid sy ireo namany dia nanatratra azy ireo mba hamerina azy ireo ary rehefa ity farany no nitady hamerina azy ireo ho any Koufa an-kasiahana, dia nikiry izy ireo ary naharesy tosika azy. Taorian'izany, dia lasa izy ireo nanohy ny dian'izy ireo mandra-pahatongavana tao Naynawa. »

NAYNAWA

Ity no toerana izay nijanonan'i Houssayn (as). Indro, avy lavitra, miaramila an-tsoavaly iray avy tany Koufa no nanatona eo ampitaingenana ny soavaliny, miaraka amin'ny fitaovam-piadiana sy fitifirana zana-tsipika teo amin'ny sorony. Niato ny rehetra ary niandry azy. Nony tonga anefa izy, dia niarahaba an'i Horr b. Yazid sy ireo namany, fa tsy niarahaba akory an'i Houssayn (as) sy ireo namany. Natolony an'i Horr ny taratasy iray avy tamin'i 'Obaydollah b. Zyad izay nanoratany toy izao:

« Raha vao voarainao ny taratasiko ary tonga any aminao ilay irako, dia sakano ny lalan'i Houssayn ka aza avela hijanona izy raha tsy efa tonga amin'ny toerana malalaka, tsy misy aloka sy rano. Nomeko baiko ilay irako mba hanaraka anao akaiky sy tsy hisaraka aminao mandrapilazany vaovao amiko fa notanterahinao an-tsakany sy an-davany tokoa ireo baikoko. Fiadanana ho anao. »

Taorian'ny namakiana ilay taratasy, dia hoy i Horr tamin'izy ireo: « Ity taratasin'ny governora 'Obaydollah, manome baiko ahy mba hanakana ny lalanareo amin'izay toerana nahazoako ny taratasiny. Ity ilay irany izay nomeny baiko tsy hamela ahy raha tsy notanterahiko an-tsakany sy an-davany ireo toromarika sy ireo baikony. »

[Abou] Sha'tha Yazid b. Ziyad al-Mohassir al-Kindi al-Bahdali nitodika nankany amin'ilay irak'i 'Obaydollah b. Ziyad, nanatrika azy sy niteny hoe: « Tsy ianao ve i Malik b. Noussayr al-Baddiy avy amin'ny [fokon'ireo] Kindah? »

Namaly izy hoe: « Eny. »

Yazid b. Ziyad niteny taminy hoe: « Aoka anie ny reninao hitomany amin'alahelo amin'ny mombanao. Inona no nentinao? »

Namaly izy hoe: « Izay nentiko ve?! Izaho dia mankato ny imam lehibeko ary manaja ny fanekem-pankatoavana nataoko taminy aho! »

Abou Sha'tha dia namaly hoe: « Tsy mankato ny Tomponao ianao kanefa dia mankato ny imam lehibenao izay mitarika any amin'ny fahaverezanao. Arak'izany, ianao dia hahazo fahafaham-baraka sy afoben'ny [helo]! Allah, Ilay Tsitoha sy Mahery, dia nilaza hoe: {**Misy amin'izy ireo nataonay ho mpitarika izay miantso ireo olona ho any amin'ny afobe, ary any amin'ny andron'ny Fitsanganana, izy ireo dia tsy voavonjy.**}¹ Izany no imam lehibenao! »

Noteren'i Horr b. Yazid ireo olona mba hidina amin'ity toerana izay tsy misy rano sy tanàna ity. Niteny àry izy ireo hoe: « Avelao izahay hidina

¹ Ny kor'àny masina 28:41

amin'ity tanàna ity, izany hoe i Naynawa, na itsy tanàna itsy, izany hoe i al-Gadhiriyyah, na koa iry tanàna iry, izany hoe i Shofayyah. »

Namaly izy hoe: « Tsia! Ifantàna amin'i Allah fa, tsy afaka hanao izany aho. Indro ilay olona izay nirahina mba hanaramaso ahy. »

Zohayr b. Qayn nilaza taminy [Houssayn (as)] hoe: « Ry zanak'ilay Irak'i Allah, ny miady avy hatrany no mora kokoa amintsika amin'izao toe-javatra izao noho izay hitranga amintsika. [Ianianako] amin'ny fiainako, fa aorian'izao zavatra [manoloana anao] hitanao izao, dia ho avy eto amintsika [andian-tafika iray] ka tsy afaka ny hanohitra izany isika. »

Namaly azy i Houssayn (as) hoe: « Izaho dia tsy mba ilay olona hanangana ady. »

Zohayr b. Qayn nilaza taminy hoe: « Andao isika ho any amin'iry tanàna iry mba hijanonao any. Hanome fialofana [ho antsika] izy no sady mba eo amoron'i Eofrata. Koa raha manakana antsika izy ireo dia hiady amin'izy ireo isika satria ny miady amin'izy ireo no mora kokoa ho amintsika noho ny miady amin'ireo izay ho avy aorian'izy ireo. »

Nanontany azy i Houssayn (as) hoe: « Iza io tanàna io? »

Namaly izy hoe: « Io dia i 'Aqr. »

Hoy i Houssayn (as) hoe: « Ô Allah, izaho dia managataka fiarovana avy Aminao amin'i 'Aqr. »

Avy eo dia nidina izy, andro alakamisy tamin'izay, andro faharoan'ny volana Moharram taona faha-61 n'ny Hijra.

Ny ampitson'iny [3 Moharram], i 'Omar b. Sa'd b. Abi Waqqas no nanaraka azy avy tany Koufa niaraka amin'ireo [miaramila] efatra arivo.

TOKO FAHENINA

IBN SA'D TONGA NIHAONA

TAMIN'I HOUSSAYN

Ny antony fahatongavan'Ibn Sa'd hihaona amin'i Houssayn (as) dia noho i 'Obaydollah b. Ziyad nandefa haingana [voalohany indrindra] miaramila efatra arivo avy amin'ireo vahoakan'i Koufa mba ho any Dastabay¹ miaraka aminy, satria [ireo vahoakan'i] Daylam dia nitsangana nanohitra an'ireo tao Dastabay ka naharesy tosika azy ireo. Ibn Ziyad dia nampanantena antsoratra an'Ibn Sa'd fa hanolotra azy ho governoran'i Ray ka nibaiko azy mba handeha [hiady amin'izy ireo].

Noho izany, dia nandeha izy niaraka tamin'ireo olona miaramilany nankany Hammam Aa'yan², nefarehefa nitranga ny raharaha mikasika an'i Houssayn (as) ary tamin'izy ['Omar b. Sa'd] tonga tao Koufa, dia niantso azy Ibn Ziyad sy nilaza taminy hoe:

¹ Fanamarihan'ny mpikaroka: Faritany lehibe manelanelana an'i Hamdan sy i Ray izay taty aoriana natao ho faritr'i Qazwine.

² Fanamarihan'ny mpikaroka: Faritra manodidina an'i Koufa izay tao no nananan'i 'Omar b. Sa'd ny hammam iray niadidian'i Aa'yan mpanompony.

« Mankanesa any amin'i Houssayn (as) ary rehefa vitanao [ny mandamina] ny olana misy eo aminy sy amintsika, dia nahavita ny asanao ianao. »

'Omar b. Sa'd niteny hoe: « Raha mihevitra ianao fa afaka ny hanafaka ahy dia ataovy izany, Allah anie hamindrafo aminao. »

Niteny taminy i 'Obaydollah hoe: « Eny am-pitiavana tokoa, fa kosa miankina amin'ny famerenanao aminay ilay fampanantenanayvoasoratra. »

Rehefa nilaza izany taminy izy, dia hoy i 'Omar b. Sa'd hoe: « Manomeza andro iray ho ahy ianao mba hieritreretako. »

Lasa niainga i 'Omar b. Sa'd ka nandeha naka hevitra tamin'ireo mpanolo-tsainy. Izay rehetra nakany hevitra dia namporisika azy mba tsy hanao izany.

Hamza b. Moughira b. Sho'ba -izay zanaky ny anabaviny- dia tonga nihaona sy nilaza taminy hoe: « Ry anadahin-dreni[ko], izaho dia miangavy mafy anao amin'i Allah, mba tsy handeha hitarika hanohitra an'i Houssayn (as) fa raha tsy izany ianao dia hanohitra ny Tomponao ary hanapaka ny fihavananao ianao! Ifantàna amin'i Allah fa, raha ianao no tsy maintsy mandao ireo harena sy [ny fitondrana] ny

fanjakana manerana ny tany rehetra -amin'ny fiheverana fa anao izy ireo- dia izany no tsara indrindra noho ny fihaonana amin'i Allah miaraka amin'ny rà'n'i Houssayn [eo ampelantanana]! »

'Omar b. Sa'd niteny hoe: « Hanao izany aho, raha sitrak'i Allah. »

Ny tantara mitohy an'i Abou Mikhnaf notantarain'i Tabari dia nitsahatra eto ary nitohy indray manomboka amin'ny fahatongavan'Ibn Sa'd tao Karbala. Tabari no nameno izany banga izany tamin'ny alalan'ireo tantara notantarain'i 'Awanah b. Hakam, ary izany moa dia tena ilaintsika fatratra tokoa mba hanohizana ireo zava-nitranga.

Hisham dia nitantara hoe: « 'Awanah b. Hakam, [dia nitantara] avy tamin'i 'Ammar b. 'Abdallah b. Yassar al-Johani, [izay nitantara ihany koa izyavy tamin'ny] rainy, nilaza hoe:

“Tonga nihaona tamin'i 'Omar b. Sa'd aho raha nisy nanome baiko azy mba hizotra ho any amin'i Houssayn (as). Hoy izy tamiko hoe: “Ny governora no nibaiko ahy mba hizotra ho any amin'i Houssayn, nefa izaho dia nandà izany taminy.”

Niteny taminy aho hoe: “Allah dia te hitsapa anao. Aoka anie Izy hitari-dalana anao. Aza

manaiky ianao. Aza manao izany sady aza mankany!""

Nanohy ny teniny izy [i 'Abdallah b. Yassar] hoe: "Nandeha niala teo aho, raha nisy olona iray tonga nihaona tamiko sy nilaza hoe: "Indro i 'Omar b. Sa'd izay mitaona ireo olona [mba hiady] hanohitra an'i Houssayn (as).""

Nilaza izy [i 'Abdallah b. Yassar] hoe: "Niverina indray aho [nihaona taminy], nipetraka izy fa nony nahita ahy izy dia nahodiny ny tarehiny. Fantatro avy hatrany tamin'io fotoana io fa izy dia nanapa-kevitra ny handeha ho any amin'i Houssayn. Noho izany dia nilaozako ireo toerana ireo."

Nilaza izy [i 'Abdallah b. Yassar] hoe: "'Omar b. Sa'd dia nandeha nihaona tamin'Ibn Ziyadka niteny taminy hoe: "Allah anie hanasoa anao, ianao dia nanome andraikitra ahy hanao an'ity iraka ity sy nampanantena ahy an-tsoratra ilay fifanarahana [ho governoran'i Ray], ireo vahoaka dia mahalala izany. Nohoizany, raha mihevitra ianao fa hanatanteraka izany, dia ataovy ary alefaso miaraka amin'ity tafika ity hiady amin'i Houssayn ireo loholon'i Koufa, izay tsy mba mahery fo sy tsy matanjaka amin'ny ady noho izaho." Avy eo izy dia nanendry olona sasantasany.

Namaly azy Ibn Ziyad hoe: “Aza mampianatra ahy iza ireo loholon’i Koufa ireo. Ary koa, izaho dia tsy nangataka ny hevitrao mikasika izay olona tokony halefako. Noho izany dia na ianao mandeha miaraka amin’ireo miaramilanay ireo, na ianao mamerina aminay ilay fampanantenanay [voasoratra]!”

Rehefa tsapany (Ibn Sa’d) fa nikiry izy dia hoy izy taminy hoe: “‘Andao àry fa, handeha aho.’”

[FAHATONGAVAN’I ‘OMAR B. SA’D TAO KARBALA]

Nilaza izy [i ‘Abdallah b. Yassar] hoe: “Niainga izy niaraka tamin’ireo olona efatra arivo mandra-pahatrarany an’i Houssayn, izany moa, dia ny ampitson’ny nahatongavan’ity farany tao Naynawa.”

Nilaza izy [i ‘Abdallah b. Yassar] hoe: “‘Omar b. Sa’d te-haniraka an’i ‘Azarah b. Qays al-Ahmassi ho any amin’i Houssayn (as) ary hiangavy aminy hoe: “Mandehana jereo izy ary hanontanio azy inona no hahatongavany aty. Inona no ilainy?” Nefa i ‘Azarah dia anisan’ireo izay nanoratra ho an’i Houssayn, ka menatra izy ny handeha hihaona aminy.

Nilaza izy [i ‘Abdallah b. Yassar] hoe: “Izy [Ibn Sa’d] dia nanolotra izany hevitra izany tamin’ireo lehibe izay nifandray taminy, nefa

nandà izany ny rehetra ka samy naneho ny fitsipahan'izy ireo."

Nilaza izy [i 'Abdallah b. Yassar] hoe: "Kathir b. 'Abdallah al-Sha'bi-izay miaramila mafana fo sy tsy miverin-dàlana amin'ny loza- no nitsangana, nanatona azy ary niteny hoe: "Izaho no handeha hijery azy. Ifantàna amin'i Allah fa, raha sitrakao, dia hovonoiko izy."

'Omar b. Sa'd niteny hoe: "Tsy ilaiko ny hamonoanao azy. Ny ilaiko fotsiny dia ianao mandeha mihaona aminy mba hanontany azy izay antony nahatongavany.""

Nilaza izy [i 'Abdallah b. Yassar] hoe: Lasa izy nijery azy. Rehefa i Abou Thamamah al-Saïdi no nahatazana azy, dia hoy izy tamin'i Houssayn (as) hoe: "Allah anie hanao soa aminao ry Aba 'Abdillah! Ilay tena ratsy indrindra amin'ireo voahary, ilay tena mandoza amin'ny fandatsahan-drà sy ilay tena tsy valahara amin'ity tany ity no indro tonga hijery anao."

Avy eo izy [i Abou Thamamah] nanatona azy ka niteny hoe: "Avelao ny sabatrao."

Namaly izy [i Kathir b. 'Abdallah] hoe: "Tsia, ifantàna amin'i Allah, [izany dia ho] tsy amimpanajana. Izaho dia iraka fotsiny, noho izany raha avelanareo aho hiteny dia holazaiko aminareo ny

antony nanirahana ahy aty aminareo, fa raha tsy izany dia hiverina aho.”

Niteny taminy izy [i Abou Thamamah] hoe: “Ho tazomiko ny tranon-tsabatrao ary avy eo ianao vao miteny izay tianao.”

Namaly anefa izy [i Kathir b. ‘Abdallah] hoe: “Tsia, ifantàna amin’i Allah, aza mikasika izany ianao!”

Niangavy azy izy [i Abou Thamamah] nanao hoe: “Lazao ahy ny hafatra izay nentinao ary izaho no hampita aminy izany avy aminao, fa izaho dia tsy hamela anao hanatona azy [satria] ianao [olona] mpanao ratsy!”

Nifanome teny ratsy teo izy ireo, avy eo izy [i Kathir b. ‘Abdallah] niverina tany amin’i ‘Omar b. Sa’d ka nitantara taminy ny zava-niseho.

Nilaza izy [i ‘Abdallah b. Yassar] hoe: “Nantsoin’i ‘Omar i Qorrat b. Qays al-Hanzali ary hoy izy taminy hoe: “Ry Qorrat [malalako]! Mandehana jereo i Houssayn ary hanontanio azy ny mahatonga azy avy aty. Ary inona no ilainy?””

Nilaza izy [i ‘Abdallah b. Yassar] hoe: “Nandeha nijery azy izy. Rehefa nahatazana azy tonga i Houssayn dia nanontany hoe: “Fantatrareo ve izy?”

Habib b. Mozahir no namaly hoe: “Eny, izy dia olona avy amin’ny Hanzalah, iray amin’ny Tamimi. Zanaky ny anabavinay izy. Fantatro izy amin’ny fananany fahakingan-tsaina. Tsy mba noeritreretiko tokoa ny fandraisany anjara amin’ity trangan-javatra ity.””

Nilaza izy [i ‘Abdallah b. Yassar] hoe: “Tonga izy, niarahaba an’i Houssayn (as) sy nampita taminy ilay hafatr’i ‘Omar b. Sa’d.”

Niteny i Houssayn (as) hoe: “Ireo olona ao amin’ity tanànanareo -ity mihitsy- no nanoratra tamiko niangavy ahy mba ho tonga. Nefa raha manome tsiny ahy ianareo dia handeha aho hanalavitra anareo.”

Nilaza izy [i ‘Abdallah b. Yassar] hoe: “Lasa niverina any amin’i ‘Omar b. Sa’d izy ka nanambara taminy izay zava-misy.”

Nilaza izy [i ‘Abdallah b. Yassar] hoe: “Niteny taminy i ‘Omar b. Sa’d hoe: “Mino aho fa i Allah dia hamela ahy hiady aminy sy hanohitra azy.”

Avy eo izy nanoratra ho an’Ibn Ziyad arak’izao teny izao:

Eto, no mifarana ny fitantarana notantarain’ny mpitantara ankoatr’i Abou Mikhnaf.

ILAY TARATASIN'I 'OMAR B. SA'D HO AN'IBN ZIYAD

Ny taratasin'i 'Omar b. Sa'd dia tonga tao amin'i 'Obaydollah b. Ziyad, izay nahitana soratra mivaky toy izao:

« Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay Be Indrafo.

Rehefa nanatratra an'i Houssayn aho, dia nandefa ny irako taminy mba hanontany azy izay antony hahatongavany, izay tiany hatao sy izay tiany hangatahina. Namaly ahy izy hoe: "Ireo olona amin'ity tanàna ity dia nanoratra tamiko ary ireo irak'izy ireo dia niangavy ahy mba ho avy, ka izany no tanterahiko izao. Nefa kosa, raha manome tsiny ahy izy ireo sy manomana zavatra hafa ankoatr'izay nampitain'ireo irak'izy ireo tamiko, dia handeha aho hanalavitra azy ireo." »

Rehefa avy novakiana teo amin'Ibn Ziyad ilay taratasy, dia nilaza [izao an-dalana tononkalo manaraka izao] izy:

"Ankehitriny ireo hohonay dia nahasambotra
azy

Nitady lalana mba hivoahana amin'izany izy,
nefa efa tara loatra ny handosirana." »

VALINY AVY AMIN'IBN ZIYAD HO AN'IBN SA'D

Izy dia nanoratra ho an'i 'Omar b. Sa'd:

« Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay Be Indrafo.

Voaraiko soa aman-tsara ny taratasinao ary mazava amiko tsara izay voalazanao. Teneno i Houssayn sy ireo namany mba hanao fanekem-pankatoavana an'i Yazid b. Mo'awiyah. Raha manao izany izy dia hohitako eo izay fanapahan-kevitra horaisina. »

Nony voarain'i 'Omar b. Sa'd ilay taratasy, dia hoy izy: « Tsapako fa Ibn Ziyad dia tsy hanaiky ny filaminana. »

FIHAONANA TEO AMIN'IBN SA'D SY ILAY IMAM (AS)

Houssayn (as) dia naniraka an'i 'Amr b. Qarazah b. Ka'b al-Ansari ho any amin'i 'Omar b. Sa'd, hiangavy azy hoe: « Tongava mihaona amiko androany hariva miaraka amin'ny miaramilanao sy ny ahy. »

Tonga i 'Omar b. Sa'd niaraka tamin'ireo miaramila an-tsoavaly miisa roapolo eo ho eo ary tonga koa i Houssayn (as) niaraka tamin'ireo mpitaingin-tsoavaly mitovy isa amin'izany. Rehefa nihaona izy ireo, dia niangavian'i

Houssayn (as) ireo namany mba hanalavitra azy. Nanao toy izany koa i 'Omar b. Sa'd tamin'ireo namany.

Niresaka naharitra izy ireo hany ka lasa ny ampahan'ny alina, avy eo ny tsirairay tamin'izy ireo niverina tao amin'ny tobiny avy niaraka tamin'ireo namany [andaniny sy nyankilany].

Ireo olona dia mitantara zavatra mikasika izay resaka nifanaovan'izy ireo, amin'ny fiheverana fa i Houssayn (as) dia mety nilaza tamin'i 'Omar b. Sa'd hoe: « Andao hiaraka amiko hihaona amin'i Yazid b. Mo'awiyah ka aoka avelantsika ireo miaramila roa tonta. » 'Omar b. Sa'd dia ho namaly hoe: « Ny tranoko dia ho rava. » Ho nilaza izy hoe: « Izaho no hanorina azy [indray] ho anao. » Ho niteny izy hoe: « Ny harenako dia horavaina amiko. » Ho namaly izy hoe: « Homeko anao ny tsara indrindra amin'ny harenako ao Hijaz. » Saingy i 'Omar no mety ho nanohitra izany.

Ireo olona dia nitantara an'ity resaka ity izay niely tokoa teo amin'izy ireo, nefa izy ireo dia tsy mba naheno na inona na inona akory, no sady tsy nahalala akory [ireo resaka tena marina].

Izy ireo [ireo mpitantara¹] dia nitantara hoe:
« Nilaza izy [i Houssayn (as)] hoe: “Safidio ho
ahy ny iray amin’ireto tolo-kevitra manaraka
ireto:

Na izaho miverina any amin’izay niaviako.

Na izaho hametraka ny tanako eo amin’ny
tànàn’i Yazid b. Mo’awiyah mba hanapahany
hevitra amin’izay tsy maintsy hitranga eo aminy
sy amiko.

Na entinareo aho any amin’izay tianareo, ao
amin’iray amin’ireo faritanin’ireo mpanara-dia
ny finoana silamo: dia any aho hiaina toy ny
olona mpanara-dia ny finoana silamo rehetra
izay manana ireo zo sy adidy mitovy amin’ny
rehetra ihany.” »

‘Oqbah b. Sim’an dia nitantara toy izao:
« Izaho dia niaraka tamin’i Houssayn (as)
nanomboka niaingako niaraka taminy niala tao
Madina mandra-pahatongavana tao Lameka, sy
avy tao Lameka hatrany Irak. Izaho dia tsy
nandao azy hatramin’ny nahamaritiora azy. Tsy
misy na dia teny iray monja aza tamin’ireo
lahateniny teo anatrehan’ireo olona na izany tao

¹ Fanamarihan’ny mpikaroka: Notantarain’i Tabari dia hoe:
« Abou Mikhnaf dia niteny hoe: “Mojalid b. Sa’id sy i Saq’ab
b. Zohayr al-Assadi sy ireo hafa ao amin’ny vondron’ireo
mpitantara dia nilaza (...)” »

Madina, tao Lameka, teny an-dalana, tao Irak na nanoloana ny miaramilany hatramin'ny andro nahamaritiora azy ka tsy reko. [Ianianako] amin'i Allah fa, izy dia tsy niteny mihitsy ireo resaka izay notantarain'ireo olona ireo sy izay heverin'izy ireo, toy ny hoe izy hono dia nanolo-kevitra ny hametraka ny tanany eo amin'ny tanan 'i Yazid b. Mo'awiyah na izy ireo hono hitondra azy any amin'iray amin'ireo faritanin'ireo mpanara-dia ny finoana islamo. Saingy niteny izy hoe; "Avelao aho handeha any amin'izay tiako amin'ity tany midadasika ity mba hitazanako ny fivoaran'ny fiainan'ny vahoaka." »

TARATASY FAHAROA AVY TAMIN'I 'OMAR B. SA'D HO AN'IBN ZIYAD

'Omar b. Sa'd dia nanoratra ho an'i 'Obaydollah b. Ziyad:

« Allah dia namono ny afo, nampiray ny lahateny sy nandamina ny olana mianjady amin'ity "oumma" ity. Indro i Houssayn fa nampanantena ahy mba hiverina any amin'ny toerana izay niaviany na koa ho any amin'iray amin'ireo faritanin'ireo mpanara-dia ny finoana islamo raha sitrakay izany. Amin'izay izy dia ho toy ny mpanara-dia ny finoana islamo rehetra manana ireo zo sy ireo adidy tahak'azy ireo, na ihany koa, handeha izy hihaona amin'i Yazid,

ilay lehiben'ireo mpino, mba hifandray tanana aminy ka ity farany no hanapa-kevitra mikasika azy ireo. Ao amin'ity safidy ity noho izany no ahitana fahafaham-po sy ny tombontsoan'ny "oumma". »

Rehefa namaky ilay taratasy i 'Obaydollah, dia hoy izy: « Izany no taratasin'olona mpanaja ny governorany, miahy ny [fahasoavan'ny] vahoaka. [Arak'izany] dia eny, ekeko [ity hevitra ity]. »

Shimr b. Zil-Jawshan dia nitsangana, nanatona azy ka nilaza hoe:

« Ekenao aminy ve izany kanefa izy dia tonga tao amin'ny taninao, teo anilanao! Ifantàna amin'i Allah, fa raha mankany aminao izy ka tsy mifandray tanana aminao, dia tsy isalasalana fa hatanjaka sy hahery kokoa izy, fa ianao kosa dia halemy kokoa sy tsy hanan-kery. Aza manome ho azy io safidy io satria hakanosana izany. Fa ny mifanohitra amin'izany no atao, dia ampiondreho izy sy ireo namany, amin'ny fahefanao. Raha faizinao izy, dia ianao no manapa-kevitra sy manafay ary raha mamela azy ianao, dia ianao no manatanteraka izany. Ifantàna amin'i Allah fa, nisy nilaza tamiko fa i Houssayn sy i 'Omar b. Sa'd dia niara-nipetraka teo anelanelan'ireo toby anankiroa ka niaraka

nifanakalo hevitra nandritra ny ampahany lava tamin'ny alina! »

Hoy Ibn Ziyad taminy hoe: « Tsara dia tsara ny hevitrao! Marina ny voalazanao. »

TARATASY FAHAROA AVY TAMIN'IBN ZIYAD HO AN'IBN SA'D SY NY VALINY

Arak'izany, i 'Obaydollah b. Ziyad dia nanoratra ho an'i 'Omar b. Sa'd hoe:

« Izaho dia tsy nandefa anao ho any amin'i Houssayn mba hanaovanao ny fisorohana [amin'ny ady], na mba hanomezanao azy fotoana na fanantenana mba hitsoaka, na koa handry fahalemana. Na mba hiondrehanao ho tombontsoanymba hanao fanelanelanana ho azy eo anatrehako (...). Arak'izany dia jereo i Houssayn sy ireo namany raha toa ka mankato ny fahefana sy manolo-tena izy ireo. Alefaso aty amiko velon'aina izy ireo. Fa raha mitsipaka izy ireo, dia tafiho izy ireo mandra-pahafatiny ary potipoteho izy ireo [ny vatan'izy ireo] satria izy ireo dia mendrika izany! Rehefa maty i Houssayn dia hosihoseo amin'ireo kitron-tsoavaly ny tratrany sy lamosiny! Satria izy dia zanaka mpikomy, misara-kevitra amin'ny maro, [olona] izay manapaka ireo fifandraisana, mpanageja! Tsy itadiavako na iza na iza ny hanatanteraka izany fihetsika [fanapotipotehana] izany satria

tsy misy afaka hampijaly aorian'ny fahafatesana afa-tsy izaho izay efa nanao fampanantenana hoe: "Raha matiko izy dia hampisedraiko azy izany!" Raha tanterahinao ny baikonay mikasika azy, dia homenay anao ny valisoa mitovy lenta amin'ny omena an'izay nankato tsy nisy adi-hevitra. Fa raha mandà ianao, dia avy hatrany mialà amin'ny raharahanay sy ireo miaramilanay ianao ka avelao i Shimr b. Zil-Jawshan no handray an-tànana ny tafika fa efa nomenay baiko izy mba hanatanteraka ny raharahanay. Fiadanana anie ho anao. »

'Obaydollah b. Ziyad nampiantso an'i Shimr b. Zil-Jawshan ka nilaza taminy hoe:

« Mandehana any amin'i 'Omar b. Sa'd miaraka amin'ity taratasy ity, ka aoka izy mba hilaza amin'i Houssayn sy ireo namany mba hankato ny fahefahako. Raha izy ireo no manaiky izany dia aoka izy handefa azy ireo velon'aina aty amiko fa raha mandà izany izy ireo dia aoka izy hiady amin'izy ireo. Raha izy [i 'Omar] no manao izany, dia mankatoava azy ianao, fa raha mandà ny hiady amin'izy ireo izy, dia aoka ianao hiady aminy. Ianao no handray ny fibaikoana ny tafika. Tafiho izy, tapaho ny lohany ka alefaso aty amiko. »

Raha vao naharay ilay taratasy i Shimr b. Zil-Jawshan, dia nitsangana izy sy i 'Abdallah b. Abi

Mahall b. Hizam al-Kilabi, izay niteny hoe: « Hosoavin'i Allah anie ny governora! Ireo zanaky ny anabavinay (i Oumm al-Banine: i 'Abbass, i 'Abdallah, i Ja'far sy i 'Othman) dia miaraka amin'i Houssayn (as). Raha ianao mihevitra fa afaka manome antoka amin'ny fiarovana azy ireo atao an-tsoratra [azafady indrindra] dia mba ataovy izany. »

Niteny Ibn Ziyad hoe: « Eny, an-tsitrapo tokoa! »

Noho izany, dia nanome baiko izy mba hanoratana ho azy ireo fanekem-piarovana (...) izay nampitondrain'i 'Abdallah b. Abi Mahall b. Hizam al-Kilabi an'ilay mpanompony iray, antsoina hoe Kozman.

FAHATONGAVAN'I SHIMR MIARAKA AMIN'ILAY TARATASY HO AN'IBN SA'D

Tonga i Shimr niaraka tamin'ilay taratasin'i 'Obaydollah homena an'i 'Omar b. Sa'd. Taorian'ny fahatongavany sy namakiany azy, dia hoy i 'Omar hoe: « Loza ho anao! Fa inona no mahazo anao?! Allah anie hanalavitra anao [sy ny ankohonanao]. Allah anie hanome tsiny anao noho izao zavatra nentinao amiko izao! Ifantàna amin'i Allah, fa mihevitra mihitsy aho fa ianao no nanakana azy mba tsy hanaiky izay nosoratako

taminy. Ianao dia vao maika nanasarotra [sy nanimba] ny toe-javatra izay nantenainay fa hihatsara. Ifantàna amin'i Allah, fa i Houssayn dia tsy hanolo-tena [mihitsy]. Olona tsy mba manaiky izany izy! »

Niteny taminy i Shimr hoe: « Lazao amiko, inona no hataonao? Hankato ireo baikon'ny governoranao ve ianao ary hamono ny fahavalonao?! Raha tsy izany, dia avelao aho [handray] ny fibaikoana ny tafika sy ireo miaramila. »

Namaly izy hoe: « Tsia ary izany dia tsy voninahitra ho anao. Izaho ihany no hiandraikitra an'izany ary tsy hilàko anao izany. Fa ianao, dia tariho ireo miaramila an-tongotra. »

FIAROVAN'IBN ZIYAD NATOLOTRA HO AN'I 'ABBASS SY IREO RAHALAHINY

Nandroso i Shimr mandra-pijanonany teo anatrehan'ireo mpanaradian'i Houssayn (as) ary nilaza hoe: « Aiza ireo zanaky ny anabavinay? »

Tonga nanatona azy i 'Abbass, i Ja'far sy i 'Othman, izay zanak'i 'Ali b. Abi Talib (as), ka nanontany hoe: « Misy inona ary inona no tadiavinao? »

Namaly izy hoe: « Ianareo, izay zanaky ny anabaviko, ianareo dia mandry fahalemana! »

Ireo tovolahy ireo dia namaly azy hoe: « Allah anie hanozona anao, ianao sy ny fiarovanao -na dia anadahin-dreninay aza ianao-; ianao dia manome fiarovana ho anay fa ilay zanak'ilay Irak'i Allah kosa dia tsy omena fiarovana! »

[Naheno izany,] i Kozman, ilay mpanompon'i 'Abdallah b. Abi Mahall b. Hizam al-Kilabi, dia nanatona azy ireo ary nilaza tamin'izy ireo hoe: « Indro [ny fanekena voasoratra momba ny] fiarovana anareo izay nalefan'ny anadahin-dreninareo! »

Nilaza taminy ireo tovolahy ireo hoe: « Mampanao veloma an'ny anadahin-dreninay izahay ary lazao aminy hoe: "Izahay dia tsy mila ny fiarovanareo. Ny fiarovan'i Allah no tsara indrindra noho ny an'ilay zanak'i Somayyah [Ibn Ziyad]!" »

ILAY IMAM SY IREO MPANARADIANY, NATAO FAHIRANO

Nisy taratasy iray avy tamin'i 'Obaydollah b. Ziyad no tonga tamin'i 'Omar b. Sa'd [tao amin'izany no nanoratany hoe]:

« Asio sakan-dalana manelanelana an'i Houssayn, ireo mpanara-diany sy ilay rano. Koa

aoka izy ireo mba tsy hanandrana avy amin'izany na dia indray mitete fotsiny aza sahala amin'ny nanaovany an'ilay tsara fanahy, ilay olo-marina, ilay maritiora, ilay Lehiben'ireo mpino, i 'Othman b. 'Affan! »

Nandefa haingana i 'Omar b. Sa'd miaramila an-tsoavaly diman-jato teo ambany fibaikoan'i 'Amr b. Hajjaj. Nijanona nanoloana ny sampan-dalana mankany amin'ilay renirano [Eofrata] izy ireo ary nanakana ny lalana nanelanelana an'i Houssayn, ireo mpanara-diany sy ilay rano, mba tsy hahazoan'izy ireo na dia teten-drano iray aza. Izany moa, dia telo andro nialohan'ny nahamaritiora an'i Houssayn (as).

Rehefa tsy zakan'i Houssayn (as) sy ireo mpanara-diany intsony ny hetaheta, dia niantso an'i 'Abbass b. 'Ali b. Abi Talib izy izay nalefany niaraka tamin'ireo miaramila an-tsoavaly telopolo, mandeha an-tongotra roapolo, sy roapolo hafa fanampiny tamin'izy ireo. Ny hariva, izy ireo no niainga ary [vitan'izy ireo] ny nanakaiky ilay rano. Tamin'izany dia i Nafi' b. Hilal al-Jamali no nitondra ny faneva sy nandroso nanoloana azy ireo.

Tamin'io fotoana io indrindra, i 'Amr b. Hajjaj al-Zobaydi no nanontany hoe: « Iza ity lehilahy ity? »

Namaly izy hoe: « Nafi' b. Hilal ity. »

Nanontany izy hoe: « Tonga hanao inona ianao? »

Namaly izy hoe: « Tonga izahay mba hisotro an'ity rano ity izay hanakananareo anay [ny fanakaikezana azy]. »

Dia hoy izy: « Misotroa ary mahazoa fahafinaretana ianao. »

Fa hoy izy: « Tsia, ifantàna amin'i Allah fa, izaho dia tsy hisotro na dia teten-drano iray aza raha i Houssayn (as) no mangetaheta sy ireo izay hitanao amin'ireo mpanara-diany ireo » sady nanao famantarana iray nankany amin'ireo mpanara-diany izy. Niaraka tamin'izay, izy ireo dia tonga teo anatrehany.

Niteny izy [i 'Amr b. Hajjaj] hoe: « Tsy mety raha izy ireto no misotro. Izahay dia napetraka eto amin'ity toerana ity mba hanakana anareo tokoa [tsy haka] amin'ity rano ity. »

Rehefa nanatona azy ireo miaramila mandeha an-tongotra avy amin'ireo naman'i Nafi', dia hoy izy tamin'izy ireo hoe: « Fenoy ireo kitapo hositrareo! »

Nandeha an-keriny [amin'ny lalana] ireo miaramila an-tongotra ary nameno ireo kitapo hositra.

[Teo am-pahitana izany] i 'Amr b. Hajjaj sy ireo miaramilany dia niritra nanafika azy ireo, saingy i 'Abbass b. 'Ali sy i Nafi' b. Hilal no nanelanelana sy nanosika azy ireo nialohan'ny nanarahana ireo miaramilany izay nobaikony hoe: « Mandehana ianareo! » fa izy ireo [i 'Abbass sy i Nafi'] kosa nijanona teo ihany [mba hiaro azy ireo]. Tamin'izay, i 'Amr b. Hajjaj sy ireo miaramilany niverina teo amin'izy ireo, nanenjika azy ireo haingana [kanefa dia tsy nahatratra]. Ireo mpanara-dian'i Houssayn (as) dia tonga niaraka tamin'ireo kitapo hoditra hatreny amin'ireo tranolay.

Tamin'io alina io, i Nafi' b. Hilal dia nahatsindrona tamin'ny lefom-pohy iray tamin'ireo miaramilan'i 'Amr b. Hajjaj, izay maty afaka fotoana fohy taorian'ny nampihombo mafy ny ratrany. Arak'izany dia izy no voalohany maty tamin'ireo miaramilan'[i 'Omar b. Sa'd], taorian'ny nahavoaratra azy tamin'io alina io.

TOKO FAHAFITO

IBN SA'D NANAFIKA [NY TOBIN'] I HOUSSAYN (AS)

Avy eo¹ i 'Omar b. Sa'd dia nanambara amin'ny feo avo sy mafy [tamin'ny fiandohan'ilay ady] taorian'ny vavaka fanompoana 'asr [tolak'andro] nanao hoe: « Ry miaramilan'i Allah, mandraisa toerana [eo ambony soavalinareo] ary mifalia ianareo [amin'ny paradisa izay miandry anareo]! » Ireo miaramila dia nitaingina [teo ambony soavalin'izy ireo] sy niriotra nankany amin'ny tobin'i Houssayn (as) sy ireo mpanara-diany.

[Tamin'izany fotoana izany,] i Houssayn (as) dia nipetraka nanoloana ny tranolainy, niankina tamin'ny sabany ka ireo lohaliny niforitra teo aminy. Nitolefiky ny faharendremana amin'ny torimaso teo ambonin'ireo lohaliny ny lohany.

¹ Fanamarihan'ny mpikaroka: Ny tantara dia notantarain'i Tabari izay nilaza hoe: « Abou Mikhnaf [dia nitantara] avy tamin'i Harith b. Hassira b. 'Abdallah b. Sharik al-A'amiri (...), izay sakaizan'ny Imam Sajjad (as), no sady nanambara mazava fa izy dia nitantara avy tamin'ity farany [ny Imam Sajjad] izao manaraka izao: (...) »

Teo am-pandrenesana ny tabataba, dia nanatona azy i Zaynab, anabaviny ka nilaza hoe: Ry anadahiko, tsy henonao ve izany tabataba manatona izany?! »

Napitraka ny lohany i Houssayn (as) ary niteny hoe: « Hitako tamin'ny nofy vao teo ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) nilaza tamiko hoe: "Ianao dia mandroso mankaty aminay!" »

Nitomany teo ampikapohana ny tarehiny ny anabaviny sady niteny hoe: « Loza ho antsika! »

Hoy izy hoe: « Ry anabavikeliko, tsy hirotsaka aminao anie ny loza. Mitonia ianao, fa Ilay Mpamindrafo anie no hamindrafo aminao! »

Niteny i 'Abbass b. 'Ali hoe: « Ry rahalahiko, indreto ireo miaramila! »

Nitsangana i Houssayn (as) ary niteny hoe: « Ry 'Abbass, ataoko sorona anie ianao, mitaingena [eo amin'ny sovalinao] ry rahalahiko, mandehana mihaona amin'izy ireo ary anontanio hoe: "Maninona ianareo? Inona no vaovao avy aminareo? Inona no antony nahatongavanareo?" »

Namaly izy ireo hoe: « Izahay dia nahazo baiko avy amin'ny governora hilaza aminareo

mba hanaiky ny fahefany, fa raha tsy izany dia hoterenay ianareo [hanao izany]. »

Nilaza izy hoe: « Aza maika ianareo, [andraso] fa hiverina eo amin'i Abou 'Abdillah aho ary hanambara aminy izany voalazanareo tamiko izany. »

Nijanona izy ireo ary niteny hoe: « Mandehana mihaona aminy ary asaivo mandinika izy ka ento aminay ny valin-teniny. »

Nandeha faingana i 'Abbass ho eny amin'i Houssayn (as) mba hanambara ny vaovao, fa ireo namany kosa nijanona teo ihany, niresaka tamin'ireo miaramila (...).

Habib b. Mozahir niteny tamin'i Zohayr b. Qayn hoe: « Miresaha ianao amin'izy ireo raha tianao, na raha sitrakao, dia izaho no hiresaka amin'izy ireo. »

Namaly azy i Zohayr hoe: « Satria ianao no tompon'izany hevitra izany, dia ianao no miresaha amin'izy ireo. »

Niteny i Habib b. Mozahir hoe: « Ifantàna amin'i Allah, fa rahampitso, ireo olon-dratsy indrindra eo anatrehan'i Allah dia ireo izay hijoro manoloana Azy tamin'ny famonoana ny taranak'ilay Irany (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany), ny

fianakaviany, ireo olona ankohonany sy ireo mpanompo vontom-pinoana amin'ity tanàna ity izay mikely aina amin'ny fanompoana Azy amin'ny maraim-be, izay mahatsiaro im-betsaka an'i Allah. » Niteny izany tamin'i Zohayr b. Qayn izy tamin'ny fomba ahafahan'ireo miaramila maheno, ka vokatr'izany, dia naheno izany tokoa i 'Azarah b. Qays.

Koa dia nilaza taminy i 'Azarah b. Qays hoe: « Ianao dia miezaka manadio ny fanahinao araka izay azonao hatao! »

Namaly azy i Zohayr hoe: « Ry 'Azarah, i Allah no manadio sy mitari-dalana azy. Matahora an'i Allah -Ry 'Azarah- izaho dia mananatra anao am-pahatsorana. Mangataka mafy amin'i Allah ho anao aho -Ry 'Azarah- mba tsy ho anisan'ireo izay manohana an'ireo very lâlana amin'ny famonoana an'ireo olona masina! »

Niteny i 'Azarah b. Qays hoe: « Ry Zohayr! Araka ny fahafantaranay, ianao dia tsy anisan'ny mpanara-dian'ireo olona ao amin'ity fianakaviana (Ahl al-Bayt) ity, fa ianao dia mpiandany amin'i 'Othman [b. 'Affan]! »

Namaly izy hoe: « Ianao ve manaisotra ny toerako ankehitriny amin'ny maha-mpiandany ahy amin'izy ireo? Ifantàna amin'i Allah fa, izaho

dia tsy nanoratra mihitsy taratasy ho azy sady tsy nandefa mihitsy iraka taminy no sady tsy nampanantena azy mihitsy fa hanohana azy, fa misampana ireo lalana izorantsika ary rehefa nahita azy aho dia tsaroako avy hatrany ilay Irak'i Allah ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) sy ny toeram-boninahitra nametrahany azy.

Nahatonga saina ahy tokoa izao fandehanany manohitra an'ireo fahavalony ireo sy ny vondrona misy anareo izao. Koa noraisiko ny fanapahan-kevitra mba hanampy azy sy mba ho anisan'ny vondrona miaraka aminy, ny hanolotra ny aiko ho azy mba hiarovana an'ireo zon'i Allah sy an'ireo Irany izay norobainareo. »

Rehefa tonga i 'Abbass b. 'Ali nihaona tamin'i Houssayn (as) mba hanambara ny fikasan'i 'Omar b. Sa'd, dia hoy i Houssayn (as) taminy hoe: « Miverena ianao eny amin'izy ireo, taomy ny mba hanemoran'izy ireo izany ho rahampitso ary roahy izy ireo amin'ity alina ity mba hahafahantsika mivavaka amin'ny Tompontsika, mba hanaovantsika fangatahana Aminy, sy italahantsika ny famindram-po avy Aminy. Marina dia marina fa, Izy dia mahalala fa izaho dia mitia manatanteraka ny fanompoana Azy, ny mamaky ny Bokiny, mivavaka Aminy imbetsaka sy mangataka famindrampo avy Aminy. »

Nanafaingana ny soavaliny i ‘Abbass b. ‘Ali mandra-pahatongavany niverina teo amin’izy ireo [miaramila] avy eo izy dia niteny hoe: « Ry ianareo [miaramila]! Abou ‘Abdillah dia miangavy anareo mba hiverina amin’ity alina ity mba hieritreretany mikasika ity olana ity, satria mbola tsy nisy fifampiresahana teo aminy sy ianareo mikasika izany. Rahampitso maraina, isika no hihaona, raha sitrak’i Allah. Na, izahay hanolotra ny fankasitrahanay ka hanaiky izay angatahanareo sy izay didianareo hataonay na koa izahay handà sy hitsipaka [ny fangatahanareo]. »

[Izany no nolazainy] mba entiny hanosehana azy ireo mandritra ity alina ity amin’izay izy [i Houssayn (as)] dia afaka manome toromarika sy mampita ireo teniny farany amin’ny fianakaviany.

Niteny i ‘Omar b. Sa’d hoe: « Ry Shimr, inona no hevitrao? »

Namaly izy hoe: « Ianao, ahoana ny hevitrao? Ianao no sefo, ny hevitrao no ekena. »

Hoy izy hoe: « Aleoko mihitsy ny tsy mba tonga teto! » Avy eo izy nitodika tamin’ireo miaramila ka niteny hoe: « Inona no hevitrareo? »

‘Amr b. Hajjaj b. Salamah al-Zobaydi dia nilaza nanao hoe: « Ô ry Allah, Ilay Lafatra!

Ifantàna amin'i Allah fa, raha izy ireo nomponina tao Daylam¹ ary izahay no nanao ny fangatahana toy izany, dia mety namaly azy ireo am-pankasitrahana ianao. »

Qays b. Ash'ath nanamafy izany nanao hoe: « Ekeo ny fangatahan'izy ireo, [ianianako] amin'ny fiainako fa tsy azo idovirana ny hiadian'izy ireo aminao rahampitso maraina! »

Niteny izy [i 'Omar b. Sa'd] hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, raha fantatro fa hanao izany izy ireo, dia tsy navelako izy ireo tamin'ity alina ity. »

Nilaza i 'Ali b. Houssayn (as) hoe: « Iraka iray avy amin'i 'Omar b. Sa'd no nanatona anay sy nijanona tamin'ny toerana iray izay ahafahanay mahare ny feony, dia hoy izy hoe: "Izahay dia manome fe-potoana hatramin'ny rahampitso. Raha manaiky ianareo dia ho entinay any

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Setrin'ny faharesen'ireo "Sassanide" teo anatrehan'ireo miaramila silamo, ireo mponina tao Daylam dia nanohitra mafy tokoa sy nanakana ny fidiran'ireo silamo tao Mazandaran sy tao Gilan. Arak'izany, ireo silamo arabo dia nanao fihetsika mahery tamin'izy ireo. Izany fifandraisana mahery setra nisy teo amin'ny andaniny sy ankilany izany, no nahatonga ireo olona tamin'izany vanim-potoana izany nanao azy ho ohabolana iray. (Dikan-teny persiana ny Waq'at al-Taff nataon'i Jawad Solaymani, natontan'ny Moassasseh Amouzashi Pejohi Imam Khomeyni, p. 134)

amin'ny governoranay i 'Obaydollah b. Ziyad, fa
raha mandà ianareo dia tsy ho avelany mihitsy
ianareo!" »

TOKO FAHAVALO IREO ZAVA-NITRANGA NY ALIN'NY ASHOURA

LAHATENIN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) NYALIN'NY ASHOURA

Tantara avy tamin'i 'Ali b. Houssayn (as):

“Fotoana fohy nialohan'ny filatsahan'ny alina, dia namory ireo mpanara-diany i Houssayn (as) taorian'ny niverenan'i 'Omar b. Sa'd tany amin'ny tobiny. Na dia narary aza aho tamin'izany, dia nanakaiky azy aho mba hihaino izay resaka holazainy amin'izy ireo. Henoko izy nilaza tamin'ireo mpanaradiany nanao hoe:

“Izaho dia manome voninahitra an'i Allah, Ilay Masina sy Mendri-piderana amin'ny alalan'ireo fanomezam-boninahitra tsara indrindra sy midera Azy ao anatin'ny fifaliana na ao anatin'ny fahoriana. Ry Allah ô, mankalaza Anao aho satria nasandratrao izahay tamin'ny alalan'ny faminaniana, fampianarana ny Kor'âny, fananana fahalalana lalina momba ny finoana. Ianao no nanome anay ny sofina, ny maso, ny fo ary tsy nataonaoho anisan'ireo mpanompo sampy izahay.

Izaho dia tsy mahalala ireo mpanara-dia ambony toetra sy mendrika mihoatra an'ireo mpanara-diako na fianakaviana tsara fanahy sy miray hina mihoatra ny fianakaviako. Allah anie hanome fahasoavana anareo amin'ny Hatsarany.

Ny tiana hambara, dia mino aho fa hifanandrina amin'ireto fahavalo ireto isika rahampitso. Aoka ho fantatrareo fa ianareo dia fantatro avokoa. Mandehana ianareo miala eto an-kalalahana. Tsy manana adidy intsony araka ny feon'ny fieritreretanareo ianareo eo anatrehako. [Ny haizin'ny] alina no hanakona anareo [amin'ireo fahitana]. Koa raiso izany ho toy ny biby fitaingina [mba handehanana].

Aoka ny tsirairay aminareo samy hitondra iray amin'ny fianakaviako miaraka aminy, avy eo dia samia miparitaka any amin'ireo faritra sy tanànanareo mandra-panavotan'i Allah anareo, miankina amin'ny fanomezan'ireto olona ireto izany any aorianako any. Raha vao mahasambotra ahy mantsy izy ireo dia hamela kosa ireo hafa."

VALINTENIN'IREO HASHEMITA

'Abbass, izay nandray ny fitenenana voalohany, dia niteny nanao hoe: "Nahoana moa izahay no hanao izany? Mba ho velon'aina any

aorianao ve?! Aoka anie i Allah tsy hampiseho aminay mihitsy [izao andro izao]!”

Avy eo ny tsirairay tamin’ireo rahalahiny, ireo zanany, ireo zanaky ny rahalahiny [i Hassan (as)], ireo zanak’i ‘Abdallah b. Ja’far roalahy (i Mohammad sy i ‘Abdallah¹) dia samy nandray fitenenana ka nilaza hevitra saika mitovitovy avokoa.

Niteny i Houssayn (as) hoe: “Ry ianareo zanak’i ‘Aqil, ny nahamaritiora an’i Mouslim dia efa ampy [ho sorona iray] avy aminareo. Koa mandehana, fa omeko alalana ianareo!”

Namaly izy ireo hoe: “Dia inona re no holazain’ireo olona! Hilaza izy ireo fa izahay dia nandao ny (sheikh) olobenay sy lehibenay sy zanak’ireo rahalahin-drainay izay mendrika indrindra amin’ireo rahalahin-dray. [Hilaza izy ireo fa] izahay dia tsy mba nitifitra zana-tsipika na nitora-defona na nikapoka amin-tsabatra teo anilan’izy ireo, ka tsy fantatray izay niafaran’izy ireo! Tsia, ifantàna amin’i Allah fa tsy handeha izahay fa ny mifanohitra amin’izany aza, dia hataonay sorona ny fiainanay, ny fanananay sy ireo fianakavianay. Hiady miaraka aminao

¹ Fanamarihana amin’ny fandikan-teny: Izany dia mety ho i ‘Awn b ‘Abdallah b. Ja’far.

izahay mandra-pahazoanay toeram-boninahitra mitovy amin'ny anao! Ataon'i Allah ratsy dia ratsy anie ny fiainana any aorianao!"

NY FIPETRAK'IREO MPANARADIA

Nitsangana i Mouslim b. 'Awsajah al-Assadi ary niteny hoe: "Raha izahay no mandao anao, dia inona no fialan-tsiny hataonay eo anatrehan'i Allah amin'ny fanatanterahana ny adidina aminao?! Izaho dia tsy handao anao raha tsy efa nanindrona ny tratran'izy ireo ny lefoko, raha tsy efa nikapoka azy ireo tamin'ny sabatro aho mandritra ny hijanonany eo an-tanako. Ary na dia tsy manana fiadiana aza aho, dia hitora-bato azy ireo aho mba hiarovako anao mandra-pahafatesako miaraka aminao!"

Avy eo i Sa'id b. 'Abdallah al-Hanafi niteny hoe: "Ifantàna amin'i Allah fa, tsy handao anao akory izahay mba ho fantatr'i Allah fa niaro anao izahay nandritra ny fotoana tsy nahateo an'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). Ifantàna amin'i Allah, fa na dia novonoina aza aho, dia novelomina indray, ary nodoroina velona, avy eo novelomina indray, avy eo notapatapahana (ho potipotika) ary izany dia naverina im-pitopolo, dia tsy handao anao akory aho mandra-pahafatesako ho anao. Noho izany, dia ahoana moa no tsy hanaovako izany amin'izao

fahafatesana indray mandeha izao fotsiny ary aorian'izany, dia hisy ny fiadanana mandrakizay?"

Avy eo, i Zohayr b. Qayn dia niteny hoe: "Ifantàna amin'i Allah, fa izaho dia te hovanoina sy ho velomina ary vonoina indray hatramin'ny famonoana ahy an'arivony mba hiarovan'i Allah ny ainao sy ny an'ireo tanora amin'ny fianakavianao."

Avy eo ny vondrona iray amin'ireo mpanara-diany no niteny hoe: "Ifantàna amin'i Allah fa, izahay dia tsy handao anao fa kosa ny mifanohitra amin'izany, ireo fiainanay dia ataonay sorona ho anao. Hiaro anao izahay amin'ny tendanay, ny handrinay, ary ny tananay. Raha maty novonoina izahay, dia nahavita nanaja ny teny napetrakay sy nanatanteraka ny adidinay."

Vondrona iray hafa amin'ireo mpanara-diany no niteny ihany koa tamin'ny feo indray mandeha ireo teny tahak'izany. »

HOUSSAYN (AS) SY IREO MPANARA-DIANY NY ALIN'NY ASHOURA

Notantaraina avy tamin'i 'Ali b. Houssayn (as) izay nilaza hoe:

« Nipetraka aho ny hariva, ny alina mialohan'ny maraina izay nahafaty maritiora ny raiko. Ny nenitoako Zaynab no teo akaikiko nitsabo ahy. Erỳ kosa ny raiko somary nanalavitra anay miaraka amin'ireo mpanaradiany mba hiomana ao an-tranolainy. Howay, ilay mpanompon'i Abou Zarr al-Ghaffari, dia niaraka taminy nandrangitra sy nanomana ny sabany.

Nanonona ireto an-dalana tononkalo ireto ny raiko:

“Ry fotoana, henatra ho anao, sakaiza manao ahoana loatra ity ianao?

(Firy moa ireo maty) Ho anao, manomboka ny fiposahana sy hatramin'ny filentehan'ny masoandro)

Avy amin'ireo namana sy ireo mpangata-tsoa
Ny Fotoana dia tsy mba afa-po amin'ny olona iray

nisolo ny hafa

Ny fanapahan-kevitra (farany) dia avy amin'Ilay
Tsitoha

Ny zava-manan'aina tsirairay dia hizotra
amin'ny lalako.”

Naveriny in-droa na in-telo izany mandra-pahazoako azy sy mandra-pahatsapako izay tiany holazaina. Kenda (noho ny fanaintainana) ny tendako nefa notazomiko ny ranomasoko ary niezaka aho nitazona ny fahanginana. Tsapako ary fa nihatra taminay ny fahoriana.

Ny nenitoako dia naheno ihany koa ny zavatra henoko fa amin'ny mahavehivavy azy toy ireo vehivavy rehetra izay mora taitra sy mivadi-po, ka tsy nahafehy ny tenany izy. Niantsambotra izy ka nisaritsarika ny lambany (amin'ny tany) ary lasa nanatona an'i Houssayn (as) na dia niseho¹ aza (ny tarehiny), avy eo dia niteny izy hoe: "Loza ho antsika! Aoka anie ny fahafatesana hanapitra ny aiko! Indray andro, maty ny reniko i Fatima, avy eo ny raiko i 'Ali, avy eo ny anadahiko i Hassan, ry mpandimbin'ireo teo aloha sy lehiben'ireo sisa velona (tsy misy tafajanona afa-tsy ianao)!"

Nibanjina azy i Houssayn (as) sady niteny taminy hoe: "Ry anabavikeliko! Aoka ny Satana mba tsy hanary ny fahafehezanao ny tenanao!"

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Ireo teny arabo nampiasaina eto dia hoe (و أنها لحاسرة). Ny verba (حاسر) (Hassara) dia midika ara-bakiteny hoe « mitanjaka » (Jereo: Mo'jam Maqayiss al-loghat nosoratan'Ibn Faris, boky faha-2, pejy faha-62). Koa tsy fantatray eto aiza amin'ny vatany no nitanjaka, noho izany dia nadikanay ity boky ity avy amin'ny dikan-teny persa nataon'i Jawad Solaymani.

Hoy izy hoe: “Ry Aba ‘Abdillah, aoka ny raiko sy ny reniko hanao sorona ho anao! Moa ve ianao vonona ho maritiora? Ataoko sorona ho anao anie ny aiko.”

Afaka niaritra tamin’ny fanaintainany izy (ny raiko) fa ireo masony no kotsa-dranomaso ary hoy izy hoe: « Raha ny “ganga cata¹” no navela ampilaminana amin’ny alina, dia ho renoka torimasos²! »

Hoy izy hoe: “Loza ho ahy! Ianao dia hanaovana herisetra sy ho maritiora?! Izany no mamparary ny foko sy manimba ny fanahiko! Nikapoka ny tarehiny izy (noho ny alahelo), noraisiny (tamin’ireo tanany) ny ambonin’ireo lambany ka norovitiny nialohan’ny nahatorana azy teo amin’ny tany!”

Niantoraka taminy i Houssayn (as) ary namafy rano tamin’ny tarehiny, avy eo dia nilaza hoe: “Ry anabaviko! Matahora an’i Allah, ankalefaho ny alahelonao amin’ny alalan’ny fiaretana amin’i Allah. Fantaro fa ny olondrehetra eto an-tany dia mankany amin’ny

¹ Karazana voromanidina.

² Fanamarihana amin’ny fandikan-teny: Ny Imam Hossayn (as) dia nilaza ohabolana arabo iray ka ny fanazavana azy eto, dia toy izao: « Raha ny vahoakan’i Koufa no namela ahy ampilaminana ka tsy niantso ahy mba hamitaka ahy, dia ho nitoetra aho tany amin’izay nisy ahy. »

fahafatesana, ary ireo zava-boahary any andanitra dia tsy haharitra (mandrakizay), fa ny zavatra tsirairay dia ho levona avokoa afa-tsy ny Endrik'i Allah, Ilay nahary ny tontolo tamin'ny alalan'ny Fahefany. Izy no hanome fiainana indray ireo zava-boahary izay hitsangana amin'ny maty. Irery Izy sady Tokana. (Ry ranabavikely, fantaro fa) ny raiko no mendrika noho izaho, ny reniko no mendrika noho izaho, ilay rahalahiko no mendrika noho izaho ary ilay Irak'i Allah no fakantahaka ho azy ireo, ho ahy sy ho an'ny mpanara-dia ny finoana islamo tsirairay."

Nankahery azy izy tamin'ny alalan'ireto teny ireto sy ireo hafa mitovy amin'izany. Hoy (koa) izy taminy hoe: "Ry ranabavikely! Mianiana aho sy miangavy anao mba hanaja izany: aza rovitina amin'ny alaheloko ny ambonin'ireo fitafianao, aza rangotina ny tarehinao ary aza miantsoantso loza amin'ny fahafatesako."

Avy eo dia nentiny izy ka napetrany teo akaikiko.

Taoran'izany, dia lasa izy nijery ireo mpanara-diany ary nanome baiko azy ireo mba hampifanakaiky ireo tranolay, amin'ny endrika toy ny misy tady mampifikitra ny tsirairay ka amin'izay izy ireo dia ho voaaron'ireo tranolay (amin'ny sisiny rehetra) afa-tsy izay eo anoloana,

mifanatrika amin'ny fanafihana hataon'ireo fahavalo.

Houssayn (as) nitondra ireo taho-kazo sy tapakazo (mba hapetrany) eo amin'ny toerana iray misy lavaka -toy ny tatatra- ao aorian'(ireo tranolain'izy ireo). Nolavahin'izy ireo izany tamin'ny misasak'alina mba hanaovana tatatra ary nanipazan'izy ireo ny hazo sy ireo taho-kazo tao aminy, avy eo dia nilaza izy ireo hoe: "Raha manafika antsika izy ireo, dia hampirehetintsika io ho afo (lehibe) amin'izay isika ho voaaro avy aoriana ary isika dia hiady amin'ny vavan'ady iray ihany."

HOUSSAYN (AS) SY IREO MPANARA-DIANY NY ALIN'NY ASHOURA

Nony nirotsaka ny alina, i Houssayn (as) sy ireo mpanara-diany dia niari-tory nandritra ny alina tao anatin'ny fanompoana, fangatahana famelan-keloka, fivavahana sy fitalahoana [amin'i Allah].

Dhahhaq b. 'Abdallah al-Mashraqi al-Hamdani, ilay sisa velona tamin'ireo mpanara-dian'i Houssayn (as), dia nilaza hoe: « Ireo miaramila an-tsoavaly nomena andraikitra mba hanaramaso anay dia nandalo teo amin'ny toerana nisy anay tamin'ny fotoana namakian'i Houssayn (as) (ireo andinin-tsoratra masina) hoe:

“{Ary aoka tsy hihevitra ireo tsy mpino, fa mahasoa nytenany ny tombon’andro nomenay azy. Tsia! Fa nytombon’andro nomenay azy, dia tsy misy afa-tsy nyhampitomboan’izy ireo ny helony fotsiny ihany. Ka dia miandryazy ireny ny sazy mahafabaraka. Fa tsy i Allah velively no hamela ireo mpinoamin’izao toerana misy anareo izao, ambaram-panavahany nyratsy amin’ny tsara.}”¹

Lehilahy iray anisan’ireo miaramila izay nanaramaso anay, no nahare izany ka niteny hoe: “Ifantàna amin’Ilay Tompon’ny Kaaba, fa izahay no olon-tsara izay navahana taminareo!”

Nahalala azy aho ka nilaza tamin’i Borayr b. Hodhayr al-Hamdani hoe: “Fantatrao ve io olona io?”

Namaly izy hoe: “Tsia.”

Nanohy ny teniko aho hoe: “Izy no i Abou Harb al-Sabi’i al-Hamdani, i ‘Abdallah b. Shahr. Izy io dia olona tia mihomehy betsaka sy mpidonahanaham-poana. Izy dia olona manamboninahitra ihany koa, mafana fo, matanjaka sy mora tohina. Izy no toa efa nofonjain’i Sa’id b. Qays noho ny heloka iray vitany.”

¹ Ny Kor’âny masina 3:178-179

Borayr b. Khodhayr dia niteny mafy hoe: “Ry mpanota! Ianao angaha no ilay olona izay napetrak’i Allah hiaraka amin’ireo olon-tsara?!”

Nanontany izy (i Abou Harb) hoe: “Iza ianao?”

Namaly izy hoe: “Izaho dia i Borayr b. Khodhayr.”

Hoy izy (i Abou Harb) hoe: “Isika dia an’i Allah, mampalahelo ahy izany, fa ianao dia novonoin’i Allah, novonoin’i Allah ianao, ry Borayr!”

Niteny i Borayr hoe: “Ry Aba Harb! Mbola azo atao ve ny hibe bahanao indray eo anatrehan’i Allah amin’ireo fahotanao lehibe ireo? Ifantàna amin’i Allah fa, izahay no olon-tsara fa ianareo no olon-dratsy!”

Abou Harb namaly sady nananihany nanao hoe: “Ary izaho no iray amin’ireo izay mijoro vavolombelona amin’izany!¹”

Namaly izy hoe: “Loza ho anao! Ny fahalalanao ve dia tsy mba mahasoana anao mihitsy?!”

¹ Fanamarihana amin’ny fandikan-teny: Izy dia te-hilaza hevitra fanoharana avy amin’ilay andinin’ny Kor’any 21:56.

Abou Harb namaly hoe: “Hanao sorona ho anao anie aho! Fa iza àry no tafaraka amin’i Yazid b. ‘Azrah al-‘Anzi, izay miaraka amiko eto, hanao fety [sy hisotro]?!”

Hoy i Borayr hoe: “Halain’i Allah baraka anie ny hevitrao. Na dia eo aza izany dia olona adala ianao!”

Avy eo izy [Abou Harb] dia lasa nandeha. »

TOKO FAHASIVY NY MARAINAN'NY ASHOURA

Ny andron'ny Ashoura -andro Sabotsy¹- i 'Omar b. Sa'd dia nanatanteraka ny vavaka maraina, avy eo dia nivoaka niaraka tamin'ireo miaramilany izay nanaraka azy.

'Abdallah b. Zohayr al-Azdi no mpibaiko an'ireo antokon'olona mponina tao Madina, i 'Abd al-Rahman b. Abi Sabrah al-Jo'fi no tamin'ireo antokon'ireo Maz-hij sy ireo Assad. Ny mpibaikoan'ireo antokon'ireo Rabi'a sy Kindah dia i Qays b. Ash'ath b. Qays al-Kindi ary farany, tamin'ireo antokon'ireo Tamim sy Hamdan dia i Horr b. Yazid al-Riyahi al-Tamimi al-Yarbou'i.

'Omar dia nametraka an'i 'Amr b. Hajjaj al-Zobaydi teo amin'ny ilany havanana ary i Shimr b. Zil-Jawshan al-Dhabbabi no teo amin'ny ilany havia. Nomeny an'i 'Azarah b. Qays al-Ahmassi ny fibaikoana ireo miaramila an-tsoavaly fa i Shabath b. Rib'i al-Riyahi al-Tamimi kosa no

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Notantaraina avy tamin'i Abou Mikhnaf: « Notantaraina taminay [ihany koa] fa izany dia andro Zoma. » Cheikh Mofid dia nilaza hoe: « Izany dia andro Zoma ary nilaza [koa] izy fa izany dia andro Sabotsy. »

an'ireo miaramila an-tongotra. Ary farany, dia natolony an'i Zowayd mpanompony ny saina faneva.

Rehefa ny andian-tafika mpitangin-tsoavaly no niseho tamin'i Houssayn (as) ny maraina, dia nanandratra ireo tanany ity farany ka nivavaka nanao hoe: "Ry Allah, Ianao no tokiko amin'ny fahoriana rehetra, fanantenako amin'ny olana rehetra. Ianao no mitantana ahy sy manampy ahy amin'ny alahelo rehetra. Firifiry moa ireo olana izay mampalemy ny fo, ireo vahaolana dia mihafisaka, ireo namana dia mandao anay ary ireo fahavalo dia miravoravo, fa rehefa italahoako Aminao izany sy mitaraina izany Aminao aho, miaraka amin'ny fikasana tokana mba hiverina Aminao fa tsy amin'ny hafa, dia avotanao amin'izany (olana izany) aho koa dia voavaha izany. Ianao no Ilay Mpanome ny fahasoavana rehetra, Ilay Tompon'ny hatsarana, Ilay Fanaperana amin'ny faniriana rehetra."

Dhahhaq b. 'Abdallah al-Mashraqi al-Hamdani, ilay sisa velona tamin'ireo mpanaradian'i Houssayn (as), no niteny hoe: « Rehefa tonga nanatona anay izy ireo, dia nahita afo lehibe mirehitra amin'ny hazo sy ireo tapa-kazo izay narehitray ao aorian' [ireo tranolay] mba tsy ahafahan'izy ireo manafika anay avy ao aoriana.

Tamin'io fotoana io, lehilahy iray nirongo fiadiana tanteraka teo ambony soavaliny no nanatona anay amin'ny hafainganam-pandeha mafy, tsy niteny na inona na inona akory izy, nihodidina ireo tranolainay, nijery izany ary tamin'izay, izy no nahita hazo mirehitra, koa dia niverin-dalana izy sady niteny amin'ny feo avo nanao hoe: "Ry Houssayn! Manafaingana ny afon'ny eto an-tany ianao mialohan'ny afon'ny Fitsanganana amin'ny maty!"

Nanontany (an'ireo mpanara-diany) i Houssayn (as) hoe: "Iza io? Toa an'i Shimr b. Zil-Jawshan?!"

Namaly izy ireo hoe: "Eny, Allah anie hanasoa anao, faizy indrindra io."

Avy eo i Houssayn (as) niteny hoe: "Ry zanak'ilay ramatoa mpiompy osy! Ianao no tena mendrika ny atsipy ao amin'ireo lelafo!"

Mouslim b. 'Awsajah dia niteny taminy hoe: "Ry zanak'ilay Irak'i Allah, hataoko sorona ho anao anie ny tenako, omeo alalana aho hitifitra azy amin'ny zana-tsipika, takatry ny fitifirako manko izy io, ary izaho dia tsy mba diso amin'ireo fitifirako. Ity mpanota ity dia anisan'ireo ratsy fanahy indrindra!"

Namaly azy i Houssayn (as) hoe: “Aza mitifitra azy akory. Tsy tiako ny manomboka ny ady amin’izy ireo.” »

LAHATENY VOALOHANY NATAON’I HOUSSAYN (AS)

Rehefa izy ireo [ireo fahavalo] nanatona azy, i Houssayn (as) dia niangavy mba ho entina eo aminy ny biby fitainginy. Niakatra teo amboniny izy ary niteny mafy mba haheno azy daholo ny ankamaroan’ny olona:

« Ry miaramila! Henoy ny teniko fa aza maika (ny hiady amiko) mba hanehoako aminareo izay andraikitra holazaiko aminareo sy mba hilazako aminareo ny porofo nahatongavako aty aminareo. Raha ekenareo ireo porofoko, dia aoka hihaino ny teniko ianareo, aoka hampihatra ny rariny ianareo, dia ho feno fahasoavana ianareo ary tsy misy antony akory ny hiadivanareo amiko. Fa raha tsipahinareo ireo porofoko ka tsy hanao ny rariny amin’ny tenanareo ihany ianareo dia **{Mifandiniha ianareo miaraka amin’izay nataonareo ho mpitambatraamin’Andriamanitra, ary aza afenina ny fanirianareo. Avy eo, dia manapaha hevitra ny mikasika ahy ianareo, ary aza avelahiala sasatra aho}**¹ **{Hamafisiko, fa ny sakaiza mpiaro ahy dia Andriamanitra, izay, Izy**

¹ Ny Kor’âny masina 10:71

no nampidina ny raki-tsoratra. Izy noMpiahy ireo olo-mendrika.}¹ »

Ireo anabaviny rehefa naheno ireo teniny ireo dia nigogogogo sy nitaraina, ireo zanany vavy [ihany koa] dia nitaraina ka nihamafy ny feon'izy ireo. Nandefa haingana an'i 'Abbass b. 'Ali rahalahiny sy i 'Ali zanany izy sady nilaza tamin'izy ireo hoe: « Aoka ianareo hampitony azy ireo, [ianianako] amin'ny fiainako fa ireo fitomanian'izy ireo dia hihamafy [aorian'ny hahamaritiora antsika]. »

Taorian'ny nampitoniana azy ireo, dia nidera an'i Allah izy, nanome voninahitra Azy sy nivavaka taminy am-pahamendrehana, avy eo nitso-drano an'ilay Iraka (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany), sy ireo anjely ary ireo irany.

Ny mpitantara dia nilaza hoe: « Izaho dia mbola tsy naheno mihitsy teo alohany sy taoriany olona mpandaha-teny mahay mihoatr'azy.

Avy eo izy [i Houssayn (as)] nanohy ny teniny hoe: « Jereonareo ny firazanako dia ho hitanareo iza aho! Avy eo, dia mieritrereta ianareo sy omeo tsiny ny fanahinareo, saintsaino raha toa ka azonareo atao ny mamono ahy sy ny manoso-

¹ Ny Kor'âny masina 7:196

potaka ny voninahitro?! Moa ve tsy izaho no zanak'ilay zanakavavin'ny Mpaminaninareo (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany), zanak'ilay Mpandimby Azy sy rahalahiny, dia ilay voalohany (tamin'izany fotoana izany) nino an'i Allah sy nankasitraka izay nentin'ilay Irany avy tamin'Ilay Tompony?! Hamza, ilay lehiben'ireo maritiora ve tsy rahalahin-drain'ny raiko?! Ja'far al-Tayyar, ilay maritiora manana elatra roa ve tsy rahalahin-draiko?!

Moa ve tsy tonga taminareo ity tenin'ilay Irak'i Allah milaza ny momba ahy sy ilay rahalahiko ity manao hoe: "Izy roa ireo no lehiben'ireo tanora ao am-Paradisa?!"

Raha ianareo no mino ny nolazaiko -izay fahamarinana- ifantàna amin'i Allah, fa izaho dia mbola tsy nandainga mihitsy hatramin'ny nahafantarako fa i Allah dia mankahala izay mandainga ary izay mamoron-dainga dia iharan'ireo fatiantoka (...).

Fa raha tsy mino ahy ianareo, dia indro eo aminareo ny olona afaka hanambara aminareo, raha manontany izany aminy ianareo. Anontanio i Jabir b. 'Abdallah al-Ansari, i Abou Sa'id al-Khodri, i Sahl b. Sa'd al-Sa'idi, i Zayd b. Arqam na koa i Anas b. Malik.

Izy ireo no hanambara aminareo fa izy ireo dia naheno io tenin'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) milaza mikasika anay, izaho sy ny rahalahiko io. Izany ve dia tsy efa ampy mba hanakana anareo handatsaka ny ràko? »

Shimr b. Zil-Jawshan dia nilaza taminy hoe: « Izay mahazo [sy manaiky] izay lazainao dia manompo an'i Allah amin'ny alalan'ny fanompoana fanampiny.¹ »

Habib b. Mozahir namaly azy hoe: « Ifantàna amin'i Allah, fa hitako ianao nanompo Azy in'enimpolo mihoatra ny fanampiny ary manaiky aho fa manana ny marina ianao raha milaza fa tsy mazava amina ny nolazainy. Marina tokoa fa i Allah dia nanao tombo-kase ny fonao. »

Avy eo, i Houssayn (as) nilaza tamin'izy ireo hoe: « Raha mampisalasala anareo io teny (nolazain'ny Mpaminany mikasika ahy) io, dia mampisalasala anareo koa ve ny mikasika izay holazaiko aminareo? Moa ve tsy izaho no zanaky ny zanakavavin'ilay Mpaminaninareo? Ifantàna amin'i Allah, fa tsy misy zanak'ilay zanakavavin'ny Mpaminany (mbola velona) ankoatr'ahy, eo anelanelan'ny atsinanana sy

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Shimr dia maneho ny hevitra voalazan'ilay andinin'ny Kor'ânny 22:11.

andrefana, na avy aminareo izany na avy amin'ireo hafa ankoatranareo. Izaho irery no zanaky ny zanakavavin'ilay Mpaminaninareo [mbola velona].

Lazao ahy, moa ve ianareo manankiana ahy noho ny famonoako ny iray taminareo? Sa noho ny fananana izay nosimbaiko? Sa noho ny fanamelohana, noho ny ratra mafy (natao tamin'iray aminareo)?! »

Nangina tsy nahateny izy ireo (...).

Niteny mafy izy nanao hoe: « Ry Shabath b. Rib'i, ry Hajjar b. Abjar, ry Qays b. Ash'ath, ry Yazid b. al-Harith, moa ve tsy nanoratra tamiko ianareo hoe: "Ireo zaridaina dia maitso ary ireo voankazo dia masaka. Raha tianao, dia tongava aty amin'ny tafika vonona sy tsara fiomanana."?! »

Hoy izy ireo hoe: « Tsy nanao izany izahay! »

Niteny izy hoe: « Allah, Ilay Lafatra! Fa nanao izany tokoa ianareo! » Avy eo izy nanohy ny teniny hoe: « Ry olona, raha manameloka ahy ianareo dia avelao aho handeha any amin'ny fialofana iray eto amin'ity Tany ity! »

Niteny taminy i Qays b. Ash'ath hoe: « Ianao ve tsy hanaiky ny fahefan'ireo zanaky ny rahalahin-drainao (Bani Omayyah)? Izy ireo dia

tsy hitondra anao raha tsy arak'izay tianao ary tsy misy haratsiana hianjady aminao akory avy amin'izy ireo! »

Hoy i Houssayn (as) taminy hoe: « Ianao dia rahalahin'ny rahalahinao (i Mohammad b. Ash'ath). Tianao ve ireo Bani Hashim hitaky aminao [sy hangataka onitra aminao] bebe kokoa mikasika ny rà [latsaka] an'i Mouslim b. 'Aqil?!Tsia, ifantàna amin'i Allah, izaho dia tsy hanome ny tanakoho anareo toy ny olona voaetry na handohalika toy ny olona andevo.

Ry mpanompon'i Allah, {Ary mitady fiarovana amin'ny Tompoko sy Tomponareoaho, mba tsy ho torahanareo.}¹ {"Mitady fiarovana amin'ny Tompoko syTomponareo aho, hanoherana ireo mpirehareha izay tsy minony andro Fitsarana."}² »

Taorian'izany, dia niverina izy, nampipetraka ny biby fitainginy ary niangavy an'i ['Oqbah b.] Sim'an mba hamatotra azy.

¹ Ny Boky masina Kor'âny 44:20

² Ny Boky masina Kor'âny 40:27

LAHATENY NATAON'I ZOHAYR B. QAYN

Avy eo, i Zohayr b. Qayn, mirongo fiadiana manomboka amin'ny loha ka hatreny amin'ny tongotra, dia nivoaka teo ambony soavaly voahaingo tsara ny rambony, sady niteny hoe: « Ry vahoakan'i Koufa! Mitandrema amin'ny sazin'i Allah, mitandrema! Adidin'ny mpanara-dia ny finoana islamo tsirairay ny mananatra ny rahalahiny mpanara-dia ny finoana islamo. Raha ny sabatra no mbola tsy nampisaraka antsika, dia mbola mpirahalaky isika ao anatin'ny finoana iray, samy olona ao amin'ny fikambanana iray. Ianareo dia mendrika ny hahazo ireo anatra avy aminay. Fa raha ny sabatra no mampisaraka antsika, dia ho tapaka ny fifandraisantsika ka noho izany izahay dia hanana ny fikambananay ary ianareo, dia hanana hafa.

Allah dia nanao fitsapana antsika amin'ny alalan'ny taranak'ilay Irany i Mohammad (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) mba hijereny manao ahoana ianareo sy izahay, izahay dia hifamikitra tsara. Izahay dia miantso anareo mba hanampy azy ireo, mba handao an'ilay mpanageja i 'Obaydollah b. Ziyad. Ianareo dia tsy hahita avy amin'izy roa ireto [i 'Obaydollah sy ny rainy] afa-tsy ny haratsiana ao amin'ny fitondran'izy ireo.

Mamositra ireo maso izy ireo, manapaka ireo tanana aman-tongotra, manapatapaka anareo izy ireo, manantona anareo eo amin'ireo foto-kazon'antrendry, mamono ireo mpiara-belona aminareo sy ireo mpamaky [ny Kor'any] eo aminareo toa an'i Hojr b. 'Adi sy ireo namany, i Hani b. 'Orwah sy ireo tahak'azy. »

[Teo ampamaliana izany] izy ireo dia nanevateva azy, nanao fiderana an'i 'Obaydollah b. Ziyad sy nivavaka ho azy, avy eo dia hoy izy ireo hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, izahay dia tsy handao mandra-pahafatesanay ny namanao sy ireo miaraka aminy na mandra-pandefasanay azy sy ireo mpanara-diany [ho babo] velon'aina any amin'ny governor i 'Obaydollah! »

Hoy izy tamin'izy ireo hoe: « [Ry] mpanompon'i Allah, tsy isalasalana fa ilay zanak'i Fatima (Hankasitraka azy anie i Allah) no tena mendrika tiavina sy ampiana noho ilay zanak'i Somayyah. Fa raha ianareo no tsy hanampy azy ireo [i Houssayn sy ireo mpanara-diany], dia mangataka fiarovana avy amin'i Allah aminareo aho mba tsy hamonoanareo azy ireo. Avelaonareo ity lehilahy ity miaraka amin'ny zanaky ny rahalahin-drainy i Yazid b. Mo'awiyah, [ianianako] amin'ny fiainako fa i Yazid dia hankasitraka ny fankatoavanareo [azy]

na dia ianareo aza tsy mamono an'i Houssayn (as). »

Shimr b. Zil-Jawshan dia nitifitra azy tamin'ny zana-tsipika sy niteny hoe: « Mangina ianao, Allah anie hampangina ny feonao [ho mandrakizay]. Ianao dia nandrera anay amin'ny resakao lavareny. »

Namaly azy i Zohayr hoe: « Ry zanak'ilay mipipy lava amin'ny tongony, tsy ianao no itenenako, ianao tsy inona manko fa biby! Ifantàna amin'i Allah fa, izaho tsy mino anao mahafantatra afa-tsy andininy roa ihany ao amin'ny Bokin'i Allah! Mifalia ianao amin'ny fahafaham-baraka amin'ny andron'ny Fitsanganana amin'ny maty sy ny famaizana mangirifiry! »

Shimr namaly azy hoe: « Hovonoin'i Allah ianareo, ilay namanao sy ianao, afaka fotoana fohy! »

Namaly azy izy [i Zohayr] hoe: « Ny fahafatesana ve no mba ampitahoranao ahy?! Ifantàna amin'i Allah fa, ny fahafatesana eo anilan'izy ireo no mahafinaritra ahy kokoa noho ny miaina miaraka aminareo mandrakizay! »

Avy eo izy nanatrika ireo olona, nampiakapeo sy niteny hoe: « [Ry] mpanompon'i Allah, aoka ity zava-boahary mahery setra ity sy ireo

forongony mba tsy hamitaka anareo amin'ny finoanareo. Ifantàna amin'i Allah fa, tsy hahazo ny fanelanelanan'i Mohammad (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) ny olona izay mandatsa-drà ny taranany sy ny fianakaviany, izay mamono ireo manampy azy sy miaro ny fahamasinany! »

Lehilahy iray no niantso azy sy nilaza taminy hoe: « Abou 'Abdillah miteny aminao hoe: "Miverena. [Ianianako] amin'ny fiainako fa tahaka an'ilay mpino tamin'ny fianakavian'i Firaona izay nanameloka mafy ny vahoakany sy nanao izay azony natao mba hiantsoana azy ireo [amin'ny fahamarinana], [ianao koa] dia nampitandrina azy ireto, nanao izay azonao natao mba hiantsoana azy ireo [amin'ny fahamarinana nefa moa] amin'ny fomba manao ahoana ireo fampitandremana sy fiangaviana no mba hampisy fiantraikany amin'izy ireo!" »

NY FIBEBAHAN'I HORR AL-RIYAH

Raha i 'Omar b. Sa'd no nanafika [ny tobin'i Houssayn (as)], dia nanontany azy i Horr b. Yazid hoe: « Hanasoa anao anie i Allah! Ianao ve dia hiady (tokoa) amin'io lehilahy io?! »

Namaly izy hoe: « Eny fa ifantàna amin'i Allah, ady izay farafahakeliny ireo loha dia

hiraraka amin'ny tany ary ireo tanana dia haniditsidina! »

Hoy izy: « Tsy mba nisy na iray tamin'ireo hevitra natolony anareo ve no nahafa-po anareo? »

Namaly i 'Omar b. Sa'd hoe: « Ifantàna amin'i Allah, fa raha izaho no tompon'ny fanapahan-kevitra dia nanaiky aho fa saingy ny governoranao no mandà izany! »

Lasa niala i Horr ary naka toerana somary nanalavitra an'ireo miaramila. Izy dia niaraka tamin'ny lehilahy iray miray foko aminy, antsoina hoe Qorrat b. Qays, ka hoy izy taminy: « Ry Qorrat! Avy nampisotroinao rano ve ny soavalinao androany? »

Namaly izy hoe: « Tsia. »

Nanontany azy izy (i Horr) hoe: « Tsy te-hampisotro rano azy angaha ianao? »

Nitantara toy izao i Qorrat: « Ifantàna amin'i Allah fa noheveriko fa te-handositra izy ka tsy handray anjara amin'ilay ady, ary noheveriko fa manelingelina azy ny fahitako azy manao izany (fandosirana) izany sy matahotra ny hanambarako izany. Arak'izany, dia hoy aho taminy hoe: "Tsy mbola nampisotroiko rano izy. Handeha aho hanatanteraka izany." Avy eo aho

dia lasa nihataka nankany amin'ilay toerana nisy azy. Ifantàna amin'i Allah fa raha nampahafantariny ahy izay tiany hatao, dia niainga niaraka taminy aho mba hanaraka an'i Houssayn (as). »

Avy eo i Horr dia nanomboka nihanananatona tsikelikely nankany amin'ny (ny toby) misy an'i Houssayn. Lehilahy iray mpiray foko aminy, antsoina hoe Mohajir b. Aws, niteny taminy hoe: « Inona no tianao hatao ry zanak'i Yazid? Te-hanafika azy ireo ve ianao? »

Nangina tsy niteny izy fa nangovitra tahaka ny olona voan'ny tazo.

Hoy indray izy taminy hoe: « Ry zanak'i Yazid! Ifantàna amin'i Allah, fa ianao dia mampiahiahy. Ifantàna amin'i Allah fa tsy mbola nahita anao mihitsy aho teo aloha ka mitovy amin'izao ahitako anao izao. Raha nisy nanontany ahy iza ny olona tena mafana fo amin'ny vahoakan'i Koufa, dia tsy mba nanadino anao aho. Fa inona àry izao hitako aminao izao?! »

Namaly izy hoe: « Ifantàna amin'i Allah, fa izaho dia mahita ny tenako eo ampisafidianana ny Paradisa sy ny Afobe. Ifantàna amin'i Allah fa izaho dia tsy hisafidy afa-tsy ny Paradisa, eny fa

na dia ho tapahana potipotika aza ny tenako na ho dorana. »

Avy eo dia nikapoka (mba haka bahana) ny soavaliny izy ka lasa nanaraka an'i Houssayn (as) izay nitenenany hoe: « Aoka anie i Allah mba hanaiky ny fanaovako sorona ny tenako ho anao ry zanak'ilay Irak'i Allah! Izaho ilay namanao, izay tsy namela anao mba hiverin-dalana sy ilay nanaramaso ny diana, (ilay) izay nanakan-dalana anao sy nahatonga anao tsy ho afanihetsika tamin'ity toerana ity. Ifantàna amin'i Allah -ankotr'Azy dia tsy misy Andriamanitra hafa- fa tsy nieritreritra mihitsy aho fa ireto olona ireto no handà ireo hevitra izay natolotrao tamin'izy ireo ary izy ireo no hametraka anao ao anatin'izao toe-javatra izao. Efa nolazaiko fa izaho dia tsy niahiahy tamin'ny fankatoavako an'ireto olona ireto mikasika ireo baikon'izy ireo sasany amin'izay izy ireo tsy hihevitra fa izaho dia tsy ho mpankato azy ireo ary [ankotr'izany] dia noheveriko mba hanaiky ireo hevitra izay narosonao izy ireo. Ifantàna amin'i Allah fa raha fantatro fa ho vitan'izy ireo ny mametraka anao anatin'izao toe-javatra izao, dia tsy mba nanao kitoatoa aho (tamin'ny fanatanterahana izao zavatra nataoko anao izao). Tonga eto aminao aho (ankehitry) mifona eo anatrehan'ny Tompoko amin'izay nataoko ka hanampy anao amin'ny alalan'ny aiko mandra-pahafatiko eo

anatrehanao. Raisinao ho toy ny fibebahana avy amiko ve izany?! »

Niteny taminy i Houssayn (as) hoe: « Eny, i Allah dia hanaiky ny fibebahanao ka hamela anao. Iza moa ny anaranao? »

Namaly izy hoe: « Izaho dia i Horr b. Yazid. »

Hoy izy hoe: « Marina tokoa fa i Horr [ilay afaka] ianaoaraka ny anarana niantsoan'ny reninao anao. Ianao no [ilay olona] afaka amin'ny fiainana eto an-tany sy ankoatra, araka ny sitrapon'i Allah. Koa midina [avy eny ambony soavaly]. »

Hoy izy: « Izaho dia ho miaramila mpitaingin-tsoavaly sy mpandeha an-tongotra mendrika ho anao. Izaho dia hiady amin'izy ireo eo ambony soavaly amin'ny fotoana iray sy eo ampidinako izay fotoana fohy farany iainako. »

Hoy i Houssayn (as) taminy hoe: « Ataovy izay hitanao fa mety. »

LAHATENY NATAON'I HORR B. YAZID AL-RIYAH

Avy eo izy nandroso nanatona ireo namany [taloha] ka niteny hoe:

« Ô ry miaramila! Tsy nekenareo ve na dia iray tamin'ireo hevitra izay notolotr'i Houssayn (as)

taminareo amin'izay i Allah hisoroka anareo tsy hifandona sy hiady aminy? »

Namaly ry zareo hoe: « Indro ilay mpibaiko i 'Omar b. Sa'd, resaho izy. »

Niresaka taminy izy sahala amin'ny nataony taminy teo aloha sy sahala amin'ny nataony tamin'ireo namany [taloha].

Niteny i 'Omar b. Sa'd hoe: « Ho tiako fatratra izany fa raha izaho no mba nahita vahaolana, dia notanterahiko izany. »

Hoy izy hoe: « Ry vahoakan'i Koufa! Ho levona anie ireo reninareo ary ho foana! Ianareo ihany no niantso an'ity olo-marina ity nefa rehefa tonga aminareo izy dia natolotrareo (amin'ireo fahavalony)! Ianareo dia mikasa ny hiady aminy miaraka amin'ny ainareo araka ny baikon'izy ireo koa ankehitriny, ianareo dia nirohotra mba hamono azy! Nosamborinareo izy, noraisina tamin'ny vozona sy nihodidininareo na taiza na taiza. Tsy navelanareo izy hiova lalana ao amin'ny fidadasik'ireo faritanin'i Allah mba hiainan'izy ireo am-pilaminana, izy sy ny fianakaviany. Ankehitriny dia eo am-pelantanareo toy ny olona babo izy, tsy afaka manao na inona na inona intsony izy mba hivoahana sy hanoherana ny loza. Nosakananareo izy sy ireo vady aman-janany ary

ny fianakaviany, (mba hisotro) amin'ilay ranon'i Eofrata izay sotroin'ireo jiosy, ireo kristiana, ireo mazdeana¹, (ity rano ity) izay ao aminy ireo lambo sy ireo alika (miaina amin'iny faritr'i) Sawad² iny no mihosinkosina, nefa izy ireo kosa dia matin'ny hetaheta. Fampahoriana ahoana loatra no ampiharinareo amin'ny taranak'i Mohammad! Aoka anie i Allah tsy hanala hetaheta anareo amin'ilay Andro mampangetaheta raha tsy mibebaka ianareo no sady tsy miala amin'ny fahotana izay efa kasainareo atao amin'ity andro ity, amin'izao fotoana izao raha ny marina kokoa. »

(Tamin'io fotoana io indrindra,) dia nisy tamin'ireo miaramila no nanafika azy tamin'ny alalan'ny tifitra zana-tsipika nankany aminy fa izy nandroso hatrany mandra-pahatongavany nanoloana an'i Houssayn (as).

[YAZID B. ZIYAD B. AL-MOHASSIR NANARAKA AN'I HOUSSAYN (AS)]

Yazid b. Ziyad b. Al-Mohassir dia anisan'ireo izay niaraka tamin'i 'Omar b. Sa'd [mba hiady] amin'i Houssayn (as). Nefa noho izy ireo nitsipaka ireo hevitra naroson'i Houssayn (as),

¹ Mazdéen

² Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Sawad dia faritra izay manelanelana an'i Koufa sy i Bassorah.

dia lasa nanaraka azy [i Houssayn] izy.
Araka'izany, izy dia anisan'ireo izay voatarika
tamin'ny andro Ashoura, noho ilay lahatenin'i
Horr al-Riyahi.

TOKO FAHAFOLO NY ADY

FANOMBOHAN'NY ADY

'Omar b. Sa'd dia nanatanteraka ny ady hanoherana azy ireo [i Houssayn (as) sy ireo mpanara-diany]. Niantso izy hoe: « Ry Zowayd! Ampanatony ny saina eny aminao! » Ary dia notanterahiny izany. Avy eo izy ('Omar b. Sa'd) nametraka ny zana-tsipika iray teo amin'ny andohalambony (fitifirana zana-tsipika) ka nitifitra avy hatrany raha vao avy niteny izy nanao hoe: « Aoka ho vavolombelona ianareo fa izaho no voalohany nitifitra azy. »

Taorian'ny nanatonan'i 'Omar b. Sa'd sy nitifirany tamin'ny zana-tsipika, dia [nifandimby] nitifitra ihany koa ireo miaramila.

Avy eo, i Yassar, mpanompon'i Ziyad b. Abi Soufyane sy i Salim, mpanompon'i 'Obaydollah b. Ziyad dia nandroso sy niteny hoe: « Iza [no vonona] hiady samy irery? Aoka ny iray aminareo mba hanatona. »

Niantsambotra i Habib b. Mozahir sy i Borayr b. Hodhayr fa hoy i Houssayn (as) tamin'izy ireo hoe: « Mitonia ianareo. »

‘Abdallah b. ‘Omayr al-Kalbi no nanatona sy niangavy hoe: « Ry Aba ‘Abdillah -Allah anie hamindrafo anao- omeo alalana aho handeha hifanandrina amin’izy ireo. »

Nijery nandinika azy i Houssayn (as) ary hitany (teo aminy) fa lehilahy ranjanana izy, manana sandry vaventy sy soroka mivelatra, avy eo dia niteny izy hoe: « Mino aho fa izy dia ampy hifanandrina amin’ireo fahavalo. Mandehana ianao raha tianao. » Niainga izy handeha hiady amin’ireo olona anankiroa ireo.

Ireto farany nanontany azy hoe: « Iza ianao? »

Nampahafantariny azy ny firazanany nefa namaly izy ireo hoe: « Tsy mahafantatra anao izahay. Koa aoka i Zohayr b. Qayn na i Habib b. Mozahir na i Borayr b. Hodhayr no ho avy hiady aminay! »

Yassar, ilay mpanompon’i Ziyad no nivoaka ny laharana, vonona ny hiady voalohany, niroso nialohan’i Salim, ilay mpanompon’i ‘Obaydollah b. Ziyad.

Al-Kalbi niteny tamin’i Yassar nanao hoe: « Ry zanaky ny mpijangajanga! Azo lazaina izao fa ianao dia tsy mitia loatra ny miady na amin’iza na amin’iza. [Marina izany] satria na iza na iza tonga hiady aminao dia mendrika kokoa noho ianao! »

Avy eo dia niantoraka teo aminy izy, nikapoka azy tamin'ny sabany mandra-pahafatiny. Fa raha mbola teo am-pikapohana azy izy, dia indro i Salim, ilay mpanompon'i 'Obaydollah b. Ziyad, nihazakazaka haingana nankany aminy. Tamin'izany indrindra, ireo mpanara-dian'i Houssayn (as) no niantsoantso mafy nankany aminy nanao hoe: « (Mitandrema), ilay andevo no manatona anao! » nefa dia tsy mba nahatsikaritra na inona na inona akory izy. Rehefa notampohin'i Salim novelezina izy, dia niaro tena (faingana) i 'Abdallah al-Kalbi tamin'ny alalan'ny tanany havia, izay nahatapaka sy nampipitika ireo rantsan-tanany (avy an-kavia), avy eo izy dia nihodina nanatrika an'i Salim, ka nikapoka azy nialohan'ny namonoany azy.

I Al-Kalbi dia niverina (nankao amin'ny tobiny) rehefa avy nahafaty miaramila roalahy, no sady namaky izao tononkalo manaraka izao:

« Raha tsy fantatrareo iza moa aho, (dia fantaronareo fa) izaho

no ilay zanak'i Kalb

Ampy [mba ho voninahitro ny ilazana] fa izaho dia avy amin'ny fokon'ireo 'Olaym

Izaho dia lehilahy matanjaka sy mahery

Izaho dia tsy mba kanosa ao anatin'ny
fahoriana.

Mampanantena anao aho [ry] renin'i Wahab

Fa izaho dia hiantoraka [eo amin'izy ireo]
amin'ny kapoka lefona sy sabatra

Izany no tovolahy izay mino
an'Andriamanitra. »

[Tamin'io fotoana io] ny vadiny, i Oumm
Wahab dia nandray ny andrin' [ny tranolay iray]
ary nanatona ny vadiny sady niteny hoe: « Aoka
anie ny ray aman-dreniko hatao sorona ho anao!
Miadia ianao ho an'ireto [olona] madio, taranak'i
Mohammad ireto! »

Nandroso nankany aminy izy mba hanolotra
azy amin'ireo vehivavy saingy, ity farany no
nisintona azy teo aminy tamin'ny alalan'ny
lambany sady nilaza hoe: « Tsy havelako ianao
raha tsy maty miaraka aminao aho! »

Nantsoin'i Houssayn (as) izy ary nilazany hoe:
« Hovaliana soa anie ianareo [noho ny
fahafoizanareo tena] ho an'ny fianakavian'ny
[Mpaminany]. Miverena eo amin'ireo vehivavy
ianao, i Allah anie no hamindrafo aminao, ary
mitoera ianao miaraka amin'izy ireo satria ireo
vehivavy dia tsy mba mahazo miady. »

Arak'izany dia niverina teo amin'ireo vehivavy izy.

FANAFIHANA VOALOHANY

'Amr b. Hajjaj -izay nipetraka teo ankavanan'ny tafika- no nanao fanafihana teo amin'ny ilany havian'ny miaramilan'i Houssayn (as) ary, izy ireo no efa nanakaiky an'i Houssayn (as), dia nandohalika ireo miaramilan' (ity farany) ka nampitraka ny lefon'izy ireo teo anatrehan'ireo fahavalo. Nijanona nanoloana ireo lefona ny soavalin'ireo fahavalo ary nanomboka nihemotra, fa tamin'izany indrindra, ireo miaramilan'i Houssayn (as) no nanao tfitra (vary raraka) zana-tsipika izay nahafaty miaramila maro avy amin'ireo fahavalo sy nandratra ireo hafa sasany.

FAHAGAGANA SY TARI-DALANA

Lehilahy iray avy amin'ny fokon'ireo Tamim, antsoina hoe 'Abdallah b. Hawzah, no nandroso mandra-pahatongavany nanoloana ny miaramilan'i Houssayn (as) ka niteny taminy hoe: « Ry Houssayn! Ry Houssayn! »

Nanontany azy i Houssayn (as) hoe: « Inona no tadiavinao? »

Hoy izy: « Mifalia ianao ho any amin'ny Afobel! »

Niteny i Houssayn (as) hoe: « Tsia tsy akory! Izaho ho any amin'ny Tompo Be Famindram-po sy ny mpanelanelana [Mpaminany] ary ankatoavina. Iza io olona io? »

Namaly azy ireo mpanara-diany hoe: « Ibn Hawzah io. »

Nilaza i Houssayn (as) hoe: « Tompo ô, ento mankany amin'ny Afobe izy! »

[Tsy tapitapitr'izay,] dia tafahitsoka tao anatin'ny sakelin-drano kely iray ny soavaliny ary nianjera tao izy, ka ny tongony havia dia niraikitra eo amin'ilay fitoeran-tongotra, ary ny lohany dia niraviravy amin'ny tany. Tamin'izany, dia nanomboka niriotra tampoka tsy ankijanona ilay soavaly. Ny lohan'Ibn Hawzah dia nifandimby nidona amin'ny vato sy ny hazo mandra-pahafaty azy.

Masrouq b. Waïl dia nitantara hoe: « Izaho no anisan'ireo mpitaingin-tsoavaly voalohany nanafika an'i Houssayn (as). Niteny tamin'ny tenako aho hoe: "Izaho no anisan'ireo miaramila mpitaingin-tsoavaly voalohany, mety izaho no hahazo ny lohan'i Houssayn (as) koa arak'izany dia hahazo voninahitra [ambony] aho avy amin'i 'Obaydollah b. Ziyad!" Nony tonga teo akaikin'i Houssayn (as) izahay, dia nisy lehilahy iray anisan'ireo miaramila, antsoina hoe Ibn Hawzah

no tonga aloha ka niteny hoe: “Houssayn ve miaraka aminareo?”

Nangina tsy niteny i Houssayn (as).

Naveriny indroa izany nefa i Houssayn mbola nangina tsy niteny.

Nony tamin’ny fanintelony, i Houssayn (as) vao niteny hoe: “Lazaonareo azy hoe: Eny, indro i Houssayn, inona no ilainao?”

Hoy izy hoe: “Ry Houssayn! Mifalia ianao ho any amin’ny Afobe!”

Niteny i Houssayn (as) hoe: “Diso ianao! Izaho aza anie ho any amin’ny Tompo izay mamindra-fo sy ny mpanelanelana [Mpaminany] ary ankatoavina, fa iza ianao?”

Hoy izy: “Ibn Hawzah.”

Natsangan’i Houssayn (as) ireo tanany amin’ny endrika ahitanay ny hafotsin’ireo heliny tamin’ny alalan’ireo fitafiany, avy eo niteny izy hoe: “Ry Allah, ento any amin’ny Afobe izy!”

Tezitra Ibn Hawzah ka niantoraka teo aminy mba handona azy amin’ny soavaliny, saingy nisy sakelin-drano kely iray teo anelanelan’izy ireo, ny tongony dia niraikitra eo amin’ilay fitoeran-tongotra ary nihodidina teo amin’ny tenany ihany ilay soavaly: izany no nahalatsaka azy ary

tamin'izany indrindra, ny tongony, ny ranjony sy ny feny dia tapaka nizarazara ka ny tapany no nihantona teo amin'ilay fitoeran-tongotra. »

'Abd al-Jabbar b. Waïl al-Hadhrami dia nitantara hoe: « Niverin-dalana i Masrouq namela ireo miaramila mpitaingin-tsoavaly tao aoriany. Nanontaniako ny anton'izany izy ary namaly ahy nanao hoe: "Hitako ao amin'ny fianakaviana amin'ity ankohonan'[ny Mpaminany] ity ireo zavatra izay mahatonga ahy tsy hiady amin'izy ireo intsony mihitsy". »

FANOZONANA AN'I BORAYR SY NY NAHAMARITIORA AZY

Yazid b. Ma'qil dia nandroso nivoaka [avy tamin'ireo laharan'ny] tafik'i 'Omar b. Sa'd sy niteny hoe: « Ry Borayr b. Hodhayr! Tsy hitanao angaha ny nanaovan'i Allah anao?! »

Namaly i Borayr hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, Izy dia nanao soa ahy fa nanao ratsy anao. »

Niteny i Yazid b. Ma'qil hoe: « Mandainga ianao! [Na izany aza anefa] hatramin'izao ankehitriny izao ianao dia tsy mba mpandainga! Moa va tsaroanao, tamin'isika niaraka nandeha [tao amin'ny faritry] ny fokon'ireo Lawzane, dia nilaza tamiko ianao fa i 'Othman b. 'Affan dia nanimba ny tenany, ary i Mo'awiyah b. Abi Soufyan dia mpamitaka very lalana fa ilay

mpitarika [Imam] amin'ny fahitsiana sy ny fahamarinana dia i 'Ali b. Abi Talib?! »

Borayr dia namaly hoe: « Ekeko izany ary [mbola] izany foana no hevitra sy ny teniko! »

Nilaza taminy i Yazid b. Ma'qil hoe: « Fa izaho koa dia manaiky fa ianao dia anisan'ireo very lalana! »

Hoy i Borayr b. Hodhayr taminy hoe: « Vonona ny hifanozona ve ianao? Ary angatahintsika amin'i Allah ny mba hanozona an'izay mandainga sy hamono izay ao anatin'ny fahadisoana ary avy eo mirosoa ianao fa hiady aminao aho! »

Nifanatona izy roa lahy, nanangana ny tanan'izy ireo nankany amin'i Allah mba hiantsoa Azy, hangataka Aminy mba hanozona ny mpandainga ary izay ao anatin'ny fahamarinana no hamono ani'zay ao anatin'ny fahadisoana.

Avy eo dia niady izy roa amin'ny adin'olon-droa ka nifamely amin'ny kapoka indroa [amin'ny sabatra]. Yazid b. Ma'qil dia nikapoka an'i Borayr b. Hodhayr tamin'ny kapoka maivana izay tsy nampaninona an'ity farany fa i Borayr b. Hodhayr kosa dia namely azy amin'ny kapoka tena mafy ka nahatonga ny satro-by teo aminy vaky ary nahavoa ny atidohany ilay

sabatra. Nianjera i Ma'qilsahala amin'ny nianjera avy eny an-tendrombohitra avo ary nandritra izany ilay sabatr'i Ibn Hodhayr dia tafajanona milentika amin'ny loha.

[Hoy ny mpitantara hoe:] « Taorian'izany, dia toa hitako izy [i Borayr] nanetsiketsika [ny sabany] mba esorina amin'ny loha. »

[Tamin'io fotoana io,] i Radhy b. Monqiz al-'Abdi miaramilan'i 'Omar b. Sa'd dia nanafika an'i Borayr sy nitolona azy. Nifamely [tamin'ireo tanana] izy roa nandritra ny fotoana iray nialohan'i Borayr [niatsambotra teo ambony] ka nipetraka teo amin'ny tratrany. Niantsoantso i Radhy nanao hoe: « Aiza ireo mpiady sy ireo mpiaro?! »

[Noho izany] i Ka'b b. Jabir al-Azdi dia nanafika an'i Borayr tamin'ny lefona izay nanindrona azy avy tao an-damosina. Rehefa tsapan'ity farany fa voan'ilay lefona izy, dia nitanondrika teo amin'i Radhy b. Monqiz al-'Abdi izy, nanaikitra ny tarehiny izy sy nanapaka ny tendron-korony. Nalantik'i Ka'b b. Jabir [ilay lefona teo amin'ny lamosina] mba hidiran'izany vy izany lalina tanteraka nialohan'ny nanesorany an'i Borayr mba hanavotany an'i al-'Abdi. Avy eo dia nokapohiny tamin'ny sabatra i Borayr ka nahafaty azy.

[Hoy ny mpitantara hoe:] « Allah anie hamindrafo aminy. »

[NAHAMARITIORA AN'I 'AMR BIN QARAZAH]

Niroso mba hiady i 'Amr b. Qarazah al-Ansari sy mba hiaro an'i Houssayn (as). Namaky ireto tononkalo manaraka ireto izy:

« Ny antoko miaramilan'ireo Ansar dia
mahalala

Fa izaho dia hiaro ny voninahitra masina [azy
ireo]

Amin'ny alalan'ny kapoka iray [amin'ny
sabatra] ataon'ny tovolahy iray izay tsy mba
mihorohoro [eo anatrehan'ny fahavalalo]

Amin'ny fanomezana ny aiko sy ny tranoko mba
hiarovana an'i Houssayn »

Ary [taorian'ny niadiana] dia maty izy. [Hoy
ny mpitantara hoe:] « Allah anie hamindrafo
aminy. »

Ny rahalahiny i 'Ali b. Qarazah, izay
anisan'ny tao amin'ny tobin'i Omar b. Sa'd, dia
niteny hoe: « Ry Houssayn! Ry mpandainga,
zanaky ny mpandainga! Nataonao very lalana ny
rahalahiko, ianao dia namitaka azy mandra-
pamonoanao azy! »

Namaly azy i Houssayn (as) hoe: « Tsy misy ny isalasalana amin'izany fa, i Allah dia tsy mba namery lalana ny rahalahinao fa ny mifanohitra amin'izany, Izy dia nitari-dalana azy fa namery lalana anao! »

Hoy izy hoe: « Aoka anie i Allah hamono ahy raha tsy mahafaty anao aho na izaho maty miady aminao. » Ary dia niantoraka tamin'ny Imam (as) izy.

Nafi' b. Hilal al-Moradi no nitsivalana ka nikapoka azy izay nampianjera azy. Tonga ireo namany hitondra famonjena ho azy ary nahavoavonjy azy.

[FANAFIHANA MITAMBATRA]

[Nandritra izany fotoana izany] ireo miaramila dia mifandona sy miady ka ny sasany mifanandrina amin'ny hafa. Anisan'izany, i Horr b. Yazid izay niady [tamin-kerim-po] tokoa tamin'ireo fahavalo. Namaky izao tononkalo manaraka izao izy:

« Hotohizako foana ny fanafihana azy ireo [na dia] misy ratra aza eo tenda

Sy eo amin'ny tratran' [ny soavaliko] mandra-pahatonga ahy

mihosin-drà. »

Naratra teo amin'ireo sofina sy ny handrina ny soavaliny ka nifantsitsitra ny rà.

Yazid b. Soufyan al-Tamimi dia nilaza [teo aloha] hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa, raha izaho no mahita an'i Horr b. Yazid mandroso mba hiady, dia hotsindromiko lefona izy. »

Niteny taminy i Houssayn b. Tamim hoe: « Indro i Horr b. Yazid izay nirinao fatratra mba ho hita! »

Namaly izy hoe: « Eny, [hitako izy]. »

Nandroso nanatona azy izy ka niteny taminy hoe: « Ry Horr b. Yazid, vonona ve ianao hifanandrina amiko amin'ny ady samirery?! »

Namaly izy hoe: « Eny, tiako izany! » Ary dia niady taminy izy ka ny ain'i Yazid dia teo ampelatanan'i Horr. Fotoana vitsy monja no nandalo dia vitan'i Horr ny namono nahafaty azy.

Nafi' b. Hilal al-Moradi al-Jamali dia niady [teo anilany] ary niteny hoe: « Izaho no al-Jamali, izaho dia eo amin'ny lalan'i 'Ali (as)! »

Tamin'izay, nisy lehilahy iray, manana anarana hoe Mozahim b. Horayth nandroso nanatona azy sy nilaza taminy hoe: « Ny tenako kosa dia eo amin'ny lalan'i 'Othman! »

Nafi' niteny taminy hoe: « Ianao kosa dia eo amin'ny lalan'ny Satana! » Avy eo dia notafihany izy ka novonoiny.

'Amr b. Hajjaj al-Zobaydi niantsoantso [an'ireo olony] nanao hoe: « adaladala! Fantatrareo ve iza no iadivanareo?! Ireo no miaramilan'ny tanàna, olona efa vonona ny ho faty ireo. Aoka ny iray aminareo mba tsy hisy hanao adin'olon-droa amin'izy ireo. Tsy dia maro akory izy ireo, ka tsy afaka ny hanohitra haharitra ela, arak'izany dia ifantàna amin'i Allah fa na dia amin'ny alalan'ny tora-bato fotsiny aza no hiadiavanareo amin'izy ireo, dia ho matinareo izy ireo! »

Nilaza i 'Omar b. Sa'd hoe: « Marina ny anao, tsarany hevitrao. »

Ary dia nandefa [iraka iray] tamin'ireo miaramila izy hilaza ny fanapahan-keviny: « Aoka tsy hisy amin'ireo miaramila hihantsy ady ataon'olon-droa amin'ireo olon' [i Houssayn (as)]! »

FANAFIHANA FAHAROA

Nanakaiky an'ireo mpanara-dian'i Houssayn (as) i 'Amr b. Hajjaj ka nilaza hoe: « Ry vahoakan'i Koufa! Hajao ny fankatoavanareo ary miraisa hina! Aza miahiahy ny hamono an'izay

mitsipaka ny finoany sy mandà an'ny Imam [Yazid]! »

Namaly i Houssayn (as) hoe: « Ry 'Omar b. Hajjaj! Ny hanohitra ahy ve no hitaomanao an'ireo olona?! Izahay ve no nitsipaka fa ianareo no mijanona mifikitra [ao amin'ny finoana]?! Ifantàna amin'i Allah fa, rehefa esorina ny fanahinareo ka maty ianareo vokatry ny nataonareo, dia ho fantatrareo iza amintsika no nitsipaka tamin'ny finoany sy izay tena mendrika hodoroina ao amin'ny afo! »

Avy eo i 'Amr b. Hajjaj dia nanao fanafihana [ny tobin'i] Houssayn (as) avy amin'ny ilany ankavanana ny tafik'i 'Omar b. Sa'd, teo akaikin'ilay Eofrata. Nifandona nandritra ny fotoana iray izy ireo nialohan'ny vondrona iray avy tamin'ireo mpanara-dian'i Houssayn (as) ho lavo maritiora.

NAHAMARITIORA AN'I MOUSLIM B. 'AWSAJAH

'Abd al-Rahman al-Bajali sy i Mouslim b. 'Abdallah al-Zhababi, izy roa samy olon'i 'Amr b. Hajjaj, no namono azy. Ireo olon'i 'Amr b. Hajjaj dia niantsoantso hoe: « Izahay no nahafaty an'i Mouslim b. 'Awsajah al-Assadi! » Somary nihataka lavitrai 'Amr b. Hajjaj sy ireo olony ary rehefa nisinda ny vovoka [nitorajofa], dia

hitan'izy ireo [ireo mpanara-dian'i Houssayn] izy miampatra eo amin'ny tany.

Nandeha nanatona azy i Houssayn (as) ary hitany fa mbola misy aina fa saingy efa eo ambavahaona. Hoy izy taminy hoe: « Ry Mouslim b. 'Awsajah, hamindrafo aminao anie i Allah. {**Misy tamin'izy ireny no efa nahatratra ny tanjony, ary ny sasany kosa mbola miandry; ary tsy mbola niova mihitsy izy ireo.**}¹ »

Avy eo, i Habib b. Mozahir nanatona azy ka niteny nanao hoe: « Mampahonena ahy ny mahita ny fahafatesanao ry Mouslim! Raiso ny vaovao mahafalin'ny Paradisa (izay miandry anao). »

Tamin'ny feo iva no nilazan'i Mouslim taminy hoe: « Allah anie hitondra vaovao mahafaly ho anao. »

Hoy i Habib taminy hoe: « Raha tsy nahalala aho fa hanaraka ireo dianoana afaka fotoana vitsivitsy, dia nanam-paniriana ny mba hametrahanao amiko izay tena zava-dehibe aminao amin'izay aho mba ho mendrika hanatanteraka ny fanirianao noho ny fatoram-pihavanana sy finoana izay mampiray antsika. »

¹ Ny Kor'âny masina 33:23

Noraisin'i Mouslim ny tanany ka nataony teo ambony [tanany] Houssayn ary nilaza izy hoe: « Ankiniko amina izy. Hamindrafo amina anie i Allah. Matesa ianao ho azy! »

Hoy i Habib hoe: « Ho tanterahiko izany, [ianianako] amin'Ilay Tompon'ny Kaaba. »

Afaka fotoana fohy monja dia maty teo antanany izy ireo izy (Allah anie hamindrafo azy).

[Teo ampahitana izany,] ilay mpanompovaviny dia niantso mafy nanao hoe: « Ry zanak'i 'Awsajah! Ry lehibeko! »

FANAFIHANA FAHATELO

Teo amin'ny ilany an-kavia, i Shimr b. Zil-Jawshan dia nanafika ny elatra an-kavanan'ireo miaramilan'i Houssayn (as), izay nanohitra azy [sy nanosika azy], izy sy ireo miaramilany, tamin'ny alalan'ireo tora-defona. Na dia teo aza izany, i Hani b. Thobayt al-Hadhrami sy i Bokayr b. Hayy al-Timi dia nanafika an'i 'Abdallah b. 'Omayr al-Kalbi ka nahafaty azy ireo.

FANAFIHANA AN'IREO MPANARA-DIAN'TI HOUSSAYN (AS)

Ireo mpanara-dian'i Houssayn (as) dia nanao ady mahery vaika ary ireomiaramilany mpitaingin-tsoavaly dia nanomboka nanafika an'ireo fahavalo. Misy roa amby telopolo izy ireo

fa isaky ny manafika amin'ny lafiny misy an'ireo miaramilan'i 'Omar b. Sa'd izy ireo, dia nahavita hatrany ny nanaparitaka azy ireo.

Teo ampahitana an'ireo miaramila niparitaka teo amin'ny lafiny rehetra, i 'Azarah b. Qays al-Tamimi -izay lehiben'ireo miaramilan'ny vahoakan'i Koufa- dia nandefa haingana an'i 'Abd al-Rahman b. Hissn mba hilaza amin'i 'Omar b. Sa'd hoe: « Tsy hitanao angaha ny manjo ireo miaramilanay hatramin'izao maraina izao manoloana an'ity (miaramila) vitsy an'isa ity?! Alefaso haingana ireo miaramila antongotra sy ireo mpitifitra amin'ny zana-tsipika mba hanohitra azy ireo! »

Niteny tamin'i Shabath b. Rib'i al-Tamimi izy [i 'Omar b. Sa'd] nanao hoe: « Tsy handeha angaha ianao [hanampy azy ireo]? »

Namaly izy hoe: « Allah, Ilay Lafatra! Tonga ve ianao mba hijery ny lehiben'ireo Modharr sy ny an'ny tanàna rehetra ary te-handefa azy miaraka amin'ireo mpitifitra amin'ny zana-tsipika?! Tsy mahita olona afa-tsy izaho ve ianao izay hiangavianao mba hanatanteraka izany iraka izany?! »

Arak'izany, i 'Omar b. Sa'd dia nampiantso an'i Houssayn b. Tamim ary nandefa azy niaraka tamin'ireo miaramila miakanjo vy sy miaramila

mpitifitra amin'ny zanatsipika miisa dimanjato. Nandroso izy ireo ary rehefa tonga nanakaiky an'i Houssayn sy ireo mpanara-diany izy ireo, dia nanao tifitra rotsak'orana zana-tsipika tamin'izy ireo. Fotoana fohy monja dia ampy nandratra ny tongotr'ireo soavalin'izy ireo koa dia lasa nandeha an-tongotra avokoa izy ireo.

Ny soavalin'i Horr b. Yazid al-Riyahi dia naratra ihany koa teo amin'ny tongony, izay nampihevingevina azy, tafintohina ka nianjera nitrosoa tamin'ny tany, fa i Horr, sabatra no teny an-tanany, dia nitsambikina avy tamin'ilay soavaliny izy tahaka ny liona ary namaky izao tononkalo izao:

« Raha noratrainareo eo amin'ny tongony ilay
soavaliko, dia izaho no zanak'i Horr

Mahery fo mihoatra ny liona be volon-tenda. »

Ireo miaramilan'i Houssayn (as) dia niady an-kasahiana fatratra hatramin'ny mitatao vovonana. Ireo fahavalo dia tsy afaka manafika azy ireo afa-tsy amin'ny ilany iray ihany satria ireo tranolay dia navondrona amin'ny toerana iray sy natao mifanakaiky tokoa.

Teo ampahitana izany, i 'Omar b. Sa'd dia nandefa miaramila mba handrava ireo izay teo amin'ny ilany an-kavanana sy an-kavian'izy ireo mba hiodidinana azy ireo. Niaraka tamin'izay,

[ireo miaramilan'i Houssayn dia nanohitra ary] nanomboka nandeha tsitelotelo na efatra nitsofotsofoka nanelanelana an'ireo tranolay ka nanosika ny fahavalo tsirairay izay tonga handrava [ireo tranolay] sady namono azy, tamin'ny fitifirana [amin'ny zana-tsipika] na nandratra ny tongotry ny soavaliny.

Tao anatin'ireo trangan-javatra ireo, i 'Omar b. Sa'd dia nanome baiko [an'ireo miaramilany] nanao hoe: « Ravaonareo [ireo tranolay] amin'ny alalan'ny afo! »

Niteny i Houssayn (as) hoe: « Avelao izy ireo handoro an'ireo. Raha ataon'izy ireo izany, dia tsy afaka ny hanakaiky anareo izy ireo noho ireo afo ireo hanelanelana. » Ary dia izany tokoa no zava-niseho. Vokatr'izany, izy ireo dia nanohy hatrany niady tamin'ny ilany iray ihany.

FANAFIHANA FAHAEFATRA

Shimr b. Zil-Jawshan dia anisan'ireo izay nanafika. Ity farany dia nitora-defona ny tranolay lehibe an'i Houssayn (as), avy eo izy dia niantsoantso hoe: « Itondrao afo aho mba handoroako an'ity tranolay ity miaraka amin'ireo ao anatin'ny! »

[Nahare izany,] ireo vehivavy dia niantsoantso sy nivoaka tao amin'ilay tranolay.

Niteny taminy i Houssayn (as) nanao hoe:
« Ry zanak'i Zil-Jawshan, ianao ve mangataka afo
mba handoroana ny tranolay ipetrahan'ny
fianakaviako?! Allah anie handoro anao amin'ny
afo! »

Homayd b. Mouslim al-Azdi dia nilaza hoe:
« Hoy aho tamin'i Shimr hoe: "Allah, Ilay Lafatra!
Tsy mety aminao ny manao izany. Tianao ve ny
hiangona aminao avokoa ireo toetra anankiroa:
mandidy ny iharan'ny sazin'i Allah [ny Afobe] sy
mamono ireo vehivavy sy ireo ankizy?! Tsy ampy
ny hahafaly ny governoranao angaha ny
famonoana an'ireo lehilahy?!" »

Shabath b. Rib'i al-Tamimi no tonga nanatona
[azy] sy niteny taminy nanao hoe: « Izaho dia
mbola tsy naheno teny ratsy mihoatra ny teninao,
na toerana mahamenatra mihoatra ny toeranao.
Moa ve ianao nanjary olona mpampihorohoro
ireo vehivavy?! »

Niaraka tamin'ny fanampian'ireo lehilahy
miisa folo, no nanafihan'i Zohayr b. Qayn azy.
Notafihin'izy ireo tamin'ny herim-po i Shimr sy
ireo namany ka afaka nanosika azy ireo
nanalavitra ireo tranolay mandra-pialan'izy ireo.

Ireo miaramila [fahavalo] dia nitsofoka
[mitombo hatrany nanakaiky ny tobin'i
Houssayn] no sady [miha] maro foana raha tetsy

ankilany ireo miaramila avy amin'ireo mpanara-dian'i Houssayn (as) kosa dia mitohy lavo an'ady ho maritiora hatrany. Rehefa iray na roa amin'ireo mpanara-dia no maty, dia hita taratra izany eo anatrehan'izy ireo fa ny andaniny kosa izay tena maro tokoa ka tsy hita taratra akory ny sasany amin'izy ireo izay maty.

FIOMANANA HO AN'NY VAVAKA AMIN'NY MITATAO VOVONANA (ZOHR)

[Teo ampahitana izany tranga izany] i Abou Thammah 'Amr b. 'Abdallah al-Saïdi dia nilaza tamin'i Houssayn (as) hoe: « Ry Aba 'Abdillah! Hataoko sorona ho anao ny fiainako, fa tazako efa manakaiky anao ireto olona ireto. Ifantàna amin'i Allah fa, tsy ho faty ianao raha mbola tsy maty aho mba hiaro anao, raha sitrak'i Allah. Nefa tiako ny hihaona amin'ny Tompoko sady nahavita ity vavaka ho an'ny fotoana efa antomotra ity. »

Nampitraka ny lohany [mankany amin'ny lanitra] i Houssayn (as) sady niteny hoe: « Ianao dia nahatsiaro ilay vavaka. Allah anie hametraka anao ho anisan'ireo izay manatanteraka ny vavaka sy mahatsiaro Azy! Eny, izao no voaloham-potoana [ho an'ilay vavaka]. » Avy eo izy dia nilaza hoe: « Iangavio izy ireo mba hampiato ny ady mba ahafahantsika mivavaka. »

Houssayn b. Tamim no namaly azy ireo avy hatrany [sady naneso] nanao hoe: « [Na izany na tsy izany] dia tsy ho voaray izany! »

Habib b. Mozahir no namaly azy hoe: « Ianao ve afaka mihambo amin'ny filazana fa ny vavaka ataon'ny fianakavian'ny Mpaminany dia tsy voaray, fa ny ataonao ihany no ho voaray, ry ampondra ity?! »

NAHAMARITIORA AN'I HABIB B. MOZAHIR

Nanafika azy ireo i Houssayn b. Tamim al-Tamimi saingy i Habib b. Mozahir al-Assadi no nandroso [nanohitra azy]. Ity farany moa dia nikapoka tamin'ny sabatra teo amin'ny tarehin'ny soavaliny izay nitroatra ka nampianjera an'i Houssayn. Fa tonga namonjy azy ireo namany ka nahavonjy azy. [Tamin'io fotoana io] i Habib dia nanomboka namaky ireto tononkalo manaraka ireto:

« Izaho no Habib ary ny raiko dia i Mozahir

Mpitaingin-tsoavaly amin'ny ady sy amim-panafihana mafana

Ianareo dia tsara fiomanana kokoa sy maro an'isa indrindra

Saingy izahay no mendrika kokoa sy matanjaka indrindra

Izahay no manana ireo porofo mendrika
indrindra, fahamarinana miharihary

Izahay no mendrika kokoa noho ianareo sy
marina. »

Notohizany ny teniny nanao hoe:

« Mianiana aho fa raha izahay no mitovy isa
aminareo

Na mitovy sasaka [amin'ny isanareo], dia ho
nandositra isan'antokony ianareo

ô ianareo olon-dratsy ara-boninahitra sy
firazanana. »

Niady tamin-kerim-po fatratra i Habib fa
lehilahy iray avy amin'ny fokon'ireo Tamim,
antsoina hoe Bodayl b. Soraym, no nanafika azy
saingy nanao valim-panafihana [mahery vaika] i
Habib tamin'ny alalan'ny kapoka sabatra teo
amin'ny lohany, izay nahafaty azy. Nisy lehilahy
iray hafa avy amin'ny fokon'ireo Tamim anefa no
nanafika sy namely azy ka nampianjera azy teo
amin'ny tany. Nanandrana ny hitsangana izy
saingy voakapok'i Houssayn b. Tamim [mafy dia
mafy] teo amin'ny lohany tamin'ny alalan'ny
sabany. Nitolefika i Habib. Lehilahy iray avy
amin'ny fokon'ireo Tamim no nanatona azy ka
nanapaka ny loha (...).

Ny nahafaty maritiora an'i Habib b. Mozahir dia nampahory fatratra an'i Houssayn (as) izay niteny nanao hoe: « Izaho dia nanao sorona ny aiko, ny an'ireo mpiaro ahy sy ireo mpanaradiako [ho an'i Allah]. »

NAHAMARITIORA AN'I HARR B. YAZID AL-RIYAH

Nandroso i Harr ary nanomboka niteny an'ireto tononkalo ireto:

« Izaho i Harr, ilay mpiaro an'ireo vahiny
nasaina

Hoveleziko izy ireo [ireo fahavalo] amin'ny
alalan'ny sabatro amin'ireo elatry ny fanafihana
rehetra.

[Mba hiarovana] ilay [olona] mendrika izay tao
Mina sy tao Khayf

Hoveleziko [ireo fahavalo] tsy ao anatin'ny
[fanaovana] ny tsy rariny »

Notohizany hoe:

« Ianianako ny tsy hahafaty ahy raha tsy
mahafaty

Ankehitriny, izaho dia tsy hanao voa afa-tsy ny
manafika ihany

Hoveleziko mafy dia mafy izy ireo amin'ny
alalan'ny sabatro maranitra

Tsy misy akory ny fahatahorana azy ireo na ny fitandremana »

Zohayr b. Qayn dia nirotsaka niaraka taminy ihany koa [teo amin'ny sahan'ady]. Izy roalahy dia niady tamin'ny herim-po fatratra, koa raha nanafika ny iray amin'izy roa ka voahodidina, dia ny iray kosa no manao fanafihana mba hanavotana azy. Nanohy [niady] somary naharitra izy roa fa saingy [tamin'ny fotoana tsy nampoizina] ireo miaramila an-tongotra [avy amin'ny fahavalo] no niantoraka teo amin'i Horr b. Yazid ka nahafaty azy. [Hoy ilay mpitantara hoe:] « Allah anie hamindrafo aminy. »

NY VAVAKA AMIN'NY MITATAO VOVONANA [ZOHR]

Nitarika ny fivavahana teo anoloan'izy ireo i Houssayn (as) tamin'ny alalan'ny vavaka ao anatin'ny tahotra (Salat al-Khawf). Sa'id b. 'Abdallah al-Hanafi no nijoro teo alohan'i Houssayn (as) [mba hiarovana azy]. Ireo fahavalo dia nikendry azy sy nitifitra azy tamin'ny zana-tsipika teo an-kavanana sy an-kavia. [Niharitra foana] izy nijoro teo nandritra izy ireo tsy nitsahatra nitifitra mihitsy mandra-pahalavo ho maritiora azy. [Hoy ilay mpitantara hoe:] « Allah anie hamindrafo azy. »

NAHAMARITIORA AN'I ZOHAYR B. QAYN

Rehefa i Zohayr b. Qayn no niditra an-tsehatra [tamin'ny vavan'ady], dia nokapokapohiny teo amin'ny sorok'i Houssayn (as) sady namaky ireto tononkalo ireto izy:

« Mandehana, fa manana ny fahitsiana ianao,
ianao ilay mpitarika sy ilay voatarika

Ankehitriny ianao dia hihaona amin'ny raibenao
ilay Iraka

Hassan sy i 'Ali al-Mourtadha [ilay voahosotra],

Ilay tanora sy mahery fo (maritiora) manana
elatra roa

Ilay lionan'i Allah, ilay maritiora velona »

Niady tamin-kerim-po izy sady nilaza hoe:

« Izaho i Zohayr ary izaho no zanak'i Qayn

Halaviriko amin'i Houssayn ianareo amin'ny
alalan'ny sabatro »

Kathir b. 'Abdallah al-Sha'bi sy i Mohajir b. Aws no nanafika azy mafy dia mafy ka nahafaty azy. [Hoy ilay mpitantara hoe:] « Allah anie hamindrafo azy. »

NAHAMARITIORA AN'I NAFI' B. HILAL AL-JAMALI

Nafi' b. Hilal al-Jamali dia nanoratra ny anarany tamin'ny alalan'ireo zana-tsipikany. Nanomboka nitifitra tamin'ireo zanatsipikany izy sady niteny hoe: « Izaho no al-Jamali ary eo amin'ny tari-dalan 'i 'Ali aho. » Namono roa ambiny folo lahy tamin'ireo miaramilan'i 'Omar b. Sa'd izy ankoatr'ireo hafa izay noratraviny.

Naratra izy ka tapaka ireo sandriny. Tamin'izany fotoana izany indrindra, i Shimr b. Zil-Jawshan sy ireo namany no afaka nisambotra azy ary nentina teo amin'i 'Omar b. Sa'd izy izay nikoriana hatreny amin'ny volom-bavany ny rà.

Niteny taminy i 'Omar b. Sa'd hoe: « Loza ho anao ry Nafi'! Inona no nanosika anao hanao toy izao amin'ny fiainanao?! »

Namaly izy hoe: « Ny Andriamanitra no mahalala izay tiako hatao. Ifantàna amin'i Allah fa, nahafaty olona roa ambiny folo namanareo aho ankoatr'ireo hafa izay naratra. Tsy misy hanenenako akory ny nanaovako an'izao fa raha mbola natanjaka ireto sandriko dia tsy ho nanaiky nosamborina aho. »

Hoy i Shimr taminy hoe: « Vonoy izy. Hanasoa anao anie i Allah! »

Niteny izy [i 'Omar b. Sa'd] hoe: « Raha tianao izany, dia vonoy izy. »

Navoakan'i Shimr avy tao amin'ny tranony ny sabatrany. Tamin'izay i Nafi' dia nilaza taminy hoe: « Raha mba mpanara-dia ny finoana islamo ihany ianao, dia hanahirana anao tokoa ny hihaona amin'i Allah amin'ny fandatsahanao ny rànay! Voninahitra anie ho an'i Allah izay nanao ny fahafatesanay avy amin'ny tanan 'ireo zava-boahary ratsy indrindra! »

Koa dia novonoin'i Shimr izy. [Hoy ilay mpitantara hoe:] « Allah anie hamindrafo azy. »

NAHAMARITIORA AN'IREO RAHALAHIN'I AL-GHIFARI ROALAHY

Rehefa tsapan'ireo mpanara-dian'i Houssayn (as) fa izy ireo dia tsy afaka intsony ny hiaro ny ain'izy ireo na ny an'i Houssayn (as), dia nanomboka nifamaly izy ireo [samy izy ireo] mba ho fatyeo anatrehany.

Arak'izany, dia nanatona [an'i Houssayn (as)] i 'Abdallah sy i 'Abd al-Rahman zanak'i 'Azarah al-Ghiffari ary nilaza taminy hoe: « Ry Aba 'Abdillah! Fiadanana anie ho anao. Ny fahavalo dia efa mihodidina anao tsikelikely. Tianay ny ho faty maritiora eo anatrehanao, noho ny fanampiana sy fiarovana anao. »

Hoy izy hoe: « Tongasoa anie ianareo roa, manatona ahy ianareo. »

Nanatona azy izy ireo, ary dia nanomboka niady izy ireo fa ny iray tamin'izy roa dia namaky izao tononkalo manaraka izao:

« Ireo Bani Ghiffar, [ireo] Khindaf ary koa

Ireo Bani Nizar dia mahalala rahateo fa

Izahay dia hamely amin'ny alalan'ireo sabatray maranitra,

Manapaka sy manindrona, ity vondron'olon-dratsy ity

Ry vahoaka, aoka ianareo hiaro an'ity fianakavian'ireo olona afaka ity

Amin'ny alalan'ny sabatra sy lefona manindrona »

Niady tamin'ny hafanam-po izy ireo teo anatrehany nialohan'ny nahalavo maritiora azy ireo. [Hoy ilay mpitantara hoe:] « Allah anie hamindrafo amin'izy ireo. »

NAHAMARITIORA AN'IREO TANORAN'I AL-JABIRI ROALAHY

Avy eo dia tonga ireo tanora roalahy avy amin'ny fokon'ireo Jabiri: dia i Sayf b. Harith b. Soray'i sy i Malik b. 'Abd b. Soray'i, izay mpirahalaho avy amin'ny renyno sady

zanak'olo-mpirahalalahy avy amin'ny ray. Nanatona ani Houssayn (as) izy ireo sady nitomany.

Hoy izy tamin'izy ireo hoe: « Ry zanaky ny rahalahiko, inona no mampitomany anareo? Antenaiko anefa fa ireo masonareo dia hamirapiratra afaka fotoana vitsy. »

Hoy izy ireo hoe: « Aoka anie i Allah hanao sorona ny tenanay ho anao! Ifantàna amin'i Allah fa, izahay dia tsy mitomany amin'izay anjaram-bintanay fa ny momba anao. Hitanay fa ianao dia voahodidina hatraiza hatraiza nefa izahay dia tsy afaka manao na inona na inona hiarovana anao. »

Hoy izy hoe: « Allah anie hanome valisoa tsara indrindra anareo sahala amin'Izy mamaly soa an'ireo mpino vontom-pinoana, ry zanaky ny rahalahiko, noho ny alahelonareo, noho izany antony izany sy ny fahafoizanareo ny ainareo ho ahy. »

Avy eo, ireo tanoran'i al-Jabiri roalahy ireo niverina nankany amin'i Houssayn (as) nialohan'ny nirotsahan'izy ireo [an'ady] ary nilaza taminy hoe: « Ny fiadanana anie ho aminao ry zanak'ilay Irak'i Allah. »

Hoy izy tamin'izy ireo hoe: « Ny fiadanana sy ny famindram-pon'i Allah anie ho aminareo roa. »

Avy eo izy ireo dia niady mandra-pahalavo azy ireo ho maritiora. [Hoy ilay mpitantara hoe:] « Allah anie hamindrafo amin'izy ireo. »

NAHAMARITIORA AN'I HANZALAH B. AS'AD AL-SHABAMI

Hanzalah b. As'ad al-Shabami dia nanatona, nijanona nanoloana an'i Houssayn (as) ary nanomboka niteny tamin'ny feo avo hoe: « {Ary hoy ilay mpino: “Ry vahoakako, hatahorako (hotonga) aminareo ilay andro iray mitovy amin'ny an'ireovondron'olona nitambatra,

anjara mitovy amin'ny an'ireo vahoakan'i Noa, ireo Aad, ireo Tamod sy ny an'ireo taoriany”. Fa tsy te-hanao ny tsy rarinyamin'ireo mpanompony velively Allah. “Ry vahoakako! Hatahorako aminareo ny androhifampiantsoanareo (vonjy), nyandro izay handosiranareo, ka tsy hanananareo mpiaro eo anatrehan' i Allah”. Ary izay noverezin'i Allah lalana dia tsy hanana mpitari-dàlana velively.}¹ Ry vahoaka(ko) aza vonoinareo i Houssayn fa raha tsy izany i Allah dia handevona anareo amin'ny alalan'ny famaizany. {Very tokoa izay mamoron-dainga”.}² »

¹ Ny Kor'âny masina 40:30-33

² Ny Kor'âny masina 20:61

Hoy i Houssayn (as) taminy hoe: « Ry zanak'i As'ad! Hamindrafo aminao anie i Allah! Izy ireo dia nahazo sazy nanomboka tamin'ny fotoana izay nitsipahany ny antsonao ho any amin'ny fahamarinana sy tamin'izy ireo nitsangana mba hanamarina ny famonoana anao sy ireo mpanara-dianao. Inona moa no antenain'izy ireo, amin'izao fotoana namonoan'izy ireo an'ireo rahalahinao tsy manan-tsiny?! »

Niteny izy hoe: « Marina ny anao. Aoka anie aho hanao sorona ho anao! Ianao no manampahalalana mihoatra ahy ary ianao no tena mendrika kokoa [ny manao tori-teny mananatra azy ireo]. Moa ve tsy efa fotoana handehanana any ankoatra izao mba hanarahana an'ireo rahalahinay? »

Namaly izy [i Houssayn (as)] hoe: « Mandehana mankany amin'izay mendrika kokoa noho ny eto an-tany sy izay ao aminy. [Mandehana] mankany amin'ny fanjakana izay tsy ho levona mandrakizay. »

Hoy izy hoe: « Fiadanana anie ho aminao, ry Aba 'Abdillah. Allah anie hitso-drano anao, ny fianakavianao sy ianao, ary enga anie Izy hanaiky ny fidiranay ao am-Paradisa. »

Nilaza izy [i Houssayn (as)] hoe: « Hankasitrahany anie izany [fanirianao izany]. »

Hanzalah al-Shabami dia niditra an-tsehatra [tamin'ny ady] ary niady izy mandra-pahafaty azy ho maritiora. [Hoy ilay mpitantara hoe:] « Allah anie hamindrafo aminy. »

NAHAMARITIORA AN'I 'ABISS B. ABI SHABIB AL-SHAKIRI SY ILAY MPANOMPONY I SHAWZAB

'Abiss b. Abi Shabib al-Shakiri dia nandroso niaraka tamin'i Shawzab, mpanompo [avy amin'ny fokon'] ireo Shakir.

Nanontany an'ity farany izy hoe: « Ry Shawzab, inona no kasainao hatao? »

Namaly izy [i Shawzab] hoe: « Inona moa no hatao?! Hiady miaraka aminao aho mba hiarovana ny zanaky ny zanakavavin'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) mandra-pahafatiko! »

Hoy izy hoe: « Izany mihitsy no noeritreretiko taminao. Arak'izany, raha tsy te handeha ianao, dia mirosoa, ary midira an-tsehatra [amin'ny ady] eo anatrehan'i Abou 'Abdillah mba hirariany ny valisoan'i Allah amin'ny fahafoizanao tena sahala amin'ny nataony tamin'ireo namana hafa. Ary mba hirariako ihany koa ny valisoan'i Allah noho ny fanaovanao sorona ny tenanao. Fa raha mba izaho amin'izao

fotoana izao indrindra, no nanana olon-kafa havako ankoatra anao, dia nahafaly tokoa ny firotsahany an-tsehatra [sy hahamaritiora azy] teo anatrehako mba ahafahako mametraka an'ity sorona ity eo amin'ny raharahan'i Allah satria ankehitriny isika dia tsy maintsy hangataka ny valisoa [avy amin'Andriamanitra] arak'izay farany vitantsika fa rahampitso manko dia tsy afaka hanao na inona na inona intsony fa manao ireo fitsarana. »

Nandroso i Shawzab, nanao veloma an'i Houssayn (as)izy, avy eo niditra an-tsehatra [tamin'ny ady], niady izy ary maty maritiora. [Hoy ilay mpitantara hoe:] « Allah anie hamindrafo aminy. »

Ary niteny i 'Abiss b. Abi Shabib hoe: « Ry Aba 'Abdillah! Ifantàna amin'i Allah fa, tsy misy na inona na inona na akaiky na lavitra eto ambonin'ny tany, no mamiko sy tiako indrindra mihoatra anao. Koa raha vitako ny miaro anao amin'ny fanagejana sy famonoana atao amin'ny zavatra izay tena mamiko mihoatra ny aiko sy ny ràko dia ho nataoko izany. Ny fiadanana anie ho aminao ry Aba 'Abdillah. Raisiko ho vavolombelona i Allah [amin'ny fanekena] fa izaho dia eo amin'ny fitarihanao sy ny an'ny rainao. »

Avy eo izy niroso nanatona [nankany amin'ny fahavalo], ny sabatra navoaka amin'ny tranony [sy mitodika] ho any aminy na dia misy fery aza eo amin'ny hadriny.

Rabi' b. Tamim al-Hamdani dia nilaza hoe: « Rehefa nahita azy nandroso aho, dia fantatro avy hatrany izy nialohan'ny niantsoako mafy nanao hoe: “Ry miaramila! Indro ilay liona mainty, izy no zanak'i Abi Shabib! Aoka ianareo tsy hisy hiady aminy!”

Nanomboka niantsoantso mafy izy [i 'Abiss] hoe: “Misy hanao adin'olon-droa ve?!”

Niteny [tamin'ireo miaramilany] i 'Omar b. Sa'd nanao hoe: “Toraho vato izy!”

Koa dia notafihina tamin'ny tora-bato avy amin'ny lafiny rehetra izy!

Nahita izany izy, dia nesoriny ny akanjo vy sy ny satro-by notafiany, avy eo izy dia niantoraka tamin'ireo miaramila [fahavalo].

[Hoy i Rabi' b. Tamim al-Hamdani nitantara hoe:] “Ifantàna amin'i Allah fa, tazako izy nahatosika miaramila mihoatra ny roan-jato isa!”

Fa nohodidin'izy ireo [ireo fahavalo] izy teo amin'ny lafiny rehetra nialohan'ny nahalavo maritiora azy. » [Hoy ilay mpitantara hoe:] « Allah anie hamindrafo aminy. »

NAHAMARITIORA AN'I ABOU SHA'THA YAZID B. ZIYAD AL-KINDI

Yazid b. Ziyad b. al-Mohassir¹ -izay fantatra amin'ny anarana hoe Abou Sha'tha al-Kindi- dia anisan'ireo niara-dia tamin'i 'Omar b. Sa'd mba hiady amin'i Houssayn (as). Nefa rehefa izy ireo no nitsipaka ireo tolo-kevitra naroson'i Houssayn (as), dia lasa nanaraka an'ity farany izy ary niady teo anilany. Indro ireo andalana tononkalo izay nolazainy [nialohan'ny niadiany]:

« Izaho no Yazid ary ny raiko dia i Mohassir

Izaho dia tena mahery fo noho ny liona
sanganehana ao anaty ala

Andriamanitro ô, izaho dia mpanohana an'i
Houssayn

¹ Fanamarihan'ny mpikaroka: Ity dia tantara notantarain'i Fodhayl b. Khodayj al-Kindi, ary angamba niainga avy tamin'ireo tononkalo nataon'i Yazid b. Ziyad, no nilazany fa i Yazid b. Ziyad dia nandao an'i 'Omar b. Sa'd taorian'ny tsy fankatoavany an'ireo tolo-kevitra avy tamin'i Houssayn (as). Fa efa notantaraina teo aloha izy io (p.150) araka ny tantara, avy tamin'i 'Abd al-Rahman b. Jondob [izay nitantara izany] avy tamin'i 'Oqbah b. Sim'an, [fa i Yazid b. Ziyad dia tao amin'ny tobin'i Houssayn (as) sy nanakiana mafy an'i Malik b. Noussayr al-Baddiy irak'i 'Obaydollah b. Ziyad nalefa tamin'i Horr b. Yazid al-Riyahi] (...). Ity tantara farany ity dia maneho fa i Yazid b. Ziyad dia mpanara-dian'ny Imam 'Ali (as) talohan'ny nahatongavany tao Karbala sy talohan'ny nihaonany tamin'i Horr, saingy i Tabari na i Abou Mikhnaf no tsy nahatsikaritra azy.

Fa nialako sy nilaozako ilay zanak'i Sa'd »

Izy dia mpitifitra amin'ny zana-tsipika: nandohalika izy, teo anoloan'i Houssayn (as), nitifitra zana-tsipika miisa zato ka tsy nisy nivaona izany afa-tsy dimy ihany. Rehefa nitifitra izy, dia niteny hoe: « Izaho no zanak'i Bahdalah, miaramila malaza [tamin'ny andron'] i 'Arjalah. »

Hoy i Houssayn (as) taminy hoe: « Ry Allah ô, ampahitsio ny fitifirany ary omeo azy ny valisoa Paradisa. »

Avy eo izy dia niady ka maty maritiora. [Hoy ilay mpitantara hoe:] « Allah anie hamindrafo aminy. »

NAHAMARITIORA AN'IREO OLONA EFATRA

Ireo olona efatra tafara-dia tamin'i Tirimmah b. 'Adi, izay nanaraka an'i Houssayn (as) dia: i Jabir b. Harith al-Salmāni, i Mojamma' b. 'Abdallah al-A'aizi, i 'Omar b. Khalid al-Saydawi sy i Sa'd ilay mpanompon'ity farany. Nirohotra niaraka tamin'ireo sabany avy izy ireo nanafika an'ireo miaramila [fahavalo]. Nony tonga teo afovoan'ny ady izy ireo, dia nohodidin'ireo miaramila fahavalo izy ireo tsirairay ka lasa nitsitokatokana sy tafasaraka. [Tamin'izany indrindra,] i 'Abbass b. 'Ali no tonga nanafika

nanavotra azy ireo. Ary dia nanohy niady tamin'ny sabatra izy ireo mandra-pahalavo maritiora azy ireo teo amin'ny toerana iray. [Hoy ilay mpitantara hoe:] « Allah anie hamindrafo amin'izy ireo. »

NAHAMARITIORA AN'I SOWAYD AL-KHATH'AMI SY I BASHIR AL-HADHRAMI

Tamin'ireo mpanara-dian'i Houssayn (as), dia i Sowayd b. 'Amr b. Abi al-Mota'a al-Khath'ami sy i Bashir b. 'Amr al-Hadhrami no farany sisa mbola velona. Mikasika an'i Bashir, dia nirotsaka [tao amin'ilay ady] izy ary niady mandra-pahafatiny ho maritiora. Mikasika an'i Sowayd, nirotsaka ihany koa izy, niady ka feno ratra izy ary dia nianjera noho ny ratra mafy nanjo azy teo afovoan'ireo olona efa maty koa tamin'izay no nisy naka ny sabatra teny aminy. Taorian'ny nahamaritiora an'i Houssayn (as), dia naheno [an'ireo miaramila fahavalo] izy nilaza hoe: « Novonoina i Houssayn », tamin'izay izy dia tonga saina ka mbola afaka niady nandritra ny fotoana kely tamin'ny alalan'ny lefom-pohy teny aminy nialohan'ny namonoan'i Zayd b. Roqad al-Jambi sy i 'Orwah b. Battar al-Taghlabi azy. Izy no olona novonoina farany.

NAHAMARITIORA AN'I 'ALI B. HOUSSAYN (AS) AL-AKBAR

Ny voalohany maty maritiora tamin'ireo taranak'i Abou Talib dia i 'Ali Akbar b. Houssayn b. 'Ali. Ny reniny dia i Layla b. Abou Mourrah b. 'Orwah b. Mas'oud al-Thaqafi.

Nanafika ireo miaramila[fahavalalo] izy no sady namaky an'izao tononkalo izao:

« Izaho no i 'Ali b. Houssayn b. 'Ali

Mianiana amin'Ilay Tompon'ny Trano [masina]
aho fa izahay

no tena akaikin'ilay Iraka.

Ifantàna amin'i Allah, fa ny zazasary dia

tsy mba hibaiko anay. »

Nanao izany imbetsaka izy. Morrah b. Monqiz b. No'man al-'Abdi nahatsikaritra izany ka niteny hoe: « Aoka anie ny fahotan'ireo Arabo rehetra no hitambesatra amiko raha toa ka manao izany indray izy ka mandalo eo akaikiko nefa izaho dia tsy (nanaisotra azy teo amin'ny rainy no sady tsy) nampisento tomany an-drainy noho ny fahafatesany. »

Nanohy nanafika an'ireo miaramila tamin'ny alalan'ny sabany toy ny nataony teo aloha izy (i 'Ali al-Akbar) fa saingy tamin'ity indray

mitoraka ity kosa i Morrah b. Monqiz no nanakan-dalana azy, nikapoka sy nampianjera azy. Nohodidin'ireo miaramila izy izay namirafira azy tamin'ny alalan'ny sabatr'izy ireo.

Nihazakazaka i Houssayn (as) nankeo aminy sy niteny hoe: « Allah anie handevona ireo olona izay namono anao ry zanako! Fa mieboebo loatra eo anatrehan'Ilay Mpamindrafo izy ireo amin'ny fanimbazimbana ny zava-masin'ilay Iraka! Aorianao [ny fahafatesanao], dia ho lasa vovoka anie ny Tany! »

[Tamin'io fotoana io,] vehivavy iray nihazakazaka sady niantso mafy nanao hoe: « Ry anadahiko ô! Ry zanak'anadahiko ô! », ary dia niantoraka teo aminy ['Ali al-Akbar] izy. Nanatona azy i Houssayn (as), nitantana synitondra azy niverina hatrany amin'ilay tranolay lehibe. Avy eo izy nanatona an'ireo tanora ka nilaza tamin'izy ireo hoe: « Alaivonareo ny rahalahinareo. » Nalain'izy ireo teo amin'ny toerana nahafaty azy izy ka napetrak'izy ireo nanoloana ilay tranolay lehibe izay anatanterahan'izy ireo ny ady.

NAHAFATY MARITIORA AN'I QASSIM B. HASSAN

Homayd b. Mouslim dia nitantara toy izao:

« Nisy tovolahy iray no nandroso nanatona anay, ny tarehiny dia hita fa (mampirapiratra) toy ny diabolana misandratra, sabatra iray no teny an-tanany ary nitafy lobaka sy lambabe ary kapa izy, izay nisy fahatapahana ny iray amin'ireo tadin'ny kapany. Tsy hadinoko akory fa izany dia ilay kapa havia.

Niteny tamiko i 'Amr b. Sa'id b. Nofayl al-Azdi hoe: "Ifantàna amin'i Allah, fa handeha aho hanafika azy amin'ny heriko rehetra."

Namaly aho hoe: "Allah, Ilay Lafatra! Te hanao inona any ianao?! Ireto miaramila izay tazanao sy izay mihodidina azy ireto dia tsy hamela anao [ny hamono azy]."

Hoy izy hoe: "Ifantàna amin'i Allah fa, handeha ho tafihiko izy!"

Avy eo dia nihazakazaka nankany aminy izy, nizotra mahitsy nankany aloha, tsy niherikerika, mandra-pamelezany azy tamin'ny sabatra teo amin'ny loha. Nianjera teo amin'ny tavany ilay tovolahy sady niantso mafy hoe: "Ry dadafarako ô!"

Niriotra mafy haingana toy ny voromahery i Houssayn (as) ka nanafika ankasiahana toy ny liona romotra. Noveleziny mafy tamin'ny sabatra i 'Amr izay niaro tena tamin'ny alalan'ny lanton-tanany, ka tapaka nisaraka izany hatreo amin'ny

kiho. [Tamin'io fotoana io,] ireo miaramila mpitaingin-tsoavaly [fahavalo raiki-tahotra] dia nanao fihetsiketsehana izy ireo samy ireo ihany, ka izany no nahatonga azy [i 'Amr] voahosihosin' [ireo tongotr'ireo soavaly] ary dia maty.

Rehefa nisava ny vovoka [izay nitorajofa], dia [tazana] i Houssayn (as) nitoetra teo akaiky ny lohan'ilay tovolahy fa ity farany kosa dia [niampatra amin'ny tany] nitsipatsipaka amin'ny vovoka ireo tongony.

Niteny i Houssayn (as) hoe: "Ho levona anie ireo olona izay namono anao ary ny raibenao dia ho anisan'ny fahavalon'izy ireo amin'ilay andron'ny Fitsanganana amin'ny maty. Ifantàna amin'i Allah, fa tena mampahory ny dadatoanao ny naheno ny antsonao [nila vonjy] kanefa izy dia tsy afaka namaly anao, na dia ho namaly anao aza izy, dia tsy nahavonjy anao akory. Ifantàna amin'i Allah fa izany [antsonao izany] dia antso noho ireo mpamono maro loatra [mba ho valiana] nefa ireo mpamonjy dia vitsy kely!"

Avy eo dia nolanjainy izy. Tsikaritro ireo tongotr'ilay tovolahy [nissarisarika sy] namela soritra amin'ny tany fa ny tratran'i [Qassim] kosa dia napetrak'i Houssayn (as) teo amin'ny azy. Nentiny izy mandra-pametrahany azy teo akaikin'ny zanany i 'Ali b. Houssayn, izay

nahitana an'ireo maritiora hafa amin'ny fianakaviany ny nanodidina.

Avy eoaho dia nanontany iza moa ity tovolahy ity. Nisy namaly ahy fa izy dia i Qassim b. Hassan b. 'Ali b. Abi Talib. »

NAHAMARITIORA AN'I 'ABBASS B. 'ALI (AS) SY IREO RAHALAHINY

Avy eo i 'Abbass b. 'Ali dia niresaka tamin'ireo rahalahiny iray tam-po aminy izy, dia i 'Abdallah, i Ja'far sy i 'Othman nanao hoe: « Ry rahalahiko, midira an-tsehatra [amin'ny ady] ianareo amin'izay izaho no hisaona anareo satria ianareo dia tsy mba manan-janaka [mba hitomany ny fatinareo]! »

Nirotsaka an'ady izy ireo ary niady tamin-kerim-po tokoa mandra-pahalavo maritiora azy ireo!¹

¹ Fanamarihan'ny mpikaroka: Abou Mikhnaf dia tsy nitantara [antsipiriany] ny nahamaritiora an'i 'Abbass b. 'Ali (as). Noho izany, dia noraisinay ny tantarany avy tao amin'ny boky al-Irshad nosoratan'ny Cheikh Mofid izay nitantara toy izao:

« (...) Nihamafy ny hetaheta. Houssayn (as). (Niezaka) ny handalo eo amin'ny sakana sy ny ho tonga eo amin'ny Eofrata izy izay niaraka tamin'ny rahalahiny i 'Abbass. Ireo miaramilan'i 'Omar b. Sa'd dia nanakan-dalana (Allah anie hanozona azy ireo) ary niaraka tamin'izy ireo, lehilahy iray avy amin'ny fokon'ireo Darim nilaza (tamin'ireo miaramila) nanao hoe: « Loza ho anareo, sakano izy ireo

NAHAMARITIORA NY ZAZAMENAN'I HOUSSAYN (AS)

Nipetraka i Houssayn (as) ary ilay zanany, i 'Abdallah b. Houssayn, dia nentina teo aminy. Mbola zazamena izy na [zazakely] tsy dia lehibe loatra. Noraisiny teo ampofoany izy ary raha mbola teo aminy izy dia nisy miaramila iray avy amin'ny fokon'ireo Assad, [antsoina hoe] i Harmalah b. Kahil, na i Hani b. Thobayt al-Hadhrami no nitifitra zana-tsipika iray (teo

mba tsy ho tonga eny amin'ny Eofrata ary aza avela hisotro amin'ilay rano! »

Hoy i Houssayn (as) taminy hoe: « Allah ô, ataovy mangetaheta izy! »

Tezitra noho izany ilay lehilahy avy amin'ny fokon'ireo Darim ka nitifitra azy tamin'ny zana-tsipika izay nitsatoka teo amin'ny saokany. Notsoahin'i Houssayn (as) ilay zana-tsipika ary napetrany nivelatra teo amin'ny saokany ny tanany, feno rà ny felatanany roa izay nariany teo amin'ny tany, ary hoy izy hoe: « Allah ô, mitaraina aminao aho noho izy ireo manao (fampahoriana) amin'ny zafikelin'ilay Irakao! »

Noho izany dia niverina teo amin'ny toerany (teo aloha) izy na dia nitohy nihamafy hatrany aza ny hetaheta. (Nandritr'izany,) dia voahodidin'ireo miaramila i 'Abbass ka nahatak'izy ireo taminy (tamin'i Houssayn). Arak'izany, dia niady irery izy mandra-pahalavo azy ho maritiora (fifalian'i Allah anie ho aminy). Ireo izay nandray anjara tamin'ny famonoana azy taorian'izy (i 'Abbass) feno ratra sy tsy afa-nihetsika intsony, dia i Zayd b. Warqa al-Hanafi sy i Hakim b. Tofayl al-Sinbissi. » (Al-Irshad bokin'ny Cheikh Mofid, vol.2 p.109-110)

amin'ilay zazakely) ka nanapaka ny tendany izany. Notatazan'i Houssayn (as) ny ràny koa rehefa feno ny felatanany, dia nararany teo amin'ny tany izany sady niteny izy hoe: « Tompo ô, raha Ianao no tapa-kevitra ny hitazona ny famonjena avy any an-danitra dia ataovy izany ho tsara kokoa (ho anay) ary valio faty ireto mpanageja anay ireto. »

NAHAMARITIORA AN'TREO ROALAHY ZANAK'I 'ABDALLAH B. JA'FAR

Ireo miaramila dia nihodidina azy ireo amin'ny lafiny rehetra.

'Abdallah b. Qotbah al-Nabahani al-Taïy dia nanafika an'i 'Awn b. 'Abdallah b. Ja'far b. Abi Talib ary dia novonoiny izy.

'Amir b. Nahshal al-Timi no nanafika an'i Mohammad b. 'Abdallah b. Ja'far b. Abi Talibka namono azy.

NAHAMARITIORA AN'TREO TARANAK'I 'AQIL

'Othman b. Khalid b. Assir al-Johanisy i Bishr b. Hawt al-Qabidhi al-Hamdani dia nanafika an'i 'Abd al-Rahman b. 'Aqil b. Abi Talib, novonoin'izy ireo izy sady niarahan'izy ireo nohosihosena.

‘Abdallah b. ‘Azarah al-Khath’ami dia nitifitra [tamin’ny zana-tsipika] an’i Ja’far b. ‘Aqil b. Abi Talib ka nahafaty azy.

Avy eo i ‘Amr b. Sobayh al-Sodaïy dia nitifitra [tamin’ny zana-tsipika] an’i ‘Abdallah b. Mouslim b. ‘Aqil ka voatsindron’ilay zana-tsipika miraikitra amin’ny handrina ny felatànan’ity farany. Tsy afaka nampihetsika izany intsony izy. Notifirin’i ‘Amr tamin’ny zana-tsipika iray hafa indray izy ka nanagorobaka teo amin’ny fony!

[Farany] dia novonoin’i Loqayt b. Yassir al-Johani i Mohammad b. Abi Sa’id b. ‘Aqil.

NAHAMARITIORA AN’IREO ZANAK’I HASSAN B. ‘ALI

‘Abdallah b. ‘Oqbah al-Ghanawi dia nitifitra tamin’ny zana-tsipika an’i Abou Bakr b. Hassan b. ‘Ali, izay nahafaty azy. Toy izany koa, i ‘Abdallah b. Hassan, b. ‘Ali b. Abi Talib dia maty maritiora voan’ny zana-tsipika notifirin’i Harmalah b. Kahil.

TOKO FAHARAIIKA AMBIN'NY FOLO NY NAHAMARITIORA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS)

[FOTOANA KELY FARANY NIAINAN'I HOUSSAYN (AS)]

Rehefa tsy nisy intsony afa-tsy olona telo na efatra no teo akaikin'i Houssayn (as), dia niangavy izy mba hitafy ireo pataloha yemenita tsara tenona sy [manana loko] mampirapiratra ka nendakendahiny sy notsobatsobahiny [ho triatriatra] mba tsy hisy ny handroba azy ireo [aorian'ny fahafatesany ho maritiora].

Izy [i Houssayn (as)] dia nijanona tao anatin'ny fotoana lava nandritra ny andro [teo amin'ny sahan'ady], satria isaky ny misy miaramila iray no nanatona azy, dia niverindalana izy [ilay miaramila], tsy te-handray andraikitra amin'ny famonoana azy sy ny haben'ny fahotana izay vokatr'izany.

[Nony farany] i Malik b. Noussayr al-Baddiy al-Kindi no tonga nanatona azy ary dia nikapoka azy teo amin'ny lohany tamin'ny alalan'ny sabatra, izay naharovitra ny lamba be saron-doha

notafiany. Nahavao ny lohany ilay kapoka ka nampikoriana ny rà izay nameno ilay lamba be saron-doha.

Niteny i Houssayn taminy hoe: « Aoka anie ianao tsy ho afaka ny hisakafo na hisotro amin'ny alalan'ireo tananao ireo intsony. Allah anie hanangana anao amin'ny maty miaraka amin'ireo mpanageja! »

Ary dia nesoriny ilay lamba be saron-doha ka nangataka satrobory iray izy izay notafiany [teo amin'ny lohany] ary nofonosany fehiloaha izany. Arak'izany, izy dia nitafy fehiloaha teo ambonin'ny satrobory mainty vita amin'ny lamba lasoa [sy volon'ondry], lobaka iray sy lambalava vita amin'ny lasoa [sy volon'ondry] ary ny volony dia voahosotra ranon-doko. Niady toy ny miaramila malaza feno herim-po izy, niaro-tena amin'ireo tifitra [zana-tsipika], nanararaotra ireo fisavoritahan' [ny fahavalo] sy nanafika an'ireo miaramila mpitaingin-tsoavaly.

Niaraka tamin'ny andian-tafik'i Koufa mpandeha an-tongotra ampolony, i Shimr b. Zil-Jawshan dia nizotra nankany amin'ny tranolain'i Houssayn (as) izay nahitana ny fianakaviany sy ireo entany. [Nahita izany tranga izany] izy [i Houssayn] dia nandeha nanatona an'ilay tranolay saingy izy ireo no nanao sakana nanelanelana azy sy ilay tranolay.

Niteny izy hoe: « Loza ho anareo! Raha tsy manam-pinoana ianareo no sady tsymatahotra ny andro Fitsanganana amin'ny maty, dia aoka mba ho olona afaka ianareo sy mendrika eto amin'ity tany ity! Arovinareo ny tranolaiko sy ny fianakaviako amin'ireo faikan'olona sy baribarianina aminareo! »

Shimr b. Zil-Jawshan nilaza taminy hoe: « Hafoiko ho anao izany, ry zanak'i Fatima! »

Avy eo, izy [i Shimr] dia nanatona azy [an'i Houssayn] niaraka tamin'ireo miaramilany nefa ireto farany dia nandositra azy rehefa nanomboka nanafika azy ireo izy.

'Abdallahb.'Ammar al-Bariqi dia nitantara hoe:

« Ireo miaramila mpandeha an-tongotra izay teo an-kavanana sy an-kavian'[i Houssayn (as)] dia nanafika azy mafy, fa nanao valimpanafihana izy tamin'ireo izay teo an-kavanany ka nahatonga azy ireo raiki-tahotra [sy handositra] ary toy izany koa no nataony tamin'ireo an-kaviany! Ifantàna amin'i Allah fa, izaho dia mbola tsy nahita mihitsy olona vizana - amin'izay ireo zanany, ny fianakaviany sy ireo mpanara-diany dia maty maritiora avokoa- ka manana ny fiadanan-tsaina, saina tena matanjaka ary fanahy feno fahasahiana, mihoatra azy.

Ifantàna amin'i Allah fa, izaho dia mbola tsy nahita mihitsy olona tahaka azy, teo alohany na taty aoriany! Ireo miaramila dia nandositra azy niankavanana sy niankavia sahala amin'ireny osy mandositra ireny noho ny fanafihan'ny amboadia.

'Omar b. Sa'd dia nanatona an'i Houssayn (as). [Tamin'izay indrindra] ny anabaviny, i Zaynab b. Fatima no nivoaka [avy tao amin'ny tranolay] ka niteny hoe: "Ry 'Omar b. Sa'd! Abou 'Abdillah dia vonoina fa ianao [dia mitsangana] mijery azy fotsiny?!"

Natodiny ny tarehiny tsy nijery azy ary toy nikoriana teo amin'ireo takolany sy ireo volombavany ny ranomason'i 'Omar! »

[Nandritra izany fotoana izany,] i Houssayn dia nanafika an'ireo miaramila mpitaingin-tsoavaly sady niteny hoe: « Ny hamono ahy ve no mba hifampirisihanareo! Ifantàna amin'i Allah fa, any aoriako, ianareo dia tsy hamono mpanompo iray hafa avy amin'ireo mpanompon'i Allah ka ny famonoana dia tsy hahatonga Azy ho tezitra mihoatra ny famonoana ahy! Ifantàna amin'i Allah fa, izaho dia hivavaka amin'i Allah mba hanome voninahitra ahy sady hanala baraka anareo, mba hanao valifaty ho ahy eo aminareo izay tsy hotsapanareo akory izany. Ifantàna amin'i Allah fa, raha ianareo no mamono ahy, dia

hahatonga anareo samy anareo hifanaratsy sy hifandatsa-drà izany. Tsy ho afa-po aminareo Izy mandra-pampitomboany im-polo heny eo aminareo ny famaizana mamirifiry! »

Avy eo, i Shimir b. Zil-Jawshan dia nandroso nanatona an'i Houssayn niaraka tamin'ireo miaramila mpandeha an-tongotra toa an'i Sinan b. Anas al-Nakha'i, i Khawli b. Yazid al-Assbahi, i Salih b. Wahab al-Yazani, i Qash'am b. 'Amr al-Jo'fi sy i 'Abd al-Rahman al-Jo'fi. Shimir b. Zil-Jawshan no nampirisika azy ireo ary nohodidin'izy ireo tanteraka i Houssayn (as)!

[Tamin'io fotoana io,] tovolahy iray avy amin'ny fianakavian'i Houssayn (as)¹ no nihazakazaka nanatona azy. [Teo am-pahitana izany] i Housayn (as) dia nilaza tamin'ny anabaviny hoe: « Tratraro izy. » Niezaka nitazona azy i Zaynab b. 'Ali, anabaviny, fa nandà izany ilay tovolahy ary vao maika nihazakazaka nankany amin'i Houssayn (as).

[Tamin'izay,] i Bahr b. Ka'b no niantoraka teo amin'i Houssayn (as) niaraka tamin'ny sabany.

¹Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Misy tsy fitovian-kevitra ny filazana mikasika an'ity tovolahy ity. Cheikh Mofid dia nitantara ao amin'ny bokiny al-Irshad (vol.2, p110) fa izy io dia i 'Abdallah b. Hassan. Abou Mikhnaf indray dia nitantara fa io tovolahy io dia maty maritiora noho ny tfititra zana-tsipika nalefan'i Harmalah araka ny efa nolazainy.

Niteny mafy azy ilay tovolahy nanao hoe: « Ry zanaky ny vehivavy mpanota! Ny rahalahin-draiko ve no tadiavinao hovanoina! »

Izy [i Bahr] no namely azy mafy tamin'ny sabatra. Niaro ny tenany tamin'ny alalan'ny sandriny ilay tovolahy izay tapaka [teo noho eo] ka ny hoditra ihany sisa no nitazona azy. Nony niraviravy ilay sandriny, dia niantsoantso mafy ilay tovolahy nanao hoe: « Neny ô! »

Noraisiny i Houssayn (as) teo ampofoany izy ary nofihiny teo amin'ny tratrany, ary hoy izy hoe: « Ry zana-drahalahiko, manàna fiaretana eo anatrehan'izay manjo anao ary mangataha [amin'i Allah] mba hanomezany valisoa tsara ho anao [noho izao fisedrana izao]. Allah no handefa anao tsy ho ela mba hanaraka an'ireo razanao olo-marina, ilay Irak'i Allah, i 'Ali b. Abi Talib, i Hamza, i Hassan b. 'Ali (ireo fahasoavan'i Allah anie hirotsaka amin'izy ireo).

Allah ô, tazomy tsy hirotsaka ho azy ireo ny orana, esory amin'izy ireo ny fahasoavan'ny tany. Allah ô, raha omenao fotoana hahazo fahafinaretana izy ireo dia, zarazara ho foko izy ireo izay samy hanaraka ireo lalana samy hafa. Aoka anie ireo mpitondra mba tsy ho faly amin'izy ireo mihitsy. Izy ireo dia niantso anay mba hanampy anay kanefa dia nanafika anay

noho ny fankahalàna izy ireo no sady namono anay! »

Izy [i Houssayn] dia nijanona naharitra ela nandritra ny andro [teo amin'ny sahan'ady]. Raha nitady ny hamono azy ireo fahavalo, dia afaka nanatanteraka izany, kanefa ny tsirairay dia samy tsy te-hanao izany ka nanilika izany amin'ny hafa. Isaky ny antokon' [ireo miaramila] dia maniry ny antoko hafa hanatanteraka izany [heloka ara-tantara izany].

Shimr b. Zil-Jawshan niteny mafy nanao hoe: « Loza ho anareo! Nahoana ianareo no mitazampotsiny an'io lehilahy io?! Aoka anie ireo reninareo halahelo hitomany amin'izay anjara ho avinareo! » Ary dia notafihin'izy ireo izy manerana ny lafiny rehetra.

NAHAMARITIORA AN'I HOUSSAYN

Novelezin'i Zor'ah b. Sharik al-Tamimi [tamin'ny sabatra] izy teo amin'ny felatanany havia sy teo amin'ny soroka ihany koa, arak'izany izy [i Houssayn (as)] dia nitolefika vokatr'ilay kapoka ary dia niafara tamin'ny fianjerany nitsirara teo amin'ny tany. Tao anatin'izany zava-nanjo azy izany, i Sinan b. Anas al-Nakha'i no nanatsatoka lefona teo aminy ary dia nianjera [indray] izy [i Houssayn (as)].

Tsy nisy sahy nanatona an'i Houssayn (as) fa tamin'izany tranga izany, izy dia natosik'i Sinan b. Anas izay natahotra sao hisy [miaramila] hafa hisongona azy [amin'ny fakana] ny lohan'i Houssayn (as). Ary izany no nataony, mandrapahatonga azy [i Sinan] niondrika nankeo aminy [i Houssayn (as)], nandenta azy sy nanapaka ny lohany! Avy eo izany dia nomeny an'i Khawli b. Yazid al-Assbahi.

Izay rehetra teo amin'i Houssayn (as) dia norobaina taminy avokoa. Qays b. Ash'ath no nandray ny lambalavany [volory], Iss-haq b. Haywah al-Hadhrami no naka ny lobak'i Houssayn. Lehilahy iray avy amin'ny fokon'ireo Nahshal no naka taminy ilay sabany. Al-Aswad al-Awdi no nanaisotra ireo kapany, ary i Bahr b. Ka'b kosa no nanaisotra taminy ny patalohany ka namela azy ho niboridana.

FANDROBANA IREO TRANOLAY

Avy eo, ireo miaramila [fahavalo] dia nizotra nankeo amin'ireo vehivavin'i Houssayn (as), sy nankeo amin'ireo fananany, sy ny tamotamo, sy ny lamba sy ireo rameva mba handroba izany. Nisy mihitsy aza vehivavy nendahina avy aoriana ny lambanyary nalain'ilay mpandroba ny teo amin'ny ambony ka lasa izy nitondra ilay fitafiana!

Ireo olona nilaza tamin'i Sinan b. Anas hoe: « Ianao no nahafaty an'i Houssayn ilay zanak'i 'Ali sy i Fatima zanakavavin'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). Ianao no nanafaka ny fandrahonana tena lehibe teo amin'ireo Arabo. Izy dia tonga mba hanaisotra azy ireo [Bani Omayyah] amin'ny fanjakan'izy ireo. Mandehana mankany amin'ireo lehibenao ary angataho amin'izy ireo ny valisoanao! Na dia manome ny harenan'izy ireo aza izy ireo ho tambin'ny famonoana an'i Houssayn, dia kely izany. »

Izy [i Sinan b. Anas], izay adaladala ihany, dia nitaingina ny soavaliny ary nijanona teo anoloan'ny fidiran'ilay tranolain'i 'Omar b. Sa'd ka nilaza tamin'ny feo avo [an'ireto tononkalo manaraka ireto]:

« Fenoy ny laseliko amin'ny volamena sy volafotsy

Novonoiko ilay mpanjaka mpiaro

Novonoiko ilay mendrika indrindra amin'ireo olona avy amin'ny reniny sy ny rainy

Ilay mendrika indrindra eo amin'izy ireo rehefa ny firazanany no lazaina. »

Niteny i Omar b. Sa'd hoe: « Asaivo miditra izy. »

Raha vao tafiditra [tao amin'ny tranolay], izy [i 'Omar] dia nitoraka azy tamin'ny tehina teny aminy, avy eo izy niteny hoe: « Olona adala! Miaikyaho fa ianao dia adala. Na inona na inona no ataonao dia tsy hahomby ianao. Izany ve no fomba firesakao?! [Ianianako ianao] amin'i Allah fa, raha i 'Obaydollah b. Ziyad no naheno anao teo dia ho notapahiny ny lohanao! »

Nitantara toy izao i Homayd b. Mouslim hoe:

« [Tetsy andaniny,] i Shimr b. Zil-Jawshan niaraka tamin'ireo miaramila mpandeha antongotra, dia nirohotra teo amin'ireo entan'i Houssayn (as) hatramin'ny nahitan'izy ireo an'i 'Ali b. Houssayn al-Asghar: narary sy natory teo amin'ny karipetrany. Ireo miaramila niaraka taminy dia nanontany hoe: "Tsy hovanointsika ve ity?" »

Nilaza i Homayd b. Mouslim hoe: « [Tamin'io fotoana io] izaho dia niteny hoe: "Allah Ilay Lafatra! Hovanointsika [ihany koa] ve ireo ankizy?! Nefa izy io dia mbola zaza!"

Tamin'izay no tonga i 'Omar b. Sa'd izay niteny hoe: "Aoka tsy hisy hikasika an'io tovolahy marary io! Aoka tsy hisy hiditra ao amin'ireo tranolain'ireto vehivavy ireto! Izay

nandrava ny entan'izy ireo dia aoka hamerina izany amin'izy ireo!"

Saingy tsy nisy ny namerina ireo fananana ireo. Ary dia nosamborin'i 'Omar b. Sa'd i 'Oqbah b. Sim'an ka nanontaniany hoe: "Iza ianao?"

Namaly izy hoe: "Izaho dia andevo."

Navelany [i 'Omar] nandeha izy. Arak'izany, dia tsy nisy olona afa-maina tamin'izany afa-tsy izy irery ihany. »

NY VATAN'I HOUSSAYN (AS) NOHITSAKITSAHIN'TREO KITRON'TREO SOAVALY

Avy eo, i 'Omar b. Sa'd dia niresaka tamin'ireo miaramilany: « Iza no handeha an-tsitrapo any amin'i Houssayn ka hanitsakitsaka azy amin'ny soavaliny? »

Olona folo no nandeha an-tsitrapo, anisan'izy ireo, i Iss-haq b. Haywah al-Hadhrami sy i Ahbash b. Marthad al-Hadhrami, izay nifanatona, ary nanitsakitsaka [ny vatan'i] Houssayn tamin'ireo soavalin'izy ireo, mandrapahamontsana ny lamosiny sy ny tratrany.

Avy eo, i 'Omar b. Sa'd dia nivavaka ho an'ireo izay maty tamin'ireo miaramilany nialohan'ny nandevenana azy ireo.

Io andro io ihany, no nandefasany ny lohan'ny Imam [Houssayn (as)] nankany amin'i 'Obaydollah b. Ziyad niaraka tamin'i Khawli b. Yazid. Ity farany dia tonga teo an-dapa nefa efa nihidy ny varavarana. Noho izany izy dia lasa nody tany aminy ary nametraka izany teo ambanin'ny tavin-drano iray, tao an-tranony. Rahampitso maraina, izy vao nitondra ilay loha teo amin'i 'Obaydollah b. Ziyad.

**TOKO FAHAROA AMBIN'NY
FOLO
IREO BABO TAORIAN'NY
NAHAFATY MARITIORA AN'NY
IMAM HOUSSAYN (AS)**

**IREO HAVAN'NY IMAM NENTINA
NANKANY KOUFA**

'Omar b. Sa'd dia nijanona teo an-toerana nandritra ny tapak'andro sisa sy ny ampitso marainan'iny.

Notapahiny sy nangoniny ny lohan'ireo [mpanara-dian'i Houssayn (as) maty maritiora] ka nalefany niaraka tamin'i Shimr b. Zil-Jawshan, i Qays b. Ash'ath, i 'Amr b. Hajjaj ary i 'Azarah b. Qays ireo lohatapaka miisa roa ambin'ny fitopolo. Ary dia nizotra nanaraka ny lalana izy ireo mandra-pahatongavana teo amin'i 'Obaydollah b. Ziyad.

Avy eo, izy [i 'Omar b. Sa'd] nanome baiko an'i Homayd b. Bokayr al-Ahmari mba hanambara amin'ireo olona ny fiaingana, ho any Koufa.

Nentiny [i 'Omar b. Sa'd] niaraka taminy ireo zanakavavy sy ireo anabavin'i Houssayn (as), ary ireo ankizy sy i 'Ali b. Houssayn, izay narary.

Nitantara toy izao i Qorrat b. Qays al-Tamimi:

« Tsy hadinoko mihitsy [ity tantara niseho ity] rehefa i Zaynab zanakavavin'i Fatima no nandalo teo akaikin'i Houssayn (as) anadahiny, niampatra [eo amin'ny tany] dia hoy izy hoe: "Ry Mohammad! Ry Mohammad! Ireo anjelin'ny lanitra anie no hivavaka ho anao! Indro i Houssayn [miampatra] ao amin'ny tany efitra, mihosin-drà, ireo rantsam-batana tapatapaka, ô ry Mohammad! Ireo zanakao vavy dia nobaboina, ny taranakao novonoina [ary navela eo amin'ny tany] ka ny rivotra avy atsinanana mitondra vovoky ny [tany efitra] no mitsoka eo amin'izy ireo."

Ifantàna amin'i Allah fa, izy dia nampitomany ny namana tsirairay sy ny fahavalo. Ireo vehivavy dia nitaraina sy nikapoka [amin'ny alahelo] ny tarehin'izy ireo! »

Ireo mponina tao [an-tanànan'] i al-Gadhiriyyah, izay avy amin'ny fokon'ireo Assad, no nandevina an'i Houssayn (as) sy ireo mpanara-diany afaka andro iray taorian'ny nahamaritiora azy ireo.

NY LOHAN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) TEO ANATREHAN'IBN ZIYAD

Nitantara toy izao i Hodayd b. Mouslim:

« 'Omar b. Sa'd dia nampiantso ahy ka naniraka ahy ho any amin'ny fianakaviany mba hitondra vaovao mahafaly ho azy ireo mikasika ny fandresena nomen'i Allah azy ary izy dia salama tsara!

Noho izany dia niainga aho hihaona amin'ny fianakaviany sy hampahafantatra azy ireo ny vaovao mahafaly.

Avy eo, dia hitako Ibn Ziyad, mipetraka, tamin'ny fahatongavan'ny iraka izay nitondra ireo lohatapaka [tao an-dapa].

Ireo [miaramila avy amin'ny fokon'ireo] Kindah notarihin'i Qays b. Ash'ath dia tonga niaraka tamin'ireo lohatapaka telo ambin'ny folo. Ireo avy amin'ny [fokon'ireo] Hawazin notarihin'i Shimr b. Zil-Jawshan dia tonga niaraka amin'ireo lohatapaka roapolo, ny an'ireo avy amin'ny [fokon'ireo] Tamim dia lohatapaka fito ambin'ny folo, ny an'ireo [fokon'ireo] Assad dia lohatapaka enina, ny an'ireo [fokon'ireo] Mazhij dia lohatapaka fito ary farany ny tafika sisa dia nitondra lohatapaka fito, ka ny fitambaran'izany dia lohatapaka miisa fitom-polo [ny totaliny].

Izy [i 'Obaydollah b. Ziyad] dia nampiditra azy ireo nialohan'ny fanomezan-dalana ny vahoaka [mba hiditra]. Arak'izany izaho dia niditra niaraka tamin'ireo hafa rehetra. Tamin'izany, [nahitako] ny lohan'i Houssayn (as) napetraka nanoloana azy [Ibn Ziyad] ka dia nokapokapohiny ireo nifin' [i Houssayn] amin'ny alalan'ny [tendron'ny] tehiny.

Teo ampahitana azy tsy mitsahatra mikapoka [ireo nify] amin'ny tehiny, i Zayd b. Arqam dia nilaza taminy hoe: "Esory amin'ireo molotra roa ireo ny tehinao! Ifantàna amin'Ilay tsy misy Andriamanitra hafa afa-tsy izy, fa efa hitako ireo molotra roan'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) [nipetraka] teo amin'ireto molotra roan'i [Houssayn (as)] ireto no sady norohany! Avy eo ilay antitra nisentosento nitomany.

Niteny Ibn Ziyad taminy hoe: "Allah anie hampitomany ireo masonao! Ifantàna amin'i Allah, fa raha tsy olona antitra mirediredy izay efa very saina ianao, dia notapahiko ny lohanao."

[Tamin'io fotoana io,] nitsangana i Zayd b. Arqam, niala [tao an-dapa] sady niteny hoe: "Andevo iray no manome [ny fitondrana] amin'ny andevo iray hafa. Nataon'izy ireo [ny fitondrana sy ireo vahoaka] ho toy ny fananan'izy ireo [sy lova hifandovan'izy ireo]! Ry ianareo,

vahoaka Arabo, ianareo dia ho lasa andevo manomboka ankehitriny izao! Novonoinareo ny zanak'i Fatima ary napetrakareo ny zanak'i Marjanah ho governora mpitondra anareo! Izy no namono ireo olon-tsara teo aminareo sy nampidina ho andevo ireo olon-dratsy taminareo. Mahafaly anareo arak'izany ny fahafaham-baraka! Ho levona anie [ny vahoaka] izay mankasitraka [sy mifaly] amin'ny fahafaham-baraka!"

Nony niala tao [an-dapa] izy (i Zayd b. Arqam), dia hoy ireo olona hoe: "Ifantàna amin'i Allah fa, i Zayd b. Arqam dia nilaza teny tahak'izany fa raha naheno izany Ibn Ziyad dia honovonoiny izy!" »

IREO BABO TAO AMIN'NY FIVORIANA TEO ANATREHAN'IBN ZIYAD

Rehefa ireo anabavy, ireo vady aman-janak'i Houssayn (as) no nampidirina [tao amin'ny fivorian'] Ibn Ziyad, i Zaynab ilay zanakavavin'i Fatima dia nitondra teny aminy ieo fitafiana mampahonena. Izy dia nipetraka, toy ny olona tsy fantatra sy nihodidinin'ireo mpanompovaviny.

Niteny i 'Obaydollah b. Ziyad hoe: « Iza io [vehivavy] mipetraka io? »

Tsy taitra akory izy.

Naveriny in-telo izany nefa tsy namaly azy akory izy.

Iray tamin'ireo mpanompovaviny no nilaza taminy hoe: « Izy no i Zaynab, ilay zanakavavin'i Fatima! »

Niteny taminy i 'Obaydollah hoe: « Dera ho an'i Allah izay nampietry sy namono anareo sy izay nampandamoka ireo teti-[dratsinareo]! »

Namaly izy hoe: « Ny fiderana dia ho an'i Allah izay nanandratra anay tamin'ny alalan'i Mohammad (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany) sy nanadio anay tanteraka fa tsy tahak'izany lazainao azy izany. Fa ny mpanao ratsy dia miseho tava izao ary [ireo laingan'ny] mpanota dia miseho masoandro! »

Hoy izy: « Ahoana no fitsaranao izay nataon'i Allah [hanjo] ny fianakavianao?! »

Namaly izy hoe: « Ny ho faty maritiora dia efa lahatra ho azy ireo [avy amin'i Allah], arak'izany dia nanatanteraka izany izy ireo [tamin-kerim-po] ho any amin'ny toerana fialan-tsasatra [mandrakizay]. Allah dia hamory anareo, izy ireo sy ianareo [amin'ny andron'ny Fitsanganana] ary dia hanazava manoloana Azy ianareo sy hiady hevitra manoloana Azy! »

Nitroatra Ibn Ziyad, fa nentin-katezerana ary niteny taminy hoe:

« Allah dia nampitony [ireo fahorian'ny] fanahiko noho ny halozan'ny [anadahinao] sy ireo mpanota mpikomy avy amin'ny fianakavianao! »

Nitomany izy, avy eo izy niteny hoe: « Ifantàko amin'ny aiko, eny, ianao no namono ny zokiolona [amin'ny fianakaviako], ianao no nampahory ny fianakaviako, ianao no nanapaka ireo rantsako sy namongotra ireo fototro! Raha izany no nampitony anao dia eny, [ankehitryny] mitonia ianao! »

Hoy i 'Obaydollah hoe: « Ity dia [vehivavy iray] mpanao lahateny miady rima. Ifantàko amin'ny aiko, fa ny rainao dia poeta mpanao lahateny miady rima. »

Hoy izy hoe: « Inona moa no tombontsoan'ny vehivavy iray amin'ny fanaovana ireo lahateny miady rima?! Izaho dia manana raharaha hafa hatao ankoatra ny fanaovana ireo tononkalo, fa saingy ny fahoriana [ao am-poko] dia tafaray ao amin'ny lelako. »

Avy eo, i 'Obaydollah b. Ziyad nanopy ny masonry tamin'i 'Ali b. Houssayn ary nanontany azy hoe: « Iza no anaranao? »

Namaly izy hoe: « Izaho no i 'Ali b. Houssayn! »

Hoy izy [i 'Obaydollah] hoe: « Allah ve tsy namono an'i 'Ali b. Houssayn? »

Nangina tsy niteny izy [i 'Ali b. Houssayn].

Hoy Ibn Ziyad taminy hoe: « Inona no nanjo anao no dia tsy mamaly ianao?! »

Hoy izy (i 'Ali b. Houssayn) hoe: « Nanana rahalahy aho, i 'Ali ihany koa no fiantsoana azy, novonoin'ireo olona izy! »

Niteny Ibn Ziyad hoe: « Izy Allah no namono azy! »

Nangina tsy niteny i 'Ali b. Houssayn.

Hoy Ibn Ziyad taminy hoe: « Nahoana ianao no tsy mamaly?! »

Hoy izy ['Ali b. Houssayn] hoe: « **{Raisin'i Allah ny fanahy amin'ny fotoana ahafatesany.}**¹**{Ary tsy mbola nisy olona nindaosin'ny fahafatesana raha tsy noho ny alalana avy amin'i Allah.}**² »

Niteny izy [i 'Obaydollah] hoe: « Ifantàna amin'i Allah fa ianao dia tena anisan'izy ireo! »

¹ Ny Kor'âny masina 39:42

² Ny Kor'âny masina 3:145

Avy eo izy dia nanome baiko an'i Marri b. Mo'az al-Ahmari: « Loza ho anao, vonoy izy! »

[Tamin'izany fotoana izany,] i Zaynab nenitoany dia nitazona azy mafy sy niteny hoe: « Ry Ibn Ziyad! Tsy mbola ampy anao angaha ny famonoanao anay?! Ianao ve tsy [mbola] afaka hetaheta amin'ny rànay?! Ianao ve namela olona iray ho velona teo aminay?! »

Nofihininy mafy teny amin'ny sandriny izy ary nanohy ny teniny hoe: « Miangavy anao aho, ifantàna amin'i Allah fa, raha olona mpino ianao, rehefa vonoinao izy, dia vonoy miaraka aminy aho! »

Avy eo i 'Ali b. Houssayn niangavy azy hoe: « Raha misy fatoram-pihavanana eo amin'izy ireo [ireo vehivavy ireo] sy ianao dia tendreo ny lehilahy tsara fanahy iray mba hiaraka amin'izy ireo sy hitondra azy ireo araka ny tian'ny finoana islamo! »

Nibanjina azy roa izy [i 'Obaydollah], avy eo niteny hoe: « Mahafinaritra izany fatoram-pihavanana izany [sady mahatalanjona]. Ifantàna amin'i Allah, fa izy dia mitia ny hovonoiko miaraka aminy, raha toa ka hovonoiko izy! Avelao ilay tovolahy! »

Avy eo, dia natsatok'i 'Obaydollah b. Ziyad teo amin'ny lefona ny lohan'i Housayn (as) ary

nasainy nentina nivezivezy teny [amin'ireo araben'i] Koufa.

NY FIHETSIKA NATAON'I 'ABDALLAH B. 'AFIF

[Nony tapitra ny fivoriana], dia nolazaina [ireo vahoaka] hoe: « Mivoria ianareo mba hivavaka! » Arak'izany, dia nivory tao amin'ny trano fivavahana lehibe [tao Koufa] ireo olona. Niakatra teo amin'ny polpitra Ibn Ziyad ka nilaza hoe:

« Dera ho an'i Allah izay nampiseho ny marina sy ireo mpanaraka izany. Izy no nanome fandresena an'ilay Lehiben'ireo mpino i Yazid b. Mo'awiyah sy ny antokony, ary namono ny mpandainga zanaky ny mpandainga i Houssayn b. 'Ali sy ireo mpanara-diany! »

Ary raha mbola tsy tapitra akory ny lahateniny, i 'Abdallah b. 'Afif al-Azdi al-Ghamidi -izay mpanara-dian'i 'Ali (Allah anie hanome azy ny voninahitra) sy izay tsy nivoaka tao amin'ilay trano fivavahana (moske) lehibe fa nivavaka tao mandra-pahatongavan'ny alina- no niantsambotra teo aminy teo am-pandrenesana ireo tenin'i [Ibn Ziyad] ireo ka niteny hoe: « Marina dia marina fa ny mpandainga zanaky ny mpandainga dia ianao sy ny rainao, ary koa izay nanome anao fahefana ho governora sy ny

rainy. Ry zanak'i Marjanah, ianao dia namono ireo zanak'ireo mpaminany sy milaza ny tenanao ho anisan'ireo olo-marina! »

Hoy Ibn Ziyad hoe: « Sambory ho ahy izy! »

Ireo irak' [Ibn Ziyad] dia niantsambotra teo aminy ka nanambotra azy.

Niteny mafy ilay feom-pamantarana [ho an'ny fokon'] ireo Azd izy nanao hoe: « Ry Mabroure (mpanao soa) »

[Vetivety teo,] ireo tanora [avy amin'ny fokon'ireo] Azd no niantsambotra teny aminy, nanavotra azy sy namerina azy any amin'ny fianakaviany.

[Nefa] naniraka olona Ibn Ziyad mba haka azy indray ho any aminy, avy eo dia novonoiny izy nialohan'ny nanombona azy tao Sabakha. Arak'izany, dia nohomboana tao izy.

IREO LOHA SY IREO BABO NENTINA NANKANY DAMAS

Avy eo, Ibn Ziyad nampiantso an'i Zahr b. Qays, izay niaraka tamin'i Abou Bordah b. 'Awf al-Azdi sy i Tariq b. Zabyan al-Azdi ka naniraka azy ireo hitondra ny lohan'i Houssayn (as) sy ny an'ireo mpanara-diany ho any amin'i Yazid b. Mo'awiyah.

Avy eo izy nanome baiko mba hanomanana ireo vehivavy sy ireo zanak'i Houssayn (as), sahala amin'ny nanomezany baiko ihany koa an'i 'Ali b. Houssayn (as) mba ho fatorana amin'ny rojovy hatreny amin'ny tenda. Nalefany niaraka tamin'izy ireo, i Mohaffiz b. Tha'labah al-A'aizi' al-Qarashi sy i Shimr b. Zil-Jawshan. Koa dia niainga niala [tao Koufa] izy ireo nankany amin'i Yazid.

Rehefa ireo lohatapaka -an'i Houssayn (as), sy an'ny fianakaviany ary an'ireo mpanara-diany-no naseho teo anatrehan'i Yazid, dia nilaza [izao tononkalo manaraka izao] ity farany nanao hoe:

« [Ireo sabatra] dia nanapaka ireo lohan'ireo olona izay malalanay

Nefa amin'ny lafiny iray, izy ireo dia tena mpikomy sy mpanao ny tsy rariny. »

[Tamin'izany koa,] i Yahya b. Hakam, ilay rahalahin'i Marwan b. Hakam dia nilaza [ireto tononkalo manaraka ireto]:

« Ny loha [tinapaka] teo akaikin'i Taff [Karbala] no tena akaiky anay kokoa [eo amin'ny fihavanana]

Noho Ibn Ziyad, ilay andevo [avy amin'ny] firazanan'olona tsy manjary.

[Nefa ankehitriny] ny taranak'i Somayyah dia
miisa [maro] toy ireo vatokely.

[Amin'izay] ilay zanakavavin'ny Irak'i Allah dia
tsy manana taranaka intsony »

Yazid b. Mo'awiyah dia [namaly] nikapoka teo
amin'ny tratran'i Yahya b. Hakam sy niteny
taminy hoe: « Mangina ianao! »

Avy eo izy nanome alalana ireo olona hiditra
[ao amin'ny lapa] ary ny lohan' [i Houssayn (as)]
dia napetraka nanoloana azy. Nisy tehina iray
teny aminy izay nikasokasohany ireo molotra
[amin'ny alalan'ny tendrony]!

Abou Barazah al-Aslami, iray tamin'ireo
sakaizan'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny
firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny
fianakaviany) no niteny hoe: « kasohanao
amin'ny alalan'ny [tendron'ny] tehinao ireo
molotr'i Houssayn! Ianao dia nametraka ny
tehinao amin'ny toerana izay tokony nahitanao
an'ilay Irak'i Allah (ny tso-drano sy ny firarian-
tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany)
nitsentsitra [nanoroka]! Ry Yazid, ianao ho
velona indray amin'ny andro Fitsanganana
amin'ny maty ka amin'izay fotoana izay ny ho
mpanelanelana anao dia Ibn Ziyad! Fa izy io [i
Houssayn (as) kosa] dia ho velona indray
amin'ny andro Fitsanganana amin'ny maty ary

ny ho mpanelanelana azy dia i Mohammad (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). » Avy eo nitsangana izy dia lasa.

Teo am-pandrenesana izany fifamalian-dresaka izany, i Hind b. 'Abdallah b. 'Amir b. Korayz -ilay vadin'i Yazid- dia nandrakotra [ny tenany] tamin'ny alalan'ireo fitafiany sy niseho [teo anatrehan'i Yazid] nialohan'ny nitenenany nanao hoe: « Ry Lehiben'ireo mpino! Moa ve ny lohan'ilay zanaky ny zanakavavin'ilay Irak'i Allah io?! »

Namaly izy hoe: « Eny! Mitomania ianao ary manaova fisaonana ho an'ilay zanaky ny zanakavavin'ilay Irak'i Allah sy ilay mpamonjy an'ireo Korayshita. Maika namono azy loatra Ibn Ziyad! Allah anie hamono azy! »

Niteny i Yahya b. Hakam hoe: « Hanalavitra anareo i Mohammad amin'ny andro Fitsanganana amin'ny maty! Izaho dia tsy hiarahiasa aminareo intsony mihitsy! » Nitsangana izy ary dia lasa.

[Nialohan'] ny nandraisany toerana [tao amin'ny fivoriana], i Yazid dia nanasa an'ireo loholona avy amin'ireo vahoakan'i Damas mba hipetraka manodidina azy. Avy eo dia nangatahany mba hampidirina i 'Ali b.

Houssayn, ireo zanaka amam-behivavin'i Houssayn (as).

Nampidirina nandalo teo anoloany izy ireo amin'izay ny vahoaka dia hahita azy ireo nialohan'ny nanasana azy ireo mba hipetraka nanoloana azy [Yazid]. Teo ampahitana ny endrik'izy ireo mampahonena dia hoy izy hoe: « Homelohin'i Allah anie Ibn Ziyad! Raha mba nisy teo aminy sy ianareo ny fatoram-pihavanana sy fihavanana, dia tsy ho nanao anareo toy izao izy na nalefany amin'ny endrika toy izao ianareo! »

Avy eo, i Yazid niresaka tamin'i 'Ali b. Houssayn hoe: « Ry 'Ali! Ny rainao dia nanapaka ireo fatoram-pihavanana tamiko. Izy dia tsy niraharaha ny zoko sy nandà ny fahefako! Noho izany i Allah dia nampihatra taminy arak'izao hitanao izao! »

Namaly i 'Ali hoe: « {Tsy misy loza mahazo ny tany na ny tenanareo ka tsy voasoratra ao amin'ny Boky talohan'ny nanaovanay azy.}¹ »

Namaly azy i Yazid hoe: « {Ny loza rehetra mihatra aminareo dia avy amin'izay nataon'ny

¹ Ny Kor'âny masina 57:22

tananareo ihany. Fa Izy dia mamela heloka maro.}¹ »²

Fatima b. Houssayn (as) dia nitantara toy izao:

« Rehefa nasaina nipetraka teo anoloan'i Yazid b. Mo'awiyah izahay, dia nisy lehilahy iray mena [tava] anisan'ireo vahoakan'i Damas no nanatona an'i Yazid ka niteny hoe: "Ry Lehiben'ireo mpino, omeo ahy io!" sady nanondro ahy izy!

Nangovitra aho sy tena natahotra mafy, teo am-piheverana fa izany no fomban'izy ireo. Noho izany dia notazomiko ireo lamban'ny nenitoako i Zaynab, izay lehibe kokoa noho izaho, kingasaina kokoa sy izay mahay fa izany dia fomba tsy fanao.

Arak'izany dia niteny izy taminy hoe: "Diso ny teninao! Ifantàna amin'i Allah fa, aza manazimbazimba tena [intsony ianao]! Na ianao na izy dia tsy manan-jo amin'izany!"

Tezitra i Yazid ka niteny hoe: "Ifantàna amin'i Allah fa, mandainga ianao! Anjarako ny manapa-kevitra, raha tiako hatao izany dia hataoko!"

¹ Ny Kor'any masina 42:30

² Fanamarihan'ny mpikaroka: Abou al-Faraj dia nitantara fa i Yazid no nanomboka niteny an'io andininy io ary ny Imam no namaly azy tamin'ny alalan'ilay andininy ao amin'ny sourat al-Hadid, izany no marina kokoa.

Hoy izy [i Zaynab] hoe: “Ifantàna amin’i Allah fa, Tsia! Allah dia tsy nanome anao izany zo izany raha tsy hoe angaha ianao nitsipaka ny finoantsika ka nanaraka finoana iray hafa ankoatra ny antsika!”

[Naheno izany] i Yazid dia nentin-katezerana, nitrifantrifana izy niteny hoe: “Toy izao ve no anatrehanao ahy?! Ny rainao sy ny anadahinao no nitsipaka ny finoana!”

Hoy i Zaynab hoe: “Tamin’ny alalan’ny finoan’i Allah, ny an-draiko, ny an’ny anadahiko sy ny raibeko no nitarihana anao, ny rainao sy ny raibena!”

Hoy izy: “Milaza diso ianao, ry fahavalon’i Allah!”

Namaly izy hoe: “Ianao dia lehibe manampatra fahefana, ianao dia manimbazimba tsy ara-drariny sy manao didy jadona amin’ny fitondranao!” »

Nangina tsy nahateny izy.

Ilay lehilahy avy ao Damas dia nangataka indray nanao hoe: “Ry Lehiben’ireo mpino, omeo ahy ity tovovavy andevo ity!”

Hoy izy (i Yazid) hoe: “Mandehana any ianao! Allah anie hanome anao tokoa ny fahafatesana!” »

Toarian'izany, dia nomeny baiko ny hametrahana ireo vehivavy ao amin'ny trano mitokana sy mba hampiarahana amin'izy ireo an'i 'Ali b. Houssayn (as) sy hanomezana ho azy ireo izay zavatra ilain'izy ireo.

Nitoetra tao amin'izany trano izany izy ireo. Tsy nisy na vehivavy iray tamin'ny fianakavian'i Mo'awiyah aza no tonga nihaona tamin'izy ireo ka tsy latsa-dranomaso sy nitomany nalahelo an'i Houssayn (as). Arak'izany, izy ireo dia nisaona azy nandritra ny telo andro.

Rehefa izy ireo naniry ny hiainga [hiala ao Damas], dia hoy i Yazid b. Mo'awiyah hoe: « Ry No'man b. Bashir! Homano ho azy ireo izay rehetra ilain'izy ireo. Mandefasa miaraka amin'izy ireo, lehilahy iray tsara fanahy sy mahafatoky avy amin'ireo vahoakan'i Damas. Mandefasa miaraka amin'izy ireo, miaramila mpitaingin-tsoavaly sy ireo mpanampy ka asaivo manatitra hiaro azy ireo hatrany Madina. »

Lasa izy [i No'man] nandao [an'i Damas] niaraka tamin'izy ireo sy nampanao dia lavitra azy ireo amin'ny alina teo anoloany amin'izay izy ireo tsy afa-miala lavitra azy.

Rehefa izy ireo no mijanona [an-dalana], dia lasa izy mihataka azy ireo. Izy sy ireo namany dia miparitaka manodidina azy ireo toy ny

mpiambina. Izy ireo dia naka toerana [lavitra azy ireo] amin'izay raha misy ny te-hanao fidiovana masina na te-hivoaka dia tsy voaelingelina. Tahak'izany foana no ataon'izy ireo isaky ny miato eny am-pandehanana, izy ireo dia mampiseho fitiavana sy mangataka ny [hanatanteraka] ireo fanirian'izy ireo mandrapahatongavana tao Madina.

IREO AHL AL-BAYT TAO MADINA

Raha naheno ny vaovao mikasika ny nahafaty maritiora an'i Houssayn (as) ireo mponina tao Madina, dia nivoaka avy hatrany [teny amin'ny arabe] i Oumm Loqman, zanakavavin'i 'Aqil b. Abi Talib narahin'ireo vehivavy hafa [tao Madina], tamin'izany dia mbola nisy [faritra tamin'ny vatany] no nitanjaka ka norakofany tamin'ireo fitafiany [tamin'ny fotoana nivoahany tao aminy], sady nilaza an'ireto tononkalo ireto izy:

« Inona no holazainareo rehefa ilay Iraka no
hanontany anareo hoe:

“Inona no nataonareo, amin'ny mahavahoaka
taoriana anareo,
Tamin'ny taranako sy ny fianakaviako
taorian'ny
nandehanaiko,

Misy amin'izy ireo no natao babo ary misy
amin'izy ireo

olona feno rà mandriaka? »

Rehefa i 'Abdallah b. Ja'far b. Abi Talib no naheno ny vaovao nahamaritiora an'ireo zanany roalahy, i Mohammad syi 'Awn niaraka tamin'i Houssayn (as), dia tonga ireo olona namangy nampionona azy. Nijoro teo anatrehan'ny be sy ny maro izy ka niteny hoe: « Dera ho an'i Allah - Tsitoha sy Avo Indrindra- na dia eo aza ny fahafatesan'i Houssayn (as) ho maritiora. Raha tsy afaka nanampy an'i Houssayn tamin'ny alalan'ireo tanako mivantana aza aho, dia ireo zanako roalahy no nanampy azy. Ifantàna amin'i Allah fa, raha izaho no tafaraka taminy dia naleoko ny tsy nandao azy mandra-pahafatesako ho maritiora miaraka aminy! Ifantàna amin'i Allah fa, ny mba manalefaka sy manamora ny fitondrana ny alahelo noho ny fahafatesan'izy roa dia [ny fahalalana] fa izy ireo dia maty maritiora niaraka tamin'ny rahalahiko sy ny zana-drahalahin'ny raiko ho fanampiana azy, tao anatin'ny fiaretana niaraka taminy. »

NY MPAMANGY VOALOHANY AN'I HOUSSAYN (AS) TAMIN'IREO VAHOAKAN'I KOUFA

[Taorian'ilay zava-nitranga tao Karbala,] i 'Obaydollah b. Ziyad dia nahazo ireo vaovaon'ireo loholon'i Koufa fa tsy nanambaovao mikasika an'i 'Obaydollah b. Horr al-Jo'fi. Ity farany dia niverina nankany Koufa andro vitsivitsy taty aoriana ary nandeha nihaona taminy [tamin'ilbn Ziyad].

Izy [Ibn Ziyad] nanontany azy hoe: « Fa taiza ianao ry zanak'i Horr? »

Namaly izy hoe: « Narary aho. »

Izy [Ibn Ziyad] nanontany azy hoe: « Ny fo no narary sa ny vatana?! »

Namaly izy hoe: « Ny mikasika ny fo, dia tsy mba narary izy, ary ny mikasika ny vatana, i Allah dia nanome ahy fahasalamana. »

Ibn Ziyad niteny taminy hoe: « Mandainga ianao, ny tena marina ianao dia niaraka tamin'ireo fahavalonay. »

Hoy izy hoe: « Raha niaraka tamin'ny fahavalonao aho, dia tokony ho hita taiza aho satria izaho dia olona [fantatry ny olona] ka tsy afaka ny hiafina akory. »

Tamin'Ibn Ziyadsomary tsy nifantoka tamin'Ibn Horr iny indrindra, ity farany no nanararaotra nandeha sy nitaingina ny soavaliny.

Ibn Ziyad nanontany hoe: « Nankaiza Ibn Horr teo? »

Nilaza izy ireo [ireo mpiambina] hoe: « Vao lasa teo izy. »

Hoy izy hoe: « Avereno aty amiko izy. »

Ireo mpiambina tonga taminy sy niteny hoe: « Miantso anao ny governora! »

Nampiriotra haingana ny soavaliny izy sady hoy izy [niteny hoe]: « Ampitao aminy fa ifantàna amin'i Allah, izaho tsy hiverina aminy mihitsy hankato [ny baikony]. »

Ary dia nivoaka [avy tao Koufa] izy sy tonga tao Karbala ka nilaza izao tononkalo manaraka izao:

« Ilay lehibe mpamadika, zanaky ny mpamadika dia niteny hoe:

“Ianao angaha tsy niady tamin'ilay maritiora, zanak'i Fatima?”

Fanenenana anie ny tsy nahafahana nanampy azy

Ny fanahy izay tsy mba voatarika dia tsy mba manenina mihitsy ve?

Satria izaho dia tsy mba anisan'ireo mpiaro azy
Izaho dia malahelo mafy izay tsy afaka ato
amiko mandrakizay

Allah anie hampisotro ireo fanahin'ireo izay sahy
nanampy azy

Amin'ny oran'ny [fahasoavana] mandrakizay
Mitsangana manoloana ny fasan'izy ireo sy ny
toeran'izy ireo

Ireo taolan-tehezako dia ho tapaky ny
[fanaintainana], ireo masoko kotsan'ny ranomaso
Ianianako amin'ny aiko, fa izy ireo dia mahery
fo an'ady

Mavitrika tao amin'ny ady, mpiaro tahak'ireo
liona

Nony maty novonoina izy ireo, ny olona tsara
fanahy rehetra

Teto amin'ity tany ity dia nangina noho ny
alahelo

Tsy misy vavolombelona nahita ny mendrika
mihoatra azy ireo

Tompokolahy izy ireo tamin'ny fotoam-
pahafatesana, ireo sangany indrindra
mahatalanjona

[Ry Ibn Ziyad] Ianao namono tsy ara-drariny ka
mitady ny fankasitrahanay

Ialao izany tetika izany fa tsy mendrika
Ianianako amin'ny aiko, fa teo ampamonoana
azy ireo ianareo dia nampitrosoana anay teo
amin'ny tany

Firifiry amin'ny mpamalifaty eo aminay no
hamalifaty anareo

Im-betsaka aho no nisahirana hanangana tafika

Hanohitra an'ity vondrona izay niala tamin'ny
fahamainana miaraka amin'ny fanagejana

Ajanony [ireto hetsika ireto] fa raha tsy izany dia
hotoheriko ianareo amin'ny alalan'ny
antokon'ireo miaramila

Tena mahery mihoatra ny herin'[ireo
miaramilan'] i Daylam. »

FANAMARIHAN'NY MPIKAROKA

Ny olombelona dia nianatra nanoratra, ary dia nosoratany izay nataony sy izay nataon'ireo olon-kafa, koa dia izany no nipoiran'ny atao hoe Tantara.

Tamin'ny fahatongavan'ny finoana islamo, ny Tantara teo amin'ireo Arabo dia nionona fotsiny tamin'ireo olona izay nitahiry ny firazanan'ireo Arabo sy ireo zava-nitranga tamin'ny vanim-potoanan'ny Jahiliyyah [vanim-potoana nialohan'ny finoana islamo] ary izy ireo no antsoina hoe Allamah (manam-pahaizana).

Anisan'izy ireo, izay azo tanisaina dia i Nadhr b. Harith b. Kaldah izay nandeha lavitra nivahiny tany amin'ireo firenena hafa ka tany no nividianany ireo boky mirakitra ny tantaran'ireo Persa, toy ny tantara mahagagan'i Rostam. Nataony variana tamin'izany tantara izany ireo olona mba hanakanany azy ireo tsy hihaino ny Kor'âny masina. Izany no nidinan'ilay andinin-tsoratra masina milaza hoe **{Ary misy amin'ireo olona tsy manam-pahalalana, no manao teny tsara lahatra, mampivily tsy ho any amin'ny lalan'i Allah, ary maneso izany. Hiharan'ny famaizana mahafabaraka izy ireny. Ary rehefa**

vakiana aminy ireo andininy avy Aminay, diamanome lamosina amim-piavonavonana izy, tahaka ny tsymbola nandre izany mihitsy, toy ny misy zavatra mavesatra aoan-tsofiny. Koa ambarao azy àry ny famaizana mampirifiry.}¹⁻²

Tamin'ireo mponina tao Madina, dia nisy ireo olona sasany no nianatra tamin'ireo jiosy (ireo olon'ny boky) mikasika ireo tantaran'ireo mpaminany sy iraka toa an'i Sowayd b. Samit izay tonga tao Lameka taorian'ny fiantombohan'ny faminanian'ilay Irak'i Allah mba hanao hadj na 'omrah. Naheno ireo vaovao mikasika an'ilay Irak'i Allah izy ka nihaona taminy. Ilay Irak'i Allah dia nitaona azy amin'ny [finoana an'] i Allah. Namaly azy i Sowayd hoe: « Izaho dia efa manana ny bokin'i Loqman ety ampelatanako. » Izy [ilay Irak'i Allah] dia niangavy azy hoe: « Asehoy ahy izany » dia nasehony. Avy eo ilay Irak'i Allah nilaza taminy hoe: « Ny ety ampelatanako no mendrika kokoa noho ity boky ity. [Izaho dia manana] ny Kor'âny izay nomen'i Allah ahy, [izay boky] fitarihana sy fahazavana. »³

¹ Ny Kor'âny masina 31:6-7

² Fanamarihan'ny mpikaroka: Tafssir al-Qomi, Sourat Loqman andininy faha-6 sy faha-7, vol.2, p.161. Tafssir Ibn 'Abbass, p.344.

³ Fanamarihan'ny mpikaroka: Tarikh al-Ya'qubi, vol.2, p.30

Anisan'ireo filazana ara-tantara, nitranga talohan'ny finoana islamo, toy ireo tantaran'ireo irak'[Andriamanitra] sy ireo vahoaka fahagola dia ireo izay notantarain'i Tabari sy i Mohammad b. Iss-haq ka ny fiampitampitan'izany dia tafakatra hatrany amin'ireo manam-pahaizana sasany avy amin'ireo olon'ny boky voalohany [ireo jiosy].

Nipoitra ny finoana islamo ka nitondra ny Kor'âny, boky iray mirakitra ireo soratra [masina] izay vakiana andro aman'alina. Ny ilàna an'ireo mpanoratra hanoratra izany dia mba hanamora kokoa an'ireo mpanao tsianjery (izay mamaky azy tsianjery). Arak'izany, ny Kor'âny dia efa voasoratra tamin'ny vanimpotoanan'ilay Iraka masina ihany na dia nisy aza ireo sasany nitahiry azy tao am-po.

Mikasika ireo tenin'ilay Iraka amin'ny fanazavana ny Kor'any, ireo fampianarana mikasika ireo fomba fivavahana sy ireo finoana [taloha], ireo antsipirian'ireo lalànan'Andriamanitra, ny tantara momba ny tenany, ny sounna fomba amam-panaony, ireo filazana ara-tantara, ireo ady, sns ..., izy ireny dia nijanona amin'izao fotsiny, fa tsy voarakitra antsoratra hatramin'ny nodian'ilay Iraka masina any an-danitra. Ireo sakaiza mpanara-diany izay nahita azy sy nahare ireo teniny, dia nanao izany

tsianjery sy nitantara izany mivantana avy tamin'ny fitadidian'izy ireo.

Vondron'olona sasany izay nankato an'ilay Irak'i Allah nandritra ny fahavelomany dia zary nandà indray ny finoana islamo taorian'ny fahafatesany. Koa izany no nahatonga ireo sakaiza mpanara-diany no niady sy ny nifamono hatramin'ny andro nisian'ny [adin'i] Yamamah, izay nahafatesana olona miisa telonjato mahery teo amin'izy ireo. Nahatsapa izy ireo àry fa tena ilaina nyfandraiketana an-tsoratra ireo hadith.

Na izany aza anefa, izy ireo [ireo mpanara-dia ny finoana islamo] dia tsy nitovy hevitra momba izany. Ny sasany tamin'izy ireo nankasitraka fa ny sasany kosa dia nanohitra izany. Ireo tsy mankasitraka ny fanoratana dia niankina tamin'ny fandavan'ireo khalifa telo voalohany [amin'ny fanoratana ireo hadith] ary izany dia nisy fiantraikany hatramin'ny fiandohan'ny taon-jato faharoan'ny Hijra izay fotoana nankasitrahan'ireo mpanara-dia ny finoana islamo ny fanoratana.

[Etsy andaniny,] ilay Lehiben'ireo mpino i 'Ali b. Abi Talib (ny tso-drano sy ny firarian-tsoa anie ho azy) dia nankasitraka ny fanoratana ka ny voalohany zavatra nosoratany dia ilay Bokin'i Allah. Taorian'ny nahavitany nikarakara ny fandevenana an'ny Mpaminany, dia

nampanantena izy fa tsy hitafy ny lambalavany afa-tsy amin'ny fotoam-pivavahana mandrapahavitany ny fanoratana azy. Koa dia nosoratany [ny Kor'any] ka nataony mifanaraka amin'ny [fotoana] nidinan' [ireo andininy sy ireo sourat] no sady nasehony amin'izany ireo andininy milaza hevitra ankapobeny (a'amm), sy ireo milaza hevitra manokana (khash), hevitra mangarahara (motlaq) sy ireo misy fepetra (moqayyad), hevitra manjavozavo (mojmal) sy ireo mazava miharihary (mobayyan), ireo hevitra tsotra (mohkam) sy ankolaka (motashabih), ireo manafoana (nassikh) sy ireo nofoanana (manssoukh), ireo misy hevitra manome alalana (rokhssah) sy ireo misy hevitra nahazoana alalana ('azimah), ireo andininy mikasika ireo fahalalam-pomba (aadaab) sy ireo misy sori-dalana (sounan). Nasehony ihany koa ny hevitra nidinan'ny andininy tsirairay (sabab nouzoul) ary nazavainy izay mitaky ireo fanazavana.

Taorian'ny nanoratana ny Kor'any, izy dia nanoratra boky iray mikasika ny fanonerana ny fandikan-dalana sy ireo heloka (vidin'ny rà latsaka), fantatra amin'ny anarana hoe *Sahifah* izay notantarain'Ibn Sa'id eo amin'ny fiafaran'ilay bokiny *al-Jami'* sy i Bokhari ihany koa eo amin'ireo pejy samihafa ao amin'ny [bokiny] *Sahih*, indrindra fa eo amin'ny

fiandohan'ny toko momba ny fahalalana ao amin'ny bokiny voalohany.

Tamin'io vanim-potoana io ihany, dia nisy vondron'olona mpanara-dia (shiita) no nanaraka ny dian'izy ireo tamin'ny fanoratana an'ireo hadith. Anisan'izy ireo dia: i Abou Rafi' Ibrahim al-Qobti sy ireo zanany i 'Ali b. Abi Rafi' sy i 'Obaydollah b. Abi Rafi'. Ity farany moa dia nanoratra boky iray izay mitanisa ireo rehetra nandray anjara tamin'ireo adin'ny Jamal, Siffine sy Nahrawan. Ity boky ity noho izany no boky tantara voalohany nosoratan'iray amin'ireo mpanara-dian'i 'Ali b. Abi Talib.

KARBALA

Tao Karbala no nitrangan'ity zava-niseho izay tsy mety lefy ara-tantara ity, izay toerana nisedran'ilay Imam lehibe, ilay filohan'ireo maritiora, i Abou 'Adillah Houssayn (as), zafikelin'ilay Iraka masina ny zava-nanjo azy.

Ity zava-niseho mampalahelo tamin'ny taonan'ny Hijra faha-60 ity dia hitoetra ho trangam-pahoriana izay ampitampitain'ireo olona avy amin'ny vava mankany amin'ny sofina miainga avy amin'ireo tenin'ireo vavolombelon'ilay ady, miainga avy amin'ireo tranga niseho teo alohany sy nanarak'azy, sahala amin'ny tranga rehetra izay misy fifandraisany

amin'ireo ady sy fampielezana ny finoana islamo. Izany moa, dia hatramin'ny fiandohan'ny taonjato faharoan'ny Hijra, nahaterahan'i Abou Mikhnaf Lout b. Yahya b. Sa'id b. Mikhnaf b. Solaym al-Azdi al-Ghamidi al-Koufi, maty tamin'ny taona faha-157 Hijra. Ity farany dia nanangona ireo filazana ara-tantara nampitain'ireo mpitantara am-bava ary noraiketiny an-tsoratra ao amin'ny boky iray antsoina hoe *Kitab Maqtal al-Houssayn* (boky ny nahamaritiora an'i Houssayn) araka izay voalaza ao amin'ny lisitr'ireo bokiny. **Ity boky ity arak'izany no boky voalohany tsy mena-mitaha milaza mazava ny tantaran'ity zava-nitranga ity.**

Olona iray hafa avy ao amin'ny tanànan'i Koufa, antsoina hoe Hisham b. Mohammad b. Saïb al-Kalbi al-Koufi, ilay mpahay teti-razana [malaza] maty tamin'ny taona faha-206 Hijra, dia mpianatr'i Abou Mikhnaf teo min'ny lafiny fitantarana ny tantaran'ny finoana islamo. Izy dia nianatra teo anatrehan'ilay mpampianany sady cheikh tao Koufa, i Abou Mikhnaf, sy tao amin'ireo bokiny nialohan'ny nanoratany azy ireo indray sy nandraisany anjara tamin'ny fitantarana azy ireo. Izy dia manomboka [ireo fitantarany] amin'ny fitenenana manao hoe: « Abou Mikhnaf, Lout b. Yahya al-Azdi dia nitantara tamiko ... »

Anisan'ireo boky nohadihadiany, naverina nosoratana sy notantarain'i Hisham, dia ny boky *Maqatal al-Houssayn (as)* -araka ny voalaza ao amin'ny lisitra mitanisa ireo bokiny- ny mampiavaka fotsiny ny ao amin'ny bokiny mitantara ny nahamaritiora an'i Houssayn, dia izy tsy nionona tamin'ireo filazana ara-tantara voarainy avy tamin'ny mpampianany i Abou Mikhnaf irery fa nandray ihany koa ireo filazana ara-tantara izay voarainy avy tamin'ny mpampianany taranja Tantara hafa, i 'Awanah b. Hakam (maty tamin'ny taona faha-158 H.).

Izay mamaky ny ao amin'ny boky tantaran'ireo voaloham-potoanan'ny finoana islamo dia hahatsapa fa ireo mpahay tantara rehetra tsy ankanavaka dia niantehitra tamin'ireo manam-pahaizana ambony anankiroa voalaza teo aloha ary indrindra fa I Abou Mikhnaf, noho ny antony [lehibe]avy amin'ny fanakaikezany ara-potoana teo amin'ny fitantarana ireo zavany sy nitranga miaraka amin'ny antsipirian'izy rehetra sy amin'ny fomba mazava.

Maro amin'ireo mpahay tantara no nampiditra ny famintinana an'ireo bokiny ao amin'ireo boky tantaran'izy ireo, izay manambara ny fisian'ireo bokiny eo anatrehan'izy ireo sy amin'ny vanimpotoanan'izy ireo, toa an'i:

Mohammad b. 'Omar al-Waqidi (maty tamin'ny 207H.)

Tabari (maty tamin'ny 310H.)

Ibn Qotaybah (maty tamin'ny 322H.) ao amin'ny bokiny *al-Imamah wa al-Siyassah*

Ibn 'Abd Rabbihi al-Andaloussi (maty tamin'ny 328H.) ao amin'ny [bokiny] *al-'Aqd al-Farid* izay nilazany ny tantaran'ny Saqifah

'Ali b. Houssayn al-Mas'oudi (maty tamin'ny 345H.) izay mitantara ny tantaran'ireo fialantsin'i 'Orwah b. Zobayr teo anatrehan'i 'Abdallah rahalahiny, mandà ny hanatanteraka ireo fampihorohoroana natao tamin'ireo Bani Hashim mba hodorana [velona] noho ny fandavan'izy ireo ny hanao fanekem-pankatoavana an'ity farany

Cheih Mofid (maty tamin'ny 413H.) ao amin'ny bokiny *al-Irshad* ao amin'ny lohateny hoe « ny nahamaritiora an'i Houssayn (as) » sy ao amin'ny bokiny *al-Nossra fi harb al-Bassrah*

Shahristani (maty tamin'ny 548H.) ao amin'ny bokiny *al-Milal wa al-Nihal* rehefa izy nitantara ny antokom-pinoana al-Nazzamiyyah

Khatib al-Khawarazmi (maty tamin'ny 568H.) ao amin'ny bokiny *Maqtal al-Houssayn*

Ibn al-Athir al-Jazri (maty tamin'ny 630H.) ao amin'ny bokiny *al-Kamil fi al-Tarikh*

Sibt ibn al-Jawzi (maty tamin'ny 645H.) ao amin'ny bokiny *Tazkirat al-Khawass*

Hitantsika fa ilay mpahay tantara farany dia nitantara ao amin'ny

bokiny, avy amin'i Abou Mikhnaf mivantana fa tsy nahitana filazana ny fiampitampitan'ny fitantarana izay maneho ny mpitantara hafa na boky hafa (ka toa manambara fa ity mpahay tantara ity dia nandray izany mivantana avy amin'ny bokin'i Hisham) dia tsy iza izany fa i Abou al-Fida (maty tamin'ny 732H.) ao amin'ny boky tantarany.

Amin'izao andro iainantsika izao, isika dia tsy manana fahalalana na dia kely akory ny amin'ny fisian'ireo bokin'i Abou Mikhnaf ireo ary indrindra fa ilay bokiny *Maqtal al-Houssayn*. Toa efa tsy hita intsony izany ary efa tsy misy afa-tsy amin'ny alalan'ny endrika tantara miparitaka miafina ao amin'ireo boky samihafa voatanisa ireo.

Ny boky tranainy indrindra izay fantatsika, fa nampita ireo tantara avy tamin'i Abou Mikhnaf tamin'ny alalan'ireo fitantarana [voarakitra ao amin'ilay bokin'] i Hisham al-Kalbi dia ilay boky tantara [islamika] an'i Abi Ja'far Mohammad b.

Jarir al-Tabari (maty tamin'ny 310H.), izay tsy nanambatra izany ao amin'ny boky iray mahaleo tena fa kosa nitantara izany ao amin'ny bokiny izay anisan'ireo boky tantara hafa nivoaka tamin'ny taona faha-60 sy faha-61 Hijra.

Izy [i Tabari] dia tsy nitantara ireo tantara [avy tamin'i Abou Mikhnaf] mivantana (tsy misy mpanelanelana) fa kosa nitantara izany avy tamin'ireo bokin'i Hisham al-Kalbi izay manamarina izany ny filazany manao hoe: « Notantaraina tamiko avy tamin'i Hisham b. Mohammad » ka tsy voafaritra iza no nitantara izany taminy. Ny maharesy lahatra antsika mikasika ny tsy nihaonany tamin'i Hisham na koa tsy nandrenesany ireo tantara avy amin'ity farany mivantana dia ny fampitahana ny daty nahaterahan'i Tabari (224H.) sy ny daty nahafatesan'i Hisham (206H.). Nanambara mazava tsara izy fa nitantara avy tamin'ireo bokin'i Hisham raha nitantara ireo zava-nisy tao Harrah tamin'ny alalan'ny fitenenany manao hoe: « Toy izany no hitako tao amin'ny bokiko... »

Ny lahatsoratra tranainy indrindra taorian'ny nanoratan'i Tabari boky avy tamin'ny fitantaran'i Hisham al-Kalbi tsy misy mpanelanelana dia ilay boky *al-Irshad* nosoratan'ny Cheikh Mofid (maty tamin'ny 413H.) izay milaza toy izao avy hatrany

mialohan'ny fitantarana an'ireo tantaran'i Karbala ao amin'ny bokiny: « Amin'ireo tantara nofintinina (...) izay notantarain'i al-Kalbi ... »

Avy eo, manaraka azy ilay boky *Tazkirat al-Oumma bi khassaïss al-Aïmmah* nosoratan'i Sibt ibn al-Jawzi (maty tamin'ny 654H.) izay nitantara betsaka ihany koa avy tamin'i Hisham al-Kalbi tamin'izay rehetra notantarainy mikasika ireo tantaran'ny Imam Houssayn (as) amin'ny fanehoan-kevitra mazava tsara.

Taorian'ny fampitahana ireo fitantaran'i Tabari, ny Cheikh Mofid sy i Sibt ibn al-Jawzi, dia hitantsika fa misy fitovizana betsaka eo amin'ny fanoratana ireo lahatsoratra, ankoatr'ireo fahadisoana sasantsasany tsy dia manao ahoana loatra nohony fanovana litera na teny, toy ny « waw » novaina ho lasa « fa » na ny mifamadika amin'izany sy ireo fahadisoana hafa mitovitovy amin'izany [...].

ABOU MIKHNAF

Ny tantara dia tsy nanome antsika fahalalana mikasika ny daty nahaterahany, na dia ny Cheikh Toussi aza nametraka azy, ao amin'ny bokiny momba ny Rijal, ho anisan'ny antokon'ireo mpitantara [ireo hadith] avy amin'ny Lehiben'ireo mpino ['Ali b. Abi Talib] araka ny fahalalana noraisiny avy tamin'i Kashi. Nefa

[taorian'ny nanambarany ity fahalalana ity], izy dia [niaiky ho diso] nanohy ny teniny nanao hoe: « Araka ny hevitra dia diso izany satria i Lout b. Yahya dia tsy nihaona tamin'ilay Lehiben'ireo mpino, fa izany diany rainy i Yahya izay anankiray amin'ireo mpanara-diany. » Na dia teo aza izany [fanazavana izany], izy [Cheikh Toussi] dia tsy nanambara an'i Yahya rainy [ao amin'ny lisitr'ireo] mpanaradian'ilay Lehiben'ireo mpino fa ny raibeny i Mikhnaf b. Solaym al-Azdi no nambarany. Hoy indrindra izy nanohy ny teniny hoe: « Izy dia zanakalahin'ny rahavavin-drenin'i 'Aïcha, arabo, avy ao Koufa. »

Cheikh Toussi dia nanambara izany fahalalana izany avy tao amin'ny bokin'i Kashi fa tsy avy tamin'ny fijoroana vavolombelona mivantana akory, no sady nanamarika fa i Kashi dia niaina tamin'ny taon-jato fahatelon'ny Hijra ary ny Cheikh Toussi dia teraka tamin'ny 385H.

Ny bokin'i Kashi dia nomena anarana hoe *Ma'rifat al-Naqiline 'An al-Aïmat al-Sadiqine* araka ny voalazan'i Shahr b. Ashoub ao amin'ny bokiny *Ma'alim al-'Olama*, fa ity bokin' [i Kashi] ity dia efa tsy hita intsony amin'izao iainantsika izao. Ilay misy eo ampelatanantsika amin'izao dia ny famintinana azy novolavolain'ny Cheikh Toussi tamin'ny taona 456H, araka ny voalazan'ny Sayyid Ibn Tawouss ao amin'ny bokiny *Faraj al-*

Mahmoum. Na izany aza anefa, dia tsy mba nambarany ao amin'ity boky famintinana nataon'ny Cheikh Toussi ity (araka ny fototry ny fitantarana avy tamin'i Kashi) fa i Abou Mikhnaf dia anisan'ireo mpanara-dian'ilay Lehiben'ireo mpino.

Cheikh Toussi dia nanambara ny anaran'i Abou Mikhnaf (Lout b. Yahya) ao amin'ny antokon'ireo mpanoratra tantaran'ny Imam Hassan b. 'Ali (as), izay vao ao amin'ny antokon'ireo mpanoratra tantaran'ny Imam Houssayn (as) ary farany dia ao amin'ny antokon'ireo mpanoratra tantaran'ny Imam Sadiq (as), fa tsy mba nanambara azy ao amin'ny antokon'ireo mpanoratra ny tantaran'ny Imam 'Ali b. Houssayn (as), na tao amin'ny antokon'ireo mpanoratra tantaran'ny Imam Baqir (as).

Cheikh Toussi dia nitantara ihany koa ao amin'ny bokiny *al-Fihrist*, arak'izay nolazain'i Kashi nialohan'ny nilazany hoe: «Fa ny tena marina dia ny filazana fa ny rainy [i Yahya] no anisan'ireo mpanara-dia [mpanoratra tantaran'] i 'Ali (as) fa i Abou Mikhnaf dia tsy mba nihaona taminy.» Avy eo izy dia nanambara ny fiampitampitan'ny mpitantaran'ireo bokin'i Hisham b. Mohammad b. al-Saïb al-Kalbi sy i Nasr b. Mozahim al-Minqari.

Cheikh Najashi dia nanambara an'i Abou Mikhnaf ao amin'ny bokiny momba ny Rijal toy izao: « Lout b. Yahya b. Sa'id b. Mikhnaf b. Solaym al-Azdi al-Ghamidi, Abou Mikhnaf, olona manam-pahaizana sy lehiben'ireo mpanoratra tantara tao Koufa, dia olona azo antoka sy mendri-pitokisana mikasika ireo fitantarany [sy ny fiampitampitan'ireo mpitantarany]. Izy dia nitantara [ireo tantaran'] ny Ja'far b. Mohammad (as) ary voalazany fa izy dia nitantara avy tamin'i Abou Ja'far (as) kanefa izany dia tsy marina. » Avy eo izy [Najashi] nitanisa ireo bokin'i Abou Mikhnaf ary nanambara ny boky *Maqatal al-Houssayn (as)* [ny nahamaritiora an'i Houssayn (as)] nialohan'ny nanehoany ny fiampitampitan'ny tantara izay nitantara ireo boky ireo avy tamin'i Hisham b. Mohammad b. al-Sa'ib al-Kalbi izay izy indray no nitantara izany avy tamin'i Abou Mikhnaf.

Na dia misy an'ireo lahatsoratra voalaza ireo aza mandrak'ankehitriny, dia nolazaintsika ihany izay voalaza ao amin'ireo boky fototra telo lehibe momba ny Rijal [mpampita ireo tantara] izay anisan'ireo boky fototra lehibe efatra ananantsika, mikasika an'i Abou Mikhnaf, eny fa na dia tsy manambara ny daty nahaterahany na ny nahafatesany aza ireo boky ireo.

IZAY VOALAZAN'I TABARI MIKASIKA NY FIANAKAVIAN'I ABOU MIKHNAF

Tabari dia nanambara [an'i Mikhnaf] ao amin'ny bokiny *Zayl al-Mozayyal* ho anisan'ireo sakaiza mpanara-dian'ny Mpaminany izay maty tamin'ny faha-80H.: « Mikhnaf b. Solaym b. Harith (...) b. Ghamid b. al-Azd (...), dia niditra tao amin'ny finoana islamo ka nanara-dia an'ilay Irak'i Allah. Izy dia [lehiben'ny] fokon'ireo Azd tao Koufa. Nanana rahalahy telo izy: ny iray antsoina hoe 'Abd Shams, maty tamin'ny adin'ny Nokhayla, ny iray hafa antsoina hoe Saq'ab maty tamin'ny adin'ny Jamal ary ilay fahatelo antsoina hoe 'Abdallah dia maty ihany koa tamin'ny adin'ny Jamal (...). Anisan'ireo [zafiafy] zanak'i Mikhnaf b. Solaym, dia ahitana an'i Abou Mikhnaf Lout b. Yahya b. Sa'id b. Mikhnaf b. Solaym, avy aminy no nitantarana ireo filazana [ara-tantaran'] ireo olona. »

Izy [i Tabari] dia nanambara azy ao amin'ireo filazana ara-tantara mikasika an'i Bassorah notantarain'ny olon-kafa ankoatr'i Abou Mikhnaf: « Mikhnaf b. Solaym al-Azdi lehiben'ireo [fokon'i] Sab'a Bajilah, Anmar, Khath'am sy Azd ...»

Na dia iray amin'ireo tantara anankiroa ireo dia tsy nanambara fa i Mikhnaf b. Solaym dia maty tamin'ny adin'ny Jamal. Na izany aza anefa,

izy [i Tabari] dia nanambara tantara iray hafa mikasika [ny adin'ny] Jamal notantarain'i Abou Mikhnaf, izay izy indray no nitantara izany avy tamin'ny rahalahin-drainy i Mohammad b. Mikhnaf: « Ireo Cheikh sasany lehiben'ny foko izay izy rehetra no nijoro vavolombelona tamin'ny [adin'ny] Jamal dia nitantara tamiko hoe: "Ny fanevan'ny fokon'ireo Azd, mponina tao Koufa, dia notazomin'i Mikhnaf b. Solaym izay maty tamin'io fotoana io, avy eo dia noraisin'ireo olona tao amin'ny fianakaviany, i Saq'ab sy ny rahalahiny i 'Abdallah b. Solaym, izay samy niara-maty izy roa." »

Ity tantara ity etsy ankilany dia mifanaraka amin'izay voalazany [Tabari] ao amin'ny *Zayl al-Mozayyal* mikasika ny nahamaritiora an'ireo rahalahin'i Mikhnaf (i Saq'ab sy i 'Abdallah) - angamba izy nitantara izany avy tao amin'ny boky tantarany- nefa kosa etsy andaniny dia mifanipaka amin'ny nahamaritiora an'i Mikhnaf b. Solaym: ity tantara farany ity dia nanambara fa izy dia maty novonoina nandritra ny adin'ny Jamal, izay manohitra ny fitantaran'i Tabari avy tamin'ny fitantaran'i [Hisham] al-Kalbi izay izy indray no nitantara izany avy tamin'i Abou Mikhnaf tenany ihany ao amin'ireo tantarany mikasika ny adin'ny Siffine tahak'izao: « Ny raiko Yahya b. Sa'id dia nitantara tamiko, fa izy dia nitantara avy tamin'ny rahalahin-drainy i

Mohammad b. Mikhnaf, izay nilaza hoe: “Izaho dia niaraka tamin’ny raiko (Mikhnaf b. Solaym) tamin’io fotoana io, tamin’izany aho dia fito ambin’ny folo taona ...” »

Voalaza ihany koa avy taminy hoe: « Harith b. Hassirah al-Azdi dia nitantara tamiko, izay voarainy avy tamin’ireo cheikh samihafa avy amin’ny fokon’ireo Nimr sy ireo Azd, fa i Mikhnaf b. Solaym dia natosiky ny teny faneva manao hoe “ireo Azd dia ho an’ireo Azd” ... »

Izy [Tabari] dia nitantara ihany koa avy tamin’i Madaïni (maty tamin’ny faha-225H.) sy tamin’i ‘Awanah b. Hakam (maty tamin’ny faha-158H.) no sady niankina tamin’ny fiampitampitan’ireo mpitantaran’ity farany, izay nitantara avy tamin’ny cheikh lehiben’ny fokon’ireo Farazah, toy izao: « Mo’awiyah dia nandefa an’i No’man b. Bashir al-Ansari ho mpitarika an’ireo miaramila miisa roa arivo tao ‘Ayn al-Tamr mba handrava ity toerana ity izay nahitana ny olon’i ‘Ali (as) antsoina hoe Malik b. Ka’b al-Arhabi niaraka tamin’ireo olona miisa telon-jato. [‘Ali (as) dia nanoratra ho an’i Mikhnafb. Solaym -izay teo amin’ny toerana akaikin’izy ireo- mba hiangavy azy hanampy an’i Malik (...). Noho izany i ‘Ali dia nandefa haingana an’i Mikhnaf sy i ‘Abd al-Rahman zanany niaraka tamin’ireo olona miisa dimam-

polo notarihin'izy ireo mba ho any amin'i Malik sy ireo namany. (...) Teo ampahitana azy ireo, ireo miaramilan'i Damas [teo ambany fibaikon'i No'man b. Bashir] no nihevitra fa izy ireo dia misy mpanampy betsaka tokoa, koa dia nisintaka izy ireo [niala tao 'Ayan al-Tamr] ary dia lasa nandeha teo ambany mason'ireo mpifanandrina amin'izy ireo. »

Ireo tantara rehetra ireo dia manambara mazava fa ny raibeny [Mikhnaf b. Solaym] dia mbola velona taorian'ilay adin'ny Jamal sy taorian'ny Siffine ihany koa aza, satria ireo fanafihana sy fandrohana nataon'ireo miaramilan'i Mo'awiyah dia nitranga tamin'ny faha-39H. nefa ny adin'ny Siffine dia nitranga tamin'ny faha-37H. Ary koa, ilay tantara - nambara mialoha- izay mitantara ny nahamaritiora azy nandritra ny adin'ny Jamal dia tsy manan-tsahala, fa saingy i Tabari no tsy niraharaha [an'ity tsy fifanarahana ity] no sady tsy nitondra fanazavana akory, eny fa na dia izy tenany ihany aza no nanambara mazava tsara ao amin'ny Zayl al-Mozayyal fa izy [i Mikhnaf b. Solaym] dia mbola velona hatramin'ny faha-80 taonan'ny Hijra.

IZAY VOALAZAN'I NASR B. MOZAHIM AL-MINQARI MIKASIKA NY FIANAKAVIAN'I ABOU MIKHNAF

Misy ireo tantara hafa notantarain'ireo mpitantara hafa, ankoatr'i Tabari, izay manambara fa i Mikhnaf b. Solaym dia mbola velona taorian'ireo adin'ny Jamal sy Siffine sahala amin'ny notantarain'i Nasr b. Mozahim al-Minqari (maty tamin'ny faha-212H.) ao amin'ny bokiny *Waq'at Siffine* izay nitantara avy tamin'i Yahya b. Sa'id izay nitantara avy tamin'i Mohammad b. Mikhnaf izay nilaza hoe: « 'Ali nijery an-draiko -taorian'ny fiverenany avy tany Bassorah- ary niteny hoe: "(...) Nefa kosa i Mikhnaf b. Solaym sy ny fokony dia tsy mba mandà fiantsona [amin'ny ady] ...". »

Izy [i Nasr] dia nitantara hoe: « Ireo namanay dia nitantara hoe: "Mikhnaf b. Solaym dia nalefa tao Ispahan sy tao Hamadan mba hisolo toeran'i Jarir b. 'Abdallah al-Bajali ..." »

Izy [i Nasr] dia nitantara hoe: « Rehefa izy [i 'Ali] no nikasa ho any Damas, dia nanoratra ho an'ireo olony izy, dia i Mikhnaf b. Solaym, taratasy iray nadikan'i 'Obaydollah b. Abi Rafi' tamin'ny taona 37H. Nankinin'i Mikhnaf tamin'ireo olon-droa avy amin'ny fokony [ireo andraikiny] ary lasa nandeha izy mba hiatrika ny adin'ny Siffine miaraka amin'i 'Ali. »

Izy [i Nasr] dia nitantara hoe: « Mikhnaf b. Solaym dia lehiben'ireo fokon'i Azd, Bajilah, Ansar sy Khoza'ah. »

Izy [i Nasr] dia nitantara hoe: « Mikhnaf dia niara-dia tamin'i 'Ali hatrany Babylone. »

Izy [i Nasr] dia nitantara avy tamin'ny cheikh iray ao amin'ny fokon'ireo Azd hoe: « Rehefa ny fokon'ireo Azd tao Irak no niangaviana mba hanaraka ny fokon'ireo Azd tao Damas, dia nandray izany amin'ny lafiny ratsy i Mikhnaf b. Solaym ka nitsipaka [izany tolo-kevitra izany]; nanao lahateny izy mba nanehoany ny fitsipahany an'ity fiangaviana ity. »

Ao amin'ny fitantaran'i Abou Mikhnaf notantarain'ny rahalahin-drainy, i Mohammad b. Mikhnaf -rehefa ity farany no nilaza hoe: « Izaho dia niaraka tamin'ny raiko (Mikhnaf b. Solaym) tamin'io fotoana io tamin'izany aho dia fito ambin'ny folo taona ...» dia ahitana fanambarana lehibe izay maneho fa i Sa'id dia toa marina tokoa fa tena tanora kokoa noho i Mohammad rahalahiny, ka nahatonga azy tsy nanatrika ny adin'ny Siffine sy nitantara tsy misy fisalasalana ny tantara avy tamin'i Mohammad rahalahiny. Ity fitantarana ity dia manambara amintsika ihany koa fa i Mohammad b. Mikhnaf dia teraka tamin'ny taona faha-20 Hijra ary i Sa'id rahalahiny -ilay raiben'i Lout- kosa dia

mifanakaiky taona amin'i Mohammad. Arak'izany, dia i Sa'id -ilay raiben'i Lout- no ilay anisan'ireo mpanara-dian'i 'Ali (as) fa tsy i Lout na i Yahya rainy akory.

Miainga avy amin'izany, no ahafahantsika milaza araka ny tokony ho izy, fa raha i Sa'id no nanambady ka niteraka an'ilay zanany i Yahya tamin'ny faha roapolon'ny taonany, izany hoe tamin'ny taona faha-40H., dia tsy misy akory ny mampitombona ny fisian'i Lout tamin'io fotoana io, na ilay fiheverana an'i Yahya ho anisan'ireo mpanara-dian'i 'Ali.

Raha isika no mametraka an'i Yahya, ilay rain'i Lout, ho nanambady sy niteraka tamin'ny faharoapolo taonany, izany hoe tamin'ny taona faha-60H., ary izany no tokony ho izy (...) ary raha vinavinaintsika fa i Lout (Abou Mikhnaf) dia nanomboka nanangona ireo tantara tamin'ny faharoapolo taonany, izany hoe tamin'ny taona faha-80H., ary nanoratra ireo tantara ireo ao amin'ny bokiny izy nandritra ny roapolo taona teo ho eo, izany hoe tokony ho nahavita nanoratra ny bokiny izy tamin'ny farany taon-jato voalohan'ny Hijra (...), dia sarotra ny hiheverana fa izy dia nahavita nanoratra ny bokiny sy nanambara izany tamin'ireo vahoaka [mba hampielezana azy]. Satria tamin'io vanimpotoana io [sahabo 100H.], dia nohelohina sy tena

nankahalaina ny fanoratana ireo hadith, indrindra moa fa ireo filazana ara-tantara, noho ilay fahefana teo ampelatànan'ny taranak'i Marwan sy ireo "Omayyade" ary ny fiainan'ireo shiita tamin'izany dia fiainana misy tahotra, teritery sy fiafenana.

Isika dia mahatsikaritra hevitra iray lehibe izay tantarain'i Abou Mikhnaf ao amin'ilay tantara mikasika ny fahatongavan'i Mouslim b. 'Aqil tao Koufa sy ny fipetrahany tao an-tranon'i Mokhtar b. Abi 'Obayd al-Thaqafi. Toy izao ny nosoratany: « Amin'izao androntsika izao [ity trano ity] dia fantatra amin'ny anaran'i Mouslim b. Moussayyab », izay midika fa izy dia nanoratra ny bokiny mikasika ny nahamaritioran'i Houssayn (as) nandritra ireo taona 130H. satria i Mouslim b. Moussayyab dia masoivohon'Ibn 'Omar tao Shiraz tamin'ny taona 129H. araka ny voalaza ao amin'ny boky tantaran'i Tabari (v.7 p.372). Tamin'io taona io, ny fahefan'ny Omayyade dia nihanalemy ary ireo Abbasside dia nitsangana nitaona ny vahoaka mba hampifalifaly ny fianakavian'ny Mpaminany (Ahl al-Bayt) sy hamalifaty ny nahamaritiora an'i Houssayn (as) sy ny fianakaviany. Iza moa no mahalala? Sao dia mba ireo Abbasside ireo no niangavy an'i Abou Mikhnaf mba hanoratra an'ireo tantara ireo hoentin'izy ireo hanohanana ny hevitr'izy ireo, saingy rehefa izy ireo no

nahazo ny fahefana dia nilaozan'izy ireo, izy sy ny bokiny Maqtal sahala amin'izy ireo nandao ihany koa an'ireo Ahl al-Bayt ary dia niady tamin'izy ireo mihitsy aza.

IREO SORATANANY

Cheikh Najashi dia manambara [ao amin'ny bokiny] ireo asa soratr'i Abou Mikhnaf tahak'izao:

« Boky mikasika ireo ady, boky momba ny famoizana, boky mikasika ireo fandresen'ny finoana islamo, boky mikasika ireo fandresena tao Irak, boky mikasika ireo fandresena an'i Khorasan, boky mikasika ny fakan-kevitra, boky mikasika ny famonoana an'i 'Othman, boky mikasika ny adin'ny Jamal, boky mikasika ny adin'ny Siffine, boky mikasika ireo mpitsara roa, boky mikasikany adin'ny Nahrawan, boky mikasika ireo fandrobàna, boky mikasika ireo tantaran'i Mohammad b. Abi Bakr, boky mikasika ny nahamaritiora an'i Mohammad b. Abi Bakr, boky mikasikany nahamaritiora an'ilay Lehiben'ireo mpino (as), boky mikasika ireo tantaran'i Ziyad, boky mikasika ny nahamaritiora an'i Hojr b. 'Adi, boky mikasika ny nahamaritiora an'i Hassan (as), boky mikasika ny nahamaritiora an'i Houssayn (as), boky mikasika ireo tantaran'i Mokhtar, boky mikasika ireo tantaran'Ibn Hanifiyyah, boky mikasika ireo

tantaran'i Hajjaj b. Yousouf al-Thaqafi, boky mikasika ireo tantaran'i Yousouf b. 'Omayr, boky mikasika ireo tantaran'i Shabib al-Khariji, boky mikasika ireo tantaran'i Motarrif b. Moguirah b. Sho'bah, boky mikasika ireo tantaran'i Horath b. Assadi al-Naji, boky mikasika ireo tantaran'ny fianakavian'i Mikhnaf b. Solaym ... »

Avy eo, izy [Najashi] dia nanambara ny fiampitampitan'ireo mpitantarany izay mitantara ireo bokin'i Hisham al-Kalbi.

Cheikh Toussi dia nanambara ao amin'ny bokiny *al-Fihrist* ireo bokiny sasantsasany, avy eo nampiany hoe: « Misy boky iray mikasika ny lahatenin'i Zahra », nialohan'ny nilazany ny fiampitampitan'ireo mpitantara izay nitantara an'io boky io [...].

Ibn Nadim dia nanambara ao amin'ny *al-Fihrist* ireo bokiny sasantsasany anisan'izany ilay Maqtal an'i Houssayn (as).

Rehefa fakafakaina ny lisitr'ireo boky ireo, dia tsapa fa ny ankabeazan'ireo ezaka nataony dia niankina tamin'ireo tantara misy fifandraisana mikasika ireo shiita ary indrindra fa ireo tantaran'i Koufa. Tsy hita ao amin'ireo bokiny ireo tantara mikasika an'ireo Omayyade na ireo taranak'i Marwan na ny fikomian'i Abou Mouslim al-Khorasani na ny fiandohan'ny

fitondran'ny Abbasside, eny fa na dia dimy ambin'ny roapolo taona taorian'ireo tranga niseho tamin'ny taona 157H. ireo aza izy vao nodimandry.

Ny boky farany izay hitantsika ao amin'ny lisitr'ireo bokiny ireo dia ny boky mikasika ireo tantaran'i Hajjaj b. Yousouf al-Thaqafi, ka ireo tantara ireo dia mifarana amin'ny fahafatesany tamin'ny taona 95H. Nefa i Tabari kosa dia nitantara avy aminy [Abou Mikhnaf] ao amin'ny boky tantarany ny fiafaran'ny fanjakan'ny omayyade, tena mazava tsara hatramin'ireo tranga niseho tamin'ny taona 132H.

Izay mahasariky ny saina amin'ireo tantara miparitaka ao amin'ireo boky ireo, indrindra fa ny ao amin'i bokin'i Tabari, dia ny fitantarany imbetsaka mikasika ny rainy, ny rahalahin-drainy, ny iray amin'ireo taranaky ny rahalahin-drainy na ireo mpitantara avy amin'ny fokon'ireo Azd tao Koufa: izay manambara ny fisian'ireo tantara maro teo anatrehan'ireo vahoaka avy amin'ny fokony [ao Koufa] sy izay nanosika azy nanangona sy nanoratra azy ireo. Izany antony izany no ahatsapantsika fa izy dia nionona tamin'ny tsy fitantarana afa-tsy ireo tantaran'ireo vahoakan'i Koufa mandra-pahatonga azy noheverina mihitsy ho tena manam-pahaizana amin'io sehatra io.

Ny finoany [ny sekoly ara-pinoana izay narahiny] sy ny fahatokisana [an'ireo tantarany]

Hitantsika fa izy dia tsy nitantara na dia iray aza tantara izay avy tamin'ny Imam Zayn al-'Abidine mivantana, nodimandry tamin'ny taona faha-95H. na avy tamin'ny Imam Baqir nodimandry tamin'ny taona 115H., fa kosa noraisiny avy tamin'ny Imam Zayn al-'Abidine tamin'ny alalan'ny mpanelanelana anankiroa sy noraisiny avy tamin'ny Imam Baqir tamin'ny alalan'ny mpanelanelana iray. Namarinin'i Najashi izany, tamin'ny fitenenany nanao hoe: « misy milaza fa izy dia nandray ny tantara avy tamin'i Abou Ja'far, nefa tsy marina izany. » Izy dia tsy nandray ny tantara ihany koa avy tamin'ny Imam Moussa b. Ja'far al-Kazim, na dia niaina taorian'ny nahafatesan'ny Imam Sadiq tamin'ny faha-148H aza izy sy tamin'ny vanimpotoanan'ny Imam Kazim nandritra ny folo taona. Izany antony izany no tsy hilazana azy ho anisan'iray amin'ireo mpanara-diany.

Izany rehetra izany dia manambara fa izy [i Abou Mikhnaf] dia sady tsy shiita no tsy sakaizan'ireo Imam ireo, araka ny hevitrانيفانarahana eo amin'ireo shiita imamite, izay antsoin'ireo sounnita amin'ny fiantsoana hoe» Rafidhi ». Izy [i Abou Mikhnaf] dia manana fomba fijerin'ny shiita sady voasariky ny shiisma,

tahaka ny ankamaroan'ireo vahoakan'i Koufa, fa tsy mba mpanohitra ny fomba sy ny finoan'ireo mpanara-dia ny finoana islamo ankapobeny tamin'izany vanim-potoana izany izy.

Ny filazana fa tsy nisy sounnita na dia iray aza no nihevitra azy ho mpanohitra [rafidhi], araka ny fanao mahazatra azy ireo, dia manamarina ny teny voalaza teo aloha. Rehefa ireo sounnita tamin'izany fotoana izany no nilaza fa ny olona iray dia shiita, ny tian'izy ireo hambara amin'izany dia ny fananan'io olona io fotsiny [ny fitiavana] an'ireo Ahl al-Bayt, na dia fantatr'izy ireo aza fa ny olona iray manaraka ny fampianaran'ireo Ahl al-Bayt, dia lazain'ireo ho mpanohitra [rafidhi] fa tsy hoe shiita fotsiny. Eo no ahitana ny fahasamihafana misy amin'ireo famaritana roa ireo [shiita sy rafidhi].

Niteny i Zahabi momba an'i Abou Mikhnaf hoe: « Mpitantara tsy manjary izay tsy mendrika itokisana. Abou Hatim sy ireo hafa dia tsy nandray ireo tantarany. Ibn Ma'ine dia niteny hoe: "Tsy mendrika itokisana izy". Ibn 'Adi dia nilaza hoe: "Shiita miharihary, mpitantara ny tantaran'izy ireo". » Na dia iray amin'izy ireo aza dia tsy nisy nilaza azy ho mpanohitra (rafidhi) nefa hitantsika izy ireo fa milaza ho mpanohitra (rafidhi) an'ireo rehetra izay mifikitra amin'ny fampianaran'ireo Ahl al-Bayt (as).

Ibn Abi al-Hadid dia milaza mazava momba azy rehefa niteny hoe: « Abou Mikhnaf dia anisan'ireo mpitantara hadith sy anisan'ireo izay milaza fa marina ny fanendrena ny Imam amin'ny alalan'ny fifidianana, [fa tsy amin'ny alalan'ny safidin'i Allah]. Izy dia tsy anisan'ireo shiita no sady tsy azo heverina ho naman'izy ireo. »

Sayyid Sadr dia nitantara izany ao amin'ny bokiny *Ta'ssise al-Shia' li O'lom al-islam*, nialohan'ny nanoratany fanamarihana izay nilazany hoe: « Izy ireo dia tsy nilaza azy afa-tsy hoe izy dia shiita. Araka ny hevitra ny manam-pahaizan'izy ireo, izany dia tsy misakana amin'ny mahamendrika itokisana azy. Ireo manam-pahaizana lehibe sounnita toa an'Ibn Jarir Tabari sy Ibn al-Athir dia niantehitra tamin'ireo asa sorany, indrindra moa fa Ibn Jarir izay niankina tokoa tamin'ireo tantaran'i Abou Mikhnaf tamin'ny nanoratany ilay boky tantarany lehibe. »

[Ankoatr'izany] Ao amin'ny bokiny *al-Moraja'at*, ny imam Sharaf al-Dine dia nanoratra toko iray manontolo izay nitanisany olona shiita miisa zato araka ireo tantara nampitain'ireo sounnita ireo ihany, ao amin'ireo loharanom-boky mikasika an'ireo hadith (sihah), izay milaza

mazava tsara ireto fiampitampitan'ireo mpitantara ireto.

Ho famintinana, dia tsy misy ny isalasalana fa izy [i Abou Mikhnaf] dia shiita fa kosa tsy imamite araka ny fanazavana voalazan'Ibn Abi al-Hadid ary izany, no hevitra azo raisina. Ireo sounnita sasany dia milaza azy ho shiita araka ny fahazaran'izy ireo mametraka ny olona ho toy izany, noho izy voasarika sy mirona mankany amin'ireo Ahl al-Bayt, ny fahatsorany sy ny fitiavany azy ireo. Nefa kosa tsy misy na dia iray amin'ireo manam-pahaizana shiita no milaza mazava fa izy dia shiita tokoa. Najashi, izay manam-pahaizana manokana amin'io sehatra io, no nilaza azy ho toy ny « lehiben'ireo mpilaza vaovaon'i Koufa » fa tsy ho toy ny « lehiben'ireo mpitantarantsika » na koa ho toy ny « lehiben'ireo mpitantara ireo tantarantsika. » Izay nolazain'Ibn Abi al-Hadid mazava dia tsy mahagaga raha izy no nitantara [avy tamin'i Abou Mikhnaf] ireo tononkalom-pitolomana tamin'ny adin'ny Jamal mifandray amin'ny fandimbiasan'i 'Ali an'ilay Irak'i Allah. Fa ny fiononana amin'ny fitantarana an'ireo tononkalo fitolomana ireo dia tsy midika akory fa izy dia tsy shiita tsotra fotsiny noho ny fahatsorany sy ny fitiavany an'ireo Ahl al-Bayt ireo sady koa tsy imamite noho ny finoany sy ny fahatokisany

an'ireo Imam ireo, araka ny fitantarana izany imbetsaka eo amin'ireo sounnita.

Fehiny, tsy isalasalana fa ity olona ity [i Abou Mikhnaf] dia shiita fa saingy tsy misy porofo kosa ny filazana azy ho imamite.

Ny hevitra azo raisina avy amin'ireo manampahaizantsika izay nanome ny heviny, dia ilay fankasitrahana'i Najashi nanao hoe: « [izy dia] olona iray manampahaizana sy lehiben'ireo mpilaza ireo tantara tao Koufa, izy dia olona izay azo antoka sy ananana fahatokisana amin'ireo fitantarany [sy ny fiampitampitan'izany]. » Izany dia fankasitrahana lehibe izay manaporofa fa izy dia olo-marina ary izany no antony ilazana an'ireo tantara ao amin'ireo boky *al-Wajiza*, *al-Bolgha sy al-Hawi* sy ao amin'ireo boky hafa ihany koa ho marina [Hassan].

HISHAM AL-KALBI

Cheikh Najashi dia nilaza momba azy [ao amin'ny bokiny] nialohan'ny nilazalazana ny firazanany, avy eo izy niteny hoe: « Manampahaizana momba ireo zava-miseho [arantantara], malaza amin'ny fahadiovam-po sy fahalalana, mpanaraka ny fampianaranay, izy dia manana teny malaza manao hoe: "Izaho dia tratran'ny aretina mafy ka vokatr'izany dia hadinoko avokoa ny fahalalako. Nandeha

nihaona tamin'i Ja'far b. Mohammad aho izay nanala ny hetahetako ara-pahalalana tamin'ny alalan'ny vera iray, ary dia niverina indray ny fahalalako." » Avy eo, izy [Najashi] nitanisa ireo bokin'[al-Kalbi] sy nanambara ny fiampitampitan'ireo mpitantara izay nitantara an'ireo bokiny ireo. Anisan'ireo boky izay notanisainy, dia nahitana ny boky mitantara ny nahamaritiora an'i Houssayn (as) (*Maqatal al-Houssayn (as)*) dia ilay boky izay nosoratan'ny mpampianany i Abou Mikhnaf ihany, na ny ankamaroan'ireo fitantarana voalazany ao dia avy amin'ireo fitantaran'io mpampianany io.

Cheikh Toussi dia nitantara ao amin'ny bokiny lehibe voafantina avy tamin'ny bokin'i Kashi mikasika ny Rijal toy izao: « Al-Kalbi dia olona sounnita, fa saingy izy manana fahatsorana sy fitiavana fatratra [an'ireo Ahl al-Bayt ireo], misy milaza fa i al-Kalbi dia mampihatra ny fanafenan-kevitra (taqiyyah) [mba hiarovany ny tenany] fa izy dia tsy sounnita akory. » Izany no antony nahatonga an'ny Cheikh Toussi tsy nanambara ao amin'ny bokiny Rijal na ao amin'ny bokiny Fihrist, afa-tsy ny fiampitampitan'ny tantara izay nitantarany [al-Kalbi] ireo bokin'i Abou Mikhnaf. Ireo bokiny izay miresaka manokana ny tantaran'ireo shiita dia ireo izay notantarain'ny mpampianany i Abou Mikhnaf. Nefa kosa, ireo bokiny hafa dia

tsy mba miresaka manokana akory ny tantaran'ireo shiita.

Maro amin'ireo manam-pahaizana sounnita eo amin'ny lafiny Tantara sy ny tantaran'olona manokana no nijoro vavolombelona amin'ny fananany fahaizana, fananany fitadidiana [tsara] sy amin'ny maha-shiita azy. Ibn Khallikan dia nilaza hoe: « Izy [al-Kalbi] dia nitantara nalalaka tokoa ireo tranga ara-tantara niseho sy ireo filazana ara-tantaran'ireo olona, izy dia tena manam-pahaizana eo amin'ny sehatry ny firazanana sy malaza manana fitadidiana. Nodimandry izy tamin'ny taona faha-206H. »

Abou Ahmad b. 'Adi dia nanoratra ao amin'ny bokiny al-Kamil hoe: « Al-Kalbi dia manana ireo fitantarana marina, izy ireo [ireo manam-pahaizana] dia afa-po tamin'ireo bokiny famakafakana (tafssir) izay nampalaza azy, fa tsy misy olon-kafa ankoatr'azy no manana boky famakafakana (tafssir) lava indrindra sy malalaka kokoa noho ny azy ireo. Izy ireo [ireo manam-pahaizana] dia nitia ny azy [al-Kalbi] kokoa noho ny an'i Moqatil b. Solayman vokatr'ireo fampianaran'ity farany misy fahadisoana. Ibn Habban dia nilaza azy ho anisan'ireo izay mendrika itokisana. »

NY BOKY NY NAHAMARITIORA AN'I HOUSSAYN AN'I ABOU MIKHNAF [MAQTAL AL-HOUSSAYN] MIELY PATRANA

Amin'izao androntsika izao, ny boky iray nahamaritiora an'i Houssayn (maqtal al-Houssayn) amin'ny anaran'i Abou Mikhnaf dia mora miely patrana eny amin'ireo mpivaro-boky. Tsy isalasalana anefa fa ity boky ity dia tsy ilay nosoratan'i Abou Mikhnaf. Ankoatr'izany, isika dia tsy mahalala hoe rahoviana, taiza sy tamin'iza no niavian'ity boky ity, sy ny daty izay namoahana azy voalohany?

Ny imam Sharaf al-Dine dia nilaza hoe: « Tsy miafina fa ilay boky miely patrana mikasika ny nahamaritiora an'i Houssayn (as) sy amin'ny anaran'i Abou Mikhnaf dia ahitana ireo tantara izay tsy fantatr'i Abou Mikhnaf izy tenany akory ary ireo tantara ireo dia noforonina amin'ny anarany fotsiny. Ireo izay nandainga mikasika azy amin'ny filazana ny anarany amin'ireo tantara diso dia betsaka tokoa, izay manaporofa ny maha-olona manam-pahaizana azy. »

Ilay mpitantara ireo hadith al-Qommi dia nilaza hoe: « Aoka ho fantatsika fa i Abou Mikhnaf dia mpanoratra boky ara-tantara maro sy boky tantaran'olona manokana, anisan'izany ny boky ny nahamaritiora an'i Houssayn (as)

(*Maqтал al-Houssayn (as)*), notantarain'ireo tena manam-pahaizana lehibe fahiny izay nanana fahatokisana tamin'io boky io (...). Fa ny mampalahelo dia ny fahafantarana azy fa nanjavona sy tsy ahitana ny dikan-tsoratra intsony. Nefa ilay boky ny maritiora (*Maqтал*) izay miely patrana sy izay natao amin'ny anarany dia tsy azy [tsy an'i Abou Mikhnaf] akory na an'izay mpahay tantara azo itokisana. Izay tehanamarina izany, dia aoka izy hampitaha ny voalaza ao amin'ity *Maqтал* ity amin'ireo tantara nosoratan'i Tabari sy ireo hafa, mba hananany fahatokisana amin'izany. Izaho dia namelabelatra izany ao amin'ny bokiko *Nafas al-Mahmoum* ao amin'ilay tantara mikasika an'i Tirimmah b. 'Adi. Allah no Ilay Manam-pahaizana. »

Izaho [i Mohammad Hadi al-Yousoufi al-Gharawi] dia tsy nanana vahaolana afa-tsy ny nandalina an'ity boky hosoka momba ny nahamaritiora an'i Houssayn (as) ity tao anatin'ny lafiny fikarohako mikasika ny bokin'i Abou Mikhnaf. Azo inoana fa ity boky [hosoka] ity dia fanangonanatantara nataon'ny mpanoratra hafa ankoatr'i Abou Mikhnaf. Isika dia tsy mahalala iza io mpanoratra io, sy oviana izy no nanoratra izany. Ny mba azoko lazaina amin'ity mpanoratra ity dia olona arabo ankehitriny izy io, tsy manam-pahalalana akory

eo amin'ny lafiny Tantara, sy hadith, sy ireo mpampita an'ireo tantara, ary koa amin'ny lafiny literatiora arabo satria izy dia zatra mampiasa ao amin'io boky io ireo teny fampiasan'ireo Arabo ankehitrinyaraka ireo fitenin'ireo vahoaka arabo.

Ilay boky dia ahitana fitantarana miisa dimam-polo ambin'ny zato ka ny fitantarana enina dia miaraka amin'ireo fiampitampitan'ny tantara tsy feno (mourssal): ny fitantarana avy amin'ny Imam 'Ali b. Houssayn (as) (n°49), ny anankiray hafa dia avy amin'i 'Abdallah b. 'Abbass (n°94), ny fahatelo dia avy amin'i 'Omarah b. Solayman notantarain'i Homayd b. Mouslim (n°82), ny fahaefatra dia avy amin'i Abdallah b.Qays (n°96), ary ny fahadimy dia avy amin'ny olona iray antsoina hoe 'Ammar ary [ny fahaenina] dia noraisina avy tamin'i Kolayni (maty tamin'ny 329H.) ka ilay fiampitampitan'ny tantara dia misy nanesorana (marfou'ah) sady tsy misy ao amin'ilay boky al-Kafi (n°70).

Avy eo, aorian'ny fitantarana n°105, ilay mpanoratra dia nampitombo ireo fitantarana avy tamin'ny olona iray, i Sahl b. Sharazouri izay heveriny ho mpanara-dian'ireo Ahl al-Bayt nandritra ny fandehanan'izy ireo avy tao Koufa nankany Damas, avy eo hatramin'ny fiverenan'izy ireo tao Madina. Izy [ilay mpanoratra] dia nitantara avy amin'ity olona ity

fitantarana miisa raika ambin'ny teloplo miaraka amin'ireo fiampitampitan'ny tantara tsy feno (mourssal) sy miantso ny tantaran'i Sahl b. Sa'd al-Sa'idi amin'ny anaran'i Sahl b. Sa'id Sharazouri!

Ireo fitantarana hafa ao amin'ilay boky, miisa valo ambin'ny telopolo amby zato, dia voasoratra amin'ny anaran'i Abou Mikhnaf ny tenany ihany.

IREO FAHADISOANA MIHARIHARY AO AMIN'ILAY BOKY MAQTAL ENY AMPIELEZANA

Ilay boky [hosoka] dia ahitana fahadisoana maro miharihary ka ireto avy izany:

1- Ny mpamaky mahiratra dia hahatsikaritra fahadisoana lehibe amin'ireo an-dalana fehezanteny amin'ny pejy voalohan'ny maqtal izay miely patrana, rehefa ilay mpanoratra no nitantara avy tamin'i Abou Mikhnaf izay nilaza hoe: « Abou Mounzir Hisham dia nitantara tamiko avy tamin'i Mohammad b. Saïb al-Kalbi... » Hitantsika eto fa i Abou Mikhnaf -izay tena marina dia mpampianatr'i Hisham- dia nitantara avy tamin'i Hisham mpianany, ity farany indray no nitantara avy tamin'ny rainy i Mohammad. Saïb al-Kalbi: izany dia manambara hatraiza ny tsy fahalalan'ity mpanoratra ity ny mombamomban'ireo mpampitan'ireo tantara ka

nahatonga izao zavatra mazava izao ho niafina aminy.

2- Rehefa avy namadika takelaka telo amin'ilay boky dia hitantsika fa ilay mpanoratra dia nilaza hoe: « Kolayni dia nitantara ao amin'ny hadith iray ... » Tena ilaina ny mahafantatra fa izy dia nandray ny tantara avy tamin'i Kolayni, maty tamin'ny taona faha-329 H, kanefa i Abou Mikhnaf dia maty tamin'ny taona faha-157H sady tsy misy ao amin'ny bokin'i al-Kafi ilay tantara!

3- Ao amin'ireo takelaka lavidavitra sasany, isika dia mahita toy izao: « Yazid dia nandefa taratasy iray ho an'i Walid ary voarainy izany tamin'ny faha-10 Sha'ban. » Kanefa, ireo mpahay tantara - anisan'izany i Abou Mikhnaf araka ny fitantaran'i Tabari sy Mofid- dia mitovy hevitra fa i Houssayn (as) dia tonga tao Lameka ny faha-3 Sha'ban. Koa ahoana no ifanarahan'ireo fitantarana roa ireo?

4- Mikasika ny nahamaritiora an'i Mouslim b. 'Aqil, ny mpitantara dia izy irery ihany no nilaza fa i Mouslim dia latsaka tao anaty lavaka ka nahatonga azy ho tsy afa-nihetsika nialohan'ny namatorana ireo tanany sy nitondrana azy tany amin'Ibn Ziyad. Toy izao ny filazan'ilay mpitantara mikasika izan: « Ilay voaozona dia nanatona azy ireo ka niteny hoe: "Isika dia

hamelatra fandrika ho azy ireo: hiady lavaka isika eo amin'ny lalana izay horakofantsika ahitra sy tany, avy eo isika hanafika azy ka avelantsika izy hanaraka ilay lalana misy [fandrika]. Antenaiko fa tsy afa-mandositra antsika izy.” »

5- Mbola mikasika ny nahamaritiora an'i Mouslim, izy irery no nitantara hoe: « Taorian'ny nahamaritiora an'i Mouslim sy i Hani, dia tsy nanana vaovao mikasika azy ireo intsony na dia iray aza i Houssayn (as). Nanana fanahiana fatratra izy ka namory ny fianakaviany (...), nomeny baiko izy ireo mba hiverina any Madina. Arak'izany izy ireo dia nandeha mandra-pahatongavana tao Madina. Izy [i Houssayn (as)] dia lasa nitsidika ny fasan'ilay Irak'i Allah, nijanona teo naharitra izy ary nitomany betsaka mandra-paharenoky ny torimasos ireo masony. »

Ity tantara ity dia tsy misy fototra na soratra iankinany na dia amin'ny boky iray aza.

6- Izy irery no nilaza tantara iray mikasika ny fahatongavan'ny Imam Houssayn (as) tao Karbala, izay nitantarany fa ny Imam Houssayn (as) dia nifandimby nitaingin-tsoavaly fito kanefa na dia soavaly iray aza dia tsy nazoto nandeha nandroso.

7- Izy irery no nilaza tantara iray mikasika an'ny Imam 'Ali b. Houssayn (as) tamin'ny harivan'ny

fahafolon'ny Moharram sy tamin'ny andro nahatongavan'ny Imam tao Karbala.

8- Izy irery no nitantara fa ny isan'ireo miaramila tao amin'ny tafik'Ibn Sa'd dia valo alina!

9- Mbola izy irery ihany no nitantara ny lahatenin'i Zohayr b. Qayn tamin'ny andro nahatongavan'ireo miaramila tao Karbala, izay nitantaran'ilay mpanoratra nanao hoe: « Avy eo dia nandroso izy teo anatrehan'ireo mpanaradiany ka niteny hoe: "Ry Mouhajirin sy Ansar! Aoka ianareo tsy ho voafitaky ny lahatenin'ity olom-boaozona alika ity sy ireo izay mitovy aminy! Izy dia tsy ho mendriky ny fanelanelanan'i Mohammad (ny tso-drano sy ny firarian-tsoan'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany). Ny olona izay mamono ny taranany sy izay mamono an'ireo izay manampy azy dia hiafara mandrakizay any amin'ny Afobe!" »

10- Izy irery ihany no nilaza tantara iray izay miresaka an'i Houssayn (as) ho nandavaka lava-drano ka nilazan'ilay mpanoratra nanao hoe: « Izy dia tsy nahita rano [tao amin'izany lava-drano izany]. »

11- Izy irery no namerina in-telo ny fitantarana ny andro nialoha sy ny marainan'ny ashoura toy izao: Ao amin'ny fitantarana voalohany izy

nanambara ilay toritenin'ny Imam Houssayn (as) sy ny nahamaritiora an'i 'Abbass rahalahiny! Izy irery no nilaza nanao hoe: « Noraisiny tamin'ny vavany ny sabatrany », avy eo izy niteny hoe: « Izy [i Houssayn (as)] dia nanatona azy [an'i 'Abbass], nataony teo an-damosin'ny soavaliny ka nentiny nankany amin'ireo tranolay, avy eo izy napetrany teo amin'ny tany ary dia nitomany nigogogogo izy ka nahatonga an'ireo izay rehetra nanatrika teo tafatomany ihany koa. »

Avy eo izy dia niverina amin'ny fitantarana ny tamin'ny andro nialohan'ny ashoura ka nilaza hoe: « Izy [i Houssayn (as)] dia nanatona an'ireo mpanara-diany ary dia niteny hoe: “Ry mpanara-diako! Ireto olona ireto dia tsy mitady afa-tsy izaho ihany! Rehefa mirotsaka ny alina, dia mandehana ianareo manararaotra ny haizina” », avy eo hoy izy hoe: « Izy dia niari-tory tamin'io alina io sy ny maraina ... »

Avy eo izy, dia niverina amin'ilay tantaran'ny marainan'ny ashoura sy nanambara toriteny hafa nataon'ny Imam (as). Izy irery no nanambara ny fandefasana iraka iray avy tamin'i Houssayn (as) izay antsoina hoe Anas b. Kahil ho any amin'Ibn Sa'd, kanefa ity iraka ity dia i Anas b. Harth b. Kahil al-Assadi.

Farany, izy dia nitantara fanintelony nytantaran'ny alin'ny ashoura sy nanambara ilay

toriteny malaza notenenin'ny Imam (as) teo anatrehan'ny fianakaviany sy ireo mpanara-diany tamin'ny alina (hariva) nialohan'ny ashoura (...), nialohan'ny niresahany indray ny tantara mikasika ireo fiomanana amin'ny ady ifanandrinan'i Houssayn (as) sy Ibn Sa'd.

12- Izy irery no nanambara an'Ibrahim b. Houssayn anisan'ireo mpanara-dian'ny Imam Houssayn (as).

13- Izy no nilaza an'i Tirimmah ho anisan'ireo izay novonoina niaraka tamin'ny Imam (as), kanefa i Tabari dia nitantara avy tamin'i Abou Mikhnaf tamin'ny alalan'i al-Kalbi fa i Tirimmah dia tsy nanatrika tao Karbala ka noho izany, dia tsy maty niaraka tamin'ny Imam (as) izy. Amin'ity hevitra farany ity no nanoratan'ilay mpitantara hadith, i al-Qommi, famelaran-kevitra iray ao amin'ny bokiny *Nafas al-Mahmoum* (p.195).

14- Izy no nanambara ao amin'ilay tantaran'i Horr al-Riyahi ireo andalana tononkalo izay raha ny marina dia notenenin'i 'Obaydollah b. Horr al-Jo'fi, izay nihaona tamin'i Houssayn (as) tao Qasr Bani Moqatil. Amin'izany izy [ilay mpanoratra] dia tsy niraharaha akory fa ireo andalana tononkalo ireo dia tsy mifanaraka mihitsy amin'ny toe-javatra niainan'i Horr rehefa izy milaza manao hoe: « Mitsangana teo

anatrehan'ireo vatan'izy ireo sy ny fasan'izy ireo. » Endrey izany tsy fahalalan'ilay mpanoratra an'ity boky ity!

15- Izy no nilaza amin'ny anaran'ny Imam Houssayn (as) ireo andalana tononkalo miresaka momba ireo fiderana ny nahamaritiora an'i Horr, izay tsy afaka holazain'ny Imam akory. Anisan'ireo andalana tononkalo ireo ny hoe: « Izany ilay Horr mendrika [olon'afaka], fa izy dia niombona tamin'i Houssayn, ireo izay manampy an'i Houssayn dia mandresy. »

16- Izy no nilaza amin'ny anaran'ny Imam Houssayn (as) ireo andalana tononkalo anankitelo miresaka momba ireo fiderana ny nahamaritiora an'ireo mpanara-diany kanefa mazava ho azy fa izany dia tsy avy amin'ny Imam (as) fa kosa avy amin'ny mpanao poety ankehitriny iray, araka ny filazany manao hoe: « Izy ireo dia nanampy an'i Houssayn, izany hatanoran'izy ireo! »

17- Izy irery no namaritra ny andro nahatongavan'ny Imam Hussayn (as) tao Karbala ho andro Alarobia kanefa izy dia milaza fa ny andro nahamaritiora azy dia ny andro Alatsinainy: izany dia midika fa ny andro nahatongavany tao Karbala dia ny andro fahadimin'ny Moharram! Nefa ireo mpahay tantara dia miara-manaiiky -anisan'izany i Abou

Mikhnaf araka ny fitantaran'i Tabari- fa ny nahatongavan'ny Imam tao Karbala dia ny andro faharoan'ny Moharram izay andro Alakamisy ary ny andro nahamaritiora azy dia andro Zoma.

18- Miainga avy amin'ny fitantarana n°105, no entiny mampitombo ireo fitantarana avy amin'ny olona iray antsoina hoe Sahl b. Sharazouri izay heveriny ho nanara-dian'ireo Ahl al-Bayt nandritra ny fandehanan'izy ireo niala tao Koufa nankany Damas, sy hatrany Madina. Izy [ilay mpanoratra] no nampitondra ny anarany an'ireo andalana tononkalo tao Koufa izay raha ny marina izany dia an'i Solayman b. Qattah al-Hashimi, novakiana teo amin'ny fasan'ny Imam Houssayn (as): « Izaho dia nandalo teo amin'ireo tranon'ny fianakavian'i Mohammad. » Izy dia nampitondra ny anarany ihany koa ny tantara iray mikasika an'i Damas izay raha ny marina dia i Sahl b. Sa'd al-Sa'idi no nitantara izany sady nambarany fa izany dia voarainy avy tamin'i Sahl b. Sharazouri, noheveriny manko fa olona iray ihany izany!

19- Izy no nilaza amin'ny anaran'ny Imam Houssayn (as) ny tononkalo iray misy andalana telo ambin'ny telopolo novakiana tamin'ny andron'ny ashoura toy ny nilazany amin'ny anaran'i 'Abdallah b. 'Afif al-Azdi ny tononkalo

iray misy andalana eo ho eo amin'ny telopolo novakiana teo anatrehan'i 'Obaydollah b. Ziyad.

20- Ilay boky ao amin'ireo lahatsorany dia mifono ireo teny sy fehezanteny amin'izao fotoana izao, nampiasain'ireo Arabo mpiresaka amin'ny fitenim-paritra, izay tsy mifanaraka akory ho avy tamin'i Abou Mikhnaf, sahala amin'ireto fehezanteny sy voambolana manaraka ireto:

- Ao amin'ny tantara nisamborana an'i Mouslim: « Ilay voaozona dia nanatona azy ireo ka niteny hoe » (wa aqbala 'alayhim la'ine wa qala lahom), « izay horakofantsika ahitra sy tany » (natommoha biddaghal wattourab), « avelantsika izy hanaraka ilay lalana misy [fandrika] » (nanzazimo qodammahou).
- « Lasa nandeha ireo mpanara-diany » (Rahat ansarahou).
- « Nahatsiaro izy » (yaqzanahou).
- « Nihantsy izy » (yataharrash).

Ankoatr'ireo rehetra nolazaina ireo, dia tsy misy olona afaka hihevitra fa ilay boky [am-pielezana] dia an'i Abou Mikhnaf.

Ireo mpitantara amin'i Abou Mikhnaf

Isika dia afaka mitsinjara an'ireo mpitantara ireo tantara izay hita [manelanelana] an'i Abou

Mikhnaf sy ireo zava-nitranga samihafa ho enina karazany¹:

Karazany voalohany: ireo mpitantara izay vavolombelona mivantana ny ady ka i Abou Mikhnaf dia nitantara izany avy tamin'izy ireo mivantana, tsy nisy mpanelanelana. Arak'izany, i Abou Mikhnaf dia nitantara ny ady tamin'ny alalan'ny mpanelanelana iray ihany. Miisa telo izy ireo:

- 1- Thabit b. Hobayrah
- 2- Yahya b. Hani b. 'Orwah al-Moradi al-Maz-hiji
- 3- Zohayr b. 'Abd al-Rahman b. Zohayr al-Khath'ami

Karazany faharoa: ireo mpitantara vavolombelona mivantana ny ady ka i Abou Mikhnaf dia nitantara avy tamin'ny alalan'ny mpanelanelana iray na roa. Arak'izany, i Abou Mikhnaf dia nitantara ny ady avy tamin'ny mpanelanelana roa na telo. Misy dimy ambin'ny

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: Ny voalazan'ity toko ity dia tsy voadika manontolo amin'ny teny malagasy fa ny famintinana eto no atolotra ho an'ny mpamaky. Izany no natao mba hanafohezana ity toko lava nosoratan'ilay mpikaroka ity, izay nanolotra bebe kokoa ny antsipiriany ara-pahalalana manokana sy ara-pomba fitenenana, mifandray amin'ny tantaran'ny mpitantara tsirairay avy.

folo izy ireo. Miaraka amin'ireo karazany roa voalohany, dia miisa valo ambin'ny folo ny fitambaran'ireo vavolombelon'ilay ady mivantana amin'ireo mpitantaran'i Abou Mikhnaf. Ireo mpitantara dimy ambin'ny folo amin'ity karazany ity dia ireto avy:

- 1- 'Oqbah b. Sim'an
- 2- Hani b. Thobayt al-Hadhrami al-Sakouni
- 3- Hodayd b. Mouslim al-Azdi
- 4- Dhahhaq b. 'Abdallah al-Mashraqi al-Hamdani
- 5- Ny Imam 'Ali b. Houssayn (as)
- 6- 'Amr al-Hadhrami
- 7- Ny mpanompon'i 'Abd al-Rahman b. 'Abd Rabbihi al-Ansari
- 8- Masrouq b. Wa'il al-Hadhrami
- 9- Kathir b. 'Abdallah al-Sha'bi al-Hamdani
- 10- Al-Zobaydi
- 11- Ayyoub b. Mashrah al-Khayawani
- 12- 'Afif b. Zohayr b. Abi al-Akhnas
- 13- Rabi' b. Tamim al-Hamdani
- 14- 'Abdallah b. 'Ammar al-Bariqi

15- Qorrat b. Qays al-Hanzali al-Tamimi

Karazany fahatelo: ireo mpitantara vavolombelona mivantana an'ireo zava-nitranga nialoha sy taorian'ilay ady tao Karbala ary i Abou Mikhnaf dia nitantara izany avy tamin'izy ireo mivantana, tsy nisy mpanelanelana. Arak'izany, i Abou Mikhnaf dia nitantara an'ireo zava-nitranga ireo tamin'ny alalan'ny mpanelanelana iray ihany. Misy dimy¹ izy ireo:

- 1- Abou Janab Yahya b. Abi Hayyah al-Wada'i al-Kalbi
- 2- Ja'far b. Hozayfa al-Taïy
- 3- Dalham b. 'Amr, ilay vadin'i Zohayr b. Qayn
- 4- 'Oqbah b. Abi al-'Ayzar

Karazany fahefatra: ireo mpitantara vavolombelona mivantana an'ireo zava-nitranga nialoha sy taorian'ilay ady tao Karbala ary i Abou Mikhnaf dia nitantara izany avy tamin'ny alalan'ny mpanelanelana iray na roa. Misy raika ambin'ny roapolo² no isan'izy ireo:

¹ Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: ny mpikaroka dia tsy nanambara afa-tsy anarana efatra ihany.

² Fanamarihana amin'ny fandikan-teny: ny mpikaroka dia nanambara anarana roa ambin'ny roapolo

- 1- Abou Sa'id Dinar, na i Kaysane, na i 'Aqisah al-Maqburi
- 2- 'Oqbah b. Sim'an
- 3- Mohammad b. Bishr al-Hamdani
- 4- Abou al-Waddak Jabr b. Nawf al-Hamdani
- 5- Abou 'Othman al-Nahdi
- 6- 'Abdallah b. Khazim al-Khathiri al-Azdi
- 7- 'Abbass -na i 'Ayyash- b. Ja'dah al-Jodali
- 8- 'Abd al-Rahman b. Abi 'Omayr al-Thaqafi
- 9- Zaïda b. Qodama al-Thaqafi
- 10- 'Omarah b. 'Oqbah b. Abi Mou'it al-Omawi
- 11- 'Omar b. 'Abd al-Rahman b. al-Harith b. Hisham al-Makhzoumi
- 12- 'Abdallah b. Solaym al-Assadi sy i Mozhri b. Moshma'all al-Assadi
- 13- L'Imam 'Ali b. Houssayn (as)
- 14- Bakr b. Mous'ab al-Mouzni
- 15- Fazari
- 16- Tirimmah b. 'Adi
- 17- 'Amir b. Sharahil b. 'Abd al-Sha'bi al-Hamdani

- 18- Hassaane b. Faïd b. Bokayr al-'Absi
- 19- Abou 'Omarah al-'Absi
- 20- Qassim b. Bokhayt
- 21- Abou al-Kanoud 'Abd al-Rahman b.
'Obayd
- 22- Fatima b. 'Ali

Karazany fahadimy: ireo mpitantara mpanelanelana izay tsy nahita maso ilay ady no sady tsy nahita maso ireo zava-nitranga nialoha sy taorian'ilay ady tao Karbala, kanefa izy ireo dia nanelanelana an'i Abou Mikhnaf tamin'ireo vavolombelona mivantana. Arak'izany, i Abou Mikhnaf dia nitantara an'ireo zava-nitranga samihafa ireo avy tamin'ny alalan'ireo mpanelanelana roa. Miisa sivy ambin'ny roapolo izy ireo:

- 1- 'Abd al-Malik b. Nawfal b. Mosahiq b.
'Abdallah b. Makhrama
- 2- Abou Sa'id 'Aqisah
- 3- 'Abd al-Rahman b. Jondob al-Azdi
- 4- Al-Hajjaj b. 'Ali al-Bariqi al-Hamdani
- 5- Nomayr b. Wa'lah al-Hamdani al-Yana'i
- 6- Saq'ab b. Zohayr al-Azdi
- 7- Mo'allah b. Kolayb al-Hamdani

- 8- Yousouf b. Yazid b. Bakr al-Azdi
- 9- Younous b. Abi Iss-haq 'Amr b. 'Abdallah al-Sobay'i al-Hamdani al-Koufi
- 10- Solayman b. Abi Rashid al-Azdi
- 11- Mojalid b. Sa'id al-Hamdani
- 12- Qodamah b. Sa'id b. Zaïda b. Qodamah al-Thaqafi
- 13- Sa'id b. Modrik b. 'Omarah b. 'Oqbah b. Abi Mou'it al-Omawi
- 14- Abou Janab Yahya b. Abi Hayyah al-Wada'i al-Kalbi
- 15- Harith b. Ka'b b. Foqaym al-Walibi al-Azdi al-Koufi
- 16- Isma'il b. 'Abd al-Rahman b. Abi Karimah al-Saddi al-Koufi
- 17- Abou 'Ali al-Ansari
- 18- Lawzane
- 19- Jamil b. Marthad al-Ghanawi
- 20- Abou Zohayr al-Nadhr b. Salih b. Habib al-'Absi
- 21- Harith b. Hossayrah al-Azdi
- 22- 'Abdallah b. 'Assim al-Faïshi al-Hamdani

- 23- Abou Dhahhaq
- 24- 'Amr b. Morrah al-Jamali
- 25- 'Ataa b. Saïb
- 26- 'Ali b. Hanzalah b. As'ad al-Shabami al-Hamdani
- 27- Houssayn b. 'Oqbah al-Moradi
- 28- Abou Hamza Thabit b. Dinar al-Thomali
- 29- Abou Ja'far al-'Absi

Karazany fahenina: ireo mpitantara izay ireo Imam (as) na ireo mpanara-dian'izy ireo, tsy nahita maso ilay ady sy ireo zava-nitranga samihafa. Izy ireo noho izany dia mpanelanelana, fa saingy tsy voalazan'izy ireo ny momba ilay olona mpitantara nanelanelana azy ireo. Miisa efatra ambin'ny folo izy ireo:

- 1- Ny Imam 'Ali b. Houssayn Zayn al-'Abidine (as)
- 2- Ny Imam Mohammad b. 'Ali b. Houssayn (as)
- 3- Ny Imam Ja'far b. Mohammad b. 'Ali b. Houssayn (as)
- 4- Zayd b. 'Ali b. Houssayn (as)
- 5- Fatima b. 'Ali (as)

- 6- Abou Sa'id 'Aqisah
- 7- Mohammad b. Qays
- 8- 'Abdallah b. Sharik al-A'amiri al-Nahdi
- 9- Abou Khalid al-Kabili
- 10- 'Oqbah b. Bashir al-Assadi
- 11- Qodamah b. Sa'id b. Zaïda b. Qodamah al-Thaqafi
- 12- Harith b. Ka'b al-Walibi al-Azdi
- 13- Harith b. Hossayrah al-Azdi
- 14- Abou Hamza Thabit b. Dinar al-Thomali al-Azdi

LISITR'IREO BOKY NIANKINAN'ILAY MPIKAROKA

- 1- *Ibsar al-ayn*, bokin'i Mohammad Tahir al-Samawi (maty tamin'ny 1370H.)
- 2- *Al-it-haf bi houb al-ashraf*, bokin'i 'Abdallah b. Mohammad al-Qahiri al-Shabrawi al-Shafi'i (maty tamin'ny 1171H.)
- 3- *Al-Akhbar al-Tiwal*, bokin'i Ahmad b. Daoud Abi Hanifa al-Daynouri (maty tamin'ny 282 H.)
- 4- *Al-Irshad fi ma'rifat houjajillah 'ala al-'ibad*, bokin'i Mohammad b. Mohammad b. No'man al-'Akbari al-Bagdadi al-Mofid (maty tamin'ny 413H.)
- 5- *Al-issabah fi tamyiz al-sahaba*, bokin'Ibn Hajar al-'Asqalani (maty tamin'ny 852H.)
- 6- *I'lame al-wara bi a'laame al-wara*, bokin'i Abou al-fadhl b. al-Hassan al-Tabrasi (maty tamin'ny 548H.)
- 7- *Al-a'laame*, bokin'i Khayr al-Dine al-Zarkali (maty tamin'ny 1396H.)

- 8- *A'yane al-shi'a*, bokin'i Sayid Mohsin al-Amine al-'Amili (maty tamin'ny 1371H.)
- 9- *Al-Aghaani*, bokin'i 'Ali b. al-Hassan b. Mohammad Abou al-Faraj al-Isfahani (maty tamin'ny 356H.)
- 10- *Al-amaali*, bokin'i Mohammad b. 'Ali b. Babaway al-Sadouq (maty tamin'ny 381H.)
- 11- *Ansab Qouraych*, bokin'i al-Zoubayr b. Bakaar al-Qarachi al-Asadi al-Zobayri (maty tamin'ny 256H.)
- 12- *Bassa-ir al-darajate*, bokin'i Mohammad b. al-Hassan b. Fouroukh al-Saffaar (maty tamin'ny 290H.)
- 13- *Tarikh al-oumam wa al-moulouk -Tabari-*, bokin'i Abou Ja'far Mohammad b. Jarir al-Tabari (maty tamin'ny 310H.)
- 14- *Tarikh al-khalifah*, bokin'i Khalifah b. Khayyat (maty tamin'ny 240H.)
- 15- *Tarikh Madinah Dimashq*, bokin'i 'Ali b. al-Hassan b. Hibat-Allah b. 'Assakir (maty tamin'ny 571H.)
- 16- *Tarikh al-Ya'qoubi*, bokin'i Ahmad b. abi Yaqoub b. Wadhih (maty tamin'ny 284H.)

- 17- *Ta'ssisse al-shi'a li 'ouloume al-islame*, bokin'i Hassan Sadr al-Dine al-Mousawi (maty tamin'ny 1354H.)
- 18- *Tazkirah al-khawasse*, bokin'i Youssouf b. Qazawagali b. 'Abdallah al-Bagdadi Sibti b. al-Jawzi (maty tamin'ny 654H.)
- 19- *Tanwire al-miqbasse min tafsir b. 'Abbass*, bokin'i 'Abdallah b. 'Abbass al-Hachimi (maty tamin'ny 68H.)
- 20- *Tafsir al-Qommi*, bokin'i 'Ali b. Ibrahim b. Hachim al-Qommi (maty tamin'ny 307H.)
- 21- *Taqrib al-tahzib*, bokin' Ibn Hajar al-'Asqalani (maty tamin'ny 582H.)
- 22- *Tanqih al-maqal*, bokin'i 'Abdallah b. Mohammad al-Hassan al-Mamaqani (maty tamin'ny 1351H.)
- 23- *Tahzib al-asmaa*, bokin'i Mohyi al-Dine al-Nawawi (maty tamin'ny 677H.)
- 24- *Tahzib al-tahzib*, bokin'i Ahmad b. 'Ali b. Hajjar al-'Asqalani (maty tamin'ny 853H.)
- 25- *Tahzib al-kamal*, bokin'i Jamal al-Dine abi Hajjaj Yousouf al-Mazzy (maty tamin'ny 742 H.)

- 26- *Jami' al-rowat*, bokin'i Mohammad b. 'Ali al-Ardabili al-Gharawi al-Haïri (maty tamin'ny 1101 A.H.)
- 27- *Al-jarh wa al-ta'dil*, bokin'i Mohammad b. Idriss b. Monzir al-Razi (maty tamin'ny 327 A.H.)
- 28- *Khoulassa tazhib tahzib al-Kamal*, bokin'i Ahmad b. 'Abdallah b. Abi Khayr al-Ansari al-Khazraji (maty tamin'ny 923H.)
- 29- *Daywane al-hamasa*, bokin'i Abou Tammame Habib b. Aws b. Harith al-Taïy (maty tamin'ny 231H.)
- 30- *Zayl al-mozayyal*, bokin'i Mohammad b. Jarir al-Tabari (maty tamin'ny 310H.)
- 31- *Rijal al-shi'a fi assanid al-sunna*, bokin'i Mohammad Ja'far Morawwij al-Tabassi al-Najafi
- 32- *Rijal al-Toussi*, bokin'i Abou Ja'far Mohammad b. al-Hassan al-Toussi (maty tamin'ny 460H.)
- 33- *Rijal al-'allamah*, bokin'i Hassan b. Youssouf al-Assadi al-allamah al-Hilli (maty tamin'ny 726H.)

- 34- *Rijal al-Kashi*, bokin'i Abou 'Amr Mohammad b.' Abd al-' Aziz al-Kashi (maty tamin'ny taon-jato faha-4 H.)
- 35- *Rijal al-Najashi*, bokin'i Ahmad b. 'Ali al-Najashi (maty tamin'ny 450H.)
- 36- *Rawdhat al-wa'izine*, bokin'i Mohammad b. al-Hassan al-Fital al-Nisabouri (maty tamin'ny 508H.)
- 37- *Siyar a'laame al-nobala'*, bokin'i Mohammad b. Ahmad b. 'Othman al-Zahabi (maty tamin'ny 748H.)
- 38- *Al-sira al-nabawiya*, bokin'i Abd al-Malik b. Hisham b. Ayyoub al-Himyari (maty tamin'ny 218H.)
- 39- *Siratouna wa sounnatouna*, bokin'nycheikh 'Abd al-Houssayn Ahmad al-Amini al-Tabrizi al-Najafi (maty tamin'ny 1390H.)
- 40- *Al-shazarat al-zahabiya fi tarajom al-aïmma al-isna ashariya*, bokin'i Mohammad b. 'Ali b. Ahmad b. Touloune (maty tamin'ny 953H.)
- 41- *Sharh Nahj al-balagha*, bokin'Ibn Abi al-Hadid al-Mo'tazili (maty tamin'ny 656H.)
- 42- *Al-shahid Mouslim b. Aqil*, bokin'i 'Abd al-Razaaq b. Mohammad al-Mousawi (maty tamin'ny 1391H.)

- 43- *Al-shi'a wa founoune al-islam*, bokin'ny sayid Hassan Sadr al-Dine al-Mousawi al-'Amili (maty tamin'ny 1354H.)
- 44- *Al-tabaqat al-koubra*, bokin'i Mohammad ibn Sa'd (maty tamin'ny 230H.)
- 45- *Al-Ghadir fi al-kitab wa al-sounna wa al-adab wa al-tarikh*, bokin'ny cheikh 'Abd al-Houssayn Ahmad al-Amini al-Tabrizi al-Najafi (maty tamin'ny 1390H.)
- 46- *Al-fakhir*, bokin'i Abou al-Fadhl al-Jo'fi, Mohammad, Ahmad al-Sabouni al-Missri (maty tamin'ny 368 na tamin'ny 369H.)
- 47- *Al-foutouh*, bokin'i Ahmad b. Mohammad b. 'Ali b. A'thame al-Koufi (maty tamin'ny 314H.)
- 48- *Faraj al-mahmoume*, bokin'i 'Ali b. Tawouss (maty tamin'ny 664H.)
- 49- *Al-fihrist*, bokin'i Abou Ja'far Mohammad b. al-Hassan al-Toussi (maty tamin'ny 460H.)
- 50- *Al-fihrist*, bokin'i Mohammad b. Iss-haq, Ibn Nadime (maty tamin'ny 129H.)
- 51- *Fawat al-wafayat*, bokin'i Mohammad b. Shakir b. Ahmad al-Katbi (maty tamin'ny 764H.)

- 52- *Al-qamqame al-zakhkhar*, bokin'i Farhad Mirza b. Naïb al-Saltana 'Abbass Mirza b. Fath Ali al-Qajari (maty tamin'ny 1305H.)
- 53- *Al-kamil fi al-dho'afa*, bokin'i Abou Ahmad 'Abdallah b. 'Adi al-Jorjani (maty tamin'ny 365H.)
- 54- *Al-Kafi*, bokin'i Mohammad b. Ya'quoub al-Kolayni (maty tamin'ny 329H.)
- 55- *Al-kashif*, bokin'i Mohammad b. Ahmad b. 'Othman al-Zahabi (maty tamin'ny 748 H.)
- 56- *Al-kamil fi al-tarikh*, bokin'i 'Ali b. Abi al-Karam b. al-Athir al-Jazari al-Mawsili (maty tamin'ny 630H.)
- 57- *Kitab al-sarair al-hawi lil-fatawi*, bokin'i Mohammad b. Mansour b. Ahmad b. Idriss al-Hilli (maty tamin'ny 598H.)
- 58- *Kitab al-'ayn*, bokin'i Khalil b. Ahmad al-Basari al-Farahidi (maty tamin'ny 175H.)
- 59- *Kashf al-ghammah fi ma'rifat al-aïmma*, bokin'i 'Ali b. 'Issa al-Irbili (maty tamin'ny 687H.)
- 60- *Al-kona wa al-alqab*, bokin'ny cheikh 'Abbass al-Qommi (maty tamin'ny 1359H.)
- 61- *Lisane al-'arab*, bokin'i Mohammad b. Mokarram b. Manzour al-Ifriqi (maty tamin'ny 711H.)

- 62- *Lisane al-mizane*, bokin'i Ahmad b. 'Ali b. Hajar al-'Asqalani (maty tamin'ny 852H.)
- 63- *Lawa'ij al-Ashjane*, bokin'ny Sayyid Mohsin al-Amine al-'Amili (maty tamin'ny 1371H.)
- 64- *Moallifou al-shi'a fi sadr al-islam*, bokin'ny Sayid 'Abd al-Houssayn Sharaf al-Dine al-Mousawi (maty tamin'ny 1377H.)
- 65- *Mathalib al-'arabe*, bokin'i Abou al-Monzir Hisham al-Kalbi (maty tamin'ny 206H.)
- 66- *Mouthir al-Ahzane*, bokin'Ibn Nama al-Hilli (maty tamin'ny 645H.)
- 67- *Majma' al-bahrayne*, bokin'i Fakhr al-Dine al-Torayhi (maty tamin'ny 1085H.)
- 68- *Mokhtassar tarikh Dimashq*, bokin'Ibn Manzour (maty tamin'ny 711H.)
- 69- *Al-moraja'ate*, bokin'ny Sayid 'Abd al-Houssayn Sharaf al-Dine al-Mousawi (maty tamin'ny 1377H.)
- 70- *Marasside al-ittilaa'*, bokin'Ibn 'Abd al-Haqq Safi al-Dine (maty tamin'ny 739H.)
- 71- *Morawwij al-Zahab*, bokin'i 'Ali b. al-Hassan al-Mas'oudi (maty tamin'ny 346H.)
- 72- *Ma'alime al-'olama*, bokin'Ibn Shahr Ashoub (maty tamin'ny 588H.)

- 73- *Mo'jame al-bouldane*, bokin'i Yaqoute b. 'Abdallah al-Hamawi al-Roumi al-Bagdadi (maty tamin'ny 626H.)
- 74- *Mo'jame ma osto'jima*, bokin'i 'Abdallah b. 'Abd al-'Aziz al-Bakri al-Andalosi (maty tamin'ny 487H.)
- 75- *Al-Moghni*, bokin'i 'Abdallah b. Ahmad b. Mohammad b. Qodama (maty tamin'ny 620H.)
- 76- *Al-Maghazi*, bokin'i Abou 'Abdallah b. Mohammad b. 'Omar b. Waqid al-Waqidi (maty tamin'ny 207H.)
- 77- *Matalib al-Sooul*, bokin'i Mohammad b. al-Talha al-Shafi'i (maty tamin'ny 654H.)
- 78- *Maqatil al-Talibiyyine*, bokin'i Abou al-Faraj al-Isfahani (maty tamin'ny 356H.)
- 79- *Mo'jam maqayisse al-loghat*, bokin'i Ahmad b. Faris b. Zakariyya al-Qazwini (maty tamin'ny 395H.)
- 80- *Maqtal Abi Mikhnaf* (ilay hosoka), nampitondraina ny anaran'i Lout b. Yahya al-Azdi (maty tamin'ny 157H.)
- 81- *Maqtal al-Houssayn*, bokin'i Mouwaffaq Ahmad al-Khatib al-Khawarazmi (maty tamin'ny 568H.)

- 82- *Maqatal al-Houssayn*, bokin'ny Sayyid 'Abd al-Razzaq b. Mohammad al-Mousawi al-Moqarram (maty tamin'ny 1391H.)
- 83- *Al-manaqib*, bokin'i Mouwaffaq Ahmad al-Khatib al-Khawarazmi (maty tamin'ny 568H.)
- 84- *Manaqib Aal Abi Talib*, bokin'i Mohammad b. 'Ali b. Shahr Ashoub (maty tamin'ny 588H.)
- 85- *Mowsou'a al-tarikh al-islami*, bokin'i Mohammad Hadi al-Yousoufi al-Gharawi (ilay mpikaroka an'ity boky ity)
- 86- *Al-malhouf 'alaa qatl al-toufouf*, bokin'i 'Ali b. Tawouss, (maty tamin'ny 664H.)
- 87- *Mizan al-i'tidale*, bokin'i Mohammad b. Ahmad b. 'Othman al-Zahabi (maty tamin'ny 748H.)
- 88- *Nafasoul mahmoum*, bokin'ny Cheikh 'Abbass al-Qommi (maty tamin'ny 1359H.)
- 89- *Wasail al-shi'a fi tafsil al-Shari'at*, bokin'i Mohammad b. al-Hassan al-Horr al-'Amili (maty tamin'ny 1104H.)
- 90- *Waq'at Siffine*, bokin'i Nasr b. Mozahim al-Minqari (maty tamin'ny 212H.)

FIZAHAN-TAKELAKA AMIN'NY ANTSIPIRIANY

FIZAHAN-TAKELAKA	6
SASIN-TENIN'ILAY MPAMOAKA BOKY	7
SASIN-TENIN'ILAY MPANDIKA TENY	9
NY BOKY « MAQTAL AL-HOUSSAYN » NOSORATAN'I	
ABOU MIKHNAF.....	10
FAMPAHAFANTARANA AN'ILAY MPIKAROKA.....	12
NY FANDIKAN-TENIN'ILAY BOKY	13
FANAMARIHANA VITSIVITSY	14
FISAORANA.....	16
TOKO VOALOHANY HOUSSAYN (AS) TAO MADINA	17
NY FARAHAFATR'I MO'AWIYAH.....	17
NY FAHAFATESAN'I MO'AWIYAH.....	19
NY TARATASIN'I YAZID HO AN'I WALID.....	21
NY FAKANA NY HEVITR'I MARWAN	23
NY FANDEFASANA IRAKA.....	24
HOUSSAYN (AS) TAO AMIN'I WALID	26
HOUSSAYN (AS) TAO AMIN'NY TRANO FIVAVAHANA TAO MADINA.....	28
NY FIHETSIK'I MOHAMMAD B. HANAFIYYAH.....	30
NY FIALAN'I HOUSSAYN (AS) TAO MADINA	32
NY FIHETSIK'I 'ABDALLAH B. 'OMAR	33
TOKO FAHAROA NY IMAM HOUSSAYN (AS)	
TAO LAMEKA.....	35
HOUSSAYN (AS) TENY AN-DALANA HO ANY LAMEKA ...	35
[NY FIHAONANA TAMIN'I] 'ABDALLAH B. MOUTI AL- 'ADAWI	35

HOUSSAYN (AS) TAO LAMEKA	36
IREO TARATASIN'IREO MPONINA TAO KOUFA	37
NY VALINTENIN'NY IMAM HOUSSAYN	41
NY FIAINGAN'I MOUSLIM B. 'AQIL	43
NY TARATASIN'I MOUSLIM HO AN'NY IMAM (AS) MIKASIKA NY LALANA NIZORANY HATRAMIN'NY NIAINGANY	44
NY VALINTENIN'NY IMAM (AS) TAMIN'I MOUSLIM B. 'AQIL	44
TOKO FAHATELO MOUSLIM B. 'AQIL TAO KOUFA	46
MOUSLIM B. 'AQIL TONGA TAO KOUFA.....	46
[NY FANEKEM-PANKATOAVANA NATAON'IREO MPONINA TAO KOUFA]	46
[NY HAFATR'I NO'MAN B. BASHIR]	47
[YAZID NAMPITANDRINA NY TOE-DRAHARAH NISY TAO KOUFA]	49
NY TARATASIN'NY IMAM (AS) HO AN'IREO MPONINA TAO BASSORAH	51
TORITENIN'I 'OBAYDOLLAH B. ZIYAD TAO BASSORAH ..	53
IBN ZIYAD NIDITRA TAO KOUFA.....	54
TORITENY NATAON'IBN ZIYAD TEO AM- PAHATONGAVANY TAO KOUFA.....	56
MOUSLIM B. 'AQIL NIALA TAO AN-TRANON'I MOKHTAR KA NIFINDRA TAO AMIN'I HANI	58
MA'QIL, ILAY SYRIANA, MITSIKILO AN'I MOUSLIM	59
FIVORIANA IRAY MBA HAMONOANA AN'IBN ZIYAD	62
MA'QIL NITSIDIKA AN'I MOUSLIM B. 'AQIL.....	65
IBN ZIYAD NANONTANY MOMBA AN'I HANI	65
HANI NAMPANANTSOINA HO ANY AMIN'IBN ZIYAD	66
HANI TAO AMIN'IBN ZIYAD.....	68
LAHATENY NATAON'IBN ZIYAD TAORIAN'NY FIHAZONANA AN'I HANI	77

MOUSLIM B. 'AQIL NITROATRA	77
NY FITANGORONAN'IREO LOHOLONA NANODIDINA AN'IBN ZIYAD.....	79
NIVOAKA IREO LOHOLONA NIARAKA TAMIN'NY SAIN'NY FANDRIAMPAHALEMANA AMIN'IZAY IREO VAHOAKA MANDAO AN'I MOUSLIM	80
MOUSLIM B. 'AQIL NILAOZANA	83
NY FIPETRAK'IBN ZIYAD	86
LAHATENY NATAON'IBN ZIYAD TAORIAN'NY NANDAOZANA AN'I MOUSLIM	89
IBN ZIYAD NANENJIKA AN'IBN 'AQIL.....	90
NY FIPETRAK'I MOKHTAR	91
IBN ZIYAD NONY MARAINA NY ANDRO	93
NY FANAFIHAN'IBN ASH'ATH MBA HIADIANA AMIN'I MOUSLIM B. 'AQIL	94
MOUSLIM IBN 'AQIL NANDEHA NIVOAKA NIADY TAMIN'IBN ASH'ATH.....	95
ILAY FIANTOHAM-PIAROVANA.....	95
MOUSLIM B. 'AQIL VOAFEHIN'NY FAMPANANTENANA SANDOKA	96
NY TENY NAPETRAK'I MOUSLIM TAMIN'IBN ASH'ATH .	98
MOUSLIM TEO AMIN'IREO VARAVARAN'NY LAPA	100
FARAHAFATR'I MOUSLIM TAMIN'I 'OMAR B. SA'D.....	102
MOUSLIM TEO ANATREHAN'IBN ZIYAD.....	103
NAHAMARITIORA AN'I MOUSLIM	106
NAHAMARITIORA AN'I HANI B. 'ORWAH.....	109
IREO IZAY NOVONAINA TAORIAN'I MOUSLIM SY I HANI	110
FAMPIDIRANA AM-PONJA AN'I MOKHTAR.....	112
IREO LOHA TAPAKA NALEFA ANY AMIN'I YAZID	113
[NY VALINTENIN'I YAZID]	114

[TONONKALO MIKASIKA NY NAHAMARITIORA AN'I MOUSLIM SY I HANI].....	115
TOKO FAHEFATRA FIAINGAN'I HOUSSAYN (AS) NIALA TAO LAMEKA.....	118
NY FIPETRAK'IBN ZOBAYR MANOLOANA NY IMAM....	118
RESAKA NIFANAOVANA TAMIN'IBN 'ABBAS.....	120
RESAKA FANINDROANY NIFANAOVANA TAMIN'IBN 'ABBAS.....	121
RESAKA NIFANAOVANA TAMIN'I 'OMAR B. 'ABD AL-RAHMAN AL-MAKHZOUMI.....	122
RESAKA FARANY NIFANAOVAN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) SY IBN ZOBAYR	124
NY FIPETRAK'I 'AMR B. SA'ID AL-ASHDAQ	126
TOKO FAHADIMY IREO TOERAM-PIJANONANA TENY AN-DALANA MANKANY KOUFA	131
TAN'IM	131
SIFAH	132
HAJIR	133
VOVON-DRANON'IREO ARABO	135
TOERAM-PIJANONANA MIALOHAN'I ZAROUD:	
AL-KHOZAYMIYYAH	137
ZOHAYR B. QAYN NANARA-DIA AN'I HOUSSAYN (AS).	137
ZAROUD.....	140
THA'LABIYYAH	142
ZOBALAH	144
BATN AL-'AQABAH	146
SHARAF.....	146
ZOU HOSSAM	147
LAHATENY IRAY Hafa TEO ANATREHAN'IREO	
NAMANY	154
BAYDHAH	155

'OZAYB AL-HIJANAT	159
QASR BANI MOQATIL.....	164
NAYNAWA	168
TOKO FAHENINA IBN SA'D TONGA NIHAONA TAMIN'I	
HOUSSAYN	172
[FAHATONGAVAN'I 'OMAR B. SA'D TAO KARBALA]....	176
ILAY TARATASIN'I 'OMAR B. SA'D HO AN'IBN ZIYAD ...	180
VALINY AVY AMIN'IBN ZIYAD HO AN'IBN SA'D	181
FIHAONANA TEO AMIN'IBN SA'D SY ILAY IMAM (AS) .	181
TARATASY FAHAROA AVY TAMIN'I 'OMAR B. SA'D	
HO AN'IBN ZIYAD	184
TARATASY FAHAROA AVY TAMIN'IBN ZIYAD HO AN'IBN	
SA'D SY NY VALINY	186
FAHATONGAVAN'I SHIMR MIARAKA AMIN'ILAY	
TARATASY HO AN'IBN SA'D	188
FIAROVAN'IBN ZIYAD NATOLOTRA HO AN'I 'ABBASS SY	
IREO RAHALAHINY	189
ILAY IMAM SY IREO MPANARADIANY, NATAO	
FAHIRANO	190
TOKO FAHAFITO IBN SA'D NANAFIKA [NY TOBIN'] I	
HOUSSAYN (AS).....	194
TOKO FAHAVALO IREO ZAVA-NITRANGA NY ALIN'NY	
ASHOURA.....	202
LAHATENIN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) NYALIN'NY	
ASHOURA	202
VALINTENIN'IREO HASHEMITA.....	203
NY FIPETRAK'IREO MPANARADIA	205
HOUSSAYN (AS) SY IREO MPANARA-DIANY NY	
ALIN'NY ASHOURA.....	206
HOUSSAYN (AS) SY IREO MPANARA-DIANY NY	
ALIN'NY ASHOURA.....	211

TOKO FAHASIVY NY MARAINAN'NY ASHOURA215

LAHATENY VOALOHANY NATAON'I HOUSSAYN (AS) ..	218
LAHATENY NATAON'I ZOHAYR B. QAYN	224
NY FIBEBAHAN'I HORR AL-RIYAH	227
LAHATENY NATAON'I HORR B. YAZID AL-RIYAH	231
[YAZID B. ZIYAD B. AL-MOHASSIR NANARAKA AN'I HOUSSAYN (AS)]	233

TOKO FAHAFOLO NY ADY235

FANOMBOHAN'NY ADY	235
FANAFIHANA VOALOHANY	239
FAHAGAGANA SY TARI-DALANA	239
FANOZONANA AN'I BORAYR SY NY NAHAMARITIORA AZY	242
[NAHAMARITIORA AN'I 'AMR BIN QARAZAH]	245
[FANAFIHANA MITAMBATRA]	246
FANAFIHANA FAHAROA	248
NAHAMARITIORA AN'I MOUSLIM B. 'AWSAJAH	249
FANAFIHANA FAHATELO	251
FANAFIHANA AN'IREO MPANARA-DIAN'I HOUSSAYN (AS)	251
FANAFIHANA FAHAEFATRA	254
FIOMANANA HO AN'NY VAVAKA AMIN'NY MITATAO VOVONANA (ZOHR)	256
NAHAMARITIORA AN'I HABIB B. MOZAHIR	257
NAHAMARITIORA AN'I HORR B. YAZID AL-RIYAH	259
NY VAVAKA AMIN'NY MITATAO VOVONANA [ZOHR].	260
NAHAMARITIORA AN'I ZOHAYR B. QAYN	261
NAHAMARITIORA AN'I NAFI' B. HILAL AL-JAMALI	262
NAHAMARITIORA AN'IREO RAHALAHIN'I AL-GHIFFARI ROALAHY	263
NAHAMARITIORA AN'IREO TANORAN'I AL-JABIRI ROALAHY	264

NAHAMARITIORA AN'I HANZALAH B. AS'AD AL-SHABAMI	266
NAHAMARITIORA AN'I 'ABISS B. ABI SHABIB AL-SHAKIRI SY ILAY MPANOMPONY I SHAWZAB	268
NAHAMARITIORA AN'I ABOU SHA'THA YAZID B. ZIYAD AL-KINDI	271
NAHAMARITIORA AN'IREO OLONA EFATRA	272
NAHAMARITIORA AN'I SOWAYD AL-KHATH'AMI SY I BASHIR AL-HADHRAMI	273
NAHAMARITIORA AN'I 'ALI B. HOUSSAYN (AS) AL-AKBAR	274
NAHAFATY MARITIORA AN'I QASSIM B. HASSAN	275
NAHAMARITIORA AN'I 'ABBASS B. 'ALI (AS) SY IREO RAHALAHINY	278
NAHAMARITIORA NY ZAZAMENAN'I HOUSSAYN (AS)	279
NAHAMARITIORA AN'IREO ROALAHY ZANAK'I 'ABDALLAH B. JA'FAR	280
NAHAMARITIORA AN'IREO TARANAK'I 'AQIL	280
NAHAMARITIORA AN'IREO ZANAK'I HASSAN B. 'ALI ..	281
TOKO FAHARAIIKA AMBIN'NY FOLO NY	
NAHAMARITIORA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS).....	282
[FOTOANA KELY FARANY NIAINAN'I HOUSSAYN (AS)]	282
NAHAMARITIORA AN'I HOUSSAYN	288
FANDROBANA IREO TRANOLAY	289
NY VATAN'I HOUSSAYN (AS) NOHITSAKITSAHIN'IREO KITRON'IREO SOAVALY	292
TOKO FAHAROA AMBIN'NY FOLO IREO BABO	
TAORIAN'NY NAHAFATY MARITIORA AN'NY IMAM HOUSSAYN (AS).....	294
IREO HAVAN'NY IMAM NENTINA NANKANY KOUFA ..	294

NY LOHAN'NY IMAM HOUSSAYN (AS) TEO	
ANATREHAN'IBN ZIYAD	296
IREO BABO TAO AMIN'NY FIVORIANA TEO	
ANATREHAN'IBN ZIYAD	298
NY FIHETSIKA NATAON'I 'ABDALLAH B. 'AFIF	303
IREO LOHA SY IREO BABO NENTINA NANKANY	
DAMAS	304
IREO AHL AL-BAYT TAO MADINA	312
NY MPAMANGY VOALOHANY AN'I HOUSSAYN (AS)	
TAMIN'IREO VAHOAKAN'I KOUFA	314
FANAMARIHAN'NY MPIKAROKA.....	318
KARBALA.....	323
ABOU MIKHNAF.....	329
IZAY VOALAZAN'I TABARI MIKASIKA NY	
FIANAKAVIAN'I ABOU MIKHNAF	333
IZAY VOALAZAN'I NASR B. MOZAHIM AL-MINQARI	
MIKASIKA NY FIANAKAVIAN'I ABOU MIKHNAF.....	337
IREO SORATANANY	341
HISHAM AL-KALBI	348
NY BOKY NY NAHAMARITIORA AN'I HOUSSAYN AN'I	
ABOU MIKHNAF [MAQTAL AL-HOUSSAYN] MIELY	
PATRANA	351
IREO FAHADISOANA MIHARIHARY AO AMIN'ILAY BOKY	
MAQTAL ENY AMPIELEZANA	354
IREO MPITANTARA AMIN'I ABOU MIKHNAF.....	362
LISITR'IREO BOKY NIANKINAN'ILAY MPIKAROKA	371
FIZAHAN-TAKELAKA AMIN'NY ANTISIPIRIANY	381

Abou Mikhnaf

Ny zava-niseho tao Karbala

*Ny fitantarana tranainy indrindra ny nahamaritiora an'i
Houssayn ibn 'Ali*

Rehefa tonga i 'Abbass b. 'Ali nihaona tamin'i Houssayn (as) mba hanambara ny fikasan'i 'Omar b. Sa'd, dia hoy i Houssayn (as) taminy hoe: « Miverena ianao eny amin'izy ireo, taomy ny mba hanemoran'izy ireo izany ho rahampitso ary roahy izy ireo amin'ity alina ity mba hahafahantsika mivavaka amin'ny Tompontsika, mba hanaovantsika fangatahana Aminy, sy italahoantsika ny famindram-po avy Aminy. Marina dia marina fa, Izy dia mahalala fa izaho dia mitia manatanteraka ny fanompoana Azy, ny mamaky ny Bokiny, mivavaka Aminy imbetsaka sy mangataka famindrampo avy Aminy. »



9 782376 570172

